
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2018

# Liahona



## Lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana

**Jesoa Kristy: Tena manan-danja eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny anaran'ny Fiangonana**

**Fandaharam-pampianarana vaovao sy fandaharam-potoana vaovao isaky ny alahady izay mampitovy lanja ny fianarana ny filazantsara any an-tokantrano sy any am-piangonana**

**Tempoly vaovao 12 no nambara**



*Tsy miova*, nataon'i Jenedy Paige

*“Mamporisika anareo aho anio alina, amin'ny fanantenan'ny foko manontolo, hivavaka mba hahatakaranareo ireo* fanomezam-pahasoavana ara-panahy nomena anareo*, mba hampiroborobo sy hampiasa ary hampivelatra azy ireny, mihoatra noho izay efa nataonareo. Hitondra fiovana eo amin'izao tontolo izao ianareo raha manao izany. . . .*

*“Ry ranabavy malala, mila* anareo *izahay! Mila -ny tanjaka*reo*, ny fiovam-po*nareo*, ny finoa*nareo*, ny fahaiza*nareo *mitarika, ny fahendre*nareo *ary ny fe*onareo *izahay.- Tsy afaka manangona an'i Isiraely tsotra izao izahay raha tsy eo ianareo.*

*“Tia anareo aho sy misaotra anareo ary izao dia mitsodrano anareo mba hanana fahafahana hanalavitra an'izao tontolo izao ianareo eo am-pitondranareo fanampiana eo amin'ity asa manan-danja sy maika ity. Rehefa miaraka isika dia afaka manao izay rehetra ilain'ny Raintsika any An-danitra ataontsika mba hanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Zanany Malalany fanindroany.”*

Filoha Russell M. Nelson, “Ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely,” 69, 70.

© JENEDY PAIGE, TSY AZO ADIKA

# Votoatiny Nôvambra 2018

Boky 18 • Laharana 4

## Fivoriana sabotsy maraina


6 **Lahateny fanokafana**
*Loholona Russell M. Nelson*

8 **Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo**
*Loholona Quentin L. Cook*

12 **Andrandrao ny lohanao ary miravoravoa**
*M. Joseph Brough*

15 **Mametraka ny fototra iorenan'ny asa lehibe iray**
*Loholona Steven R. Bangerter*

18 **Aza matahotra**
*Loholona Ronald A. Rasband*

21 **Hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy**
*Loholona David A. Bednar*

25 **Ny fahamarinana sy ilay drafitra**
*Filoha Dallin H. Oaks*


## Fivoriana sabotsy tolakandro


28 **Fanohanana ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana**
*Filoha Henry B. Eyring*

30 **Mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy**
*Loholona D. Todd Christofferson*

34 **Andao hihaino ny feon'ny mpaminany**
*Eveka Dean M. Davies*

37 **Iray ao amin'i Kristy**
*Loholona Ulisses Soares*

40 **Afon-dasin'ny finoantsika**
*Loholona Gerrit W. Gong*

43 **Tsy maintsy mitondra eo aminy ny anarana nomen'ny Ray azy ny rehetra**
*Loholona Paul B. Pieper*

46 **Minoa, mitiava ary manaova asa**
*Loholona Dieter F. Uchtdorf*


## Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany


50 **Ho Azy**
*Joy D. Jones*

52 **Tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra**
*Michelle D. Craig*

55 **Ny fifaliana entin'ny fanompoana tsy misy tambiny**
*Cristina B. Franco*

58 **Ny vehivavy sy ny fianarana ny filazantsara ao an-tokantrano**
*Filoha Henry B. Eyring*

61 **Ny Ray aman-dreny sy ny Zanaka**
*Filoha Dallin H. Oaks*

68 **Ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely**
*Filoha Russell M. Nelson*


## Fivoriana alahady maraina


71 **Ny fahitana momba ny fanavotana ny maty**
*Filoha M. Russell Ballard*

74 **Lasa mpiandry ondry**
*Bonnie H. Cordon*

77 **Ny fanompoana fampihavanana**
*Loholona Jeffrey R. Holland*

80 **Ny anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiovam-po**
*Loholona Shayne M. Bowen*

83 **Maratra**
*Loholona Neil L. Andersen*

87 **Ny anarana marin'ny Fiangonana**
*Filoha Russell M. Nelson*


## Fivoriana alahady tolakandro


90 **Miezaha, miezaha, miezaha**
*Filoha Henry B. Eyring*

93 **Ilay ray**
*Brian K. Ashton*

97 **Mitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy**
*Loholona Robert C. Gay*

101 **Te ho sitrana va hianao?**
*Loholona Matthew L. Carpenter*

104 **Misafidiana ianareo anio**
*Loholona Dale G. Renlund*

107 **Izao no fotoana**
*Loholona Jack N. Gerard*

110 **Mitarika ireo fanahy**
*Loholona Gary E. Stevenson*

113 **Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely**
*Filoha Russell M. Nelson*

64 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

115 **Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe**

116 **Vaovaom-piangonana**

121 ***Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana***




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-188

**Sabotsy maraina, 6 ôktôbra 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanombohana:
Loholona Craig A. Cardon
Vavaka famaranana:
Loholona Adilson de Paula Parrella
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Brian Mathias sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Vers Sion, cité promise," *Cantiques,* no. 39; "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques,* no. 1, narindran'i Wilberg; "Si j'écoute avec mon coeur," DeFord, narindran'i Murphy; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 59; "Je veux suivre le plan de Dieu," *Chants pour les enfants,* 86, narindran'i Hofheins; "Venez, venez, sans craindre le devoir" *Cantiques,* no. 18, narindran'i Wilberg.

**Sabotsy tolakandro, 6 ôktôbra 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanombohana: Sharon L. Eubank
Vavaka famaranana: Loholona Joni L. Koch
Hira nataon'ny amboaram-peo mitambatra avy ao amin'ny Ivon-toerana Fanofanana Misiônera ao Provo; Ryan Eggett sy Elmo Keck, mpitarika; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry: "Peuples du Monde, Écoutez-donc!" *Cantiques,* no. 170, narindran'i Schank; tamba-kira: "Je serai vaillant," *Chants pour les enfants,* 85, sy "L'Église de Jésus Christ," *Chants pour les enfants,* 48, narindran'i Warby; "Apellés à servir," *Cantiques,* no. 160; "Ô, vaillants guérriers d'Israël," *Cantiques,* no. 169, narindran'i Schank.

**Sabotsy hariva, 6 ôktôbra 2018, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpitarika: Jean B. Bingham
Vavaka fanombohana: Memnet Lopez
Vavaka famaranana: Jennefer Free
Hira nataon'ny amboaram-peon'ny zatovovavy avy ao amin'ireo tsatòka ao Pleasant Grove, Utah; Tracy Warby, mpitarika; Bonnie Goodliffe, mpitendry: "Vrais disciples du Seigneur," *Cantiques,* no. 27, narindran'i. Warby; "C'est le Christ," Faust, Pinborough, sy Moody; "Mifalia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 64; "Proclamons la vérité," *Chants pour les enfants,* 92, narindran'i Warby.

**Fivoriana alahady maraina, 7 ôktôbra 018, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanombohana:
Loholona Allan F. Packer
Vavaka famaranana:
Loholona Donald L. Hallstrom
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Hosanna, au grand Roi!" *Cantiques,* no. 34; "Sauveur d'Israël," *Cantiques,* no. 5, narindran'i Wilberg; "Bien choisir," *Cantiques,* no. 154, narindran'i Wilberg; "Misaotra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 72; "His Voice as the Sound," hira amerikana fahiny, Walker, narindran'i Wilberg; "It Is Well with My Soul," Spafford sy Bliss, narindran'i Wilberg.

**Fivoriana alahady tolakandro, 6 ôktôbra 2018, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanombohana:
Loholona Gary B. Sabin
Vavaka famaranana:
Loholona Michael John U. Teh
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Andrew Unsworth sy Brian Mathias, mpitendry: "In Hymns of Praise," *Hymns,* no. 75, narindran'i Murphy; "Oui, je crois en Christ," *Cantiques,* no. 71, narindran'i Wilberg; "Gloire au Dieu tout-puissant!" *Cantiques,* no. 32; "Our Prayer to Thee," Nelson sy Parry, narindran'i Wilberg.

**Fomba ahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Raha te-hahita ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita ao amin'ny application Bibliothèque de l' Évangile ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Ireo zavatra mombamomba ny fihaonambe maneran-tany amin'ny endrika azo ampiasain'ireo mpikambana manana fahasembanana dia hita ao amin'ny disability.lds.org.

**Eo amin'ny fonony**
Eo aloha: *Fahazavan'izao tontolo izao* (2015), nataon'i Walter Rane, tsy azo adika.
Ao ambadika: Sary nalain'i Cody Bell.

**Sary nandritra ny Fihaonambe**
Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, Janae Bingham, Mason Coberly, Weston Colton, Brian Nicholson, Leslie Nilsson, Matt Reier, ary Christina Smith.



**NÔVAMBRA 2018 BOKY. 18 LAH. 4**
**LIAHONA 14853 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Randall K. Bennett, Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Donald L. Hallstrom, Larry S. Kacher, Erich W. Kopischke, Lynn G. Robbins
**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Francisca Olson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan Jensen, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith
**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est,
Antananarivo 101, Madagascar

**Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.**

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2018 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
November 2018 Vol. 18 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Andersen, Neil L., 83
Ashton, Brian K., 93
Ballard, M. Russell, 71
Bangerter, Steven R., 15
Bednar, David A., 21
Bowen, Shayne M., 80
Brough, M. Joseph, 12
Carpenter, Matthew L., 101
Christofferson, D. Todd, 30
Cook, Quentin L., 8
Cordon, Bonnie H., 74
Craig, Michelle D., 52
Davies, Dean M., 34
Eyring, Henry B., 28, 58, 90
Franco, Cristina B., 55
Gay, Robert C., 97
Gerard, Jack N., 107
Gong, Gerrit W., 40
Holland, Jeffrey R., 77
Jones, Joy D., 50
Nelson, Russell M., 6, 68, 87, 113
Oaks, Dallin H., 25, 61
Pieper, Paul B., 43
Rasband, Ronald A., 18
Renlund, Dale G., 104
Soares, Ulisses, 37
Stevenson, Gary E., 110
Uchtdorf, Dieter F., 46

## Fanoroam-pejy araka ny Lohahevitra

Anaran'ny Fiangonana, 87, 113
Asa atao any amin'ny tempoly, 68, 113
Asa Fampahavitrihana, 110
Asa Fanompoana, 37, 40, 50, 52, 55, 74, 97
Batisa, 43
Bitsika, 52
Bokin'i Môrmôna, 34, 85-87, 80
Drafitry ny famonjena, 25, 61, 71, 93, 104
Fahafahana misafidy, 25, 104
Fahafatesana, 71
Fahafoizan-tena, 55
Fahaizana mamorona, 40
Fahamarinana, 25, 107
Faharetana, 30, 83
Fahasoavana, 40, 52, 97
Fahatanterahana, 40
Fahoriana, 12, 18, 30, 46, 55, 71, 83, 101
Famelan-keloka, 12, 77
Famerenana amin'ny laoniny, 87
Fampianarana, 15, 58, 68
Fanahy Masina, 18, 43, 80, 93
Fanambarana, 18, 34, 80
Fanangonana an'i Isiraely, 21, 85-87, 74, 80
Fanantenana, 46, 90
Fanasan'ny Tompo, 8, 43, 90
Fanasitranana, 46, 83, 97, 101
Fandaharam-pampianarana, 6, 8, 113
Fandalinana ny soratra masina, 8, 37, 58
Fanekempihavanana, 30, 43, 80, 107
Fanenjehana, 83
Fiadanana, 18, 77, 83
Fianakaviana, 6, 8, 15, 25, 58, 61, 113
Fiantrana, 55, 58, 90
Fibebahana, 25, 101, 104
Fifaliana, 12, 40, 46
Fihavanana, 77
Fihazonana ireo vao niova fo, 37
Fijoroana ho vavolombelona, 80
Fikambanana Ifanampiana, 68
Finamanana, 37, 74
Finoana, 6, 15, 18, 21, 25, 30, 40, 52, 83, 90, 104, 113
Fiombonana, 37
Fiovam-po, 11, 21, 30, 37, 80
Fisiana talohan'ny nahaterahana, 93
Fitaovan-tserasera, 68
Fitiavana, 18, 37, 40, 46, 50, 55, 58, 61, 74, 77, 116, 121, 97, 110
Fitsanganana amin'ny maty, 71, 93
Fitsapana, 83, 90
Fomba fijery, 68, 107
Fomban-drazana, 15
Hasarobidin'ny tena manokana, 74, 97
Hatsaram-panahy, 61
Jesoa Kristy, 6, 8, 12, 15, 18, 21, 25, 40, 34, 37, 49, 52, 46, 50, 52, 55, 58, 71, 96, 77, 80, 83, 87, 116, 121, 97, 101, 104, 107, 110, 113
Joseph Smith, 34, 52, 80, 107
Laharampahamehana, 107
Manaraka ireo mpaminany, 34
Mandanjalanja, 97
Manompo, 37, 40, 46, 50, 68, 94, 77, 97, 110
Mianatra, 58, 113
Mpaminany, 18, 34
Mpianakavin'i Isiraely, 68
Ny maha-mpianatra, 12, 43, 46, 52
Ny maha-ray aman-dreny, 15, 61
Ny maha-reny, 58, 78, 89
Ohatra, 113
Ray any An-danitra, 25, 40, 93, 104
Renimpejy, 6, 8, 15, 18, 21, 58, 113
Sabata, 8
Tahotra, 18, 101
Takarivan'ny mpianakavy, 8
Teknôlôjia, 61
Tempoly, 18, 34, 113
Toetra araka an' Andriamanitra, 68
Tontolon'ny Fanahy, 71
Vavaka, 58
Zanaka, 15, 25, 61
Zatovo, 74



# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-188

Nisy fanovana goavana nambara indray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana. Raha toa ka zavatra hafa no nambara tamin'ity indray mitoraka ity, dia mbola ny teo aloha ihany kosa anefa no tanjona ao ambadik'izany: Mahatsapa hamehana hanomana antsika amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany ny mpaminanin' Andriamanitra ary manasa antsika izy hampatanjaka ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy Zanany.

Ireto misy vitsivitsy monja amin'ireo fanasana sy fampanantenana fototra izay nantitranterin'ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fihaonambe.

#### Ataovy masina kokoa ny tokantrano

Nandritra ny lahateny fanokafana nataony dia nampahafantatra ny filana manao fanovana eo amin'ny fiainantsika ny Filoha Nelson, izay hahatonga ny tokantranontsika ho lasa ivon-toeran'ny fianarana ny filazantsara. "Fotoana izao mba hahatonga ny *Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano,* izay hamafisin'ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangonan'ny sampana sy ny paroasy ary tsatòka misy antsika."

- Vakio ireo fanovana naroso mba hatao any an-tokantrano sy ireo fanovana natao any ampiangonana izay manohana izany (jereo ny pejy 8).
- Misy fampahalalana fanampiny momba izany ao amin'ny "Misy fanovana natao mba hampitoviandanja ny fianarana ny filazantsara any an-tokantrano sy any ampiangonana" (pejy 117).

#### "Avelao any izao tontolo izao"

Nanasa ireo rahavavy ny Filoha Nelson nandritra ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany mba handray anjara amin'ny "tanjona *lehibe indrindra* . . . eto ambonin'ny tany ankehitriny." Nampanantena izy fa "Rehefa miaraka isika dia afaka manao izay rehetra ilain'ny Raintsika any An-danitra ataontsika mba hanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian' [i Jesoa Kristy] Fanindroany."

- Vakio ireo fanasana efatra nomen'ny Filoha Nelson an'ireo rahavavy (jereo ny pejy 68).

#### "Hamerina amin'ny laoniny ny anarana marin'ny Fiangonan'ny Tompo"

Niantso ny mpikambana ny Filoha Nelson mba hiantso ny Fiangonan'ny Mpamonjy amin'ny anarana izay nomen'ny Mpamonjy izany. "Mampanantena anareo aho fa raha toa isika ka hanao ny tsara indrindra vitantsika mba hamerina amin'ny laoniny ny anarana marin'ny Fiangonan'ny Tompo, Izy izay tompon'ity Fiangonana ity no handrotsaka ny heriny sy ireo fitahiany amin'ny lohan'ireo Olomasin'ny Andro Farany toy izay mbola tsy fahitantsika."

- Vakio ny torolalana nomen'ny Filoha Nelson momba ny anaran'ny Fiangonana (jereo ny pejy 87).

#### "Ho ao amin'ny tranony masina"


Ny Filoha Nelson dia namarana ny fihaonambe tamin'ny fanambarana tempoly vaovao miisa 12 sy ny fanasana mba "[handeha] matetika . . . ao amin'ny tranony masina." Hoy izy hoe: "Mampanantena anareo aho fa hitondra ireo fahagagana izay fantany fa ilainareo ny Tompo rehefa manolotena hanompo sy hitsaoka Azy any amin'ny Tempoly ianareo."

- Jereo hoe aiza no hisy an'ireo tempoly nambara (jereo ny jejy 113, 116).







THE CHURCH OF JESUS CHRIST OF LATTER-DAY
CONFERENCE CENTER



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

# Lahateny fanokafana

*Fotoana izao mba hahatonga ny Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano, izay hamafisin'ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangonan'ny sampana sy ny paroasy ary tsatòka misy antsika.*



Ry rahalahy sy ranabavy malalako, izahay dia niandrandra izao fiarahana indray aminareo izao ao anatin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany volana ôktôbra ity. Manolotra fiarahabana feno fitiavana ho anareo tsirairay avy izahay. Mankasitraka lalina ireo vavaka mifono fanohanana ataonareo izahay. Mahatsapa ny fiantraikan'izany tokoa izahay. Misaotra indrindra!

Feno fankasitrahana izahay noho ireo ezaka goavana ataonareo mba handray andraikitra eo anatrehan'ny torohevitra nomena nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana enim-bolana lasa izay. Ireo fiadidian'ny tsatòka manerana an'izao tontolo izao dia nikatsaka fanambarana izay ilaina amin'ilay fandaminana vaovao eo anivon'ireo kôlejin'ny loholona. Ireo lehilahy ao amin'ireo kôlejy ireo miaraka amin'ireo rahavavy feno fanoloran-tena ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia miara-miasa amim-pahavitrihana mba hanompo ireo rahalahy sy rahavavy manodidina antsika amin'ny fomba ambony sy masina kokoa. Mahazo fanentanam-panahy amin'ny alalan'ny hatsaran-toetranareo sy ny ezaka mahatalanjona atanaoreo mba hitondrana ny fitiavan'ny Mpamonjy eo amin'ny fianakavianareo sy eo amin'ny mpifanolobodirindrina aminareo ary eo amin'ny namanareo izahay sy mba hanompoana azy ireo araka ny fombany.



Nanomboka tamin'ny fihaonambe tamin'ny volana aprily, dia nihaona tamin'ireo mpikambana tany amin'ireo kaontinanta efatra sy ireo nosy any an-dranomasina izaho sy Rahavavy Nelson. Niaina ny finoana lehibe anananareo sy ny tanjaky ny fijoroana ho vavolombelona anananareo izahay nanomboka tany Jérusalem ka hatrany Harare, ary nanomboka tany Winnipeg ka hatrany Bangkok.

Diboky ny hafaliana izahay noho ny isan'ny zatovontsika izay nirotsaka ao amin'ny tafiky ny tanora an'ny Tompo[1] mba hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely. Misaotra anareo izahay! Ary rehefa manohy manaraka ireo fanasana



natolotro nandritra ny fampaherezampanahintsika maneran-tany ho an'ny zatovo ianareo, dia mametraka ny fitsipika iray tokony harahinay ambiny ianareo. Ary tena mitondra fiovana tokoa ianareo ry zatovo!

Tao anatin'izay taona vitsy lasa izay dia nikaon-doha mikasika ity fanontaniana tena manan-danja ity izahay nandritra ireo filankevitry ny mpiahy ato amin'ny Fiangonana: ahoana no fomba ahafahantsika manolotra ho an'ny zanak' Andriamanitra *rehetra* ilay filazantsara amin'ilay fahadiovany tsotra ary ireo ôrdônansy miaraka amin'ilay fiantraikany mandrakizay?

Amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika dia efa zatra isika mieritreritra ny "fiangonana ho toy ny zavatra izay miseho ao anatin'ireo trano fivoriantsika ary hamafisin'ireo zavatra miseho any an-tokantrano. Ilaina ny hanaovantsika fanovana an'izany lamina izany. Fotoana izao mba hahatonga ny *Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano,* izay hamafisin'ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangonan'ny sampana sy ny paroasy ary tsatòka misy antsika.

Na dia manohy mivelatra manerana an'izao tontolo izao aza ny Fiangonana, dia maro ireo mpikambana no mipetraka any amin'ireo toerana izay tsy ahitana trano fiangonana, fa mety tsy haharitra ela loatra izany. Tsaroako ny fianakaviana iray, izay noho ny toe-javatra toy izany, dia tsy maintsy nivory tao an-tokantranony. Nanontaniako an'ilay renim-pianakaviana ny fahitany an'ilay miangona ao an-tokantranony ihany. Namaly izy hoe: "Tiako ilay izy! Mampiasa fiteny madio kokoa ny vadiko ato an-trano amin'izao fotoana izao, noho ny fahafantarany fa hanamasina ny fanasan'ny Tompo ato izy isaky ny Alahady."

Ny tanjon'ny Fiangonana hatrizay dia ny hanampy ireo mpikambana rehetra mba hampitombo ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy Tompontsika sy ny Sorompanavotany, sy mba hanampy azy ireo hanao ireo fanekempihavanana amin' Andriamanitra sy hitandrina izany, ary mba hanamafy orina sy hamehy ny fianakavian'izy ireo. Tsy mora izany ao anatin'ity tontolo feno fahasarotana amin'izao fotoana izao ity. Mampitombo haingana dia haingana ny fanafihany ny finoana sy ny fianakaviana ny fahavalo. Mba hahatafavoaka velona antsika arapanahy dia mila tetikady hamaliana ny fahavalo sy drafitra handraisana andraikitra mialoha isika. Noho izany antony izany, dia te hametraka fanovana eo amin'ny rafitra misy izahay amin'izao fotoana izao, izay hanamafy orina bebe kokoa ny mpikambana ato amintsika sy ireo fianakaviany.

Nandritra ny taona maro, ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nandrafitra fandaharam-pampianarana iraisana mba hanamafisana orina ny fianakaviana sy ny isam-batan'olona amin'ny alalan'ny drafitra izay *manome sehatra ny fiainana sy fianarana*

*ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano* ary *hamafisin'ny Fiangonana* mba hianarana fotopampianarana sy mba hampatanjahana ny finoana ary mba handrisihina ny fitsaohana bebe kokoa ataon'ny tena manokana. Ireo ezaka nataontsika tao anatin'ireo taona vitsivitsy lasa izay mba hanamasinana ny Sabata, mba hanaovana izany ho fahafinaretana sy ho fanehoana famantarana manokana amin' Andriamanitra ny fitiavantsika Azy, dia hampitomboana amin'ny alalan'ireo fanovana izay hampahafantarinay amin'izao fotoana izao.

Androany maraina dia hanambara fomba vaovao hampitovian-danja ny fianarana ny filazantsara any an-tokantrano sy any am-piangonana izahay. Tompon'andraikitra amin'ny fivoarana ara-panahin'ny tenantsika manokana isika. Ary ny soratra masina dia milaza mazava fa ny ray aman-dreny no manana ny andraikitra voalohany hampianatra sy hikarakara ny zanany.[2] Andraikitry ny Fiangonana ny manampy ny mpikambana tsirairay ao anatin'ilay tanjona masina napetraka mba hampitombo ny fahalalany ara-panahy.

Hanazava ireo fanovana manandanja ireo amin'izao fotoana izao ny Loholona Quentin L. Cook. Ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia miray fo sy saina amin'ny fanohanana ity hafatra ity. Feno fankasitrahana izahay noho ny fanentanam-panahy avy amin'ny Tompo izay nitarika ny fandrindrana ireo drafitra sy dingana arahina izay hovelabelarin'ny Loholona Cook.

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, fantatro fa velona Andriamanitra! I Jesoa no Kristy! Ity no Fiangonany izay tarihany amin'ny alalan'ny faminaniana sy fanambarana omeny an'ireo mpanompony feno fanetrentena. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson sy Wendy W. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018)," Hopeofisrael.lds.org.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:40; Mosesy 6:58–62.



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo

*Ny tanjonay dia ny hampitovy lanja ny zavatra iainana any am-piangonana sy any an-tokantrano amin'ny fomba izay hampivelatra be tokoa ny finoana sy ny fiainam-panahy ary hampahalalina ny fiovam-po.*

Araka ny efa nolazain'ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fomba tena tsara sy mazava vao teo, dia nandritra ny fotoana ela no efa nandrafetan'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana "drafitra *izay manome sehatra ny fiainana sy ny fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano* ary *hamafisin'ny Fiangonana*, mba hianarana fotopampianarana sy mba hampatanjahana ny finoana ary mba handrisihina ny fitsaohana bebe kokoa ataon'ny tena manokana." Nanambara fanovana iray avy eo ny Filoha Nelson mba hanatanterahana "fomba vaovao hampitovian-danja sy fampifandraisana ny fianarana ny filazantsara any an-tokantrano sy any am-piangonana."[1]

Mba hanatanterahana ireo tanjona ireo, izay nofaritan'ny Filoha Russell M. Nelson sy eo ambany fitarihany ary taorian'ny fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia hovaina araka izao manaraka izao ny fandaharam-potoan'ny fivoriana alahady manomboka amin'ny volana janoary 2019.

**Fandaharam-potoan'ny fivoriana isaky ny alahady**

Ireo fivoriam-piangonana isaky ny alahady dia hahitana fivoriana fanasan'ny Tompo mandritra ny 60 minitra isaky ny alahady, izay hifantoka amin'ny Mpamonjy sy amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ary amin'ireo hafatra ara-panahy. Aorian'ny fotoana hiomanana mba hirosoana amin'ny fotoam-pianarana, dia hanatrika fotoam-pianarana mandritra ny 50 minitra izay hiovaova isaky ny alahady ireo mpikamban'ny Fiangonana.

- Ny Sekoly Alahady dia hotanterahina isaky ny alahady voalohany sy fahatelon'ny volana.

- Ireo fivorian'ny kôlejin'ny fisoronana, sy ny an'ny Fikambanana Ifanampiana ary ny an'ny Zatovovavy dia hotanterahina ny alahady faharoa sy fahefatra.
- Ireo fivoriana mandritra ny alahady fahadimy dia ho eo ambany fitarihan'ny eveka.

Ny Kilonga dia hisy isan-kerinandro mandritra io fotoana 50 minitra io ary hahitana fotoana fihirana sy fotoam-pianarana.

Mahakasika ny fandaharam-potoan'ny fivoriana isaky ny alahady, dia efa nahatsapa ireo mpitarika ambony ato amin'ny Fiangonana nandritra ny taona maro fa sarotra ho an'ny sasany amin'ireo mpikambana mamintsika ilay fandaharam-potoana maharitra adiny telo isaky ny alahady. Marina izany, indrindra ho an'ireo ray aman-dreny manan-janaka kely sy ho an'ireo ankizy any amin'ny Kilonga sy ireo mpikambana efa zokiolona sy ireo mpikambana vaovao ary ireo hafa.[2]

Saingy mifono zavatra bebe kokoa ity fanovana ity noho ny hoe fanafohezana ny fandaharam-potoana any amin'ny trano fiangonana isaky ny alahady fotsiny. Ny Filoha Nelson dia nankasitraka ny habetsak'ireo zavatra vita vokatry ny fahatokiana nasehonareo teo anatrehan'ireo fanasana teo aloha. Izy sy ny mpitarika rehetra ao amin'ny Fiangonana dia maniry ny hitondra fifaliana lehibe kokoa avy amin'ny filazantsara ho an'ny ray aman-dreny, ny zanaka, ny zatovo, ny tokan-tena, ny zokiolona, ny mpikambana vaovao ary ireo olona izay ampianarin'ireo misiônera amin'ny alalan'ny ezaka mitovy lanja eo amin'ny fanomezana sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana. Ireo tanjona sy fitahiana mifandray amin'ity fanovana ity sy ireo fanovana hafa vao haingana dia ahitana izao manaraka izao:

- Fitondrana fiovam-po lalina ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo ary fampatanjahana ny finoana Azy ireo.
- Fanamafisana orina ny isam-batan'olona sy ireo fianakaviana amin'ny alalan'ny fandaharam-pampianarana manome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana, izay mandrisika ny fiainana ny filazantsara amim-pifaliana.
- Fanajana ny andro Sabata miaraka amin'ny fifantohana amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo.
- Fanampiana ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra eo amin'ny lafiny roa amin'ny voaly amin'ny alalan'ny asa fitoriana ny filazantsara sy fandraisana ireo ôrdônansy sy ireo fanekempihavanana ary ireo fitahiana any amin'ny tempoly.

#### Fianarana ny filazantsara izay manome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana

Io fandaharam-potoana isaky ny alahady io dia manome fotoana bebe kokoa hanaovana takariva iarahana any an-tokantrano sy ny fandalinana ny filazantsara any an-tokantrano isaky ny alahady, na amin'ny fotoana hafa araka izay safidy ataon'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana. Azo tanterahina isaky ny alatsinainy ny takariva fiarahan'ny fianakaviana mientana na amin'ny fotoana hafa. Noho izany antony izany dia tokony hotohizan'ireo mpitarika ny tsy fanaovana fivoriam-piangonana sy fiaraha-mientana an'ny Fiangonana isaky ny alatsinainy hariva. Na izany aza ny fotoana hanaovana takariva iarahana any an-tokantrano sy fandalinana ny filazantsara ary fiarahamientana ho an'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana dia azo alamina arakaraka ny toe-javatra iainan'izy ireo.

Ny fandalinan'ny fianakaviana sy ny isam-batan'olona ny filazantsara any an-tokantrano dia hivelatra tokoa amin'ny alalan'ilay fandaraham-pampianarana voarindra tsara sy ilay [fitaovana] vaovao *Avia, hanaraka Ahy* ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana izay narindra hifanaraka amin'ny zavatra ampianarina ao amin'ny Sekoly Alahady sy Kilonga.[3] Amin'ny volana janoary, ny kilasin'ny Sekoly Alahadin'ny zatovo sy ny olon-dehibe ary ny an'ny Kilonga dia handalina ny Testamenta Vaovao. Ilay fitaovana vaovao *Avia, hanaraka Ahy* ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ho an'ny fandalinana any an-tokantrano, ary miompana amin'ny Testamenta Vaovao koa, dia natao mba hanampy ireo mpikambana hianatra ny filazantsara any an-tokantrano. Izany dia manazava hoe: "Ity fitaovana ity dia ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ato amin'ny Fiangonana. Natao hanampiana [antsika] hianatra [tsara kokoa] ny filazantsara izany, na izany ho [antsika] manokana na miaraka amin'ny fianakavian[tsika]. . . . Ny rindran-damina ao anatin'ity fitaovana [vaovao] ity dia narafitra mifanaraka amin'ny lamina . . . isan-kerinandro."[4]

Ireo lesona vaovaon'ny Kilonga ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* izay ampianarina any am-piangonana dia hanaraka ilay fandaharam-potoana napetraka isan-kerinandro ihany. Ny fampianarana atao mandritra ny Sekoly Alahadin'ny olon-dehibe sy ny zatovo isaky ny alahady voalohany sy fahatelo dia harindra mba hanohanan'izy ireo ilay fitaovana vaovao *Avia, hanaraka Ahy* ho an'ny tokantrano. Mandritra ny alahady faharoa sy fahefatra dia hanohy handalina ireo fampianaran'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ireo olon-dehibe ao amin'ny fisoronana sy Fikambanana Ifanampiana, ka mifantoka amin'ireo hafatra farany nozarain'ireo mpaminany maoderina izany.[5] Ireo zatovovavy sy ireo zatovolahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia handalina lohahevitra momba ny filazantsara mandritra ireo alahady ireo.

Ilay fitaovana fandalinana vaovao ho an'ny tokantrano dia manolotra "Hevitra ho an'ny fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina sy ny takarivan'ny mpianakavy."[6] Ilay rindrandamina isan-kerinandro dia ahitana hevitra enti-mandalina sy asa atao tena manampy ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana. Ilay fitaovana *Avia, hanaraka Ahy* ho an'ny isambatan'olona sy ny fianakaviana koa dia ahitana fanehoana ohatra na sary maro izay hanampy amin'ny fampivelaran'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ny fianarana, indrindra ho an'ny ankizy.[7] Io fitaovana vaovao io dia homena ny tokantrano tsirairay mialoha ny faran'ny volana desambra amin'ity taona ity.

Ny Filoha Nelson tao anatin'ny lahateniny voalohany ho an'ireo



mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny volana janoary, dia nanentana antsika mba hiomana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany amin'ny alalan'ny fandehanana eo amn'ilay lalan'ny fanekempihavanana.[8]

Ny toe-javatra misy eto amin'izao tontolo izao dia mampitombo ny fitakiana ny fiovam-po lalin'ny tena manokana sy ny fampatanjahana ny finoana ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo ary ny Sorompanavotany. Ny Tompo dia nanomana antsika andalantsoratra anampy andalan-tsoratra amin'izao andro mahory atrehantsika izao. Tao anatin'ireo taona vitsy lasa izay dia nitarika antsika ny Tompo mba handray an-tanana ireo olana manan-danja mifandray amin'izany, izay ahitana:

- Fanajana ny andro Sabata sy ny ôrdônansy masin'ny fanasan'ny Tompo izay nohamafisina indray tao anatin'ny telo taona lasa izay.
- Eo ambany fitarihan'ny eveka, dia mifantoka amin'ny tanjon'ny Fiangonana ireo kôlejin'ny loholona nampatanjahina sy ireo Fikambanana Ifanampiana[9] ary manampy ireo mpikambana hanao fanekempihavanana masina sy hitandrina izany.
- Nekena amim-pifaliana ny fanompoana amin'ny fomba ambony sy masina kokoa.
- Noho ny fihazonana ao an-tsaina hatrany am-boalohany ilay tanjona any amin'ny farany, dia lasa ampahany tena ilaina eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana ireo fanekempihavanan'ny tempoly sy ireo asa atao mikasika ny tantaram-pianakaviana.

Ny fanovana nambara androany maraina dia ohatra iray hafa koa ahitana fitarihana mba hiatrehana ireo fanamby amin'izao androntsika izao.

Ny fandaharam-pampianaran'ny Fiangonana nahazatra hatrizay dia nanamafy ny fahafahana miaina zavatra tsara isaky ny alahady any am-piangonana. Fantatsika fa rehefa manana fampianarana tsara kokoa isika sy mpianatra ao amin'ny kilasy izay niomana ara-panahy tsara kokoa dia miaina zavatra tsara kokoa isika isaky ny alahady any am-piangonana. Voatahy isika satria matetika ny Fanahy dia mampitombo sy manamafy orina ny fiovam-po mandritra ny fotoana anatrehana any am-piangonana.

Ilay fandaharam-pampianarana vaovao izay manome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana dia ilaina mba handrisika bebe kokoa ny fiainana ny finoana sy ny fitondran-tena masina eo anivon'ny fianakaviana ary ny fiainana ny finoana sy ny fitondran-tena masina eo amin'ny tena manokana. Fantatsika ny fiantraikany ara-panahy sy ny fiovam-po lalina sy maharitra izay afaka miseho ao an-tokantrano. Taona maro lasa izay dia nisy fanadihadiana iray namoaka fa ho an'ny zatovolahy sy zatovovavy, ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia tena matetika miaraka amin'ny fandalinana ny soratra masina sy ny vavaka ataon'ny tena manokana any an-tokantrano. Ny tanjonay dia ny hampitovy lanja ny zavatra iainana any am-piangonana sy any an-tokantrano amin'ny fomba izay hampivelatra be tokoa ny finoana sy ny fiainam-panahy ary hampahalalina ny fiovam-po ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo.

Ao anatin'ilay ampahany amin'ity fanovana ity izay ahitana ny fanomezana sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana, dia malalaka ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana mba hanapa-kevitra ombam-bavaka ny fomba sy ny fotoana hanatanterahana izany. Ohatra, satria tena hitahy tokoa ny fianakaviana rehetra izy ity, izay mifototra amin'ireo zavatra ilaina eo an-toerana, noho izany dia tena tsara raha miara-mivory any ivelan'ny fotoam-pivavahana mahazatra isaky ny alahady ireo tanora sy olondehibe tokan-tena, ireo olona hany mpikambana ao anatin'ny fianakaviany, sy ireo mpikambana vaovao,[10] ary ny hafa mba hianoka ao anatin'ny fifaneraserana amin'ny alalan'ny filazantsara sy hahazo hery amin'ny alalan'ny fiarahana mandalina ilay fitaovana manome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana. Azo tanterahina amin'ny fomba tsotsotra izany ho an'ireo izay maniry ny hanao izany.

Any amin'ny faritra maro manerana an'izao tontolo izao dia misafidy ny hijanona ao amin'ny trano fiangonana ny olona aorian'ny fandaharampotoana mahazatra isaky ny Alahady mba hifaneraserana amin'ny hafa. Tsy misy na inona na inona ao anatin'ity fanovana nambara ity izay hanembantsembana izany fomba fanao mahafinaritra sy mitondra soa izany.

Mba hanampiana ireo mpikambana hiomana amin'ny Sabata dia misy paroasy sasany efa mandefa fampahalalana amin'ny alalan'ny email, na hafatra fohy amin'ny finday na amin'ny alalan'ny tambazotran-tserasera eny antenantenan'ny herinandro. Eo anatrehan'ity fanovana ity dia mamporisika mafy ny hanaovana izany fomba fifandraisana izany izahay. Ireo fanasana ireo dia hampahatsiahy ireo mpikambana mikasika ny fandaharampotoan'ny fivoriana isaky ny alahady ho an'izany herinandro izany, ka tafiditra ao anatin'izany ny lohahevitry ny lesona hianarana, ary hanohana ny fanohizana ny fifanakalozan-kevitra any an-tokantrano. Ankoatra izany, ao anatin'ireo fivorian'ny olon-dehibe isaky ny Alahady no hanomezana koa fampahalalana mba hampifandraisana ny fandalinana any am-piangonana sy any an-tokantrano isan-kerinandro.

Ilay fivoriana fanasan'ny Tompo sy ilay fotoana hianarana any amin'ny kilasy dia hitaky fandinihana ombambavaka mba hahazoana antoka fa ireo laharam-pahamehana ara-panahy no homena lanja fa tsy ny asa fitantanana izany. Ohatra, ireo filazana mikasika ny ankamaroan'izany dia azo tanterahina ao anatin'ilay fanaovana fanasana eny antenantenan'ny herinandro na ao anatin'ny

fandaharam-potoana natao printy. Ny fivoriana fanasan'ny Tompo dia tokony hisy vavaka fanokafana sy vavaka famaranana, fa vavaka famaranana fotsiny no ilaina ho an'ilay fivoriana faharoa.[11]

Araka ny efa voalaza tany aloha dia tsy hanomboka raha tsy amin'ny volana janoary 2019 ilay fandaharam-potoana vaovao isaky ny alahady. Misy antony maro mahatonga izany. Misy zavatra anankiroa tena manan-danja indrindra. Ny voalohany, dia mba hananana fotoana hizarana ny fitaovana *Avia, hanaraka Ahy ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* ary, faharoa, mba hanomezana fotoana an'ireo filohan'ny tsatòka sy eveka handrindran'izy ireo ireo fotoampivoriana miaraka amin'ilay tanjona mba hisian'ny paroasy bebe kokoa hivory aloha ao anatin'ny andro iray.

Rehefa nikatsaka fanambarana ireo mpitarika, ny fitarihana azo tao anatin'izay taona vitsy lasa izay dia ny fanamafisana orina ny fivoriana fanasan'ny Tompo, ny fanajana ny andro Sabata, ny famporisihina sy fanampiana ny ray aman-dreny sy ny olona tsirairay mba hanao ny tokantranony ho toy ny loharanon'ny hery ara-panahy sy ny fitomboan'ny finoana, toerana iray ahitana fifaliana.

#### Fitahiana mahatalanjona

Inona no dikan'ireo fanovana ireo ho an'ireo mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany? Matoky izahay fa ho voatahy amin'ny fomba mahatalanjona ireo mpikambana. Ny alahady dia afaka ny ho andro fianarana sy fampianarana ny filazantsara any am-piangonana sy any an-tokantrano. Rehefa mirotsaka amin'ny fanaovana filankevitry ny fianakaviana, tantaram-pianakaviana, fanompoana, fitsaohan'ny tena manokana ary fotoam-piarahana mahafinaritra amin'ny fianakaviana ny olona tsirairay sy ny fianakaviana, dia ho tena fahafinaretana tokoa ny Sabata.

Misy fianakaviana anankiray avy any Brésil izay mpikambana ao amin'ny tsatòka iray nanaovana fanandramana an'ilay fitaovana vaovao ho an'ny tokantrano *Avia, hanaraka Ahy.* I Fernando, ilay raim-pianakaviana, izay efa nahavita asa fitoriana ny filazantsara, sy i Nancy vadiny, ary manan-janaka kely efatra izy mivady, dia nanambara hoe: "Rehefa nampidirina tato amin'ny tsatòkanay ilay fandaharan'asa *Avia, hanaraka Ahy,* dia tena faly aho ary nieritreritra fa -hiova ny fomba fandalinanay ny soratra masina any an-tokantrano.- Tena nitranga tokoa izany tao an-tokantranonay ary amin'ny maha-mpitarika ahy ao amin'ny Fiangonana dia hitako fa nitranga izany tany amin'ireo tokantrano hafa. . . . Nanampy anay mba tena hifanakalo hevitra mikasika ny soratra masina izany tao an-tokantranonay. Nanana fahatakarana lalina an'ilay lohahevitra nohalalinina izaho sy ny vadiko. . . . Nanampy anay . . . mba hanatevina ny fahalalanay ny filazantsara izany sy hampitombo ny finoanay sy ny fijoroana ho vavolombelona anananay izany. . . . Mijoro ho vavolombelona aho . . . fa fantatro fa fanentanam-panahy avy amin'ny Tompo no nahatonga ny fandalinana tsy tapaka sy mahomby ireo fitsipika sy fotopampianarana hita ao amin'ny soratra masina, hitondra finoana sy fijoroana ho vavolombelona ary hazavana bebe kokoa ho an'ireo fianakaviana . . . ao anatin'ity tontolo efa mihalavo ity."[12]

Nahazoana valinteny tena tsara mikasika ilay fitaovana vaovao ho an'ny tokantrano *Avia, hanaraka Ahy* avy tany amin'ireo tsatòka manerana an'izao tontolo izao izay nanaovana fanandramana an'ilay fandaharan'asa. Maro no nanao tatitra fa nivoatra izy ireo, ka raha namaky soratra masina teo aloha dia lasa nandalina ny soratra masina izao. Samy nahatsapa koa ny rehetra fa nampivoatra ny finoana sy nisy fiantraikany tena tsara teo amin'ny paroasy ilay zavatra niainana.[13]

#### Fiovam-po lalina sy maharitra

Ny tanjon'ireo fanovana ireo dia ny hahazoan'ireo olon-dehibe sy ny tanora vao misondrotra fiovam-po lalina sy maharitra. Ny pejy voalohan'ilay fitaovana ho an'ny fianakaviana sy ny isambatan'olona dia manazava hoe: "Ny tanjon'ny fianarana sy fampianarana ny filazantsara dia ny mba hampahalalina kokoa ny fiovam-pontsika ary ny mba hanampiana antsika hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy. . . . Midika izany fa miantehitra amin'i Kristy mba hanova ny fontsika isika."[14] Izany dia tanterahina amin'ny alalan'ny fanoloran-tanana "mivoaka ny efitrano fianarana ka mankany amin'ny fo sy ny tokantranon'ny tsirairay. Mitaky fiezahana mahatakatra sy miaina ny filazantsara tsy tapaka sy isan'andro izany. Ny tena fiovam-po dia mitaky ny fitarihan'ny Fanahy Masina."[15]

Ny tanjona tena manan-danjan'ny fiovam-po lalina sy maharitra ary ny fitahiana faratampony avy amin'izany dia ny fandraisana ireo fanekempihavanana sy ôrdônansy eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.[16]

Matoky anareo izahay eo amin'ny fiarahana mifanakalo hevitra sy mikatsaka fanambarana mba hametrahana ireo fanovana ireo, ka tsy hibanjina ny any ivelan'ny tanjona na hanandrana hanery ny olona tsirairay na ny fianakaviana tsy maintsy hanao izay tokony hataony. Hisy fampahalalana fanampiny hozaraina ao anatin'ireo filazana izay ho avy, ka tafiditra ao anatin'izany ny taratasy iray avy amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny taratasy fanampiny

Mijoro ho vavolombelona aho fa tao anatin'ireo fifanakalozan-kevitra nandritra ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roaminifolo tany amin'ny tempoly ary taorian'ny fangatahan'ny mpaminany malalantsika fanambarana mba hirosoana amin'ny fanaovana ireo fanovana ireo, dia nisy fanamafisana mahery vaika voarain'ny rehetra. I Russell M. Nelson no Filohantsika sy mpaminanintsika velona. Ireo fanambarana natao androany dia hiteraka fitahiana lalina ho an'ireo izay mandray amim-pientanentanana ireo fanovana ireo ary mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Hanakaiky bebe kokoa ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika isika, ary izaho dia vavolombelony azo antoka. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 8.
2. Fantatsika koa fa eo amin'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny, dia efa tena nafohezina ny ankamaroan'ny fotoana ho an'ny fampahalalana sy ny fianarana ary na ny fialamboly aza.
3. Hisy amin'ny endrika elektrônika sy endrika vita printy ity fandaharampampianarana ity.
4. *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan 'olona sy ny fianakaviana* (2019), vi.
5. Jereo ny "Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny

Kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana," *Liahona*, mey 2018, 140. Raha tokony ho isaky ny alahady faharoa sy fahatelo izany dia ho lasa isaky ny alahady faharoa sy fahefatra.

6. Jereo ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana,* 4. Ny olona tsirairay sy ny fianakaviana no mamaritra hoe inona ao amin'ny fandalinana ny filazantsara ao an-tokantrano sy ny takariva iarahana ao an-tokantrano ary ireo fiaraha-mientan'ny mpianakavy no ho lasa takarivan'ny mpianakavy (izay efa antsoin'ny maro hoe *takariva iarahana ao an-tokantrano*). Satria ny olona tsirairay sy ny fianakaviana no hanapaka izany dia samy nampiasaina ao anatin'ireo fanovana nambara *takariva iarahana ao an-tokantrano* sy ny *takarivan'ny mpianakavy*.
7. Jereo ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana,* 29.
8. Jereo ny Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7.
9. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 2.2. Ireo andraikitra masina nanendrena "dia ahitana ny fanampiana ireo mpikambana mba hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny alalan'ny asa fitoriana, ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana, ary ny fanatanterahana ny famonjena ny maty amin'ny alalan'ny fanorenana tempoly sy fanaovana ôrdônansy isoloana tena." Jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110, izay ahitana ny tantaran'ny famerenana ireo fanalahidy tena ilaina.
10. Mifantoha manokana amin'ireo ankizy izay tsy mpikambana ny ray aman-dreniny na indraindray vao miangona ny ray aman-dreniny. Afaka miaraka mivory koa amin'ny fianakaviana iray ireo tanora sy olon-dehibe tokan-tena sy ireo olona hafa raha toa ka mahasoa ny rehetra izany.
11. Raha ny tokony ho izy dia tsy hisy mandritra ny fivoriana faharoa ny fotoampanokafana.
12. Fianakavian'i Fernando sy Nancy de Carvalho, Brésil.
13. Ireo olona tsirairay sy fianakaviana izay nandray anjara tao anatin'ilay fanandramana, dia tamin'ny ankapobeny nandalina ny filazantsara matetika kokoa sy niaina fandalinana ny soratra masina sy fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara tany an-tokantrano tamin'ny fomba mafonja kokoa. Nitatitra izy ireo fa niaina fifanakalozan-kevitra tsotsotra bebe kokoa momba ny filazantsara niaraka tamin'ny fianakaviana sy ireo mpikambana tao amin'ny paroasy ary nankafy ny fandalinana ireo andian-tsoratra masina ireo koa niaraka tamin'ny fianakavian'izy ireo. Tena marina izany, indrindra ho an'ny zatovo.
14. *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana,* v; jereo koa ny 2 Korintiana 5:17.
15. *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana,* v.
16. Jereo ny Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," 7.



**Nataon'i M. Joseph Brough**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany

# Andrandrao ny lohanao ary miravoravoa

*Enga anie isika hampitraka ny lohantsika sy hiravoravo eo am-piatrehantsika amin'ny fomban'ny Tompo ireo zava-tsarotra.*

Tamin'ny 1981, izaho sy ny raiko ary namana akaiky roa dia nanana traikefa nahafinaritra tany Alaska. Tokony ho tany amina farihy mitokana no nitontonanay ary avy eo hihanika lembalemba avo sy kanto. Mba hampihena ny lanjan'ny entana tsy maintsy ho nentinay tsirairay, dia nataonay tao anaty baoritra ny vatsinay, norakofanay spaonjy, nofatoranay tamina tady lehibe vita amin'ny taratasy manify miloko, ary natsipinay avy eo am-baravarankelin'ny fiaramanidinay ho eny amin'ny toerana nokasainay haleha.



Rehefa tonga izahay dia nitady ka nitady saingy diso fanantenana fa tsy nahita na dia iray aza tamin'ireo baoritra. Nahita iray izahay nony farany. Nisy fatana gazy kely, lay iray, sy vatomamy vitsivitsy, ary fonosana roa fanaovana paty miharo totokena—fa tsy nisy totokena tao anatiny. Tsy nanana fomba hifandraisana tamin'ny olona tany ivelan'ny faritra nisy anay izahay, ary afaka herinandro ny fotoana voalamina fa hakana anay.

Lesona roa lehibe no nianarako avy tamin'io traikefa io: ny voalohany, aza manipy sakafo any am-baravarankely. Faharoa, indraindray isika dia voatery hiatrika zava-tsarotra.

Matetika ny fihetsitsika voalohany rehefa tojo zava-tsarotra dia ny hoe "Nahoana izao zavatra sarotra izao no mitranga amiko?" Kanefa ny fanontaniana hoe nahoana dia tsy hanala velively ilay zava-tsarotra. Takin'ny Tompo ny handresentsika olana, ary notondroiny fa "ireo zavatra rehetra ireo dia hanome [antsika] traikefa ary ho soa ho [antsika]."[1]

Indraindray ny Tompo dia mangataka antsika hanao zava-tsarotra, ary indraindray ireo olantsika dia ateraky ny fampiasantsika na ny fampiasan'ny hafa ny fahafahana misafidy. Samy niainan'i Nefia ireo toe-javatra roa ireo. Rehefa

nasain'i Lehia ireo zanakalahiny hiverina haka ireo rakitsoratra tany amin'i Labàna dia hoy izy: "Indro fa mimonomonona ny rahalahinao, manao hoe sarotra ny zavatra izay takiako taminy; nefa indro, tsy mitaky izany aminy aho fa didin'ny Tompo izany."[2] Tamin'ny fotoana iray hafa, ireo rahalahin'i Nefia dia nampiasa ny fahafahan'izy ireo misafidy hamerana ny an'i Nefia: "Nosamboriny aho fa indro tezitra izaitsizy izy ireo, ary nafatony tamin'ny tady, satria notadiaviny ny hanala ny aiko."[3]

Niatrika zava-tsarotra iray i Joseph Smith tao amin'ny fonjan'i Liberty. Tsy nanam-panantenana nanangasanga ny ho afa-bela i Joseph ka nihiaka tamimpahakiviana hoe: "Andriamanitra ô, aiza no misy Anao?"[4] Azoko antoka fa efa nahatsapa toa an'i Joseph ny sasany amintsika.

Miatrika zava-tsarotra ny olondrehetra: ny fahafatesan'ny olon-tiana iray, fisaraham-panambadiana, zanaka mania iray, aretina, ireo zavatra misedra ny finoana, fahaverezan'asa, na izay mety ho fahasarotana hafa.

Nampiova tanteraka ahy ny nahenoako ireto teny ireto izay nambaran'ny Loholona Neal A. Maxwell tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, nandritra ny fotoana niadiany tamin'ny aretina homamiadan'ny rà. Hoy izy: "Teo am-pisaintsainana lalina aho ary ireto teny 15 feno torolalana sy manome antoka ireto no tonga tao an-tsaiko: -Nomeko ny leucémie ianao mba hahafahanao mampianatra ny vahoakako araka ny traikefa izay tena niainanao.-" Avy eo dia notohizany izany tamin'ny fanehoana ny fomba nanomezan'io traikefa io azy fitahiana ny amin'ny "fijery lavitra momba ny halehibehin'ny fisian'ny mandrakizay. . . . Ny fahatsinjovana ny mandrakizay toy izany dia afaka manampy antsika hivoatra sy hanao ny 100 metatra manaraka, izay tena mety ho sarotra."[5]

Mba hanampiana antsika hivoatra sy hihoatra ireo fotoan-tsarotra miaraka amin'ny fahatsinjovana ny mandrakizay toy izany dia mamelà ahy hanolotra zavatra roa. Tsy maintsy miaritra zava-tsarotra isika, voalohany, amin'ny famelana ny hafa ary faharoa amin'ny fampandeferana ny sitrapontsika eo anatrehan'ny an'ny Ray any An-danitra.



Mety ho sarotra ny mamela ireo izay mety ho nitondra ny zava-tsarotra mahazo antsika sy ny mampihavana "[ny tenantsika] amin'ny sitrapon' Andriamanitra."[6] Maharary indrindra izany rehefa olona iray ao amin'ny fianakaviana, na namana akaiky, na ny tenantsika mihitsy aza no niteraka ny zava-tsarotra mahazo antsika.

Nianatra momba ny famelan-keloka aho fony aho eveka vao herotrerony raha nizara izao tantara izao i Bruce M. Cook, Filohan'ny Tsatòkako tamin'izany. Nanazava Izy hoe:

"Nanangana orinasa izaho sy ny mpiara miombon'antoka maromaro tamin'ny faramparan'ny taona 1970. Na dia hoe tsy nanao zavatra tsy ara-dalàna aza izahay, dia niteraka fatiantoka ho anay ny fanapahan-kevitra sasantsasany tsy ampy fandinihana, nampian'ny fotoan-tsarotra ara-toe-karena.

"Nitory tany amin'ny fitsarana ny mpampiasa vola sasany mba hanonerana ny volan'izy ireo very. Kanjo mpanolotsaina iray tao amin'ny episkôpàn'ny fianakaviako no mpisolovava azy ireo. Sarotra tokoa ny nanohana ilay lehilahy izay toa nikatsaka ny hamotika ahy. Lasa nanana fankahalana be azy aho ary noraisiko ho fahavalo izy. Taorian'ny ady naharitra dimy taona tany amin'ny fitsarana, dia namoy ny fananana rehetra izahay, hatramin'ny tranonay.

"Renay mivady tamin'ny 2002 fa hosoloina ny fiadidian'ilay tsatòka izay naha-mpanolotsaina ahy. Rehefa nandeha nanao fakan-drivotra fohy izahay talohan'ny nisaorana ahy, dia nanontanian'ny vadiko aho hoe iza no hosafidiako ho mpanolotsaina raha toa ka izaho no voantso ho filohan'ny tsatòka vaovao. Tsy te hiresaka momba izany aho fa mbola nanohy ihany izy. Nony farany dia nisy anarana iray tonga tao an-tsaiko. Avy eo izy dia nanonona ny anaran'ilay mpisolovava noheverinay ho ivon'ny fahasarotampiainanay 20 taona lasa izay. Rehefa niteny izy dia nohamafisin'ny Fanahy fa izy no tokony ho ilay mpanolotsaina iray hafa. Afaka ny hamela io olona io ve aho?

"Rehefa niantso ahy ho filohan'ny tsatòka ny Loholona David E. Sorensen dia nomeny adiny iray aho hisafidianako mpanolotsaina. Tamin-dranomaso no nilazako fa efa nanome fanambarana ahy ny amin'izany ny Tompo. Teo am-panononako ny anaran'ilay olona izay noraisiko ho fahavalo dia niala ny hatezerana sy fankahalana be izay notazoniko hatramin'izay. Tamin'izay fotoana izay no nahafantarako ilay fiadanana izay manaraka ny famelana heloka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."

Izany hoe ny filohan'ny tsatòkako dia namela azy "tsy an-kifonofono" tahaka ny nataon'i Nefia fahiny.[7] Mpitarika ao amin'ny fisoronana marina roa mifankatia no nahafantarako ny Filoha Cook sy ny mpanolotsainy. Nanapakevitra ny ho tahaka azy ireo aho.

Taona maro lasa izay, nandritra ny olana natrehanay tany Alaska, dia vetivety no nianarako fa ny fanomezana tsiny ny hafa—ilay mpanamory fiaramanidina nanipy ny sakafonay tao anatin'ny haizina—noho ny zava-nanjo anay dia tsy vahaolana. Kanefa, rehefa nisedra harerahana ara-batana izahay, tsy fahampian-tsakafo, aretina, ary ny fatoriana tamin'ny tany nandritra ny oram-baratra be kanefa lay iray monja no nialofanay, dia nianatra aho fa "tsy hisy tsy ho tanteraka ny teny rehetra ataon' Andriamanitra."[8]

Ry zatovo, mitaky zava-tsarotra aminareo Andriamanitra. Nisy zatovovavy 14 taona iray nandray anjara tamina fifaninanana baskety. Nofinofiny ny ho mpilalao baskety baolina an'ny

lisea tahaka ny zokiny vavy. Reny avy eo fa voantso hiahy misiônа iray any Guatemala ny ray aman-dreniny.

Nony tonga tany dia hitany fa roa amin'ny kilasy atrehany dia ho amin'ny teny Espaniola, fiteny izay tsy mbola hainy. Tsy nisy na dia ekipana fanatanjahan-tenan'ankizivavy iray aza tao amin'ny sekoliny. Tany amin'ny rihana faha-14 tamin'ny tranobe iray izay voambina be no nisy azy. Ambonin'izany rehetra izany dia tsy afaka nivoaka irery tany ivelany izy noho ny tsy fandriampahalemana.

Am-bolana ireo ray aman-dreniny no nahare azy nitomany irery rehefa hatory isan-kalina. Nampahonena azy ireo izany! Nanapa-kevitra izy ireo nony farany fa handefa azy hody any amin'ny renibeny mba hianarany any amin'ny lisea.

Rehefa niditra ny efitranon'ny zanakay vavy ny vadiko mba hanambara aminy ny fanapahan-kevitray dia hitany ny zanakay vavy nandohalika nivavaka miaraka amin'ny Bokin'i Môrmôna misokatra eo ambonin'ny fandriana. Nobitsihan'ny Fanahy tamin'ny vadiko hoe "Tsy haninona izy," ka nandao moramora ilay efitra ny vadiko.

Tsy nandre azy nitomany intsony izahay rehefa handeha hatory. Tamin'ny fahavononana sy ny fanampian'ny Tompo no niatrehany tamimpaherezana ireo telo taona ireo.

Tamin'ny fiafaran'ny misiônanay dia nanontaniako ny zanakay vavy raha toa ka handeha hanompo amin'ny fotoana feno izy. Izao no valinteniny: "Tsia ry Dada, efa avy nanompo aho."

Tsy nampaninona ahy ny fanapahan-keviny! Kanefa enimbolana teo ho eo taorian'izay dia namoha ahy tamin'ny alina ny Fanahy tamin'ny eritreritra hoe: "Nantsoiko hanao asa fitoriana ny zanakao vavy."

Toy izao no nasetriko "Ry Ray any An-danitra, efa betsaka tokoa ny natolony." Nanarin'ny Fanahy faingana aho ka takatro fa ny asa fitoriana hataony dia takin'ny Tompo.

Tsy ela dia nentiko nisakafo antoandro ny zanako vavy. Nifanatrika taminy teo amin'ny latabatra no nilazako taminy hoe "Ganzie a! Fantatrao ve ny antony maha-eto antsika?"



Hoy izy: "Eny ry dada! Fantatrao hoe tsy maintsy manao asa fitoriana aho. Tsy te handeha aho, saingy handeha aho."

Satria natolony ho an'ny Ray any An-danitra ny sitrapony dia nanompo Azy tamin'ny fony, ny heriny, ny sainy ary ny tanjany manontolo izy. Nampianariny tamin'ny rainy ny fomba fanaovana zavatra sarotra.

Nandritra ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo nataon'ny Filoha Russell M. Nelson dia nangataka zava-tsarotra sasantsany tamin'ny tanora izy. Nilaza ny Filoha Nelson hoe: "Ny fanasako fahadimy dia ny mba hiavahanareo; ny tsy hitovianareo amin'izao tontolo izao. . . . Mila anareo mba hitovy endrika, hiresaka, hanao toy ny, ary hiakanjo toy ny mpianatr'i Jesoa Kristy tena izy ny Tompo."[9] Mety ho zava-tsarotra izany kanefa fantatro fa vitanareo izany, eny am-pifaliana.

Tsarovy fa "misy ny olona mba hahazo fifaliana."[10] Na dia teo aza ny zava-drehetra natrehan'i Lehia dia mbola nahita fifaliana ihany izy. Tsaroanareo ve tamin'i Almà "nivesatra alahelo"[11] noho ny fahotan'ny vahoakan'i Amônihà? Nilaza taminy ilay anjely hoe: "Hotahiana anie ianao ry Almà; koa andrandrao ny lohanao ary miravoravoa, . . . fa efa natoky ianao tamin'ny fitandremana ny didin' Andriamanitra."[12] Nianatra fahamarinana iray lehibe i Almà hoe, isika dia afaka miravoravo lalandava rehefa mitandrina ny didy. Tsarovy fa tamin'ireo ady sy olana natrehana tamin'ny fotoan'andron'ny Kapiteny Môrônia dia "tsy nisy na oviana na oviana teo anivon'ny vahoakan'i Nefia fotoana sambatra kokoa [noho izany]."[13] Afaka sy tokony hahita fifaliana isika rehefa miatrika zava-tsarotra.

Niatrika zava-tsarotra ny Mpamonjy: "Ary izao tontolo izao . . . hihevitra Azy ho tsinontsinona; koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary asiany Izy, fa miaritra izany. Eny, nororany Izy ary niaritra izany Izy, noho ny lemimpanahiny sy ny fitiavany ary ny faharipony amin'ny zanak'olombelona."[14]

Noho izany lemim-panahiny feno fitiavana izany dia niaretan'i Jesoa Kristy ny Sorompanavotana. Vokatr'izany dia izao no lazainy amintsika tsirairay avy, "Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."[15] Noho i Kristy dia afaka mandresy izao tontolo izao koa isika.

Enga anie isika hampitraka ny lohantsika sy hiravoravo eo am-piatrehantsika amin'ny fomban'ny Tompo ireo zava-tsarotra. Amin'izao fahafahana masina ny hijoro ho vavolombelona amin'izao tontolo izao izao dia manambara aho fa velona ny Mpamonjy antsika ary mitarika ny Fiangonany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
2. 1 Nefia 3:5.
3. 1 Nefia 7:16.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:1.
5. Neal A. Maxwell, "Revelation," *First Worldwide Leadership Training Meeting*, jan. 11, 2003, 6.
6. 2 Nefia 10:24.
7. 1 Nefia 7:21.
8. Lioka 1:37.
9. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), hopeofisrael.lds.org.
10. 2 Nefia 2:25.
11. Almà 8:14.
12. Almà 8:15.
13. Almà 50:23.
14. 1 Nefia 19:9.
15. Jaona 16:33.



**Nataon'ny Loholona Steven R. Bangerter**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mametraka ny fototra iorenan'ny asa lehibe iray

*Ny lesona nampianarina tamin'ny alalan'ireo fombafomba mahazatra izay aorintsika ao an-tokantranontsika, na dia zava-madinika sy tsotra aza, dia mihamanan-danja hatrany eo amin'ny tontolo ankehitriny.*

Amin'ny maha-ray aman-dreny ao Ziona antsika, dia manana andraikitra masina isika ny hanampy ireo zanatsika hanana faniriana mafy hahazo sy hanao fanolorantena ho amin'ny fifaliana, ny fahazavana, ary ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Eo am-pitaizana ireo zanatsika dia manorina fombafomba mahazatra ao an-tokatranontsika isika, ary mampivelatra lamin'ny fifaneraserana sy fitondran-tena ao amin'ny fifandraisan'ny fianakaviantsika. Rehefa manao ireo zavatra ireo isika, ireo fombafomba mahazatra izay aorintsika ireo dia tokony hamboly toetoetra feno hatsarana izay matanjaka sy tsy voahozongozona ao amin'ireo zanatsika, izay hanome azy ireo hery hoentina miatrika ireo olana eo amin'ny fiainana.

Efa aman-taonany maro izay no nankafizan'ny fianakavianay ny lasy fanaonay mahazatra isan-taona any amin'ny toerana avo ao amin'ireo Tendrombohitr'i Uintah ao avaratra atsinanan'i Utah. Mandeha 32 km amin'ny lalan-tany vatovatoina izahay mba hahatongavana any amin'ny lohasaha maitso mavana sy tsara tarehy iray izay misy rindrim-bato avo be eo anelakelam-bohitra, ary misy renirano iray mikoriana izay feno rano madio sy mangatsiaka mamakivaky izany. Isan-taona, noho ny fanantenanay hampianatra indray ny lanjan'ny fotopampianarana sy ny fampiharana ny filazantsara ao am-pon'ireo zanakay sy ireo zafikelinay, dia mangataka ny tsirairay amin'ireo zanakay lahy enina sy ireo fianakavian'izy ireo izaho sy i Susan mba hanomana hafatra fohy iray mahakasika lohahevitra izay tsapan'izy ireo fa singa iray manan-danja amin'ny fanorenana tokatrano iray izay mifantoka amin'i Kristy. Ary avy eo dia mivory manao fampaherezam-panahin'ny mpianakavy ao amin'ny toerana iray mitokana izahay, dia samy mizara ny hafatr'izy ireo ny fianakaviana tsirairay.

Tamin'ity taona ity ireo zafikelinay dia nanoratra ny lohahevitry ny hafatr'izy ireo tamin'ny vato, ary avy eo, dia nifanesy nandevina izany nifanakaiky, izay maneho ny fanorenana mafy izay iorenan'ny fiainana iray feno fifaliana. Tafiditra tao anatin'ny hafatra miisa enina an'izy ireo ilay fahamarinana mandrakizay izay tsy mety miova fa i Jesoa Kristy no ilay vato fehizoron'izany fototra izany.

Araka ny tenin'i Isaia "Dia izao no lazain'i Jehovah Tompo, Indro, Izaho no efa nametraka vato ao Ziona, dia vato voazaha toetra, vato tsara izay fehizoro voaorina ho fanorenana mafy, ka tsy mba ho taitra izay mino."[1] I Jesoa Kristy izany vato tsara izay fehizoro ao amin'ny fototr'i Ziona izany. Izy no ilay nanambara tamin'ny mpaminany Joseph Smith hoe: "Koa aza ketraka amin'ny fanaovan-tsoa fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe."[2]

Ny lesona nampianarina tamin'ny alalan'ireo fombafomba mahazatra izay aorintsika ao an-tokantranontsika, na dia zava-madinika sy tsotra aza, dia mihamanan-danja hatrany eo amin'ny tontolo ankehitriny. Inona avy ireo



*Hafatra maneho ny fototra iorenan'ny fiainan-tsambatra iray izay ahitana an'i Jesoa Kristy ho vato fehizoron'izany fototra iorenana izany.*



zavatra madinika sy tsotra izay, raha toa ka voaorina, dia hanao asa lehibe eo amin'ny fiainan'ireo zanatsika?

Vao tsy ela izay no niresaka tamin'ny mpiangona maro be tany akaikin'i Toronto, Canada ny Filoha Russell M. Nelson, ary dia nampahatsiahy tamim-pientanam-po an'ireo ray aman-dreny ny andraikitra masina izay ananantsika mba hampianatra ireo zanatsika. Tao anatin'ireo andraikitra manan-danja navoitra, dia nasongadin'ny Filoha Nelson ny andraikitra anantsika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika mba hampianatra ireo zanatsika hahatakatra ny antony andraisantsika ny fanasan'ny Tompo, sy ny maha-zava-dehibe ny fahaterahana ao anatin'ny fanekempihavanana, ary ny maha-zava-dehibe ny fiomanana amin'ny tsodranon'ny patriarika sy ny fandraisana izany.[3] Amin'ny alalan'izany ezaka izany, ny mpaminany malalantsika dia mamporisika antsika hahatonga ny tokantranontsika ho "toerana masin'ny finoana."[4]

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, i Enôsa dia mirakitra ny fankasitrahana lalina izay tsapany noho ny ohatra nasehondrainy izay "nampianatra [azy] tamin'ny fiteniny, ary koa tamin'ny fanabeazana sy ny fananarana araka ny Tompo." Tamimpihetseham-po lehibe no nilazan'i Enôsa hoe, "Ary hotahiana anie ny anaran'ny Andriamanitro noho izany."[5]

Ankamamiako ireo fombafomba mahazatra madinika sy tsotra izay lasa notandremanay tao an-tokantranonay nandritra ny 35 taona nivadianay. Maro amin'ireo fombafomba mahazatra anay no bitika kanefa dia manan-danja. Ohatra hoe:

- Nandritra ireo takariva izay nahalavitry ny tokantrano ahy, dia fantatro foana fa teo ambany fitarihan'i Susan ny zanakay lahimatoa etoana dia handray ny andraikiny amin'ny fitarihana ny fianakaviana handalina ny soratra masina sy hiara-hivavaka amin'ny mpianakavy.[6]
- Fombafomba mahazatra iray hafa fanaonay ity—tsy mandao mihitsy ny tokantranonay na mamarana ny resaka amin'ny antso an-tariby izahay raha tsy efa niteny hoe, "tiako ianao."
- Voatahy ny fiainanay tamin'ny alalan'ny fanokanana fotoana tsy tapaka mba hankafizana tafasiry natao manokana tamin'ireo zanakay lahy tsirairay. Nandritra ny tafasiry iray dia nanontaniako ny zanakay lahy mahakasika ny faniriany sy ny fiomanany hanao asa fitoriana. Taorian'ny resadresaka vitsivitsy, dia nisy fotoana kely nisaintsainana mangina, ary avy eo dia nirona nankany aloha izy sady niteny tamim-piheverana tsara hoe: "Dada a, tsaroanao ve fony aho mbola kely dia nanomboka nanao tafasirin'ny raim-pianakaviana isika?" Hoy aho hoe: "Eny." "Eny ary," hoy izy, "nampanantena anao aho tamin'izany fa hanao asa fitoriana, ary ianao sy i Neny dia nampanantena ahy fa hanao asa fitoriana rehefa antitra ianareo." Dia nisy fiatoana kely indray avy eo. "Manana olana mety hanakana anareo tsy hanompo ve ianareo, satria mety afaka hanampy aho?"

Ny fombafomba mahazatra mahasoa ataon'ny fianakaviana izay ahitana vavaka, famakiana ny soratra masina, takarivan'ny mpianakavy, ary fanatrehana ireo fivoriam-piangonana, na dia toa bitika sy tsotra aza, dia mamolavola kolontsain'ny fitiavana, fanajana, firaisankina, ary fiarovana. Ao anatin'ny toe-tsaina izay miaraka amin'ireo ezaka ireo, dia lasa voaro amin'ireo zanatsipìka mirehitry ny fahavalo izay tena manana anjara toerana lehibe ao amin'ny kolontsain'izao tontolo izao amin'izao androntsika izao ireo zanatsika.

Ampahatsiahivina antsika ny torohevitra feno fahendrena nomen'i Helamàna ny zanany lahy hoe: "Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipìkany ao amin' ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan' ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."[7]

Taona maro lasa izay, fony aho eveka mbola herotrerony, dia nisy lehilahy efa zokiolona iray nangataka ny hihaona tamiko. Notantarainy ny fisintahany tamin'ny Fiangonana sy ireo fombafomba mahazatra feno fahamarinana nataon'ireo ray aman-dreniny fony izy mbola tanora. Notantarainy tamin'ny antsipiriany ny alahelo izay tsapany nandritra ny androm-piainany fony mbola teo am-pikatsahany tsy

nahitam-bokany fifaliana maharitra, teo anivon'ireo fifaliana mandalo izay natolotr'izao tontolo izao. Tamin'izay, tao anatin'ireo taona faramparany teo amin'ny fiainany, dia tsapany ny bitsika malefaka, ary indraindray maharitry ny Fanahin' Andriamanitra izay nampahatsiahy azy an'ireo lesona, fomba amam-panao, fahatsapana, ary fiarovana ara-panahy tamin'ny fahatanorany. Naneho fankasitrahana ny amin'ireo fombafomba mahazatra an'ireo ray aman-dreniny izy, ary amin'ny fitenin'ny andro maoderina no namerenany ilay fanambaran'i Enôsa manao hoe:"Ary hotahiana anie ny anaran'ny Andriamanitro noho izany."

Araka ny traikefa izay ananako, ny fiverenan'ity lehilahy malala ity tamin'ny filazantsara dia mitovy amin'ny zavatra niainan'ny olona maro ary dia niverimberina matetika teo anivon'ireo zanak' Andriamanitra izay misintaka vetivety, kanefa mbola hiverina amin'ireo fampianarana sy fomba fanao tamin'ny fahatanoran'izy ireo ihany. Amin'ireny fotoana ireny, dia vavolombelon'ny fahendren'ny mpanoratra ny ohabolana isika, izay manoro hevitra ireo ray aman-dreny hoe: "Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy dia tsy hiala amin'izany."[8]

Ny ray aman-dreny tsirairay dia miatrika fotoam-pahasorenana sy ambaratongam-panapahan-kevitra fiovaovan'ny tanjaka eo am-pitaizana ny zanany. Na izany aza, rehefa mampiasa finoana amin'ny alalan'ny fampianarana tsy an-kiato sy amim-pahamarinana ary amim-pitiavana ireo zanany ireo ray aman-dreny ary manao izay rehetra azon'izy ireo atao mba hanampiana azy ireo mandritra izany fotoana izany, dia mandray fanantenana bebe kokoa izy ireo fa ireo voa izay nafafy dia hahazo faka ao am-po sy ao an-tsain'ny zanak'izy ireo.

I Mosesy dia nahatakatra tsara ny maha-zava-dehibe izany filana ny fampianarana tsy an-kiato izany. Nanoro hevitra izy hoe, "Dia ampianaro tsara ny zanakao [ireto teny ireto] ary resaho izany na mipetraka ao an-tranonao hianao na mandeha any an-dalàna, na mandry na mifoha."[9]

Mandohalika eo anilan'ireo zanakay izahay mikarakara ny vavaky ny mpianakavy, mkarakara azy ireo izahay




amin'ny alalan'ireo ezaka ataonay mba hanao famakian'ny mpianakavy soratra masina manan-danja, mikarakara azy ireo amim-paharetana sy amim-pitiavana izahay rehefa miaramandray anjara ao amin'ny takarivan'ny mpianakavy izahay, ary mieritreritra ny amin'izy ireo izahay rehefa eo am-pandohalihana manao ireo vavaky ny tena manokana amin' Andriamanitra. Endrey izany faniriantsika ny mba hahazoan'ireo voa izay afafintsika faka ao am-po sy ao an-tsain'ireo zanatsika.

Mino aho fa tsy dia manan-danja ny manahy ny amin'ny hoe "takatr"' ireo zanatsika daholo ve ny "zavatra rehetra" mandritra ny fampianarantsika, toy ny rehefa manana fahasahiranana amin'ny famakiana ny soratra masina na ny fanaovana ny takarivan'ny mpianakavy na ny fanaovana ny adidy amin' Andriamanitra na ireo tetikasa hahazoana mari-pankasitrahana ho an'ny Zatovovavy. Tsy dia manan-danja ny hoe azon'izy ireo ve ny maha-zavadehibe ireo zavatra natao ireo tamin'ireo fotoana izay nanaovana izany fa ny manan-danja dia ny hoe, amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia mampiasa finoana ampy isika mba hanaraka ny torohevitry ny Tompo ny hiaina sy hampianatra ary handrisika amin'ny zotom-po, ary hiandrandra zavatra izay azo avy amin'ny fitaoman'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Izany dia ezaka atosiky ny finoantsika—ny finanantsika finoana fa indray andro any ireo voa izay nafafy tao amin'ny fahatanoran'izy ireo dia hahazo faka ary hanomboka handrombona sy haniry.

Ny zavatra izay resahantsika, ny zavatra izay torintsika sy ampianarintsika dia hamaritra ny zavatra izay hitranga eo anivontsika. Rehefa manorina fombafomba mahazatra mahasoa isika izay mampianatra ireo fotopampianaran'i Kristy, dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ireo hafatra izay lazaintsika ny Fanahy Masina ary hanamafy ireo voan'ny filazantsara izay novolena lalina ao am-pon'ireo zanatsika amin'ny alalan'ireo ezaka ataontsika mandritra izany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Isaia 28:16.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33.
3. Jereo ny pejy Facebook an'i Neil L. Andersen, navoaka nanomboka tamin'ny 19 Aog. 2018, facebook.com/lds.neil.l.andersen.
4. Tao amin'ny Sarah Jane Weaver, "President Nelson Urges 'Teach the Children,'" *Church News,* Sept. 23, 2018, 11.
5. Enôsa 1:1.
6. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Priesthood Authority in the Family and the Church," *Liahona,* Nov. 2005, 24–27.
7. Helamàna 5:12.
8. Ohabolana 22:6.
9. Deoteronomia 6:7.



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Aza matahotra

*Mahereza ry rahalahy sy ranabavy. Eny, miaina ao anatin'ny fotoan-tsarotra isika, kanefa rehefa mijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika, dia tsy mila matahotra.*

Ampiako ny tenivavolombeloko ny hafatry ny Filoha Russell M. Nelson sy ny an'ny Loholona Quentin L. Cook vao teo mikasika ny firindrana sy ny fiaraha-manaiky ny hevitry ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Fantatro fa ireo filazana mifono fanambarana ireo dia ny saina sy sitrapon'ny Tompo ary hitahy sy hampatanjaka ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mandritra ny taranaka maro ho avy izany.

Taona maro lasa izay dia nametraka fanontaniana iray tena manan-danja sy misy fiantraikany amin'ny fiainana tamin'ny tenako sy Rahavavy Rasband ny iray tamin'ireo zanakay vavy vao natao mariazy sy ny vadiny: "Mbola azo antoka sy fahendrena ve ny mitondra zanaka eto amin'ity izao tontolo izao izay toa ratsy sy mampatahotra iainantsika ity?"

Ankehitriny, izany dia fanontaniana iray manan-danja ho an'ny reny iray sy ray iray hosaintsainina miaraka amin'ireo zanany malalany izay efa nanambady. Afaka naheno ny tahotra tao amin'ny feon'izy ireo izahay ary nahatsapa ny tahotra tao am-pon'izy ireo. Matotra ny valinteninay ho azy ireo dia hoe: "Eny, mihoatra ny mety izany," rehefa nizara ireo fototry ny fampianarana ny filazantsara sy ireo fahatsapana latsak'aty ary ireo traikefa teo amin'ny fiainana izahay.

Tsy zava-baovao ny tahotra. Ireo mpianatr'i Jesoa Kristy, raha teo amin'ny Ranomasin'i Galilia, dia natahotra ny "tafio-drivotra sy alon-drano" tao amin'ny haizin'ny alina.[1] Amin'ny maha-mpianany antsika ankehitriny dia matahotra ihany koa isika. Ireo tanora tokan-tenantsika dia matahotra ny hanao fanolorantena toy ny hanambady. Ireo tanora vao nanambady, toa ireo zanakay, dia matahotra ny hitondra zanaka eto amin'ny tontolo miha-ratsy fanahy. Matahotra zavatra maro ireo misiônera, indrindra fa ny fanatonana olon-tsy fantatra. Matahotra ny handroso irery ireo manano-tena. Matahotra ny tsy hisy hanaiky ireo zatovo; matahotra ny andro voalohany ny ankizy vao hiditra hianatra; matahotra ny hanala fanadinana ireo ankizy any amin'ny oniversite. Matahotra tsy fahombiazana, fanilihana, fahadisoam-panantenana, ary ny zavatsy hita-maso isika. Matahotra rivo-doza, horohoron-tany, ary afo izay mandrava ny tany sy ny fiainantsika isika. Matahotra ny tsy ho voafidy isika, ary matahotra ihany koa ny mifanohitra amin'izany, dia ny ho voafidy izany. Matahotra ny ho tsy ampy fahatsarana isika; matahotra isika fa tsy manana fitahiana ho antsika ny Tompo. Matahotra fiovana isika, ary mety hitombo ho lasa fihorohoroana ireo tahotsika. Voalazako daholo ve ny an'ny rehetra?

Hatramin'ny fahagolan-tany dia nametra ny fomba fijerin'ny zanak' Andriamanitra ny tahotra. Tiako hatramin'izay ny tantaran'i Elisa ao amin'ny Mpanjaka 2. Ny mpanjakan'i Syria dia nandefa tafika ka "tonga alina ireo ary nanodidina ny tanàna."[2] Ny haka ankeriny sy hamono ny mpaminany Elisa no fikasan'izy ireo. Mamaky isika hoe:

"Ary rehefa nifoha maraina ny zatovon'ilay lehilahin' Andriamanitra ka nivoaka, dia, indreo, nisy miaramila sy soavaly ary kalesy manodidina ny tanàna. Dia hoy ilay zatovo taminy: Indrisy, tompoko! Ahoana no hataontsika?"[3]

Tahotra izany.

"Dia namaly i [Elisa] hoe: Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy."[4]

Fa tsy nijanona teo izy.

"Avy eo Elisa nivavaka hoe, Jehovah ô, mangataka aminao aho, ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovolahy; ary dia nahita izy: ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa."[5]

Mety hanana na tsy hanana kalesy afo nalefa mba handroahana ireo tahotsika sy handresena ireo demony eo amintsika isika, kanefa mazava ilay lesona. Miaraka amintsika ny Tompo ary mieritreritra momba antsika sy mitahy antsika amin'ireo fomba izay



Izy irery ihany no afaka manao izany. Ny vavaka dia afaka mampidina ilay tanjaka sy ilay fanambarana izay ilaintsika mba hampifotorana ny saintsika amin'i Jesoa Kristy sy ny sorona fanavotany. Fantatry ny Tompo fa hisy fotoana isika hatahotra. Efa teo aho ary ianareo ihany koa, izany no antony mahatonga ny soratra masina ho feno ny torohevitry ny Tompo hoe:

"Koa mahereza, aza matahotra."[6]

"Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra."[7]

"Koa aza matahotra ry ondry vitsy."[8] Tiako ireo teny malefaka hoe "ondry vitsy." Mety ho vitsy an'isa isika ato amin'ity Fiangonana ity raha amin'ny fomba hanisan'izao tontolo izao ny fitaomana, kanefa rehefa manokatra ny masontsika ara-panahy isika, dia "ny momba antsika dia be noho ny momba azy."[9] Dia notohizan'i Jesoa Kristy ilay Mpiandry Ondrintsika be fitiavana hoe: "Avelao hitambatra ny tany sy ny helo hanohitra anareo, fa raha miorina amin' ny vatolampiko ianareo, dia tsy afaka mandresy izy ireo."[10]

Ahoana no androahana ny tahotra? Ho an'ilay zatovolahy dia nijoro teo akaikin'i Elisa, mpaminanin' Andriamanitra, izy. Manana izany fampanantenana izany koa isika. Rehefa mihaino ny Filoha Russell M. Nelson isika, rehefa mihaino ny toroheviny isika, dia mitsangana miaraka amin'ny mpaminanin' Andriamanitra. Tsarovy ireo tenin'i Joseph Smith: "Ary ankehitriny, aorian' ireo tenivavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny tenivavolombelona, ny farany amin' ny rehetra, izay ataonay momba Azy: Fa velona Izy!"[11] Velona i Jesoa Kristy. Mandroaka ny tahotra ny fitiavantsika Azy sy ny filazantsarany.

Ny faniriantsika mba "hanana mandrakariva ny Fanahiny"[12] miaraka amintsika dia hanosika ny tahotra hiala mba hahitantsika bebe kokoa ny endrika mandrakizain'ny fiainantsika eto an-tany. Nampitandrina ny Filoha Nelson hoe: "Saingy ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka."[13]



Hoy ny Tompo mikasika ireo ozona izay handrakotra ny tany ka hanamafy ny fon'ny maro: "Fa hitsangana eo amin'ny toerana masina ny mpianatro ary tsy hoesorina."[14]

Dia avy eo ity torohevitra avy amin' Andriamanitra ity: "Aza matahotra, fa rehefa hitranga ireo zavatra ireo, dia hahafantatra ianareo fa ho tanteraka ny fampanantenana izay efa natao taminareo."[15]

Mijoroa amin'ny toerana masina—aza miroanàhana—dia ho tanteraka ireo fampanantenana. Handeha hojerentsika tsirairay ireo raha ny mahakasika ireo tahotsika.

Voalohany dia mijoroa eo amin'ny toerana masina. Rehefa mijoro eo amin'ny toerana masina isika, dia ny tokantranontsika feno fahamarinana sy ireo trano fiangonantsika voatokana ary ireo tempoly voatokana izany, dia mahatsapa ny Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika isika. Mahita valiny isika amin'ireo fanontaniana izay mampikorontana antsika na mba hitoeran'ny fiadanana fotsiny ihany. Izany no fiasan'ny Fanahy. Ireny toerana masina ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra eto antany ireny dia miantso ny fanajantsika lalina, ny fanajantsika ny hafa, ny tsara indrindra vitantsika amin'ny fiainana ny filazantsara, ary ireo fanantenantsika mba hanary ireo tahotsika ka hikatsaka ny hery manasitran'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny Sorompanavotany.

Tsy misy toerana ho an'ny tahotra ao amin'ireny toerana masin' Andriamanitra ireny na ao am-pon'ny zanany. Nahoana? Noho ny fitiavana. Tia antsika Andriamanitra, mandrakizay izany, ary tia Azy isika. Mandresy ny tahotra rehetra ny fitiavantsika an' Andriamanitra, ary manenika ireo toerana masina ny fitiavany. Eritrereto izany. Rehefa halaimpanahy isika ao amin'ireo fanolorantenantsika ho an'ny Tompo, rehefa miala eo amin'ny lalany mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay isika, rehefa mametra-panontaniana na miahiahy momba ny lanjantsika ao amin'ny drafiny masina isika, rehefa mamela ny tahotra hanokatra ny varavarana mankany amin'ireo naman'izany rehetra isika: ny fahakiviana, ny fahatezerana, ny fahasorenana, ny fahadisoam-panantenana, dia mandao antsika ny Fanahy, ary tsy miaraka amintsika ny Tompo. Raha fantatrareo hoe toy ny ahoana izany dia fantatrareo fa tsy toerana tsara hitoerana izany. Mifanohitra amin'izany, rehefa mijoro amin'ny toerana masina isika, dia afaka mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra, ary "ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra rehetra."[16]

Ny fampanantenana manaraka dia "Aza miroanàhana."[17] Na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny faharatsiana sy korontana mameno ny tany dia ampanantenaina antsika noho ny fahatokiantsika isan'andro an'i Jesoa Kristy ny "fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra



noho ny fahalalana rehetra."[18] Rehefa tonga amin'ny hery sy voninahitra rehetra i Kristy dia hifarana ny ratsy sy ny fikomiana ary ny tsy fahamarinana.

Naminany momba ny androntsika ny Apôstôly Paoly fahiny ela be, raha nilaza tamin'i Timoty fony izy tanora hoe:

"Fa any am-parany any dia hisy andro mahory.

"Fa ny olona dia ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, . . .

". . . tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany an' Andriamanitra."[19]

Tsarovy fa, "ireo izay momba antsika" eo amin'ny lafiny roa amin'ny voaly, ireo izay tia ny Tompo amin'ny fony, ny sainy, ny eritreriny, ary ny tanjany rehetra, "dia be noho ny momba azy."[20] Raha toa ka matoky amim-pahavitrihana ny Tompo sy ireo lalany isika, raha toa ka mandray anjara amin'ny asany isika, dia tsy hatahotra ireo fironan'izao tontolo izao na hiroanàhana noho izy ireny. Miangavy anareo aho mba hanaisotra ireo fitaomana sy faneren'izao tontolo izao ka hikatsaka aim-panahy eo amin'ny fiainanareo isan'andro. Tiavo izay tian'ny Tompo—tafiditra ao amin'izany ireo didiny, ireo tranony masina, ireo fanekempihavanana masina nataontsika taminy, ny fanasan'ny Tompo isaky ny andro Sabata, ny fifandraisantsika amin'ny alalan'ny vavaka—dia tsy hiroanàhana ianareo.

Ny teboka farany dia: matokisa ny Tompo sy ireo fampanantenany. Fantatro fa ho tanteraka avokoa ireo fampanantenany. Fantatro izany tahaka ny hijoroako eto anoloanareo amin'ity fivoriana masina ity.

Nanambara ny Tompo hoe: "Fa ireo izay hendry ary efa nandray ny fahamarinana sy nandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dàlana azy ka tsy voafitaka—lazaiko aminareo marina tokoa, fa tsy hokapaina ireo ka hatsipy any anaty afo fa hahatanty ny andro."[21]

Izany no antony tokony tsy hahatonga antsika hiroanàhana noho ireo korontana amin'izao andro izao, noho ireo ao amin'ny trano lehibe sy mijoalajoala, noho ireo izay mandrabiraby ny ezaka amim-pahamarinan-toetra sy fanompoana feno fanolorantena ho an'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fibanjinana ny tsara, ny risi-po, eny ny fiantrana dia avy amin'ny fo tsy vesaran'ny korontana. Ny Filoha Nelson, izay "mahita ny tsara foana momba ny ho avy," dia nampahatsiahy antsika hoe: "Raha te hanana fanantenana ny hahay hifantina tsara izay mahasoa ao anatin'ireo hafatra tsy tambo isaina sy ireo filôzôfian'olombelona izay manafika ny fahamarinana isika, dia tsy maintsy mianatra mandray fanambarana."[22]

Mba hahazoana fanambarana ho an'ny tena manokana, isika dia tsy maintsy mametraka ho laharam-pahamehana ny fiainana ny filazantsara sy ny fandrisihana ny hafa sy ny tenantsika hanana fahatokiana sy aim-panahy.

Anisan'ireo mpaminany tamin'ny fahatanorako i Spencer W. Kimball. Nandritra ireo taona vitsy lasa, rehefa avy nantsoina ho Apôstôly aho, dia nahita fiadanana tao amin'ny hafatra voalohany nataony tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny ôktôbra 1943. Nentanim-po noho ny antsony izy; haiko hoe toy ny ahoana izany. Nilaza ny Loholona Kimball hoe: "Nieritreritra sy nivavaka be aho, dia nifady hanina sy nivavaka." Nisy hevitra nifanohitra nipoitra tao an-tsaiko, toa feo milaza hoe: -Tsy afaka manao ilay asa ianao. Tsy mendrika ianao. Tsy afaka manao izany ianao'—, dia amin'ny farany foana vao tonga ilay eritreritra mandresy hoe: 'Tsy maintsy manao ny asa nanirahana anao ianao, tsy maintsy manao izay hahatonga ny tenanao hanana fahafahana hahavita zavatra sy ho mendrika ary hanana ny fahaiza-manao ilaina ianao.' Dia mafy tokoa ny ady."[23]

Nahafaly ahy ny fijoroana ho vavolombelona tamin'ny fo madio nataon'io Apôstôly izay ho tonga Filoha faha-12 an'ity Fiangonana lehibe ity io. Niaky izy fa tsy maintsy nanary ireo tahony mba "hanao ny asa nanirahana" ary tsy maintsy niantehitra tamin'ny Tompo izy hahazoana tanjaka mba "hanana fahafahana hahavita zavatra sy ho mendrika ary hanana ny fahaiza-manao ilaina." Afaka manao izany koa isika. Mbola ho mafy ny ady saingy hiatrika azy ireny miaraka amin'ny Fanahin'ny Tompo isika. "Tsy hatahotra" isika satria rehefa mijoro miaraka amin'ny Tompo ary mijoro amin'ireo fitsipiny sy ny drafiny mandrakizay isika, dia mijoro amin'ny toerana masina isika.

Ahoana ary ny momba ilay zanakavavy sy vinantolahy izay nametraka fanontaniana avy tamin'ny fo sy lalina tokoa, ary niankina tamin'ny tahotra, taona maro lasa izay? Nosaintsainin'izy



ireo tamim-pahamatorana ny resaka nataonay tamin'io alina io, nivavaka sy nifady hanina izy ireo ka nanapakevitra samirery. Fifaliana ho azy ireo sy ho anay, raibe sy renibe, fa manan-janaka mahafinaritra miisa fito izy ireo amin'izao sady mandroso amim-pinoana sy fitiavana.

Mahereza ry rahalahy sy ranabavy. Eny, miaina ao anatin'ny fotoantsarotra isika, kanefa rehefa mijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika, dia tsy mila matahotra. Mitsodrano anareo aho fa rehefa manao izany ianareo, dia tsy hatahotra noho ireo fotoana izay iainantsika amin'izao na ireo olana izay tonga eo aminareo. Mitsodrano anareo aho mba hisafidy ny hijoro eo amin'ny toerana masina ka tsy hihetsika eo. Mitsodrano anareo aho mba hino ireo fampanantenan'i Jesoa Kristy, fa velona Izy, mijery antsika Izy, miraharaha antsika ary mijoro eo akaikintsika. Amin'ny anaran'ny Tompo sy Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Marka 4:37.
2. 2 Mpanjaka 6:14.
3. 2 Mpanjaka 6:15.
4. 2 Mpanjaka 6:16.
5. 2 Mpanjaka 6:17.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:6.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:34.
9. 2 Mpanjaka 6:16.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:34.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
13. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an 'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 96.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:32.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:35.
16. Môrônia 8:16.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:35.
18. Filipiana 4:7.
19. 2 Timoty 3:1–2, 4.
20. 2 Mpanjaka 6:16.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57.
22. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an 'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," 96.
23. Spencer W. Kimball, ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1943, 16–17.



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo


# Hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy

*Ny herin'ny filazantsaran'ny Mpamonjy mba hanova sy hitahy antsika dia mikoriana avy amin'ny fanavahana sy ny fampiharana ny fifandraisan'ireo fotopampianarana sy fitsipika ary fomba fanao ao amin'izany.*

Fitaovana iray manan-danja izay mahazatra antsika rehetra ny tady. Ny tady dia vita amin'ireo singa avy amin'ny lamba, zava-maniry, tariby, na akora hafa ka aolankolana ny tsirairay amin'izany na miaraka arandrana. Mahagaga fa ny zavatra izay mety ho tsy miavaka firy dia azo arandrana miaraka ka tonga zavatra matanjaka tokoa. Noho izany dia afaka mamokatra fitaovana mahagaga ny fampifandraisana sy fanambarana tsara ny zavatra tsotra.

Tahaka ny tady iray izay mahazo ny tanjany avy amin'ny kofehy maro nampifamatorana, toy izany ihany koa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manolotra ny fomba fijery tsara indrindra momba ny fahamarinana ary manome ireo fitahiana tsara indrindra rehefa manaraka ny fananaran'i Paoly isika mba "hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, dia ho ao aminy."[1] Indrindra fa io fanangonana manan-danja ny fahamarinana io dia mifototra sy mifantoka amin'ny Tompo Jesoa Kristy satria Izy no "lalana sy fahamarinana ary fiainana."[2]

Mivavaka aho mba hanazava antsika tsirairay avy ny Fanahy Masina eo am-pisaintsainantsika ny fomba hiharan'ny fitsipiky ny *fanangonana ny zava-drehetra ho iray ao amin'i Kristy* amin'ny fomba fampiharana ny fianarana sy fiainana ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny eo amin'ny fiainantsika andavanandro.





#### Vanim-potoan'ny fanambarana

Miaina ao anatin'ny vanim-potoana iray miavaka sy feno fanambarana ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny isika. Ireo fanovana manan-tantara nambara androany dia manana tanjona tokana ifotoran'izy ireo: ny hampatanjaka ny finoana an'ny Ray any An-danitra sy ny drafiny ary ny Zanany Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Tsy hoe nafohezina fotsiny ireo fivoriana isaky ny Alahady. Fa nomena fahafahana maromaro kokoa sy andraikitra kosa isika tsirairay sy amin'ny maha-fianakaviana antsika ankehitriny mba hampiasa ny fotoanantsika hampivelarana ny Sabata ho fahafinaretana any an-tokantrano sy aty am-piangonana.

Tamin'ny volana aprily teo dia tsy novaovaina fotsiny ny rafitry ny kôlejin'ny fisoronana. Fa nasiana fanamafisana sy tanjaka ilay fomba ambony sy masina kokoa hanompoantsika ireo rahalahy sy rahavavintsika.

Mitovy amin'ireo kofehy narandrana ao amin'ny tady iray izay mamokatra fitaovana mahery vaika sy maharitra, ireo asa mifandray rehetra ireo dia ampahany amin'ny ezaka feno firaisankina mba hampifanarahana tsara kokoa ny zavatra ifantohana sy ireo loharanom-pitaovana ary ny asan'ny Fiangonan'ny Mpamonjy izay naverina tamin'ny laoniny amin'ny asa fototra nanirahana azy dia: ny hanampy an' Andriamanitra amin'ny asany mba hanatanteraka ny famonjena sy ny fisandratan'ny zanany. Aoka isika aloha mba tsy hifantoka mialoha amin'ny lafiny ara-lasi-pandaminan'ilay zavatra nambara. Tsy tokony havelantsika hanakona ireo tanjona ara-panahy ifotoran'ireo fiovana natao ankehitriny ireo ny antsipirian'ny fomba hanatanterahana azy ireo.

Ny faniriantsika dia mba hitombo ny finoana ny drafitry ny Ray sy ny asa fanavotan'ny Mpamonjy eto an-tany ary mba ho tafaorina ny fanekempihavanana maharitra mandrakizain' Andriamanitra.[3] Ny hany tanjontsika dia ny hanamora ny fiovam-po mitohy amin'ny Tompo sy ny hitia tanteraka kokoa ary hanompo amin'ny fomba mahomby kokoa an'ireo rahalahy sy rahavavy manodidina antsika.

#### Fitsinjarana sy fanasarahana

Indraindray isika amin'ny mahampikamban'ny Fiangonana antsika dia mitsinjara, mampisaraka, ary mampihatra ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika amin'ny alalan'ny famoronana lisitra lavabe mikasika ireo lohahevitra tsirairay mba hohalalinina sy ireo asa hotontosaina. Kanefa ny fomba fanao toy izany dia mety hanembantsembana ny fahatakarantsika sy ny fahitantsika. Mila mitandrina isika satria ny fifantohana tahaka ny fomba fifantohan'ny Fariseo amin'ny lisitra dia mety hanakana antsika tsy hanatona akaiky kokoa ny Tompo.

Ny tanjona sy ny fanadiovana, ny fahasambarana sy ny fifaliana, ary ny fiovam-po mitohy sy ny fiarovana izay tonga avy amin'ny "[fanolorana] ny fon[tsika] ho an' Andriamanitra"[4] ary ny "[fandraisana] ny endriny eo amin'ny tarehin[tsika]"[5] dia tsy azo fotsiny amin'ny alalan'ny fanaovana ireo zavatra ara-panahy izay tokony hataontsika sy fanisiana marika ireo zava-bita. Fa ny herin'ny filazantsaran'ny Mpamonjy mba hanova sy hitahy antsika dia mikoriana kosa amin'ny fanavahana sy fampiharana ny fifandraisan'ireo fotopampianarana sy fitsipika ary fomba fanao ao amin'izany. Rehefa *manangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy* ihany isika, miaraka amin'ny fifantohana mafy Aminy, izay ireo fahamarinan'ny filazantsara vao afaka miaraka mamela antsika ho tonga amin'izay irian' Andriamanitra hahatongavantsika[6] ka maharitra amin-kerim-po hatramin'ny farany.[7]

#### Mianatra sy mampifandray ireo fahamarinan'ny filazantsara

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia temitra tena kanton'ny fahamarinana izay "[mirafitra tsara]"[8] ary voarary miaraka. Rehefa mianatra sy mampifandray ireo fahamarinan'ny filazantsara isika, dia voatahy amin'ny fahazoana fomba fijery sarobidy sy fitomboan'ny fahafaha-manao zavatra ara-panahy amin'ny alalan'ny maso izay afaka mahita ny fiarihan'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika ary sofina izay afaka mandre ny feony.[9] Ary ny fitsipiky ny *fanangonana ny zavatra rehetra ho iray, eny ao Aminy* dia afaka manampy

antsika amin'ny fanovana ireo lisitra mahazatra an'ireo zavatra tokony hatao hanjary ho zavatra nakambana ho iray sy nampiarahana ary feno. Avelao aho hanome ohatra sady ara-potopampianarana no mifandray amin'ny Fiangonana momba ny zavatra izay arosoko.

**Ohatra 1.** Ny fanekem-pinoana fahefatra dia anisan'ireo fanehoana lehibe ny fanangonana ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy: "Mino isika fa ireo fitsipika sy ôrdônansy fototra amin'ny filazantsara dia: voalohany, ny Finoana an'i Jesoa Kristy Tompo; faharoa, ny Fibebahana; fahatelo, ny Batisa asitrika ho famelana ny fahotana; fahefatra, ny Fametrahan-tanana ho fanomezana ny Fanahy Masina."[10]

Ny finoana marina dia mifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompo sy eo Aminy—Aminy amin'ny maha-Ilay Zanaka Masina sy Lahitokan'ny Ray Azy ary eo Aminy sy ilay asa fanavotana nanirahana Azy izay notanterahiny. "Satria efa nefainy ny fitakian'ny lalàna,



ary mitaky ireo rehetra izay manam-pinoana Azy Izy; ary ireo izay manam-pinoana Azy dia hifikitra amin'ny zavatra tsara rehetra; koa miaro ny tombontsoan'ny zanak'olombelona Izy."[11] Ny fampiharana finoana an'i Kristy dia *fahatokiana* Azy sy fametrahana fitokiana Aminy amin'ny maha-Mpamonjy antsika, amin'ny anarany, ary amin'ireo fampanantenana nataony.

Ny vokatra voalohany sy tonga ho azy entin'ny fahatokiana ny Mpamonjy dia ny fibebahana sy ny fialana amin'ny ratsy. Rehefa mampihatra finoana amin'ny Tompo sy eo Aminy isika dia mitodika ho azy mankany Aminy, manatona Azy, ary miantehitra Aminy. Noho izany, ny fibebahana dia *fahatokiana* sy *fibebahana* amin'ilay Mpanavotra antsika mba hanao ireo zavatra izay tsy vitan'ny tenantsika manokana ny manao azy ho antsika. Isika tsirairay dia tsy maintsy "[*miantehitra*] tanteraka amin'ny fahamendrehan'Ilay Mahery ka mahavonjy"[12] satria "noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina"[13] irery ihany no ahafahantsika ho tonga olombaovao ao amin'i Kristy[14] ary hiverina sy hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra amin'ny farany.

Ny ôrdônansin'ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana dia mitaky antsika mba *hatoky* Azy, sy *hiantehitra* Aminy, ary *hanaraka* Azy. Hoy i Nefia hoe, "Fantatro fa raha *manara-dia* ny Zanaka ianareo, amin'ny finiavan'ny fonareo manontolo, tsy manao amin'ny fihatsarambelatsihy sady tsy misy fitaka eo anoloan' Andriamanitra fa omban'ny fikasana marina, mibebaka amin'ny fahotanareo, mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray fa vonona ny hitondra ny anaran'i Kristy amin'ny batisa—eny, *amin'ny fanarahana ny Tomponareo sy ny Mpamonjy anareo* midina ao anaty rano araka ny teniny, dia indro fa horaisinareo ny Fanahy Masina amin'izany; eny, amin'izany dia ho tonga ny batisan'ny afo sy ny Fanahy Masina."[15]

Ny ôrdônansin'ny fametrahantanana hahazoana ny fanomezana ny Fanahy Masina dia mitaky antsika mba *hatoky* Azy, *hiantehitra* Aminy, *hanaraka* Azy, ary *hibosesika handroso* ao Aminy miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahiny Masina. Araka ny nambaran'i Nefia hoe: "Ary ankehitriny . . . fantatro araka izany, fa raha tsy maharitra hatramin' ny farany ny olona amin'ny fanarahana ny ohatry ny Zanak'Ilay Andriamanitra velona, dia tsy ho azo vonjena izy."[16]

Ny fanekem-pinoana fahefatra dia tsy milaza tsotra fotsiny ireo fitsipika fototra sy ôrdônansin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Fa, io fanambaram-pinoana azo avy amin'ny fanentanam-panahy io dia manangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy: *fahatokiana* Azy, *fianteherana* Aminy, *fanarahana* Azy, ary ny *fibosesehana mandroso* miaraka Aminy, eny ao Aminy.

**Ohatra 2.** Izao aho dia hamaripaaritra ny fomba hanangonana ho iray ao amin'i Kristy ireo fandaharan'asa sy ezaka rehetra ataon'ny Fiangonana. Betsaka ireo ohatra azo zaraina, fa vitsivitsy izay nofanteniko ihany no hampiasaiko.

Tamin'ny 1978 dia nasain'ny Filoha Spencer W. Kimball hanangana ny tanjak'i Ziona manerana izao tontolo izao ireo mpikamban'ny Fiangonana. Nanoro hevitra ireo Olomasina izy mba hijanona any amin'ireo firenena niavian'izy ireo ary hanangana tsatòka matanjaka amin'ny alalan'ny fanangonana ny fianakavian' Andriamanitra sy fampianarana azy ireo ny lalan'ny Tompo. Nilaza ihany koa izy fa ho betsaka kokoa ireo tempoly hamboarina ary hisy fitahiana hampanantenaina ho an'ireo Olomasina na aiza na aiza nipetrahan'izy ireo teto amin'izao tontolo izao.[17]

Rehefa nitombo ny isan'ireo tsatòka dia nihamafy kokoa ny filana ny tokantranon'ny mpikambana mba "ho tonga [toerana] izay [tian]'ny olona ao amin'ny fianakaviana ny mitoetra ao, toerana izay [ahafahan]'izy ireo mampivoatra ny fiainany sy mahita fifankatiavana, fifanohanana, fankasitrahana, ary fifankaherezana."[18] Vokatr'izany, tamin'ny 1980, dia natambatra ho adiny telo mifanesy ireo fivoriana mandritra ny alahady mba "hanamafisana indray ny andraikitry ny tsirairay sy ny fianakaviana amin'ny fianarana sy fiainana ary fampianarana ny filazantsara,"[19] Io fimasoana amin'ny fianakaviana sy ny tokantrano io dia voalaza indray tao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambara



ho an'izao tontolo izao" izay nampahafantarin'ny Filoha Gordon B. Hinckley tamin'ny 1995.[20]

Tamin'ny aprily 1998, ny Filoha Hinckley dia nanambara ny fanamboarana tempoly kely betsaka kokoa, ka hitondra ireo ôrdônansy masina atao ao an-tranon'ny Tompo ho akaiky kokoa ny olona tsirairay sy ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao.[21] Ary ireo fahafahana mitombo sy mivoatra ara-panahy nohamafisina ireo dia nampian'ny fitomboana mifandray amin'izany teo amin'ny fizakan-tena ara-batana tamin'ny alalan'ny fampahafantarana ny Kitapom-bola Maharitra ho an'ny Fianarana tamin'ny taona 2001.[22]

Nandritra ny fitantanany, ny Filoha Thomas S. Monson dia namerimberina namporisika ireo Olomasina mba handeha "hanavotra" ary nanamafy ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana ho anisan'ny iray amin'ireo andraikitra nasain' Andriamanitra sahanin'ny Fiangonana. Teo am-panohizana ny fanamafisana ny fiomanana ara-batana, dia nampidirina ny fanaovana asa amin'ny alalan'ny Sampan-draharaha misahana ny Fizakan-tena tamin'ny 2012.

Nandritra ny taona maro lasa, dia nohamafisina ireo fitsipika manan-danja mikasika ny fanaovana ny andro Sabata ho fahafinaretana ao an-tokantrano sy ao am-piangonana, ka manomana antsika amin'ny fandaraham-potoan'ny fivoriana isaky ny alahady izay nambara tao anatin'ity fivoriana an'ny fihaonambe maneran-tany ity.[23]

Ary enim-bolana lasa izay, dia nohamafisina sy nampifandrindrana tamin'ny fomba mahomby kokoa tamin'ireo vondrona fanampiny ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka mba hanatanterahana fomba fanompoana ambony sy masina kokoa.

Mino aho fa ny fifanesen'ireo asa ireo sy ny fotoana nisehoany tao anatin'ny taona maro dia afaka hanampy antsika hahita asa iray sady feno fa tsy andiana ezaka tsy mifampiankina sy misaratsaraka fotsiny. "Nambaran' Andriamanitra ny lamina iray ho fivoarana ara-panahy ho an'ny tsirairay sy ho an'ny fianakaviana amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fampianarana, sy fandaharan'asa ary fiaraha-mientana izay **mifantoka amin'ny any antokantrano ary tohanan'ny Fiangonana.** Ny antony hisian'ireo rafitra sy ireo fandaharan'asa ato amin'ny Fiangonana dia ny hitahiana ny olona tsirairay sy ny fianakaviana, fa tsy izy ireny akory no tanjona farany."[24]

Mivavaka aho mba hahafahantsika mahafantatra fa ny asan'ny Tompo dia asa lehibe iray maneran-tany izay lasa mifantoka bebe kokoa amin'ny tokantrano ary tohanan'ny Fiangonana. Fantatro ary ijoroako ho vavolombelona fa ny Tompo dia manambara ary "mbola hanambara zava-dehibe sy manan-danja mikasika ny fanjakan' Andriamanitra."[25]

### Fampanantenana sy Fijoroana ho vavolombelona


Ny hafatro dia natomboko tamin'ny fanasongadinana ny tanjaka izay voaforona rehefa aolankolana sy miaraka arandrana mba hanome tady iray ireo singa tsirairain'ny akora iray. Torak'izany koa, mampanantena anareo aho fa hibaribary eo amin'ny fianarantsika sy fiainantsika ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izany fomba fijery sy tanjona ary hery mihamitombo izany rehefa miezaka ny manangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy isika—eny dia ao aminy.

Ireo fahafahana sy fitahiana rehetra izay misy vokany mandrakizay dia miantomboka ao amin'i Jesoa Kristy Tompo, tanteraka ary manana tanjona noho i Jesoa Kristy Tompo, ary maharitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompo. Araka ny fijoroana ho vavolombelona izay nataon'i Almà hoe: "Tsy misy lalankafa na fomba izay ahafahana mamonjy ny olona afa-tsy ao amin'i Kristy sy amin'ny alalany. Indro, Izy no fiainana sy fahazavan'izao tontolo izao."[26]

Ambarako amim-piravoaravoana ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny maha-masina ny Ray any An-danitra sy ny Zanaka Malalany, Jesoa Kristy ary ny tena fisian'izy ireo. Mahita fifaliana isika ao amin'ny Mpamonjy antsika. Ary ao Aminy no ahitantsika antoka ny amin'ny hoe " fiadanana eo amin'izao tontolo izao ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy."[27] Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Efesiana 1:10.
2. Jaona 14:6.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:21–22.
4. Helamàna 3:35.
5. Almà 5:14.
6. Jereo ny Matio 5:48; 3 Nefia 12:48.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:29.
8. Efesiana 2:21.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:32.
10. Fanekem-pinoana 1:4.
11. Môrônia 7:28.
12. 2 Nefia 31:19.
13. 2 Nefia 2:8.
14. Jereo ny 2 Korintiana 5:17.
15. 2 Nefia 31:13; nampiana fanamafisana.
16. 2 Nefia 31:16.
17. Jereo ny Spencer W. Kimball, "The Fruit of Our Welfare Services Labors," *Ensign,* Nov. 1978, 76.
18. Toromarika ho an'ny fiadidian'ny tsatoka sy ny episkôpà, tao amin'ny "Church Consolidates Meeting Schedules," *Ensign,* Mar. 1980, 73.
19. Toromarika, ao amin'ny "Church Consolidates Meeting Schedules," 73.
20. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' izao Tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
21. Jereo ny Gordon B. Hinckley, "New Temples to Provide 'Crowning Blessings' of the Gospel," *Ensign,* Mey 1998, 87–88.
22. Jereo ny Gordon B. Hinckley, "The Perpetual Education Fund," *Liahona,* July 2001, 60–62, 67.
23. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fahafinaretana ny Sabata," *Liahona,* mey 2015, 129–32.
24. *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.4. Nampiana fanamafisana.
25. Fanekem-pinoana 1:9.
26. Almà 38:9.
27. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.



**Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny fahamarinana sy ilay drafitra

*Rehefa mikatsaka ny marina momba ny fivavahana isika dia tokony hampiasa fomba ara-panahy mifanaraka amin'izany fikarohana izany.*

Ny fanambarana maoderina dia mamaritra ny fahamarinana ho ny "fahalalana ny zavatra araka ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny haha-izy azy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:24). Izany dia famaritana tonga lafatra ho an'ny drafitry ny famonjena sy "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."

Isika dia miaina ao anatin'ny fotoana izay iparitahan'ny fampahalalana sy ivelarany lehibe tokoa. Saingy tsy marina avokoa izany fampahalalana rehetra izany. Mila mailo isika rehefa mikatsaka fahamarinana sy misafidy ireo loharano ho an'izany fikarohana izany. Tsy tokony heverintsika ho loharanom-pahamarinana azo antoka ny zavatra manan-danja na manam-pahefana amin'izao tontolo izao. Tokony ho mailo isika amin'ny fianteherana amin'ny fampahalalana na ny torohevitra atolotr'ireo olo-malaza na mpanao fanatanjahan-tena fantadaza na loharano tsy fanta-pihaviana ao amin'ny internet. Ny fahaizana amin'ny sehatra iray dia tsy tokony horaisina ho fahaizana momba ny fahamarinana amin'ny lohahevitra hafa.

Tokony ho mailo ihany koa isika ny amin'ny antony nanosika ny olona iray izay mamoaka fampahalalana. Izany no antony mahatonga ny soratra masina mampitandrina antsika amin'ny komiberaky ny mpisorona (jereo ny 2 Nefia 26:29). Raha tsy fantatra anarana na tsy fantatra ilay loharano dia mety hampiahiahy ihany koa ilay fampahalalana.

Ny fanapahan-kevitsika manokana dia tokony hifototra amin'ny fampahalalana avy amin'ny loharano azo antoka ho an'ilay lohahevitra ary tsy amin'ny faniriana feno fitiavan-tena.



I.

Rehefa mikatsaka ny marina momba ny fivavahana isika dia tokony hampiasa fomba ara-panahy mifanaraka amin'izany fikarohana izany: ny vavaka sy ny tenivavolombelon'ny Fanahy Masina ary ny fandalinana ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany maoderina. Malahelo foana aho rehefa mahare olona mitatitra fahaverezan'ny finoana noho ny fampianaran'izao tontolo izao. Ireo izay efa nanana fahitana ara-panahy dia mety hampahorian'ny fahajambana ara-panahy izay nataon'ny tenany ihany. Araka izay nolazain'ny Filoha Henry B. Eyring manao hoe, "Ny olan'izy ireo dia tsy ao anatin'ny zavatra izay eritreretin'izy ireo fa takany; fa ao anatin'ny zavatra izay mbola tsy takatr'izy ireo."[1]

Ny fomban'ny siansa dia mitarika antsika amin'ilay antsointsika hoe fahamarinana ara-tsiansa. Saingy tsy ny "fahamarinana ara-tsiansa" no tanjon'ny fiainana iray manontolo. Ireo izay tsy mianatra "amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118) dia mametra ny fahatakarany ny fahamarinana amin'izay azony hamarinina amin'ny alalan'ny siansa. Izany dia mametraka fetra artifisialy eo amin'ny fikarohan'izy ireo ny fahamarinana.

Nilaza ny Filoha James E. Faust hoe: "Ireo izay efa vita [batisa] dia mametraka ny fanahiny mandrakizay ho tandindomin-doza amin'ny fanarahana tsy amim-piraharahiana loharanompianarana avy amin'izao tontolo izao fotsiny. Mino isika fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manana ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Kristy, izany filazantsara izany no ampahany lehibe ao amin'ny fahamarinana sy ny fahalalana mandrakizay."[2]

Mahita fifaliana marina sy maharitra isika rehefa mahafantatra sy manao zavatra araka ny fahamarinana momba antsika sy ny antom-pisian'ny fiainana an-tany ary ny toerana halehantsika rehefa maty. Ireo fahamarinana ireo dia tsy afaka ianarana amin'ny fomba siantifika na an'izao tontolo izao.

II.

Izao aho dia hiresaka momba ny fahamarinan'ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny izay fototry ny



fotopampianaran'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mba asio lanjany tsara ireo fahamarinana ireo. Manazava betsaka momba ny fotopampianarantsika sy ny fanaontsika izy ireny, izay mety mbola zavatra tsy takatra ny sasany.

Misy Andriamanitra, izay Ray be fitiavana an'ny fanahin'ireo rehetra izay niaina sy mbola hiaina eto an-tany.

Ny maha-lahy sy ny maha-vavy dia mandrakizay. Talohan'ny nahaterahantsika teto amin'ity tany ity, isika rehetra dia niaina teo anatrehan' Andriamanitra tamin'ny naha-fanahy vavy sy lahy antsika.

Vao teo isika no nandre ny amboaram-peon'ny Tabernakely eto amin'ny Foiben'ny Fihaonambe nihira ny "Je veux suivre le plan de Dieu."[3] Izany no drafitra naorin' Andriamanitra mba hahafahan'ny zanany ara-panahy rehetra hivoatra mandrakizay. Izany drafitra izany dia iankinan'ny fiainantsika tsirairay avy.

Ao anatin'izany drafitra izany, Andriamanitra dia namorona ity tany ity ho toerana hahafahan'ireo zanany ara-panahy malalany ho teraka ao amin'ny fiainana mety maty mba handray vatana ara-nofo sy hanana fahafahana hivoatra mandrakizay amin'ny fanaovana safidy tsara.

Mba hisy dikany dia tsy maintsy natao teo amin'ny hery anankiroa mifanohitra ireo safidy eto an-tany, dia ny tsara sy ny ratsy. Tsy maintsy nisy ny fifanoherana, ary noho izany ilay fahavalo izay voaroaka noho ny fikomiana dia navela haka fanahy ireo zanak' Andriamanitra mba hanao zavatra mifanohitra amin'ny drafitr' Andriamanitra.

Ny tanjon'ny drafitr' Andriamanitra dia ny hanome an'ireo zanany ny fahafahana hifidy ny fiainana mandrakizay. Amin'ny alalan'ny traikefa iainana eto an-tany ihany no ahafahana manatanteraka izany, ary aorian'ny fahafatesana dia amin'ny alalan'ny fivoarana aorian'ny fahafatesana any amin'ny tontolon'ny fanahy.

Mandritra ny fiainana an-tany, dia ho voaloton'ny fahotana avokoa isika rehefa manaiky ho voafitaky ny fakampanahin'ny fahavalo, ary amin'ny farany dia ho faty. Nekentsika ireny fanamby ireny noho ny fianteherana tamin'ny fanomezan-tokin'ilay drafitra fa Andriamanitra, ilay Raintsika mandrakizay dia hanome antsika Mpamonjy iray, ny Zanany Lahitokana, izay hamonjy antsika amin'ny fitsanganan'ny rehetra amin'ny maty ho amin'ny fiainana misy vatana aorian'ny fahafatesana. Ilay Mpamonjy dia hanolotra Sorompanavotana ihany koa mba hanefana ny sarany ho an'ny rehetra mba ho voadio amin'ny fahotana rehefa manaraka ny fepetra izay nomeny. Tafiditra ao amin'izany fepetra izany ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ireo ôrdônansy hafa tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana.

Ny drafitra lehiben'ny fahasambaran' Andriamanitra dia manome fifandanjana tanteraka eo amin'ny fahamarinana sy ny famindram-po izay azontsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Izany ihany koa dia manome fahafahana antsika hiova ho lasa olom-baovao ao amin'i Kristy izany.

Misy Andriamanitra be fitiavana iray manolo-tanana antsika tsirairay. Fantatsika fa amin'ny alalan'ny fitiavany sy noho ny Sorompanavotanan'ny Zanany Lahitokana, dia "azo vonjena ny olombelona *rehetra* amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny Filazantsara[ny]" (Ireo fanekempinoana 1:3; nampiana fanamafisana).

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia fantatra tsara amin'ny hoe Fiangonana mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy eny anivon'ny fianakaviana. Saingy ny zavatra tsy tena takatra tsara dia hoe fanomezana sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy eny anivon'ny fianakaviana dia mifantoka amin'ny zavatra mihoatra ireo fifandraisana amin'ny samy mbola mety maty. Zava-dehibe amin'ny teôlôjiantsika ihany koa ny fifandraisana mandrakizay. "Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra."[4] Eo ambanin'ny drafitra lehiben'ilay Mpahary antsika be fitia, ny asa nanirahana ny Fiangonana tafaverina amin'ny laoniny dia ny hanampy ny zanak' Andriamanitra hahazo ny fitahiana masin'ny fisandratana ao amin'ny fanjakana selestialy izay tsy afaka ny ho azo raha tsy amin'ny alalan'ny fanambadiana mandrakizay eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray ihany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–3). Hamafisinay ireo fampianaran'ny Tompo fa ny "maha-lahy na ny maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay" ary koa fa ny "fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray dia fototry ny drafitra mandrakizainy."[5]

Farany dia lehibe tokoa ny fitiavan' Andriamanitra ka nomeny anjara voninahitra avokoa ny zanany rehetra afatsy ireo vitsy izay ninia ho lasa zanaky ny fahaverezana. "Ny zanany rehetra" tafiditra ao anatin'izany ireo rehetra izay efa maty. Manatanteraka ôrdônansy ho azy ireo isika amin'ny alalan'ny fisoloan-tena any amin'ireo tempolintsika. Ny tanjon'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia ny hanampiana ireo zanany ho mendrika ny ambaratongam-boninahitra ambony indrindra, dia ny fisandratana na ny fiainana mandrakizay. Ho an'ireo izay tsy maniry na tsy mendrika an'izany, Andriamanitra dia efa nanomana fanjakam-boninahitra hafa, na dia ambanimbany kokoa aza, dia fanjakam-boninahitra.

Izay rehetra mahatakatra ireo fahamarinana mandrakizay ireo dia afaka mahatakatra ny antony mahatonga antsika mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mieritreritra sy manao zavatra toy ny ataontsika.

III.

Izao aho dia hilaza fampiharana sasantsasasany an'ireo fahamarinana mandrakizay ireo izay tsy ho azo raha tsy mahatakatra ny drafitr'Andriamanitra ihany.

*Voalohany,* manaja ny fahafahan'ny tsirairay misafidy isika. Betsaka no mahafantatra ny ezaka lehibe ataon'ny Fiangonana tafaverina amin'ny laoniny mba hampivoitra ny fahalalahana arapivavahana eto Etazonia sy manerana izao tontolo izao. Ireo ezaka ireo dia tsy hoe mampivoitra izay mahakasika antsika fotsiny ihany fa araka ilay drafiny dia mikatsaka ny hanampy ny zanak' Andriamanitra rehetra hankafy ny fahafahana manao safidy malalaka.

*Faharoa,* isika dia vahoaka mpitory ny filazantsara. Anontaniana isika indraindray hoe nahoana isika no mandefa misiônera any amin'ny firenena marobe, eny, hatrany anivon'ireo vahoaka Kristianina. Mahazo fanontaniana tahaka izany isika momba ny antony anomezantsika vola an-tapitrisany maro hanaovana asa enti-miantra olona ho an'ireo olona izay tsy mpikamban'ny Fiangonana sy ny antony tsy hampifandraisantsika io asa enti-miantra io amin'ny ezaka ataontsika hitoriana ny filazantsara. Manao izany isika satria amintsika ny olombelona rehetra dia zanak' Andriamanitra—rahalahintsika sy anabavintsika—ary te hizara ny firoboroboantsika ara-panahy sy ara-batana amin'ny olon-drehetra isika.

*Fahatelo,* masina amintsika ny fiainana an-tany. Ny fanolorantenantsika amin'ny drafitr' Andriamanitra dia mitaky antsika hanohitra ny fanalan-jaza sy ny fahamora-pahafaty (euthanasie).

*Fahefatra,* ny sasany dia sahirana amin'ireo fomba fijerin'ny Fiangonana sasany mahakasika ny fanambadiana sy ny zanaka. Ny fahalalantsika ny drafitr' Andriamanitra izay nambara dia mitaky antsika mba hanohitra ny fanerena arapiarahamonina sy araka ny lalàna mba hialana amin'ny fanambadiana nentimpaharazana ary hanao fanovana izay mampisavoritaka na manova ny maha-lahy sy ny maha-vavy na manaisotra ny fahasamihafana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Fantatsika fa ny fifandraisana sy ny fananana ny maha-izy azy ary ny anjara asan'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina mba hanatanterahana ny drafitra lehiben' Andriamanitra.

*Fahadimy,* manana fomba fijery miavaka ihany koa isika momba ny zanaka. Raisintsika ho anisan'ny drafitr' Andriamanitra ny fananan-janaka sy ny fitaizana zanaka ary andraikitra mahafinaritra sy masina ho an'ireo izay nomena hery handray anjara amin'izany. Harena manan-danja indrindra eto an-tany sy any an-danitra no fahitantsika ireo zanatsika sy ireo taranatsika. Noho izany dia tsy maintsy mampianatra sy miaro ireo fitsipika sy fomba fanao izay manolotra fepetra tsara indrindra ho an'ny firoboroboana sy ny fahasambaran'ireo zanaka isika—ny zanaka rehetra izany.

*Farany,* isika dia zanaka malalan'ny Ray any An-danitra izay nampianatra antsika fa ny maha-vavy sy ny maha-lahy, sy ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray, ary ny fananan-janaka sy ny fitaizana zanaka dia samy tena manan-danja avokoa amin'ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana. Ny toerana misy antsika eo amin'ireo hevitra fototra ireo matetika dia miteraka fanoherana ny Fiangonana. Raisintsika ho zavatra tsy azo ialana izany. Ny fanoherana dia tafiditra ao amin'ilay drafitra, ary ny fanoherana mahery vaika indrindra ataon'i Satana dia mikendry izay tena manan-danja indrindra amin'ny drafitr' Andriamanitra. Mikatsaka ny handrava ny asan' Andriamanitra izy. Ny tena tetiny voalohany indrindra dia ny hanaratsy ny Mpamonjy sy ny fahefany masina, ny hanafoana ny vokatry ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ny hampihemotra ny fibebahana, ny handiso ny fanambarana, ary ny hanohitra ny andraikitry ny tsirairay. Mikatsaka ny hampikorontana ny maha-lahy sy ny maha-vavy ihany koa izy, ny hanimba ny fanambadiana, ary ny hampihemotra ny fananan-janaka indrindra fa izay avy amin'ny ray aman-dreny izay hitaiza zanaka ao amin'ny fahamarinana.



IV.

Ny asan'ny Tompo dia mandroso na dia eo aza ny fanoherana tsara rindra sy tsy tapaka izay mifanehatra amintsika eo am-piezahantsika mampihatra ireo fampianaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ho an'ireo izay manomboka ho marefo eo ambanin'izany fanoherana izany dia manome ireto torohevitra ireto aho.

Tsarovy ny fitsipiky ny fibebahana izay misy amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Namporisika ny Loholona Neal A. Maxwell hoe aza mba anisan'ireo "izay mitady hanova ny Fiangonana fa tsy mba ny tenany."[6]

Araka ny namporisihan'ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe:

*"Mifikira amin'izay efa fantatrareo ary mijoroa mafy mandrapahatongan'ny fahalalana fanampiny. . . .*

*". . . Ato amin'ity Fiangonana ity, ny zavatra izay fantatsika dia hanandanja kokoa hatrany noho izay mety ho zavatra tsy fantatsika."*[7]

Ampiharo ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, izay fitsipika voalohan'ny filazantsara.

Farany, mikatsaha fanampiana. Ireo mpitarika antsika ato amin'ny Fiangonana dia tia anao sy mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy mba hanampiana

anao. Izahay dia manome loharano maro toy ireo izay hitanao ao amin'ny LDS.org sy ireo fanohanana hafa ho an'ny fandalinana ny filazantsara any an-tokantrano. Isika ihany koa dia manana rahalahy sy rahavavy mpanompo izay nantsoina mba hanome fanampiana feno fitiavana.


Ny Raintsika any An-danitra be fitiavana dia maniry ny hananan'ny zanany ny fifaliana izay tanjon'ny nahariana antsika. Izany anjara mahafinaritra izany dia ny fiainana mandrakizay, izay afaka ny ho azontsika rehefa mibosesika mandroso amin'ny fiorenana amin'izay antsoin'ny mpaminanintsika matetika, dia ny Filoha Russell M. Nelson hoe "ny lalan'ny fanekempihavanana" isika. Izao no zavatra nolazainy tao amin'ny hafany voalohany tamin'ny naha-Filohan'ny Fiangonana azy: "Mijanòna eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Ny fanolorantenanao mba hanaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana Aminy ary avy eo ny fitandremana ireo fanekempihavanana ireo dia hanokatra ny varavarana hahazoana ireo fitahiana ara-panahy rehetra sy ireo tombontsoa natokana ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy na aiza na aiza."[8]

Amin'ny fomba hentitra no ijoroako ho vavolombelona fa ireo zavatra nolazaiko ireo dia marina, ary tontosa ireny amin'ny alalan'ireo fampianarana sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay manatanteraka ny zava-drehetra eo ambanin'ilay drafitra lehiben' Andriamanitra, ny Raintsika Mandrakizay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Henry B. Eyring, *To Draw Closer to God: A Collection of Discourses* (1997), 143.
2. James E. Faust, "The Abundant Life," *Ensign,* Nov. 1985, 9.
3. "Je veux suivre le plan de Dieu," *Chants pour les enfants*, 86.
4. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
5. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' izao tontolo izao," 145.
6. Neal A. Maxwell, *If Thou Endure It Well* (1996), 101.
7. Jeffrey R. Holland, "Tompo ô, Mino aho," *Liahona,* May 2013, 94; fanamafisana avy any ifotony.
8. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* Apr. 2018, 7.



Natolotry ny Filoha Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana

Ry rahalahy sy ranabavy, ankehitriny aho dia hanolotra aminareo ireo Manampahefana Ambony, sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny maneran-tany an'ny Fiangonana mba hotohananareo.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Russell Marion Nelson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary



mpanambara azy ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Dallin Harris Oaks amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Dallin H. Oaks ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary i M. Russell Ballard ho Filoha mpisolo toerana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Raha misy manohitra, afaka maneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit Walter Gong, ary Ulisses Soares.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny mba hanohanana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Brook P. Hales, izay voantso ho Fitopololahy Manampahefana Ambony.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana amim-pankasitrahana noho ny asa fanompoana feno fanolorantena nataon'ny Loholona isany Mervyn B. Arnold, Craig A. Cardon, Larry J. Echo Hawk, C. Scott Grow, Allan F. Packer, Gregory A. Schwitzer, ary Claudio D. Zivic tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary omena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra izy ireo.



Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana miavaka izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo: B. Sergio Antunes, Alan C. Batt, R. Randall Bluth, Hans T. Boom, Fernando E. Calderón, H. Marcelo Cardus, Paul R. Coward, Marion B. De Antuñano, Robert A. Dryden, Daniel F. Dunnigan, Jeffrey D. Erekson, Mervyn C. Giddey, João Roberto Grahl, Richard K. Hansen, Todd B. Hansen, Michael R. Jensen, Daniel W. Jones, Steven O. Laing, Axel H. Leimer, Tasara Makasi, Alvin F. Meredith III, Adonay S. Obando, Katsuyuki Otahara, Fred A. Parker, José C. Pineda, Gary S. Price, Miguel A. Reyes, Alfredo L. Salas, Netzahualcoyotl Salinas, Michael L. Southward, G. Lawrence Spackman, William H. Stoddard, Stephen E. Thompson, David J. Thomson, George J. Tobias, Jacques A. Van Reenen, Raul Edgardo A. Vicencio, Keith P. Walker, ary Daniel Yirenya-Tawiah.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay noho ny asa fanompoana tena tsara nataon'izy ireo, dia aoka haneho izany.


Aroso amintsika ny hanohanana ireo Manampahefana Ambony, sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany araka izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ireo nanohitra izay mety olona natolotra teo dia tokony hihaona amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Ry rahalahy sy ranabavy, misaotra anareo izahay noho ny finoana tsy miato anananareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho an'ireo mpitariky ny Fiangonana. ■



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy

*Ny fikirizana ho mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy dia mitaky ny filentehan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao am-pon'ny olona iray sy ao anatin'ny fanahiny.*

Ao amin'ny tantaran'ny Testamenta Taloha dia ahitantsika vanim-potoana nifanesy izay nanaovan'ny zanak'i Isiraely fanekempihavanana tamin'i Jehovah sy nivavahany Taminy ary nisy ireo fotoana izay tsy niraharahian'izy ireo izany fanekempihavanana izany ary nivavaka tamin'ny sampy na Bala izy ireo.[1]

Ny fotoana nanjakan'i Ahaba no iray amin'ireo fotoana nisian'ny apôstazia tany amin'ny fanjakana avaratra tany Isiraely. Indray mandeha ny mpaminany Elia dia niteny tamin'i Ahaba Mpanjaka mba hamory ny vahoakan'ny Isiraely ary koa ireo mpaminany na ireo mpisoron'i Bala tany an-tendrombohitra Karmela. Rehefa tafavory ny vahoaka dia nilaza tamin'izy ireo i Elia hoe: "Mandra-pahoviana no hiroa saina ianareo? [na amin'ny teny hafa, "Rahoviana ianareo no handray fanapahankevitra tanteraka?"] Raha Jehovah no Andriamanitra, manaraha Azy; fa raha Bala kosa, dia manaraha azy. Fa ny olona tsy namaly azy akory."[2] Noho izany dia nanome torolalana i Elia ny mba hanapahan'izy sy ireo mpaminanin'i Bala vantotr'ombilahy ary hametraka izany eo ambonin'ny kitay hazo eo amin'ny alitaran'izy ireo tsirairay avy fa "tsy hasiana afo ao."[3] Avy eo, "Miantsoa ny anaran'ny andriamanitrareo hianareo, ary izaho kosa hiantso ny anaran'i Jehovah; koa Izay Andriamanitra mamaly amin'ny afo, dia aoka izy no ho Andriamanitra. Ary ny olona rehetra namaly hoe: Marina izany teny izany."[4]

Hotsaroanao fa niantsoantso an'ilay andriamanitr'izy ireo izay tsy nisy ireo mpisoron'i Bala nandritra ny ora maro mba handefa afo saingy, "tsy nisy nanoina, na namaly, na nihaino azy akory."[5] Rehefa tonga ny anjaran'i Elia dia namboarin'i Elia ny alitaran'ny Tompo izay rava, ary napetrany teo ambonin'izany ny kitay hazo sy ny fanatitra ary avy eo dia nanome baiko izy ny hanondrahana rano izany rehetra izany ka tsy indray mandeha fotsiny fa intelo. Azo antoka fa na izy na ny herin'olombelona hafa dia tsy afaka nandrehitra ilay afo.

"Ary nony tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva dia nanatona Elia mpaminany ka nanao hoe: Jehovah ô, Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary Isiraely, aoka ho fantatra anio fa Hianao no Andriamanitra amin'ny Isiraely, ary Izaho no mpanomponao, ary araka ny teninao no efa nanaovako izao zavatra izao. . . .

"Dia latsaka ny afon'i Jehovah ka nandevona ny fanatitra odorana sy ny kitay hazo sy ny vato ary ny vovoka sady nandritra ny rano tao amin'ny hady kely.

"Ary raha nahita izany ny olona rehetra, dia niankohoka ka nanao hoe: Jehovah, Izy no Andriamanitra; Jehovah, Izy no Andriamanitra."[6]

Amin'izao fotoana izao dia mety hiteny i Elia hoe:

- Na ny Andriamanitra Raintsika any An-danitra dia misy, na Izy tsy misy, kanefa raha misy Izy dia mivavaha Aminy.
- Na i Jesoa Kristy ilay Zanak' Andriamanitra, no ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao nitsangana tamin'ny maty, na tsy Izy izany. Saingy raha Izy izany, dia manaraha Azy.
- Na ny Bokin'i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra, na tsy tenin' Andriamanitra. Saingy raha izy izany dia "[manatòna bebe kokoa an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandalinana] ny fepetra ao anatiny."[7]
- Na i Joseph Smith nahita ny Ray sy ny Zanaka sy niresaka tamin'izy ireo tamin'ny andro lohataona tamin'ny taona 1820, na tsy niaina izany izy. Saingy raha niaina izany izy dia araho ny mpaminany ary tafiditra ao anatin'izany koa ireo fanalahidin'ny fameheзana izay nomeko, izaho, Elia, azy.



Nandritra ny fihaomben'ny Fiangonana farany teo dia nanambara ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Tsy mila manontany tena mikasika izay marina ianareo [jereo ny Môrônia 10:5]. Tsy mila manontany tena ianareo hoe iza no azonareo itokiana. Amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana, no ahafahanareo mahazo fijoroana ho vavolombelona anareo manokana fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna, fa mpaminany i Joseph Smith, ary ity no Fiangonan'ny Tompo. Na inona na inona mety holazain'ny hafa na hataony, dia tsy misy olona afaka hanaisotra ny fijoroana ho vavolombelona napetraka tao am-ponareo sy ao an-tsainareo momba izay marina."[8]

Rehefa nampanantena i Jakoba fa Andriamanitra dia "manome malalaka ho an'ny olona rehetra" izay mikatsaka fahendrena,[9] dia nampitandrina koa izy hoe:

"Nefa aoka hangataka amin'-ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory. Fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany.

"Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany.

"Olona miroa saina izy, miovaova amin'ny alehany rehetra."[10]

Ny Mpamonjy antsika etsy ankilany dia ohatra iray eo amin'ny tsy fiovaovana. Hoy Izy hoe: "Tsy nandao Ahy ho irery Andriamanitra, satria Izaho manao izay sitrany *mandrakariva*."[11] Diniho ireto famaritana avy ao amin'ny soratra masina ireto mikasika ireo lehilahy sy vehivavy izay mafy orina sy mifototra, tahaka ny Mpamonjy:

Izy ireo dia: "Niova fo ho amin'ny finoana marina; ary tsy te hiala tamin' izany izy fa niorina sy nifototra ary tsy niova, vonona hitandrina ny didin'ny Tompo tamin' ny fahazotoana rehetra."[12]

"Mitombina ny sainy, ary apetrany lalandava amin' Andriamanitra ny fitokiany."[13]

"Ary indro, fantatry ny tenanareo ihany, satria efa nijoro ho vavolombelon'izany ianareo, fa izay rehetra taminy ka entina ho amin'ny fahalalana ny marina . . . dia miorina sy mifototra



amin'ny finoana izy, sy ao amin'ny zavatra izay efa nanafahana azy."[14]

"Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana."[15]

Ny fikirizana ho mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy dia mitaky ny filentehan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao am-pon'ny olona iray ao anatin'ny fanahiny. Izany dia midika fa ny filazantsara dia tsy lasa iray amin'ireo zavatra maro mitarika eo amin'ny fiainan'ny olona iray fotsiny fa fototra ijoroan'ny fiainany sy ny toetrany. Hoy ny Tompo:

"Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary esoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo.


"Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy.

"Ka . . . ho oloko hianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo."[16]

Izany no fanekempihavanana ataontsika amin'ny alalan'ny batisantsika sy ao anatin'ireo ôrdônansin'ny tempoly. Misy olona sasany anefa mbola tsy nandray tanteraka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainan'izy ireo. Na dia nilaza aza i Paoly fa izy ireo dia "niara-nalevina tamin'i [Kristy] tamin'ny batisa," dia mbola tsy tanterak'izy ireo ilay ampahany hoe "mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty . . . no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao [iray]."[17] Mbola tsy ahafahana mamaritra azy ireo ny filazantsara. Mbola tsy mifototra amin'i Kristy izy ireo. Fidifidin'izy ireo izay fotopampianarana sy didy harahin'izy ireo sy ny toerana ary ny fotoana hanompoan'izy ireo ny Fiangonana. Kanefa amin'ny alalan'ny fitandremana amin'ny antsipiriany ireo fanekempihavanan'izy ireo no hisorohan'ireo izay "olom-boafidy [araka ny filazantsara]"[18] ny famitahana sy hijanonan'izy ireo ho mafy orina ao amin'ny finoana an'i Kristy.

Ny ankamaroantsika amin'izao fotoana izao dia eo anelanelan'ny fandraisana anjara amin'ireo fomba fanao ao amin'ny filazantsara izay entanin'ny maha-ao anatin'ny vondrona iray fotsiny ihany etsy an-kilany, sy ny fanolorantena amim-pahamatorana araka ny nataon'i Kristy mba hanao ny sitrapon' Andriamanitra etsy an-daniny. Ao anatin'izany fivoarana izany dia hidiran'ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fontsika ary lasa hanjakan'izany ny fanahintsika. Mety tsy hitranga ao anatin'ny indray mipi-maso izany, kanefa tokony hizotra mankany amin'izany toe-javatra tena tsara izany isika rehetra.

Sarotra nefa tena manan-danja ny fijanonana ho mafy orina sy mifototra rehefa hitantsika fa diovina "ao amin'ny memin'ny fahoriana,"[19] isika, izay



zavatra hitranga amintsika rehetra eto amin'ny fiainana an-tany na ho ela na ho haingana. Rehefa tsy miaraka amin' Andriamanitra dia toa mitondra any amin'ny fahaverezan'ny fanantenana, fahakiviana ary fahatezerana mihitsy aza ireo zavatra maloka niainana ireo. Rehefa miaraka amin' Andriamanitra, dia fampaherezana no lasa eo amin'ny toeran'ny fanaintainana, fiadanana no lasa eo amin'ny toeran'ny korontana, ary fanantenana no lasa eo amin'ny toeran'ny alahelo. Ny fijanonana ho mafy orina ao amin'ny finoana an'i Kristy dia hitondra ilay fahasoavany sy fanohanany maharitra.[20] Hanova ny fitsapana ho fitahiana Izy ary araka ny tenin'i Isaia dia "hanome . . . hamama ho solon'ny lavenona."[21]

Mamelà ahy hitanisa ohatra telo izay fantatro manokana:

Misy vehivavy iray, ianjadian'ny aretina mampahaosa sy tsy ahitampanafana, izay mikiky azy na dia eo aza ny fitsaboana sy ireo tsodranon'ny fisoronana sy ny fifadian-kanina ary ireo vavaka natao. Na izany aza dia tsy nihena ny finoany ny herin'ny vavaka sy ny tena fisian'ny fitiavan' Andriamanitra azy. Tohizany hatrany isan'andro (ary indraindray isan'ora) ny fanompoana noho izy manana antso ao amin'ny Fiangonana sy ny fikarakarany miaraka amin'ny vadiny ilay fianakaviany izay ahitana zanaka mbola kely ary ny fitsikitsikiany araka izay azony atao. Ny fangorahany ny hafa dia zavatra lalim-paka ao anatiny ary nampivelarin'ilay fijaliana niainany manokana, ary mirotsaka ao anatin'ny fanompoana ny hafa izy matetika. Tohiziny tsy tapaka izany ary mahatsapa fifaliana ny olona manodidina azy.

Misy lehilahy iray, lehibe tao amin'ny Fiangonana, nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno sy nanambady vehivavy mahafinaritra iray, izay taitra rehefa nanomboka nitsikera ny Fiangonana sy ny Mpaminany Joseph Smith ny sasany tamin'ireo iray tampo aminy. Fotoana fohy taorian'izany dia niala tamin'ny Fiangonana izy ireo ary niezaka ny nandresy lahatra azy mba hanaraka azy ireo. Toy ny miseho mahazatra amin'ny toe-javatra toy ireny, dia nototoran'izy ireo lahatsoratra, horonam-peo azo alaina amin'ny alalan'ny internet, ary horonan-tsary novokarin'ireo mpitsikera izy, ary ny ankamaroan'izy ireo dia olona mpikamban'ny Fiangonana teo aloha izay manana lolom-po. Nandrabiraby ny finoany ireo mpiray tampo aminy ary nolazain'izy ireo fa minomino foana sy voafitaka izy. Tsy nanana zavatra nentina namaliana ireo fanaporofoana rehetra nataon'izy ireo izy, ary nanomboka nihozongozona ny finoany teo anatrehan'ilay fanoherana tsy tapaka. Nanontany tena izy raha toa ka tokony hijanona tsy hiangona. Niresaka tamin'ny vadiny izy. Niresaka tamin'ny olona nananany fitokiany izy. Nivavaka izy. Rehefa nandinika niaraka tamin'izany saina nikorontana izany izy dia nahatsiaro ireo fotoana nahatsapany ny Fanahy Masina ary nandraisany tenivavolombelona momba ny fahamarinana tamin'ny alalan'ny Fanahy. Namoaka fehinkevitra izy hoe: "Raha mahitsy fo aman-tsaina amin'ny tenako aho dia tsy maintsy miaiky fa mihoatra ny indray mandeha ny nikasihan'ny Fanahy ahy ary tena misy ny fijoroan'ny Fanahy ho vavolombelona." Manana fahatsapana fifaliana sy fiadanana vaovao izy izay iainan'ny vadiny sy ny zanany koa.

Misy mpivady iray izay nanaraka tsy tapaka sy tamim-pifaliana ny torohevitr'ireo Rahalahy teo amin'ny fiainan'izy ireo, izay nalahelo noho ny toe-javatra sarotra niainan'izy ireo mba hahazoana zaza. Nandany vola be izy ireo rehefa niara-niasa tamin'ny mpitsabo matihanina ary rehefa nandeha ny fotoana dia nahazo zazalahy izy ireo. Indrisy anefa fa herintaona taty aoriana teo, dia niharan-doza ilay zaza izay tsy fahadisoan'iza na iza, saingy lasa manana toe-tena antsoina hoe semi-comateux izy ary misy tsy fahatomombanana maro ao amin'ny atidohany. Efa nahazo fitsaboana faran'izay tsara izy saingy tsy afaka milaza ny zavatra hitranga any aoriana ireo dokotera. Io zaza izay notadiavin'izy mivady mafy sy nivavahany mafy io mba hoentina eto amin'izao tontolo izao dia nalaina tamin'izy ireo amin'ny lafiny iray, ary tsy fantatr'izy ireo raha haverina amin'izy ireo izy. Amin'izao fotoana izao izy ireo dia sahirana sady mikarakara ireo zavatra tena ilain'ilay zanak'izy ireo no manatanteraka ireo andraikitra hafa sahanin'izy ireo. Mitodika any amin'ny Tompo izy ireo ao anatin'izao fotoana faran'izay sarotra izao. Miantehitra amin'ny "[hanina sahaza isan'andro]" izay raisin'izy ireo avy Aminy izy ireo. Ampian'ireo namana sy

fianakaviana feno fangorahana izy ireo ary ampatanjahan'ireo tsodranon'ny fisoronana. Nifanakaiky bebe kokoa izy ireo, ary ny fifandraisan'izy mivady angamba dia lalim-paka sy feno kokoa amin'izao fotoana izao noho ny amin'ny alalan'izay mety ho fomba hafa ahafahan'izany miseho.

Tamin'ny 23 jolay 1837, dia nomen'ny Tompo fanambarana iray i Thomas B. Marsh izay Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany. Ahitana izao manaraka izao izany:

"Ary mivavaha ho an'ireo rahalahinao ao amin'ny Roambinifololahy. Ampitandremo mafy tokoa izy ireo noho ny anarako, ary aoka hanarina izy ireo noho ny fahotany rehetra, ary aoka ianao ho mahatoky eo anoloako amin'ny anarako.

"Ary aorian'ny fakana fanahy azy ireo sy ny fahoriany be, dia indro, Izaho Tompo no hitady azy ireo, ary raha tsy manamafy ny fony izy ireo ary tsy manenjana ny hatony Amiko dia hovana fo ary hositraniko."[22]

Mino aho fa ireo fitsipika nambara ao anatin'ireo andininy ireo dia miantefa amintsika rehetra. Ireo fakam-panahy sy fahoriana atrehantsika miampy an'izay mety ho fitsapana hitan'ny Tompo fa tokony holalovana, dia afaka mitondra any amin'ny fiovam-pontsika sy ny fahasitranantsika tanteraka. Saingy rehefa tsy manamafy ny fontsika sy tsy mampihenjana ny hatotsika Aminy isika, vao hitranga izany. Rehefa mitoetra ho mafy orina sy mifototra isika, na inona na inona mitranga, dia tratrantsika ilay fiovam-po tian'ny Tompo hahatongavana rehefa nilaza tamin'i Petera izy hoe: "Rehefa mibebaka hianao, dia ampaherezo ireo rahalahinao."[23] Dia fiovam-po tena feno izay tsy hay ravana izany. Ilay fahasitranana nampanantenaina dia ilay fanadiovana sy fanamasinana ny fanahintsika voaratran'ny fahotana, izay mampahatonga antsika ho masina.

Tsaroako ny torohevitry ny reninay hoe: "Hano ireo legioma nomena anao fa hahatsara anao izany." Marina ny an'ireo renintsika ary ao anatin'ny sahan-kevitry ny fifotorana ao amin'ny finoana, ny hoe, "mihinana ny legioma nomena anao" dia midika hoe, mivavaka tsy tapaka, mivoky ny soratra masina isan'andro, manompo sy mivavaka any am-piangonana, mandray ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana isan-kerinandro, mitia ny namantsika ary mitondra ny hazofijaliantsika ao anatin'ny fankatoavana an' Andriamanitra isan'andro.[24]



Tsarovy foana ilay fampanantenana ireo zavatra tsara ho avy amin'izao fotoana izao sy any aoriana ho an'ireo izay mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy. Tsarovy ny "fiainana mandrakizay, sy ny fifalian'ny olomasina."[25] "Ô, ianareo rehetra izay madio am-po, andrandrao ny lohanareo ary raiso ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra ary mivokisa amin' ny fitiavany; fa azonareo atao mandrakizay izany, raha mitombina ny sainareo."[26] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Torolalana ho an'ny soratra masina "Bala."
2. 1 Mpanjaka 18:21.
3. 1 Mpanjaka 18:23.
4. 1 Mpanjaka 18:24.
5. 1 Mpanjaka 18:29.
6. 1 Mpanjaka 18:36, 38–39.
7. Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
8. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95.
9. Jereo ny Jakoba 1:5.
10. Jakoba 1:6–8.
11. Jaona 8:29; nampiana fanamafisana.
12. 3 Nefia 6:14; jereo koa ny Almà 27:27.
13. Almà 57:27.
14. Helamàna 15:7–8.
15. Asan'ny Apostoly 2:42.
16. Ezekiela 36:26–28; jereo koa ny 2 Korintiana 3:3.
17. Romana 6:4.
18. Jereo ny Joseph Smith—Matio 1:22–23; jereo koa ny Matio 24:24–25.
19. 1 Nefia 20:10; jereo koa ny Isaia 48:10.
20. Izao no nolazain'ny Tompo an'i Joseph Smith izay 22 taona, taorian'ny fahaverezan'ny ampahany tamin'ny Bokin'i Môrmôna: "Tsy tokony ho natahotra ny olona mihoatra noho Andriamanitra ianao. . . . Ho namelatra ny sandriny Izy ka ho nanohana sy ho niaro anao tamin' ny zanatsipìka mirehitra rehetra an'ny fahavalo; ary dia ho niaraka taminao Izy tamin'ny fotoan-tsarotra rehetra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:7–8). Nijoro ho vavolombelona i Almà fa taorian'ny fiovam-pony dia "Efa notohanana aho nandritra ny fizahan-toetra sy ny fahasahiranana isan-karazany, eny, ary tamin'ny karazam-pahoriana rehetra; eny, Andriamanitra no efa nanafaka ahy tao am-ponja sy tamin'ny fatorana ary tamin'ny fahafatesana; eny, ary mametraka ny fitokiako Aminy aho, ary mbola hanafaka ahy Izy. Ary fantatro fa hatsangany aho amin'ny andro farany, mba hiara-mitoetra Aminy amim-boninahitra" (Almà 36:27–28).
21. Isaia 61: 3.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:12–13.
23. Lioka 22:32.
24. Jereo ny Lioka 9:23. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Tsy misy na inona na inona manokatra ny lanitra tahaka ny fitambaran'ny fahadiovana lehibe, ny fankatoavana marina, ny fikatsahana amin-kitsim-po, ny fivokisana amin'ny tenin'i Kristy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna [jereo ny 2 Nefia 32:3], ary ny fanokanana fotoana matetika hanaovana asa any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana" ("Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," 95).
25. Enôsa 1:3.
26. Jakôba 3:2.



**Nataon'ny Eveka Dean M. Davies**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpa Mpiahy

# Andao hihaino ny feon'ny mpaminany

*Rehefa aorintsika eo amin'ny fiainantsika ny fahazarana mihaino sy manaraka ny feon'ireo mpaminany velona dia hijinja ireo fitahiana mandrakizay nampanantenaina.*

Raha niresaka momba ny Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny Tompo, dia nanambara Izy hoe:

"Ary ankoatra izany, ny adidin'ny Filohan'ny anjara fanompoan'ny Fisoronana Avo dia ny miahy ny fiangonana manontolo ary ny hitovy amin'i Mosesy—

". . . Eny, ny ho mpahita, mpanambara, mpandika teny ary mpaminany, *manana ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra rehetra, izay natolony ho an'ny filohan'ny fiangonana*" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:91–92; nampiana fanamafisana).

Nanana tombontsoa hahita maso ny sasany tamin'ireo fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra teo amin'ireo mpaminaniny aho. Mamelà ahy hizara aminareo ny iray amin'izany zavatra tena masina izany. Talohan'ny antsoko amin'izao fotoana izao, dia nanampy teo amin'ny fitadiavana toerana hisy ireo tempoly hatsangana sy teo amin'ny fandrosoana hevitra momba izany ny tenako. Taorian'ny 11 septambra 2001 dia lasa nofehezina kokoa ny fidirana ireo sisin-tany Amerikanina. Vokatr'izany dia adiny roa na telo no lanin'ireo mpikamban'ny Fiangonana rehefa handeha hanao izany fidirana izany miainga avy any Vancouver, Canada, rehefa handeha any amin'ny tempolin'i Seattle Washington. Ny Filoha Gordon B. Hinckley, Filohan'ny Fiangonana tamin'izany fotoana izany, dia nandroso hevitra fa ny fisian'ny tempoly iray ao Vancouver dia hitahy ireo mpikamban'ny Fiangonana. Nankatoavina ny fikarohana toerana iray ho an'izany, ary rehefa avy nandinika



toerana maromaro izay an'ny Fiangonana izahay, dia nisy toerana hafa izay tsy an'ny Fiangonana nozahana koa.

Nahita toerana mahafinaritra iray izahay, izay efa voatokana hanorenana trano fivavahana, no eo akaikin'ilay lalambe izay mamakivaky ireo faritany Kanadianina rehetra. Tena mora ny fidirana ao amin'ilay toerana, izay feno hazo kesika Kanadianina tsara tarehy, ary toerana misongadina izany ka afaka mahita azy tsara ireo mpamily fiara an'arivony maro izay mandalo.

Narosonay tamin'ny alalan'ny sary sy sarintany ilay toerana nandritra ny fivoriana isam-bolana fanaon'ny Kômity misahana ny tany hananganana tempoly. Neken'ny Filoha Hinckley ny hanaovanay tolotra mba hividy ilay toerana sy ny hamitanay ireo fanadihadiana rehetra ilaina. Ny volana desambra tao anatin'io taona io dia nanao tatitra tamin'ny kômity izahay fa vita ireo fanadihadiana, ary nanao fangatahana ny mba hankatoavana ny fividianana ilay toerana izahay. Rehefa nahare ny tatitra nataonay ny Filoha Hinckley, dia nilaza izy hoe: "Mahatsapa aho fa tokony hijery ilay toerana."

Taty aoriana nandritra io volana io, roa andro taorian'ny Krismasy, dia nandeha tany Vancouver niaraka tamin'ny Filoha Hinckley; ny Filoha Thomas S. Monson; ary i Bill Williams, izay mpahairafitry ny tempoly izahay. Nihaona tamin'i Paul Christensen, filohan'ny tsatòka tao an-toerana izahay, izay nitondra anay nankany amin'ilay toerana. Somary nanorana sy nisy zavona ny andro tamin'io, saingy nitsambikina niala ilay fiara ny Filoha Hinckley ary nanomboka nitetitety ilay toerana.

Rehefa avy nandany fotoana nijery ilay toerana izahay dia nanontaniako ny Filoha Hinckley raha toa maniry ny hijery ireo toerana hafa sasany izay neritreretina ihany koa izy. Eny no navaliny. Hitanareo, rehefa nijery ireo toerana hafa izahay dia afaka nanao fampitahana ny hatsaran'izy ireo.

Nihodina nanerana an'i Vancouver araka ny fihodin'ny famantaranandro izahay, nijery ireo toerana hafa, ka tamin'ny farany dia tafaverina ihany tao amin'ilay toerana tamin'ny voalohany. Hoy ny Filoha Hinckley hoe: "Toerana tsara tarehy ity." Dia nanontany izy avy

eo hoe: "Afaka mandeha any amin'ilay trano fiangonantsika izay eo amin'ny 1 km latsaka avy eto ve isika?"

"Mazava ho azy ry Filoha," hoy izahay.

Niverina tao anaty fiara izahay ary nandeha tany amin'ilay trano fiangonana akaiky indrindra. Rehefa tonga tao amin'ilay trano fiangonana izahay dia hoy ny Filoha Hinckley hoe: "Mivilia miankavia eto." Nivily izahay ary nandeha tamin'ilay arabe araka ny toromarika. Nanomboka niakatra kely ilay arabe.

Rehefa iny tonga teo an-tampon'ilay fiakarana iny ilay fiara dia hoy ny Filoha Hinckley hoe: "Ajanony ny fiara! Ajanony ny fiara!" Dia nanondro ilay ilan-tany teo amin'ny ankavanana izy sady nilaza hoe: "Ary manao ahoana ny momba ity toerana ity? Eto no tokony hanorenana ny tempoly. Eto no toerana irian'ny Tompo hisian'ny tempoly. Azonareo vidina ve io toerana io?" Azonareo vidina ve io toerana io?"

Tsy mbola nijery an'io toerana io izahay. Lavitry ny lalambe ilay izy no tsy tao anatin'ny lisitry ny tany amidy. Rehefa namaly izahay fa tsy nahafantatra ny momba ilay izy, dia nanondro ilay toerana indray ny Filoha Hinckley sady niteny indray hoe: "Eto no tokony hanorenana ny tempoly." Nijanona teo nandritra ny minitra vitsivitsy izahay, dia avy eo namonjy ny seranam-piaramanidina handeha hody .

Ny ampitson'io dia nampanantsoina tany amin'ny biraon'ny Filoha Hinckley izaho sy Rahalahy Williams. Nataony sary tamin'ny taratasy iray ny zavatra rehetra: ireo arabe, ilay trano fiangonana, mivily miankavia eto, ny marika *x* izay manondro ilay toerana tokony hanorenana ny tempoly. Nanontaniany anay ny zavatra hitanay momba izany toerana izany. Nolazainay taminy fa io no toerana sarotra vidina indrindra. Olona telo samy hafa no tompony: ny iray avy ao Canada, ny iray hafa avy any Inde, ary ny farany avy any Chine! Ary tsy mbola nahafeno ny fepetra ilaina ahafahana manangana trano fivavahana ilay toerana.

"Ataovy izay azonareo atao," hoy izy.

Dia nitranga ny fahagagana avy eo. Tao anatin'ny volana vitsivitsy dia azonay ilay toerana, ary taty aoriana dia nomen'ny tanànan'i Langley, Colombie-Britannique ny fahazoan-dalana hanangana tempoly.



Rehefa nandinika an'io zavatra niainana io aho dia haetrin'ny fahafantarana fa na dia nandranto fianarana ambony sy nanana traikefa aman-taonany maro teo amin'ny sehatry ny fananan-tany sy trano sy ny fandrafetana tempoly aza izaho sy ny Rahalahy Williams, ny Filoha Hinckley dia tsy nandranto fianarana ambony momba izany, kanefa nanana zavatra izay lehibe kokoa noho izany izy, dia ny fanomezam-pahasoavan'ny mpahita izany. Afaka nahita ny toerana tokony hiorenan'ny tempolin' Andriamanitra izy.

Rehefa nandidy ireo Olomasina tany am-boalohany tamin'ity fotoampitantanana ity mba hanangana tempoly ny Tompo, dia nilaza Izy hoe:

"Fa aoka kosa hatsangana ny trano ho an'ny anarako, araka ny toromarika izay hasehoko azy ireo.

"Ary raha tsy manangana izany araka ny toromarika izay hasehoko ny vahoakako dia tsy hoekeko avy amin'ny tanany izany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:14–15).

Tahaka izay natao tamin'ireo Olomasina tany am-boalohany no atao amintsika amin'izao fotoana izao: efa nambaran'ny Tompo ary tohiziny ambara amin'ny Filohan'ny Fiangonana ireo lamina tokony hitantanana ny fanjakan' Andriamanitra amin'izao androntsika izao. Ary ho an'ny isambatan'olona manokana, dia manome fitarihana mikasika ny fomba tokony hitantanantsika tsirairay ny fiainantsika izy, mba haneken'ny Tompo torak'izany koa ny fitondran-tenantsika.

Tamin'ny aprily 2013 aho dia niresaka momba ireo ezaka atao eo amin'ny fanomanana ny fototra iorenan'ny tempoly rehetra mba hahazoana antoka fa mahatohitra ireo tafio-drivotra sy loza hihatra aminy izany. Ny fototra anefa dia fiantombohany fotsiny ihany. Ny tempoly iray dia ahitana singa fototra maro, izay natambatra araka ny lamina efa novolavolaina mialoha. Raha toa ka tokony ho lasa ilay tempoly izay ezahantsika aorina araka ny nampianarin'ny Tompo ny fiainantsika (jereo ny 1 Korintiana 3:16–17), dia afaka manontany tena tsara isika hoe: "Inona avy ireo singa fototra tokony hapetratsika mba hahatonga ny fiainantsika ho tena tsara sy miavaka ary mahatohitra ireo tafiotran'izao tontolo izao?"

Afaka mahita ny valin'izany fanontaniana izany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika. Nilaza izao ny Mpaminany Joseph Smith momba ny Bokin'i Môrmôna: "Nolazaiko ny rahalahy fa ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin'ny boky hafa" (teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna). Ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna dia ampianarina isika fa "ireo izay mandray tenivavolombelon'

Andriamanitra [iray] avy amin'ny Fanahy Masina [fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna] dia hanjary hahafantatra koa amin'ny alalan'io hery io ihany fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao, fa i Joseph Smith no mpanambara avy Aminy sy [mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny], ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan'ny Tompo voaorina indray eto an-tany."

Ireto araka izany ireo singa fototra manan-danja sasany hanorenana ny finoantsika manokana sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika manokana:

1. I Jesoa Kristy no Mpamonjy an'izao tontolo izao.
2. Tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna.
3. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.
4. Mpaminany i Joseph Smith, ary manana mpaminany velona isika eto an-tany amin'izao fotoana izao.



Tao anatin'ireo volana vitsivitsy laza izay dia nihaino ireo lahateny rehetra nataon'ny Filoha Nelson nanomboka tamin'ny niantsoana azy ho Apôstôly aho. Nanova ny fiainako ny fanaovako izany. Rehefa nandalina sy nisaintsaina ny fahendrena nangonin'ny Filoha Nelson nandritra ny 34 taona aho dia ventin-kevitra mazava sy tsy miova no nivoitra avy tamin'ireo fampianarany. Ireo ventin-kevitra tsirairay ireo dia mifandray amin'ireo singa fototra izay voalazako teo na singa fototra iray hafa hanorenana ireo tempolintsika manokana. Tafiditra ao anatin'izany ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ny fibebahana, ny batisa ho famelana ny fahotana, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ny fanavotana ny maty sy ny asa atao any amin'ny tempoly, ny fihazonana ny andro Sabata ho masina, ny fanombohana zavatra iray miaraka amin'ny fifantohan'ny saina amin'ny tanjona tiana hotratarina, ny fijanonana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Niresaka momba ireo zavatra rehetra ireo tamim-pitiavana sy tamim-panoloran-tena ny Filoha Nelson.

I Jesoa Kristy no vatofehizoro sy singa fototra manan-danja indrindran'ny Fiangonana sy ny fiainantsika manokana. Fiangonany ity. Ny Filoha Nelson no mpaminaniny. Ireo fampianaran'ny Filoha Nelson dia mijoro ho vavolombelona sy maneho mba ho tombontsoantsika ilay fiainana sy toetra nananan'i Jesoa Kristy. Miresaka amim-pitiavana sy amim-pahalalana ny mombamomba ny Mpamonjy sy ny iraka nampanaovina Azy izy. Izy koa dia nijoro ho vavolombelona matetika sy tamim-kafanam-po momba ny antso masina ananan'ireo mpaminany velona, dia ireo Filohan'ny Fiangonana izany, rehefa nanompo teo ambany fitarihan'izy ireo izy.

Ankehitriny dia tombontsoa ho antsika ny manohana *azy* ho toy ny mpaminany velon'ny Tompo eto ambonin'ny tany. Efa zatra manohana ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana araka ny lamina masin'ny fananganana tanana isika mba hanehoana ny fanekentsika sy ny fanohanantsika. Vao nanao izany isika minitra vitsivitsy lasa izay. Saingy ny tena fanohanana dia mihoatra lavitra izany fananganantanana izany. Araka ny voasoratra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:22, ny Fiadidiana Voalohany dia natao "hotohanana amin'ny fahatokiana, ny finoana ary ny vavaky ny fiangonana." Lasa manohana marina sy tanteraka ny mpaminany velona isika rehefa mampitombo ny fahatokiana ny teniny, manam-pinoana hampihatra izany, ary mivavaka ny hitahian'ny Tompo azy hatrany avy eo.

Rehefa mieritreritra ny Filoha Russell M. Nelson aho dia mahazo fampaherezana avy amin'ireo tenin'ny Mpamonjy aho rehefa nilaza Izy hoe: "Ary raha mihaino ny feoko ny vahoakako, ary mihaino ny feon'ireo mpanompoko izay efa notendreko hitarika ny vahoakako, dia indro, lazaiko aminareo marina tokoa, tsy hoesorina hiala amin'ny toerany izy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:45).

Ny fihainoana sy fanarahana ireo mpaminany velona dia hitondra fiantraikany lalina eo amin'ny fiainantsika sy hanova ny fiainantsika mihitsy aza. Mahazo tanjaka isika. Manana fahasahiana sy matoky ny Tompo kokoa isika. Mahare ny tenin'ny Tompo isika. Mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra isika. Hahafantatra ny fomba hitantanana amim-pahavitrihana ny fiainantsika isika.

Tiako sy tohanako ny Filoha Russell M. Nelson sy ireo hafa izay nantsoina ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara. Mijoro ho vavolombelona aho fa manana ireo fanomezampahasoavana izay nomen'ny Tompo azy izy, ary mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa aorintsika eo amin'ny fiainantsika ny fahazarana mihaino sy manaraka ny feon'ireo mpaminany velona, dia hiorina araka ny lamina masina napetraky ny Tompo ho antsika ny fiainantsika, ary hijinja ireo fitahiana mandrakizay nampanantenaina isika. Atolotra ho an'ny rehetra ny fanasana. Andao hihaino ny feon'ny mpaminany; eny, manatona an'i Kristy ka ho velona. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Ulisses Soares**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Iray ao amin'i Kristy

*Ry namako malala ao amin'ny asan'ny Tompo, mino aho fa afaka manao tsaratsara kokoa isika ary tokony hanao tsaratsara kokoa eo amin'ny fandraisana ireo namana vaovao ato am-piangonana.*


Ry rahalahy sy ranabavy malala, miarahaba anareo amin'izao tolakandro izao. Ny filazanay azy amin'ny tenim-pireneko Pôrtogey Breziliana dia hoe, "Boa tarde!" Mahatsapa ho voatahy aho noho ny fiarahako mivory aminareo mandritra ity fihaonambe maneranтany mahafinaritra an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ity eo ambany fitarihan'ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Russell M. Nelson. Tena mampitolagaga ahy ny tombontsoa lehibe ananantsika tsirairay mba hihaino ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ireo mpanompony eto an-tany amin'izao andro farany izao izay fotoana iainantsika.

I Brezila izay firenena niaviako dia tena manana harena ara-boajanahary tokoa. Ny iray amin'izany dia ilay Renirano malaza Amazone, izay iray amin'ireo renirano lehibe sy midadasika indrindra eto amin'izao tontolo izao. Renirano roa miavaka tsara no mandrafitra azy dia ny Renirano Solimões sy ny Renirano Negro. Mahavariana fa miara-mikoriana an-kilaometatra maro aloha izy ireo vao mitambatra ny rano, satria tsy mitovy ny fiavian'izy ireo sy ny hafainganam-pandehan'izy ireo sy ny mari-panan'izy ireo ary ireo taharo simika ao anatin'izy ireo. Afaka kilaometatra maromaro vao mitambatra ireo rano ireo ary lasa renirano iray tsy mitovy amin'ilay niavian'izy ireo. Rehefa avy mitambatra ireo lafy roa vao lasa tena mahery ny Renirano Amazone ka rehefa tonga any amin'ny Ranomasimbe Atlantika izany dia manosika ny ranon'ny ranomasina izany mba hahafahana mahita ranomamy mbola manenika kilaometra maro any amin'ny ranomasimbe.

Mitovy amin'ny fomba fiarahan'ny Renirano Solimões sy ny Renirano Negro mikoriana mba handrafitra ny Renirano lehibe Amazone koa ny fiarahan'ireo zanak' Andriamanitra, izay tsy mitovy fiaviana ara-piarahamonina sy tsy mitovy fomba amam-panao sy kolontsaina, miditra ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny mba handrafitra ity fikambanan'Olomasina ao amin'i Kristy izay mahafinaritra ity. Rehefa mifampahery sy mifanohana ary mifankatia isika amin'ny farany dia mitambatra mba hanorina vondron-kery matanjaka mijoro amin'ny tsara eto amin'izao tontolo izao. Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesoa Kristy antsika izay miara-mikoriana ao anatin'ity reniranon'ny hatsarana ity, dia ho afaka ny hanome ilay "ranomamin'ny" filazantsara ho an'ity izao tontolo izao izay mangetaheta ity isika.

Ny Tompo dia namporisika ireo mpaminaniny mba hampianatra antsika ny fomba ahafahantsika mifanohana sy mifankatia, mba hahafahantsika hiray hina ao amin'ny finoana sy eo amin'ny tanjona eo amin'ny fanarahana an'i Jesoa Kristy. Nampianatra i Paoly ilay Apôstôly ao amin'ny Testamenta Vaovao fa ireo izay "natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy . . . : fa *iray* ihany ianareo rehetra ao amin'i Kristy Jesoa."[1]

Rehefa mampanantena isika mandritra ny batisa fa hanaraka ny Mpamonjy dia mijoro ho vavolombelona eo anatrehan'ny Ray isika fa vonona hitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy.[2] Rehefa manao izay hananana ireo toetra masina ananany isika eo amin'ny fiainantsika, dia lasa tsy mitovy amintsika taloha isika, amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo ary mitombo ho azy ny fitiavantsika ny olona rehetra.[3] Mahatsapa fiahiana marina mikasika ny fomba hahazoan'ny olona rehetra an'izay mahasoa sy hahazoan'izy ireo fifaliana isika.



*Toy ilay Renirano maherin'i Amazone izay manosika miverina ny ranomasina rehefa mipaka ny Ranomasimbe Atlantika, ireo mpanara-dia an'i Jesoa Kristy dia manome ny "rano madio" ny filazantsara an'izao tontolo izao izay mangetaheta.*

Mahita ny samy isika ho toy ny mpiray tampo isika, amin'ny maha-zanak' Andriamanitra manana fiaviana sy toetra ary hery anaty masina antsika. Maniry ny hifampikarakara isika sy hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay.[4]

Izany no namaritan'i Paoly ny atao hoe fiantrana.[5] I Môrmôna, izay mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia namaritra izany ho toy "ny fitiavana madion'i Kristy,"[6] izay endriky ny fitiavana faran'izay ambony sy mendrika ary matanjaka indrindra. Ny mpaminanintsika amin'izao fotoana izao, Filoha Russell M. Nelson, dia vao haingana no namaritra ny fanehoana io fitiavana madion'i Kristy io hoe fanompoana, izay fomba iray manokana sy masina mba hitiavana sy hikarakarana olona hafa toy ny nataon'ny Mpamonjy.[7]

Ndeha isika handray izany fitsipiky ny fitiavana sy fikarakarana izany, toy ny nataon'ny Mpamonjy, ao anatin'ny sahan-kevitry ny fampaherezana sy fanampiana ary fanohanana ireo mpikambana vaovao ary ireo olona manomboka maneho fahalianana amin'ny fanatrehana ireo fivoriam-piangonantsika.

Rehefa mivoaka avy ao amin'izao tontolo izao ireo namana vaovao ireo sy mandray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary miditra ho mpikambana ao amin'ny Fiangonany, dia lasa mpianany izy ireo ary ateraka indray amin'ny alalany.[8] Ilaozan'izy ireo ilay tontolo iray izay fantatr'izy ireo tsara ary misafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy amin'ny fony manontolo izy ireo, ka miditra ao amin'ny "renirano" vaovao iray mitovy amin'ilay Renirano mahery Amazone, izay renirano mifono hery lehibe feno hatsarana sy fahamarinana mikoriana mankany amin' Andriamanitra. Ny Apôstôly Petera dia namaritra izany ho "taranaka voafidy, fanjakà-mpisorona, firenena masina, olona nalain' Andriamanitra ho an'ny tenany."[9] Rehefa miditra ao amin'izany renirano vaovao sy tsy dia mahazatra izany ireo namana vaovao ireo dia mety mahatsapa ho somary very amin'ny voalohany. Hitan'ireo namana vaovao ireo fa ny tenan'izy ireo dia miditra ao anatin'ny renirano iray manana ny fiaviany sy ny mari-panany ary ny taharo simikany manokana, renirano iray izay manana ny fomba amam-panaony manokana sy ny kolotsainy manokana ary ny voambolany manokana. Mety tena havesatra ho azy ireo izany fiainana vaovao ao amin'i Kristy izany. Eritrereto vetivety ny mety ho tsapan'izy ireo rehefa maheno vao voalohany ireto teny ireto izy ireo: "Takarivan'ny mpianakavy," "Kômity misahana ny zatovo eo anivon'ny episkôpà", "Alahady fifadian-kanina," "batisa ho an'ny maty," "triptika," sy ny sisa.

Mora ny mahita ny antony mety ahatsapan'izy ireo ho toy ny tsy manana ny toerany izany. Eo anatrehan'ny toe-javatra toy izany dia mety hanontany tena izy ireo hoe: "Misy toerana ho ahy ve ato? Manana ny toerako ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ve aho? Moa ve mila ahy ny Fiangonana? Moa ve aho hahita namana vaovao izay vonona ny hanampy sy hanohana ahy?"

Ry namako malala, eo anatrehan'ny tranga toy izany, isika izay eo amin'ny toerana samihafa ao anatin'ilay dia lavitra atao amin'ny maha-mpianatra antsika dia tsy maintsy manolotra amimpitiavana finamanana amin'ireo namantsika vaovao, sy manaiky ny toerana misy azy ireo ary manampy sy mitia ary mampiditra azy ireo eo amin'ny fiainantsika. Ireo namana vaovao rehetra ireo dia zanakalahy sy zanakavavy sarobidin' Andriamanitra.[10] Zava-dehibe ny tsy famoizantsika na dia iray amin'izy ireo aza, satria toy ny Renirano Amazone izay miantehitra amin'ireo renirano kely mivarina ao aminy, dia mila azy ireo isika, toy ny ilan'izy ireo antsika, mba ho lasa vondron-kery matanjaka ho an'ny tsara eto amin'izao tontolo izao.

Ireo namantsika vaovao ireo dia mitondra ny talenta nomen' Andriamanitra sy ny fientanentanana ary ny hatsarana ao anatin'izy ireo. Mety mifindra any amintsika ny hafanam-pon'izy ireo amin'ny filazantsara, ka hanampy antsika hamelombelona ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika manokana. Izy ireo koa dia mitondra fomba fijery vaovao mikasika ny fahatakarantsika ny fiainana sy ny filazantsara.

Efa nampianarina antsika hatrizay ny fomba ahafahantsika manampy ireo namantsika vaovao mba hahatsapa ho voaray tsara sy ho tiana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Mila zavatra telo izy ireo mba hijanonan'izy ireo ho mafy orina sy ho mahatoky mandritra ny fiainan'izy ireo:

Voalohany, izy ireo dia mila rahalahy sy rahavavy ao amin'ny Fiangonana izay liana marina ny amin'izy ireo, ary namana marina sy mahatoky izay azon'izy ireo itodihana foana, sy hiara-dia amin'izy ireo ary hamaly ireo fanontanian'izy ireo. Amin'ny maha-mpikambana antsika dia tokony hiezaka foana isika mba handinika tsara sy hitady ireo olona vaovao rehefa manatrika ireo hetsika sy fivoriana ao amin'ny Fiangonana, na inona na inona mety andraikitsika na asa ampanaovina antsika na olana ananantsika. Afaka manao zavatra tsotra isika mba hanampiana ireo namana vaovao ireo hahatsapa ho voaray tsara ao amin'ny Fiangonana, toy ny fiarahabana amim-pitiavana, ny fitsikitsikiana aminkitsim-po amin'izy ireo, ny fiarahana mipetraka mba hihira sy hitsaoka, ary ny fampahafantarana azy ireo amin'ireo mpikambana hafa, sy ny sisa. Rehefa manokatra ny fontsika amin'ireo namantsika vaovao ireo amin'ny alalan'ny sasany amin'ireo fomba ireo isika, dia manao asa ao anatin'ilay toe-tsaina takin'ny fanompoana isika. Rehefa manompo azy ireo tahaka ny nataon'ny Mpamonjy isika dia tsy hahatsapa ho toy ny "vahiny ao an-trano" izy ireo. Hahatsapa izy ireo fa afaka ny hanana ny toerany sy hahazo namana vaovao, ary ny tena zava-dehibe dia hahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fikarakarantsika azy ireo amim-kitsim-po izy ireo.

Faharoa, mila andraikitra ireo namana vaovao, izay tombontsoa iray hanompoana ny hafa. Ny asa fanompoana dia iray amin'ireo zavatra mampiavaka Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Izany dia dingana arahina mba hahafahan'ny finoantsika hatanjaka kokoa. Mendrika ny hanana izany tombontsoa izany ny namana vaovao tsirairay. Na dia manana andraikitra mivantana mba hanome antso fotoana fohy aorian'ny batisan'izy ireo aza ny eveka sy ny filankevitry ny paroasy, dia tsy misy manakana antsika, amin'ny maha-mpikambana antsika, tsy hanasa ireo namantsika vaovao mba hanampy antsika hanompo ny hafa amin'ny fotoana tsotsotra na amin'ny alalan'ireo tetikasa fanompoana.

Fahatelo ireo namana vaovao ireo dia tsy maintsy "[vokisana] amin'ny tenin'Andriamanitra."[11] Afaka manampy azy ireo mba hitia sy hahafantatra ny soratra masina isika rehefa miaraka mamaky sy mifanakalo hevitra amin'izy ireo, ka mizara ny toe-javatra mitranga manodidina ilay tantara ary manazava ireo teny sarotra. Isika koa dia afaka mampianatra azy ireo ny fomba ahafahana mandray fitarihana ho an'ny tena manokana amin'ny alalan'ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina. Ankoatra izany dia afaka mamonjy ireo namantsika vaovao ireo any an-tranony isika ary manasa azy ireo ho any an-tranontsika koa indraindray, any ivelan'ireo fivoriana sy hetsika an'ny Fiangonana izay efa voalamina, ka manampy azy ireo mba hirotsaka ao anatin'ilay renirano maherin'ny fikambanan' Olomasina.

Eo am-pahafantarana ireo fanovana sy fanamby atrehan'ireo namantsika vaovao mba hahatongavana ho mpikambana ao amin'ny fianakavian' Andriamanitra, amin'ny maha-mpiray tampo antsika, dia afaka mizara ny fomba nandresentsika ireo fanamby teo amin'ny fiainantsika ireo isika. Izany dia hanampy azy ireo hahafantatra fa tsy irery izy ireo ary hitahy azy ireo Andriamanitra rehefa mampihatra finoana amin'ireo fampanantenany izy ireo.[12]

Rehefa mitambatra ny Renirano Solimões sy ny Renirano Negro, dia lasa mahery sy matanjaka ny Renirano Amazone. Mitovy amin'izany koa, rehefa mitambatra marina isika sy ireo namantsika vaovao, dia lasa matanjaka kokoa sy mafy orina kokoa mihitsy aza ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Izaho sy i Rosana malalako dia tena mankasitraka an'ireo rehetra izay nanampy anay hitambatra amin'ity renirano ity taona maro lasa izay, rehefa nandray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tany Brezila izay firenena niavianay izahay. Tena nanompo anay sy nanampy anay hanohy hikoriana ao anatin'ny fahamarinana ireo olona mahafinaritra ireo nandritra ny taona maro. Feno fankasitrahana azy ireo tokoa izahay.

Ireo mpaminany tany amin'ny Ilambolantany Andrefana dia nahafantatra tsara ny fomba hihazonana ireo namana vaovao hiaraka hikoriana amim-pahatokiana ao anatin'ilay renirano vaovao mifono hatsarana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Ohatra, rehefa avy nahita izao androntsika izao i Môrônia sy nahafantatra fa hiatrika fanamby mitovy amin'izany isika,[13] dia nampidiriny tao anatin'ny zavatra nosoratany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny sasany amin'ireo dingana manan-danja ireo:

"Ary rehefa noraisina tamin'ny batisa izy, ary niasana sy nodiovin'ny herin'ny Fanahy Masina, dia noraisina ho isan'ny vahoakan'ny fiangonan'i Kristy; ary nalaina ny anarany mba hahatsiarovana azy sy hamahanana azy amin'ny teny soan' Andriamanitra, hitehirizana azy amin'ny lalana tsara, hitanana azy hiambina lalandava amim-bavaka, tsy hiantehitra afa-tsy amin'ny fahamendrehan'i Kristy izay tompony sy mpanefa ny finoany.

"Ary ny fiangonana dia nihaona miaraka matetika mba hifady hanina sy hivavaka ary hifampiresaka amin'izy samy izy ny momba ny fiadanan'ny fanahiny."[14]

Ry namako malala ao amin'ny asan'ny Tompo, mino aho fa afaka manao tsaratsara kokoa isika ary tokony hanao tsaratsara kokoa eo amin'ny fandraisana ireo namana vaovao ato am-piangonana. Manasa anareo aho mba hieritreritra ny zavatra azontsika atao mba hahay handray sy hanaiky ary hanampy azy ireo bebe kokoa manomboka amin'ny Alahady ho avy izao mihitsy. Aza avelanareo hisakantsakana anareo tsy handray ireo namana vaovao mandritra ireo fivoriana sy hetsika an'ny Fiangonana ireo asa nampandraiketina anareo any am-piangonana. Raha ny marina dia sarobidy eo imason' Andriamanitra ireo fanahy ireo ary manan-danja bebe kokoa noho ireo fandaharan'asa sy hetsika. Raha toa isika ka manompo ireo namantsika vaovao amin'ny fontsika feno fitiavana madio tahaka ny nataon'ny Mpamonjy, dia mampanantena anareo aho, amin'ny anarany, fa hanampy antsika amin'ny ezaka ataontsika Izy. Rehefa mandray andraikitra amin'ny maha-mpanompo mahatoky antsika isika, tahaka ny nataon'ny Mpamonjy, dia hahazo ny fanampiana ilainy ireo namantsika vaovao mba hijanonana ho matanjaka sy ho feno fanolorantena ary ho mahatoky hatramin'ny farany. Hiaraka amintsika izy ireo noho isika lasa vahoakan' Andriamanitra matanjaka ary hanampy antsika hitondra ranomamy ho an'ity izao tontolo izao ity izay mila mafy ireo fitahiana avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ireo zanak' Andriamanitra ireo dia hahatsapa fa izy ireo dia "tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony fa [. . .] mpiray fanjakana amin'ny olona masina."[15] Mampanantena anareo aho fa hahatsapa ny fanatrehan'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika ao amin'ny Fiangonany izy ireo. Hanohy hiaraka hikoriana amintsika izy ireo, toy ny renirano mankany amin'ny loharanon'ny hatsarana rehetra mandra-pandraisan'i Jesoa Kristy Tompontsika azy ireo amim-pitiavana; ary haheno ny Ray izy ireo hiteny hoe: "*Hahazo* ny fiainana mandrakizay ianareo."[16]

Manasa anareo aho hikatsaka ny fanampian'ny Tompo mba hitiavana ny hafa tahaka ny nitiavany anareo. Ndeha isika rehetra hanaraka ilay torohevitra nomen'i Môrmôna antsika manao hoe: "Noho izany ry rahalahiko [sy anabaviko] malala dia mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany."[17] Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fahamarinana ireo aho ary ataoko izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Galatiana 3:27–28; nampiana fanamafisana.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
3. Jereo ny Môsià 3:19.
4. Jereo ny Môsià 18:8.
5. Jereo ny 1 Korintiana 13.
6. Môrônia 7:47.
7. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2018, 68–75.
8. Jereo ny Môsià 27:25.
9. 1 Petera 2:9.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
11. Môrônia 6:4; jereo koa ny "Ahoana no fomba iarahako miasa amin'ny mpitarika ao amin'ny Tsatòka sy ny paroasy?" *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* ed. nohavaozina (2018), lds.org/manual/missionary.
12. Jereo ny 1 Nefia 7:12.
13. Jereo ny Môrmôna 8:35.
14. Môrônia 6:4–5.
15. Efesiana 2:19.
16. 2 Nefia 31:20; nampiana fanamafisana.
17. Môrônia 7:48.



**Nataon'ny Loholona Gerrit W. Gong**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Afon-dasin'ny finoantsika

*Ho an'ireo izay mikatsaka izany sy mamela izany hitranga ary miaina izany, dia ho avy ary azo iainana indray ilay masoandro miposaky ny finoantsika.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, moa ve tsy mahavariana ny mandray fanambarana mitohy avy any an-danitra amin'ny alalan'ny Filoha Russell M. Nelson sy ireo mpitarika antsika ato amin'ny Fiangonana izay manasa antsika hiaina amin'ny fomba vaovao sy masina kokoa,[1] ao an-tokantrano sy ato am-piangonana, amin'ny fontsika sy ny saintsika ary ny herintsika manontolo?

Moa ve ianao efa nanana fahafahana hanao zavatra izay tsapanao fa tsy mahavonona anao na tsy vitanao kanefa nahazo fitahiana noho ny fanandramana nanao izany?

Efa nahatsapa izany aho. Indro misy ohatra anankiray.

Taona maro lasa izay ny Loholona Richard G. Scott, mpikambana iray tao amin'ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifololahy, dia nanasa tamin-katsarampanahy hoe "Gerrit, tianao ve ny hiara-handoko amiko?"

Nilaza ny Loholona Scott fa ny mandoko dia nanampy azy handinika sy hamorona zavatra. Nanoratra izy hoe: "Miezaha mamoron-javatra na dia tsy tsara manao ahoana aza ny vokatra. . . . Ny fitiavana mamorona zavatra dia mety hiteraka fanahy mankasitraka noho ny fiainana sy noho ny zavatra izay nomen'ny Tompo anao. . . . Rehefa misafidy am-pahendrena ianao dia tsy voatery handany fotoana be izany."[2]



Afon-dasy amin'ny filentehan'ny masoandro, *nataon'ny Loholona Richard G. Scott*

Ny Filoha Henry B. Eyring dia manazava fa ireo fisaintsainany ara-java-kanto dia atosiky ny "fitiavana," ka tafiditra ao "ny fitiavana ny Mpahary iray izay manantena ireo zanany ho tonga tahaka Azy—hamorona sy hanorina."[3] Ny taokanton'ny Filoha Eyring dia manome "fomba fijery tokana sy ara-panahy momba ny fijoroana ho vavolombelona sy ny finoana."[4]

Ny sary kanto nataon'ny Filoha Boyd K. Packer dia maneho hafatra fototry ny filazantsara: "Andriamanitra dia Mpamorona ny lanitra sy ny tany sy ny zavatra rehetra ao aminy, ny zavaboary rehetra dia mijoro ho vavolombelon'izany fahariana notarihin' Andriamanitra izany, ary misy firindran-javatra tanteraka eo amin'ny zavaboary sy ny siansa ary ny filazantsaran' i Jesoa Kristy."[5]

I Almà dia mijoro ho vavolombelona hoe, "Ny zava-drehetra dia maneho fa misy Andriamanitra."[6] Mihira ireo ankizintsika ao amin'ny Kilonga hoe, "Isaky ny mandre feom-borona na mijery ny lanitra manga aho, . . . Faly aho fa miaina eto amin'ity tontolo mahafinaritra noharian'ny Ray any An-danitra ho ahy ity."[7] I Victor Hugo, mpanoratra, dia manazava ny "fifandraisana mahagaga eo amin'ny zava-manan'aina sy ireo zavatra amin'izao rehetra izao, manomboka amin'ny masoandro ka hatramin'ny bibikely. . . . Ny voromanidina rehetra dia ahitana taratra ny herin' Andriamanitra. . . . Ny nébuleuse iray dia toy ny tranom-bitsika iray feno kintana."[8]

Ary izany dia mampiverina antsika amin'ilay fanasan'ny Loholona Scott.

"Loholona Scott," hoy aho namaly, "Te ho lasa mpandinika sy mpamorona kokoa aho. Mahaliana ahy ny haka sary an-tsaina ny Ray any An-danitra mandoko amin'ny rahona mibontsimbontsina sy ny endriky ny lanitra sy ny rano rehetra. Saingy"—dia niato elaela aho—"Loholona Scott," hoy aho, "tsy mahay mandoko aho. Matahotra aho sao hahasorena anao ny mampianatra ahy."

Nihomehy ny Loholona Scott ary nandamina fotoana hihaonanay. Tamin'ilay andro voatondro dia nomaniny ny taratasy sy ny loko ary ny fandokoana. Nanoritra tsipitsipika izy ary nanampy ahy hanomana ny taratasy.

Nataonay ho maodely ilay sary nataony mitondra ny lohateny hoe *Afon-dasy*

*harivariva*. Raha teo am-pandokoana izahay dia niresaka momba ny finoana—amin'ny fomba ahoana no tsy hiahiahiantsika ny amin'ny haizina sy ny tsy fahatokiana rehefa mahita ny hazavana sy ny hafanan'ny afon-dasy—amin'ny fomba ahoana indraindray no hanomezan'ny afon-dasin'ny finoantsika fanantenana sy toky ho antsika, amin'ireo alina lava sy mangina. Ary dia ho avy ny masoandro miposaka. Ny afon-dasin'ny finoantsika—ny fahatsiarovantsika, sy ny zavatra niainantsika, ary ny lovan'ny finoantsika ny fahatsaran' Andriamanitra sy ny halehiben'ny famindram-pony amin'ny fiainantsika—no nankahery antsika nandritra ny andro sarotra.

Ny fijoroako ho vavolombelona, ho an'ireo izay mikatsaka izany sy mamela izany hitranga ary miaina izany, dia ho avy ary azo iainana indray ilay masoandro miposaky ny finoantsika, ary indraindray mandeha tsikelikely. Ho avy ilay hazavana rehefa maniry sy mikatsaka izany isika, rehefa maharitra sy mankatò ny didin' Andriamanitra isika, rehefa vonona ny handray ny fahasoavana sy ny fanasitranana ary ireo fanekempihavanan' Andriamanitra isika.

Rehefa nanomboka nandoko izahay dia nankahery ny Loholona Scott hoe: "Gerrit, ao anatin'ny lesona iray monja dia handoko zavatra ho tianao tahirizina sy hotsaroana ianao." Marina ny voalazan'ny Loholona Scott. Tena ankamamiako ilay sarin'afon-dasin'ny finoana vita amin'ny loko rano izay nolokoiko niaraka tamin'ny fanampian'ny Loholona Scott. Voafetra ary mbola voafetra hatrany ny fahafahako manao zava-kanto, saingy ny fahatsiarovana ny afon-dasin'ny finoantsika dia afaka mankahery antsika amin'ny fomba dimy.

Voalohany, ny afon-dasin'ny finoantsika dia afaka mankahery antsika hahita fifaliana ao anatin'ny famoronan-javatra mahasoa.

Ahitana fifaliana ny maka sary antsaina sy mianatra ary manao zavatra vaovao mendrika. Tena marina izany indrindra rehefa mampitombo finoana sy fahatokiana ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany isika. Tsy afaka ny hanana fitiavana ny tenantsika ampy hanavotana antsika isika. Fa ny Ray any An-danitra dia tia antsika bebe kokoa ary mahafantatra antsika tsara kokoa noho ny fitiavantsika sy ny fahafantarantsika ny tenantsika. Afaka matoky ny Tompo isika ary tsy hiankina amin'ny fahalalan'ny tenantsika manokana.[9]

Efa nisy fotoana ve, izay ianao irery no tsy voasa tamin'ny fetin'ny tsingerintaonan'ny olona iray?

Efa nisy fotoana ve naha-voafidy farany anao, na tsy nifidianana anao, rehefa nisy fisafidianana olona handrafitra ekipa?

Efa nisy fotoana ve ianao niomana ho amin'ny fanadinana iray tany antsekoly, dinidinika amin'ny asa iray, zavatra iray izay tena tianao—nefa nahatsapa ianao fa tsy nahomby?

Efa nivavaka ho an'ny fiarahana iray izay tsy hay hoe nahoana fa tsy nety ve ianao?

Efa nanana areti-mitaiza, nilaozambady, nalahelo noho ny fianakavianao ve ianao?

Fantatry ny Mpamonjy antsika ny zavatra iainantsika. Rehefa mampihatra ny fahafahana misafidy nomen' Andriamanitra isika ary mampiasa ny fahafaha-manaontsika rehetra am-panetrentena sy am-pinoana, dia afaka manampy antsika i Jesoa Kristy Mpamonjy hiatrika ireo fanamby amin'ny fiainana ary hahita fifaliana. Ao anatin'ny finoana ny faniriana ary ny safidy ny hino. Ny finoana dia tonga ihany koa avy amin'ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra, izay nomena mba hitahiana antsika, eo am-panarahantsika ny lalan'ny fanekempihavanany.

Rehefa nahatsapa na mahatsapa tsy fahatokian-tena, na irery, na sorena, na tezitra, na tsy nahomby, na diso fanantenana, na lavitra an' Andriamanitra sy ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny, dia mety ho mila ezaka sy finoana betsaka kokoa ny miditra indray ao amin'ny lalan'ny fanekempihavany. Fa tsy anenenana anefa ny manao izany. Miangavy aho ny hanatonanareo na ny hanatonanareo indray an'i Jesoa Kristy Tompo! Mbola mafy mihoatra ny famatoran'ny fahafatesana ny fitiavan' Andriamanitra—na fahafatesana ara-batana izany na ara-panahy.[10] Tsy manam-petra sy mandrakizay ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy antsika. Samy mania sy mety lavo avokoa isika tsirairay avy. Indraindray isika dia mety ho very lalana. Manome toky am-pitiavana antsika Andriamanitra, na aiza na aiza misy antsika na inona na inona zavatra nataontsika, fa tsy misy an'izany hoe tsy afaka miverina ilalana izany intsony. Miandry Izy ary vonona ny hamihina antsika.[11]

Faharoa, ny afon-dasin'ny finoantsika dia afaka mankahery antsika hanompo amin'ny fomba vaovao, ambony kokoa, ary masina kokoa sy feno Fanahy kokoa.

Ny fanompoana toy izany dia mitondra fahagagana sy ireo fitahiana azo avy amin'ny fanekempihavanana, izay ahatsapantsika ny fitiavan' Andriamanitra sy ikatsahantsika ny hanompo ny hafa ao anatin'izany fanahy izany.

Vao tsy ela izaho sy Rahavavy Gong no nifankahalala tamin'ny raimpianakaviana iray niaraka tamin'ny fianakaviana izay voatahy noho ny rahalahy iray tao amin'ny fisoronana izay nanatona ny evekany ary nangataka raha toa ka afaka miaraka mpampianatra isan-tokantrano amin'ilay raim-pianakaviana. Mpikambana tsy navitrika ilay raim-pianakaviana ary tsy liana tamin'ny fampianarana isan-tokantrano. Saingy rehefa niova ny fon'ilay raim-pianakaviana dia nanomboka namangy ireo fianakaviana nampiandraiketana azy ireo izy sy ilay rahalahy tao amin'ny fisoronana. Taorian'ny famangiana iray nataon'izy ireo dia nanontany azy ny vadiny, izay tsy mba nandeha tany am-piangonana tamin'izany, hoe nanao ahoana. Niaiky ilay raim-pianakaviana hoe, "Mety nahatsapa zavatra ihany aho"—dia nandeha tany an-dakozia izy avy eo naka labiera.[12]

Saingy nifanesy niseho teny ny zavatra: zavatra niainana mahafinaritra, asa fanompoana, fiovam-po, fotoampianarana mikasika ny fiomanana ho any amin'ny Tempoly, fandehanana any am-piangonana, famehezana amin'ny fianakaviana tany amin'ny tempoly masina. Alaivo sary an-tsaina hoe hatraiza ny fankasitrahan'ireo zanaka sy zafikely ny rain'izy ireo sy ny reniny ary ilay rahalahy manompo izay tonga ho namana sy mpiara-manompo amin'ny rainy mba hitia sy hanompo ny hafa.

Fampaherezana fahatelo avy amin'ny afon-dasin'ny finoana: misy fifaliana sy fitahian'ny filazantsara tonga rehefa mikatsaka ny fitiavan'ny Tompo sy ny hafa amin'ny fontsika manontolo sy ny fanahintsika manontolo isika.



Ny soratra masina dia manasa antsika mba hametraka ny ezaka rehetra ataontsika eo ambonin'ny alitarampitiavana sy fanompoana. Ao amin'ny Testamenta Taloha ny Deoteronomia dia manoro hevitra antsika hoe "tiava an' i Jehovah Andriamanitrao" amin'ny fontsika sy ny fanahintsika ary ny herintsika manontolo.[13] Mamporisika i Josoa hoe: "[Tiava] an' i Jehovah Andriamanitrareo, . . . [mandehana] amin' ny làlany rehetra, . . . [tandremo] ny didiny, . . . [mifikira] aminy ary [tompoy Izy] amin' ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra."[14]

Ao amin'ny Testamenta Vaovao ny Mpamonjy dia nilaza ireo didy lehibe anankiroa: "Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny herinao rehetra, . . . [ary] ny namanao tahaka ny tenanao."[15]

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy, i Benjamîna Mpanjaka dia niasa tamin'ny "herin' ny tenany rehetra sy ny fahaizan' ny fanahiny manontolo" ary nampiorina ny fandriampahalemana teo amin'ny tany.[16] Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny Tompo, araka ny efa hain'ny misiônera tsirairay, dia mangataka antsika mba hanompo Azy "amin' ny fo, ny hery, ny saina, ary ny tanja[tsika] rehetra."[17] Rehefa niditra tao Jackson County ny Olomasina dia nodidian'ny Tompo izy ireo mba hitandrina ny Sabata ho masina amin'ny fitiavana "ny Tompo Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra, amin' ny herinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny tanjakao rehetra . . . ary hanompo Azy amin' ny anaran' i Jesoa Kristy."[18]

Mahafaly antsika ilay fanasana hanokana ny fanahintsika manontolo mba hikatsaka fomba ambony sy masina kokoa hitiavana an' Andriamanitra sy hitiavana ny hafa manodidina antsika ary hampatanjahana ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ao am-pontsika sy ao an-tokantranontsika ary any am-piangonana.

Fahefatra, ny afon-dasin'ny finoantsika dia mankahery antsika hanorina fomba fiainana tsara amim-pahamarinana mba hampitombo ny finoana sy ny ara-panahy.

Ireo fahazarana masina, na ireo fanao mahazatra, na ireo fomba feno vavaka ireo dia mety ahitana vavaka, fandalinana ny soratra masina, fifadiankanina, fahatsiarovana ny Mpamonjy antsika sy ireo fanekempihavanantsika mandritra ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo sy ny fizarana ireo fitahian'ny filazantsara amin'ny alalan'ny asa fitoriana, ny an'ny tempoly sy ny tantarampianakaviana ary ny fanompoana hafa, fihazonana diary feno hevitra ara-panahy, sy ny sisa sy ny sisa.

Rehefa ampifandraisina ny fomba tsara sy ny faniriana ara-panahy dia efa manomboka sahady izay ny mandrakizay. Tonga ny fahazavana sy ny fiainana ara-panahy rehefa mitondra antsika ho akaiky bebe kokoa ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika ny fitandremantsika tsy tapaka ny ara-pivavahana. Rehefa tiantsika ny fanahy sy ny tenin'ny lalàna dia afaka mirotsaka amin'ny fanahintsika tahaka ny ando avy any an-danitra ireo zavatra mahakasika ny mandrakizay.[19] Rehefa mankatò sy miaina ny rano velona isan'andro isika dia hahita valim-panontaniana sy finoana ary hery entina miatrika ireo fanamby sy fahafahana isan'andro ao anatin'ny faharetana sy fomba fijery ary fifaliana araka ny filazantsara.

Fahadimy, rehefa manao ireo fomba tsara indrindra efa fantatsika isika eo am-pikatsahana fomba vaovao sy masina kokoa hitiavana an' Andriamanitra ary hanampiana ny tenantsika sy ny hafa hiomana hihaona Aminy, dia afaka mankahery antsika ny afon-dasin'ny finoantsika mba hahatsiaro fa ao amin'i Kristy no misy ny fahatomombanana, fa tsy ao anatintsika na ao amin'ny fahatomombanan'izao tontolo izao.

Ny fanasan' Andriamanitra dia feno fitiavana sy fahafahana satria i Jesoa Kristy "no lalana sy fahamarinana ary fiainana."[20] Ho an'ireo izay mahatsapa ho mavesatra entana dia hoy ny fanasany: "Mankanesa atŷ amiko," ary ho an'ireo izay manatona azy dia mampanantena Izy hoe: "Izaho no hanome anareo fitsaharana."[21] "Manatòna an' i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, . . . [tiava] an' Andriamanitra amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra . . . dia [ho] ampy ho anareo ny fahasoavany, fa amin' ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin' i Kristy."[22]

Ao anatin'ilay fanomezan-toky hoe "amin' ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin' i Kristy" dia misy fankaherezana sy fiadanana ary fampanantenana ihany koa fa afaka mandroso am-pinoana sy amin'ny fahatokiana ny Tompo isika na dia tsy mandeha araka ny nantenaintsika na nandrasantsika na ny mendrika antsika mihitsy aza ny zava-drehetra, ka tsy fahadisoantsika izany, na dia efa nataontsika aza izay tsara indrindra vitantsika.

Amin'ny fotoana maro sy amin'ny fomba maro dia mahatsapa ho tsy mahavita azy sy tsy matoky tena ary angamba tsy mendrika isika rehetra. Fa ao amin'ny ezaka feno fahatokiana ataontsika hitia an' Andriamanitra sy hanompo ny mpiara-belona amintsika dia afaka mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra sy ny aingam-panahy ilaina ho azy ireo sy ny fiainantsika amin'ny fomba masina kokoa isika.

Sady feno fangoraham-po ny Mpamonjy antsika no mamporisika sy mampanantena antsika fa isika dia afaka "mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy . . . amin' ny fananananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra."[23] Ny fotopampianaran'i Kristy, ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, ary ny fanarahantsika tanteraka ny lalan'ny fanekempihavanany dia afaka manampy antsika hahafantatra ny fahamarinana ary hanafaka antsika.[24]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fahafenoan'ny filazantsarany sy ny drafitry ny fahasambarany dia tafaverina amin'ny laoniny ary ampianarina ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ao amin'ny soratra masina ary amin'ny alalan'ireo mpaminany nanomboka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ka hatramin'ny Filoha Russell M. Nelson androany. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny lalan'ny fanekempihavanany dia mitarika ho amin'ilay fanomezana lehibe indrindra izay ampanantenain'ny Ray any An-danitra manao hoe: "Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo."[25]

Enga anie ireo fitahiany sy ny fifaliany maharitra ho lasa antsika rehefa manafana ny fontsika sy ny fanantenantsika ary ny fanolorantenantsika amin'ny afon-dasin'ny finoantsika isika, izany no entiko am-bavaka amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo," *Liahona,* mey 2018, 100.
2. Richard G. Scott, *Finding Peace, Happiness, and Joy* (2007), 162–63; nindramina ao amin'ny *Elder Richard G. Scott Art Exhibit: A Self-Guided Tour* (kiboky, 2010).
3. *A Visual Journal: Artwork of Henry B. Eyring* (kiboky, 2017), 2.
4. *A Visual Journal,* 28.
5. Boyd K. Packer, *The Earth Shall Teach Thee: The Lifework of an Amateur Artist* (2012), ix.
6. Almà 30:44.
7. "Mon Père Céleste m'aime," *Chant pour les enfants,* 16–17.
8. Victor Hugo, *Les Misérables,* nadikan'i Julie Rose (New York: Random House, 2008), 728.
9. Ohabolana 3:5–6.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:44.
11. jereo ny Lioka 15:20.
12. Traikefa nampiasaina rehefa nahazoan-dalana.
13. Deotoronomia 6:5.
14. Josoa 22:5.
15. Lioka 10:27.
16. Tenin'i Môrmôna 1:18.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5.
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45–46.
20. Jaona 14:6.
21. Matio 11:28.
22. Môrônia 10:32.
23. 2 Nefia 31:20
24. Jereo ny Jaona 8:32.
25. 2 Nefia 31:20.





**Nataon' ny Loholona Paul B. Pieper**
Ao amin'ny Fitopololahy


# Tsy maintsy mitondra eo aminy ny anarana nomen'ny Ray azy ny rehetra

*Manana hery miavaka sy manan-danja ny anaran'ny Mpamonjy. Izany ihany no anarana tokana izay mahatanteraka ny famonjena.*

Herinandro vitsy lasa izay dia nandray anjara tamin'ny batisan'ny ankizy valo taona maromaro aho. Nanomboka nianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny ray aman-dreniny sy ny mpampianatra azy izy ireo. Nanomboka nitombo ny voan'ny finoan'izy ireo Azy. Ary tamin'izay dia naniry ny hanaraka Azy tao amin'ny ranon'ny batisa izy ireo mba ho tonga mpikamban'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny. Rehefa nijery ny fahamehany



aho dia nanontany tena hoe hatraiza ny fahatakaran'izy ireo momba ny lafiny iray manan-danjan'ny fanekempihavanana ataon'izy ireo amin'ny batisa, dia ny fanolorantenan'izy ireo mba hitondra eo amin'izy ireo ny anaran'i Jesoa Kristy.

Hatrany am-piandohana Andriamanitra dia nanambara ny lanjan'ny anaran'i Jesoa Kristy ao amin'ny drafiny ho antsika. Nampianatra an'i Adama raintsika voalohany ny anjely iray hoe: "Koa hataonao amin' ny anaran' ny Zanaka izay rehetra ataonao, dia hibebaka ianao ary hiantso an' Andriamanitra amin' ny anaran' ny Zanaka hatrizao."[1]

Ny Mpanjaka Benjamina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra ny vahoakany hoe: "Tsy misy anarana hafa omena na lalan-kafa na fomba izay mety hahatongavan'ny famonjena."[2]

Nohamafisin'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith io fahamarinana io: "Indro, Jesoa Kristy no anarana izay omen' ny Ray, ary tsy misy anarana hafa nomena izay ahafahana mamonjy ny olona"[3]

Amin'izao androntsika izao, ny Filoha Dallin H. Oaks dia nampianatra fa "ireo izay mampihatra finoana amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy . . . ary miditra ao amin'ny fanekempihavanany . . . dia afaka miantehitra amin'ny sorona fanavotan'i Jesoa Kristy."[4]

Tian'ny Raintsika any An-danitra mba hazava tanteraka fa ny anaran'ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy, dia tsy anarana iray eo anivon'ny maro fotsiny ihany. Manana hery miavaka sy manan-danja ny anaran'ny Mpamonjy. Izany ihany no anarana tokana izay mahatanteraka ny famonjena. Amin'ny fanamafisana io fahamarinana io isaky ny fotoam-pitantanana tsirairay, ny Raintsika be fitiavana dia manome toky ny zanany rehetra fa misy lalana miverina any Aminy. Kanefa ny fananana fomba azo antoka iray dia tsy midika fa azo antoka amin'izao ny fiverenantsika. Lazain' Andriamanitra fa takina ny asantsika: "Koa ny olona rehetra dia tsy maintsy *mitondra* ilay anarana izay omen'ny Ray."[5]

Mba hahazoana ny hery manavotra avy amin'ny anaran'i Jesoa Kristy irery ihany, isika dia tsy maintsy "manetry ny tenan[tsika] eo anoloan' Andriamanitra . . . ka manatona amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina . . . ary vonona *ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy* dia mendrika, tahaka ireo namantsika valo taona ny "horaisina ao amin'ny fiangonany amin'ny alalan'ny batisa"[6]

Ireo rehetra izay maniry marina ny hitondra ny anaran'ny Mpamonjy eo amin'izy ireo dia tsy maintsy mendrika ny handray ary mandray ireo ôrdônansin'ny batisa ho vavolombelona ara-batana amin' Andriamanitra momba ny fanapahan-kevitr'izy ireo.[7] Kanefa vao fiantombohana fotsiny ihany ny batisa.

Tsy an'ny sehatra na iharana ny matoanteny hoe *mitondra*. Matoantenin'ny mpanao izy io ary misy famaritana betsaka.[8] Torak'izany koa, mitaky asa ary misy lafiny marobe ny fanolorantenantsika hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika.

Ohatra, anisan'ny dikan'ny teny hoe *mitondra* amin'ny teny anglisy ny hoe *mandray* na mampiditra ao anatin'ny vatana, toy ny *misotro* zava-pisotro iray. Amin'ny alalan'ny fitondrana ny anaran'i Kristy eo amintsika isika dia manolo-tena ny *handray* ireo fampianarany, ny toetrany, ary indrindra ny fitiavany, lalina ao anatintsika ka lasa ampahany amin'ny maha-izy antsika izy. Izany no maha-manan-danja ny fanasan'ny Filoha Russell M. Nelson an'ireo tanora mba "[hikatsaka] ombambavaka sy mavitrika ny hahatakatra ny dikan'ireo fiantsoana sy anaran' [ny Mpamonjy] maro ho [azy ireo] *manokana"*[9] izay manampy hevi-baovao sy lalina amin'ireo fampianarana mahery vaika avy amin'ny mpaminanintsika mikasika ny fivokisana amin'ny tenin'i Kristy ao anatin'ny soratra masina, indrindra ny Bokin'i Môrmôna.[10]



Ny hevitra hafan'ny teny hoe *mitondra* dia manaiky ny olona iray ho manana anjara asa manokana na mankamamy ny fahamarinan'ny hevitra na fitsipika iray. Rehefa mitondra ny anaran'i Kristy eo amintsika isika dia manaiky Azy ho Mpamonjintsika ary manohy mankamamy ireo fampianarany ho mpitarika antsika eo amin'ny fiainantsika. Amin'ny fanapahan-kevitra manan-danja tsirairay raisintsika dia afaka *manaiky* ny filazantsara ho marina isika ary miaina izany arahimpankatoavana amin'ny fontsika rehetra, amin'ny herintsika rehetra sy ny saintsika rehetra ary ny tanjatsika rehetra.

Ny teny hoe *mitondra* dia mety hidika hoe mampifanandrify ny olona iray amin'ny anarana na tanjona iray. Maro amintsika no efa nanana traikefa amin'ny *fandraisana andraikitra* any am-piasana na *fandraisana andraikitra* amin'ny tanjona na hetsika iray. Rehefa mandray eo amin'ny tenantsika ny anaran'i Kristy isika dia mandray ireo andraikitry ny mpianatra marina isika, mandala ny tanjony isika, ary "hijoro ho vavolombelon[y] amin' ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra izay mety hisy [antsika]."[11] Ny Filoha Nelson dia nanasa ny "zatovovavy *tsirairay avy* sy ny zatovolahy tsirairay avy mba hirotsaka ao amin'ilay tafiky ny tanoran'ny Tompo mba hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely."[12] Ary isika dia feno fankasitrahana mandray ilay antson'ny mpaminany mba hanambara ny anaran'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny araka ny nambaran'ny Mpamonjy izy tenany mihitsy: Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.[13]

Eo amin'ny dingan'ny fandraisana ny anaran'ny Mpamonjy eo amintsika, dia tsy maintsy takatsika fa ny tanjon'i Kristy sy ny an'ny Fiangonana dia tokana sy mitovy ihany. Tsy azo sarahina ireo. Mitovy amin'izany koa, ny maha-mpianatry ny Mpamonjy antsika manokana sy ny maha-mpikambana mavitrika antsika ato amin'ny Fiangonany dia tsy azo sarahina ihany koa. Raha toa ka lavo amin'ny fanolorantenantsika amin'ny iray amin'ireo isika dia mihena ny fanolorantenantsika amin'ilay iray hafa, tahaka ny alina dimbiasin'ny andro.

Ny sasany dia miahotra ny handray ny anaran'i Jesoa Kristy sy ny tanjony satria raisin'izy ireo ho tsy dia mazava loatra, mamepetra, ary manakantsakana izany. Raha ny tena izy ny mitondra ny anaran'i Kristy eo amintsika dia sady manafaka no mampivelatra. Manaitra ny faniriana tsapantsika rehefa nanaiky ny drafitr' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny finoana ny Mpamonjy izany. Miaraka amin'io faniriana io velona ao am-pontsika, dia afaka mahita ny tena tanjon'ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta nomen' Andriamanitra antsika isika, sy miaina ny fitiavany manome

hery, ary mivoatra ao amin'ny fikatsahantsika ny mahasoa ny hafa. Ary rehefa mitondra ny anaran'ny Mpamonjy eo amintsika isika, dia tena mihazona ireo zavatra tsara rehetra ary ho tonga toa Azy.[14]

Manan-danja ny mahatsiaro fa ny fandraisana ny anaran'ny Mpamonjy eo amintsika dia fanolorantena mifono fanekempihavanana, miantomboka amin'ny fanekempihavanana ataontsika amin'ny batisa. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny fanoloran[tsika] tena mba hanaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana Aminy ary avy eo mitandrina ireo fanekempihavanana ireo dia hanokatra ny varavarana hahazoana ireo fitahiana ara-panahy rehetra sy ireo tombontsoa misy."[15] Anisan'ireo tombontsoa miavaky ny fitondrana ny anaran'ny Mpamonjy eo amintsika tamin'ny alalan'ny batisa ny famelan'izany hiditra ao amin'ny ôrdônansy manaraka ao amin'ny lalan'ny fanekempihavanana, dia ny fandraisana antsika ho mpikambana. Rehefa nanontaniako ny iray tamin'ireo namako valo taona ny dikan'ny hoe mitondra ny anaran'i Kristy aminy, dia namaly tsotra izy hoe: "Midika izany fa afaka manana ny Fanahy Masina aho." Marina ny azy.

Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia azo amin'ny alalan'ny fandraisana ho mpikambana rehefa avy nandray ny ôrdônansin'ny batisa isika. Io fanomezana io dia zo sy fahafahana mba hanana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva. Raha toa ka mihaino sy mankatò ny feony tony sy malefaka isika dia hampijanona antsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izay nidirantsika tamin'ny alalan'ny batisa izy, hampitandrina antsika rehefa alaimpanahy hiala amin'izany isika, ary hankahery antsika hibebaka sy hanitsy raha ilaina. Ny fifantohantsika aorian'ny batisa dia ny hihazona ny Fanahy Masina hiaraka amintsika mandrakariva mba hahafahantsika manohy mandroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Rehefa mitandrina ny fiainantsika ho masina sy tsy misy fahotana ihany isika vao afaka miaraka amintsika ny Fanahy Masina.

Noho izany antony izany, ny Tompo dia nanome antsika fomba iray hanavaozana tsy tapaka ny fanadiovan'ny batisa nataontsika amin'ny alalan'ny ôrdônansy iray hafa: ny fanasan'ny Tompo. Isan-kerinandro isika dia "mijoro ho vavolombelona . . . fa vonona *ny hitondra eo [amintsika] ny anaran'ny zana[ka]*"[16] rehefa manakatra sy *mandray* ireo tandindon'ny vatana sy ran'ny Tompo eo an-tanantsika isika, ny mofo sy rano, ka mandray izany ho ao amin'ny fanahintsika mihitsy, dia manao fanekempihavanana indray isika ny hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy. Ho setrin'izany, ny Mpamonjy dia manatanteraka ny fanadiovana antsika indray ka mahatonga antsika ho mendrika ny hanana ny fitaoman'ny Fanahy Masina tsy tapaka. Moa ve izany tsy porofon'ny famindram-po tsy manam-petra izay tsy hita raha tsy ao amin'ny anaran'i Jesoa Kristy ihany? Tahaka antsika izay mitondra ny anarany eo *amintsika* dia enti*ny* eo *Aminy* ny fahotantsika sy ny alahelontsika, kanefa ny "sandrin'ny famindram-pony dia mitolotra"[17] mba hisakambina antsika amin'ireo sandrim-pitiavany.[18]

Ny fanasan'ny Tompo dia fampahatsiahivana isan-kerinandro fa ny *fitondrana* ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika dia fanolorantena velona sy mitohy, fa tsy zava-mitranga indray mandeha amin'ny andron'ny batisantsika fotsiny ihany.[19] Afaka mankamamy tsy tapaka sy miverimberina "'lay fanavotana tsy takatry ny olona, fa vidin'ny ota, ny ra sy ny nofony"[20] isika. Mbola mahagaga kely foana hoe isaky ny mahatakatra ireo fitahiana mahery vaika sy ara-panahy izay tonga avy amin'ny fitondrana ny anaran'i Kristy ny zanak' Andriamanitra, dia fifaliana foana no tsapan'izy ireo ary ny hiditra ao amin'ny fanekempihavanana miaraka amin'ny Andriamanitr'izy ireo foana no faniriany.[21]

Rehefa manaraka io lalan'ny fanekempihavanana voatendrin' Andriamanitra io isika, dia hanome tanjaka antsika "hi[tàna ny] anara[ny] ho voasoratra mandrakariva ao ampon[tsika]"[22] ny fanolorantenantsika sy ny ezaka ataontsika mba hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy. Ho tia an' Andriamanitra sy ireo namantsika isika ary hahatsapa faniriana hanompo azy




ireny. Hitandrina ireo didiny isika ary hikiry ny ho hanakaiky Azy amin'ny alalan'ny fidirana ao anatin'ny fanekempihavanana fanampiny miaraka Aminy. Ary rehefa malemy isika ka tsy afaka manao asa araka ireo faniriana tsara ananantsika dia hitalaho ilay tanjaka izay tonga amin'ny anarany ihany isika ary Izy dia ho avy hanampy antsika. Ary rehefa maharitra am-pahatokiana isika dia ho avy ny andro iray izay hahitantsika Azy sy hiarahantsika Aminy, dia ho hitantsika fa nanjary lasa toa Azy isika, ary mendrika ny hiverina eo anatrehan'ny Ray noho izany.

Fa azo antoka ilay fampanantenan'ny Mpamonjy hoe: ireo izay "mino ny anaran' i Jesoa Kristy ary mitsaoka ny Ray amin' ny anarany sy maharitra amin' ny finoana ny anarany hatramin' ny farany"[23] dia hovonjena ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Mifaly miaraka aminareo aho natao tanteraka ireo fitahiana tsy manam-paharoa ireo amin'ny alalan'ny fiitondrantsika ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika, izay ijoroako ho vavolombelona ny Aminy sy amin'ny anarany, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Mosesy 5:8.
2. Môsià 3:17.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:23.
4. Dallin H. Oaks, "Taking upon Us the Name of Jesus Christ," *Ensign*, Mey 1985, 82.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:24; nampiana fanamafisana.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37nampiana fanamafisana.
7. Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Mitondra eo amintsika ny anaran'ny Mpamonjy antsika isika rehefa lasa

mpikamban' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany. . . . Amin'ny maha-tena mpino an'i Kristy antsika, amin'ny maha-Kristiana antsika, dia nandray tamim-pifaliana ny anarany teo amintsika isika" ("Taking upon Us the Name of Jesus Christ," 80).
8. Ny rakibokana Merriam-Webster en ligne dia mitanisa famaritana samy hafa 20 isa an'ilay matoantenin'ny mpanao *mitondra* izay endrika ampiasana ilay matoanteny ao amin'ilay fehezan-teny hoe "mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika" (jereo ny merriam-webster.com/dictionary/take).
9. Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Prophets, Leadership, and Divine Law" (worldwide devotional for young adults, Jan. 8, 2017), broadcasts.lds.org.
10. Jereo ny Russell M. Nelson, "Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?" *Liahona,* nôv. 2017, 60–63.
11. Môsià 18:9.
12. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), Hopeofisrael.lds.org.
13. "Ny Tompo dia nampahafantatra ahy ny lanjan'ny anarana izay nomeny ho an'ny Fiangonany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany. Manana asa isika manoloana antsika amin'ny fampanarahana ny tenantsika amin'ny sitrapony" (Russell M. Nelson, "The Name of the Church" [fanambarana ofisialy, 16 aog. 2018], mormonnewsroom.org).
14. Jereo ny Môrônia 7:19.
15. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* 2018, 7.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77; nampiana fanamafisana.
17. 3 Nefia 9:14; jereo koa ny Almà 5:33–34.
18. Jereo ny 2 Nefia 1:15.
19. "Rehefa mijoro ho vavolombelona ny amin'ny *fahavononantsika* hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy isika dia manamafy ny fanolorantenantsika hanao ny zavatra rehetra azontsika atao mba hanatanterahana ny fiainana mandrakizay ao amin'ny fanjakan'ny Raintsika. Ambarantsika ny firotsahantsika, ny fahavononantsika hiezaka ny hahazo ny fisandratana ao amin'ny fanjakana selestialy. . . .
"... Tsy ny *hitondra* ny anarany eo amintsika no hijoroantsika ho vavolombelona fa ny hoe *vonona* hanao izany isika. Araka izany, ny tenivavolombelontsika dia mifandray amin'ny zava-mitranga amin'ny hoavy na toerana izay tsy vitan'ny tena ny fahatratrarana izany, fa miankina amin'ny fahefana na fanapahankevitry ny Mpamonjy izy tenany mihitsy" (Dallin H. Oaks, "Taking upon Us the Name of Jesus Christ," 82, 83).
20. "Rainay mandrakizay," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* lah. 35.
21. Jereo ny Môsià 5; 6; 18; 3 Nefia 19.
22. Môsià 5:12.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:29.



**Nataon'ny Loholona Dieter F. Uchtdorf**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Minoa, mitiava ary manaova asa

*Ny fanatratrarantsika izany fiainana be dia be izany dia tsy amin'ny alalan'ny fifantohana amin'izay zavatra ilaintsika manokana na ny zava-bitantsika manokana fa amin'ny alalan'ny fahatongavana ho mpianatr'i Jesoa Kristy marina, amin'ny alalan'ny fanarahana ny lalany sy ny firotsahana ao amin'ny asany.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, fahafahana tena mahafinaritra tokoa ny miaraka aminareo amin'ity fivoriana mahafinaritra amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany androany ity: mihaino hafatra avy amin'ny fitaomam-panahy, amboarampeo mahavariana ahitana misiônera misolo tena an'ireo misiônera an'arivony maro manerana izao tontolo izao, ireo zanatsika vavy sy lahy, ary indrindra fa ny firaisantsika ao anatin'ny finoantsika izao anio izao, mba hanohana indray ny Filoha sy mpaminany malalantsika, dia ny Filoha Russell M. Nelson izany, sy ny



Fiadidiana Voalohany, ary ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana. Androm-pifaliana tokoa ny miaraka aminareo eto androany.

Ny mpanjaka Solomona fahiny dia iray amin'ireo olombelona hita taratra fa faran'izay nahita fahombiazana teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.[1] Toa nanana ny zavatra rehetra izy—vola, fahefana, dera, voninahitra. Saingy taorian'ny taona maro niainana tao anatin'ny fanaovana izay tian'ny tena sy ny zavatra lafo vidy, dia ahoana no namintinan'ny Mpanjaka Solomona ny fiainany?

"Zava-poana ny zavatra rehetra,"[2] hoy izy.

Izany lehilahy nanana izay rehetra notadiaviny izany dia lasa diso fanantenana, sy nihevitra ny zavatra rehetra ho ratsy ary tsy nanam-pifaliana, na dia teo aza ireo tombontsoa rehetra nananany.[3]

Misy teny iray hoe *Weltschmerz* amin'ny teny Alema. Izy io dia faritana tsotsotra ho toy ny alahelo tonga avy amin'ny fieritreretana lava ny fahambanian'izao tontolo izao raha oharina amin'ny tokony ho izy.

Mety ahitana *Weltschmerz* kely ao anatintsika rehetra.

Rehefa mandady mangina eo amin'ny fiainantsika ny alahelo, rehefa mandifotra ireo androntsika sy manamaizinkitroka ny alintsika ny alahelo, rehefa mitranga ao amin'ny tontolontsika sy ao amin'ny fiainan'ireo olona tiantsika ny zava-doza sy ny tsy rariny, rehefa mandia ilay lalana feno vitan-dratsy izay an'ny tenantsika manokana ary manirery isika, ary manamaizina ny fahatoniantsika sy manimba ny filaminantsika ny fanaintainana, dia alaim-panahy hitovy hevitra amin'i Solomona isika fa zava-poana ny fiainana ary tsy misy lanjany.



#### Ilay fanantenana lehibe

Ny vaovao mahafaly dia misy ny fanantenana. Misy ny vahaolana ho an'ny fahabangana sy ny zava-poana ary ny *Weltschmerz* miseho eo amin'ny fiainana. Misy ny vahaolana na dia ho an'ny fahaverezan'ny fanantenana ary ny fahakiviana tena lalina izay mety ho tsapanao aza.

Io fanantenana io dia hita ao anatin'ilay hery manova avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary ao anatin'ilay hery manavotry ny Mpamonjy mba hanasitrana ny aretin'ny fanahintsika.

"Izaho avy" hoy i Jesoa "mba hanananany fiainana, sady hanananany be dia be."[4]

Ny fanatratrarantsika izany fiainana be dia be izany dia tsy amin'ny alalan'ny fifantohana amin'izay zavatra ilaintsika manokana na ny zava-bitantsika manokana fa amin'ny alalan'ny fahatongavana ho mpianatr'i Jesoa Kristy marina, amin'ny alalan'ny fanarahana ny lalany sy ny firotsahana ao amin'ny asany. Mahita ilay fiainana [feno amby ampy] isika amin'ny alalan'ny fanadinoantsika ny tenantsika sy ny fandraisantsika anjara amin'ilay tanjona lehiben'i Kristy.

Ary inona no tanjon'i Kristy? Ny hino Azy sy hitia tahaka ny nitiavany ary ny hanao tahaka ny nataony.

"Nandehandeha nanao soa"[5] i Jesoa. Nandeha teny anivon'ny mahantra, ny nailika, ny marary sy ny mangaihay Izy. Nanompo ny trotraka sy ny osa ary ny tsy mana-namana Izy. Nanokana fotoana niarahana tamin'izy ireo Izy. Niresaka tamin'izy ireo Izy. "Dia nositraniny avokoa izy rehetra."[6]

Nampianatra ny "vaovao mahafalin'ny"[7] filazantsara ny Mpamonjy, na taiza na taiza nalehany. Nizara fahamarinana mandrakizay Izy izay manafaka ny olona ara-panahy ary koa ara-batana.

Ireo izay manolo-tena amin'izany tanjona izany dia hahita ny fahamarinan'ilay fampanantenan'ny Mpamonjy hoe: "Na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany."[8]

Diso i Solomona ry rahalahy sy ranabavy. Tsy "zava-poana" ny fiainana. Fa feno tanjona sy misy lanjany ary feno fiadanana aza izany.

Mitsotra ho an'ireo rehetra izay mitady Azy ireo tanana manasitran'i Jesoa Kristy. Lasa nahafantatra tsy misy fisalasalana aho fa ny finoana dia fitiavana an' Andriamanitra ary ny fiezahana manaraka Azy dia afaka manova ny fontsika,[9] sy manalefaka ny fanaintainantsika, ary mameno ny fanahintsika amin'ny "fifaliana mitafotafo."[10]

#### Minoa, mitiava ary manaova asa

Mazava ho azy fa tsy maintsy manao zavatra bebe kokoa noho ny fahatakarana an-tsaina tsotra fotsiny ny filazantsara isika mba hitondran'izany fanasitranana eo amin'ny fiainantsika. Tsy maintsy ampidirintsika ao amin'ny fiainantsika izany. Ampidirina ao anatin'ilay mandrafitra ny maha-izy antsika sy ny zavatra ataontsika.

Mamelà ahy hanolotra hevitra hoe manomboka amin'ny teny tsotra anankitelo ny maha-mpianatra:

*Minoa, mitiava,* ary *manaova asa.*

Mitondra any amin'ny finoana an' Andriamanitra sy ny fananana fahatokiana ny teniny ny mino an' Andriamanitra. Ny finoana dia mahatonga ny fontsika hitombo fitiavana an' Andriamanitra sy ny hafa. Rehefa mitombo izany fitiavana izany dia misy mandrisika antsika haka tahaka ny Mpamonjy sy hanomboka ilay diantsika mahafinaritra eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra.

"Saingy" hoy ianao hoe: "Toa tsotsorina izy izany. Ireo olana eo amin'ny fiainana, mety ho ny olako, dia tena sarotra loatra ka tsy ho voavahan'ny vahaolana tsotra toy izany. Tsy afaka manasitrana ny *Weltschmerz* amin'ny alalan'ny teny tsotra anankitelo ianao: *Minoa, mitiava, manaova asa."*

Tsy ny oha-pitenenana akory no manasitrana. Ny fitiavan' Andriamanitra no mamonjy sy mamerina amin'ny laoniny ary mamelona indray.

Fantatr' Andriamanitra ianao. Zanany ianao. Tia anao Izy.

Na dia mahatsapa aza ianao fa tsy mendrika ny ho tiavina dia manolotanana anao izy.

Amin'ity anio ity, isan'andro, dia manolo-tanana anao Izy. Maniry ny hanasitrana anao sy hampitraka anao ary hanolo ilay fahabangana ao amponao amin'ny fifaliana maharitra Izy. Maniry ny hanala izay mety ho haizina manarona ny fiainanao Izy ary hameno izany amin'ny hazavan'ny voninahiny tsy manam-petra izay masina sy mamiratra.

Efa niainako izany zavatra izany.

Ary mijoro ho vavolombelona aho amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo ahy fa izay rehetra manatona an' Andriamanitra, izay rehetra tena *mino* sy mitia ary *manao asa* dia afaka miaina izany koa.

#### Mino isika

Ny soratra masina dia mampianatra antsika fa "raha tsy amin'ny finoana dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka amin' [Andriamanitra]; fa izay manatona an' Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy izy."[11]

Ho an'ny sasany dia sarotra ny hoe mino. Sakantsakanan'ny avonavona

izany indraindray. Angamba mieritreritra isika fa noho isika marani-tsaina, na nahita fianarana, na manana traikefa dia tsy afaka tsotra izao ny hino an' Andriamanitra. Ary manomboka mandray ny finoana ho toy ny fomba fanao adaladala isika.[12]

Raha araka ny zavatra niainako, ny hoe mino dia tsy toy ny sary hosodoko iray izay jerentsika sy ankafizintsika ary ifanakalozantsika hevitra sy hamoronantsika foto-pisainana. Fa tahaka ny angadin'omby entitsika eny an-tsaha izany ary amin'ny alalan'ny hatsembohan'ny tavantsika dia mahaforona soribainga eo amin'ny tany isika izay mandray voa ary mitondra vokatra izay hitoetra eo.[13]

Manatòna an' Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy.[14] Izany no fampanantenana ho an'ireo rehetra izay mikatsaka ny hino.

#### Mitia isika

Ny soratra masina dia manambara fa arakaraka ny hitiavantsika bebe kokoa no hahafaly antsika bebe kokoa.[15] Ilay fitiavana resahan'i Jesoa anefa dia tsy karatra fanomezana izay ahafahana miantsena, na zavatra ariana rehefa avy nampiasaina kely, na fitiavana fantarina fotsiny dia soloina zavatra hafa indray. Tsy fitiavana resahina izany dia avy eo hadinoina. Tsy karazana fitiavana manao an'ilay hoe "lazao aho raha misy zavatra azoko atao" izany.

Ilay karazana fitiavana resahan' Andriamanitra dia ilay fitiavana izay miditra ao am-pontsika rehefa mifoha isika amin'ny maraina, sy mijanona miaraka amintsika mandritra ny andro iray manontolo ary mitombo ao am-pontsika rehefa manao vavaka fankasitrahana isika any amin'ny fiafaran'ny andro.

Izany ilay fitiavana tsy hay faritana atolotr' Andriamanitra ho antsika.

Izany fangorahana tsy misy fetra izany no manome fahafahana antsika mba hahita mazava kokoa ny hafa araka ny maha-izy azy. Amin'ny alalan'ny mason'ny fitiavana madio isika dia mahita olona tsy mety maty izay manana hery anaty sy lanja tsy manam-petra ary zanakalahy sy zanakavavin'ilay Andriamanitra Tsitoha.

Raha vao amin'ny alalan'izany maso izany no ijerentsika dia tsy afaka ny hanambany na hankahala na hanavakavaka na iza na iza isika.

#### Manao asa isika

Ao anatin'ny asan'ny Mpamonjy, dia matetika "amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe."[16]

Fantatsika fa ny fampiharana miverimberina no takiana mba hahaizana zavatra. Na eo amin'ny filalaovana kilarinety izany, na fandakana baolina hiditra ny harato, na fanamboarana fiara iray, na fanamoriana fiaramanidina, dia amin'ny alalan'ny fampiharana ihany no ahafahantsika mivoatra hatrany hatrany.[17]

Ilay rafitra naorin'ny Mpamonjy tety an-tany, Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manampy antsika hanao izany mihitsy. Manolotra toerana iray mba hampiharana ny fiainana araka ny fomba nampianariny sy hitahiana ny hafa araka ny nanaovany Azy izany.

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia omena antso sy andraikitra ary fahafahana isika mba hanolo-tanana amin'ny alalan'ny fangorahana sy ny fanompoana ny hafa.

Vao haingana ny Fiangonana no nametraka zavatra imasoana iray izay nohavaozina, mikasika ny fanompoana ny hafa, na ny fitiavana ny hafa. Fandinihina lalina no natao mba hamaritana ny tokony hiantsoana izany zavatra imasoana manokana izany.

Ny iray tamin'ireo anarana neritreretina dia ny hoe *mpamahana ondry,* [berger amin'ny teny Frantsay], izay tena mahalaza tsara ilay fanasan'ny Tompo hoe: "Fahano ary ny ondrikeliko."[18]



Misy indro kely anefa izany. Ny fampiasana io teny io dia mety hahatonga ahy ho *Berger Allemand izay anaran'alika.* Noho izany, faly ihany aho amin'ilay teny hoe *fanompoana.*

#### Natao ho an'ny rehetra ity asa ity

Mazava ho azy fa tsy vaovao ity zavatra imasoana ity. Izany dia fanomezana fahafahana nohavaozina sy nohatsaraina ho antsika mba hampiharana ilay didin'ny Mpamonjy "hifankatia"[19] izay fomba iray nohatsaraina kokoa mba hampiharana ny tanjon'ny Fiangonana.

Eritrereto kely ny momba ny asa fitoriana. Ny olona be herim-po sy ny manetry tena ary matoky tena hizara ny filazantsara dia ohatra tena tsara maneho ny fanaovana asa fanompoana manoloana ny filàna ara-panahin'ny hafa, na iza na iza izy ireo.

Na ny fanaovana asa any amin'ny tempoly, ka mikaroka ireo anaran'ireo razambentsika sy manolotra azy ireo ireo fitahian'ny mandrakizay. Tena fomba masina iray hanompoana izany.

Eritrereto ny fitadiavana ny mahantra sy ny sahirana, ny fampakarana ny tanana izay miraviravy, na ny fitahiana ny marary sy ny ory. Moa ve ireny tsy ireo asa fanompoana madio nataon'ny Tompo mihitsy fony Izy tety an-tany?

Raha toa ianao ka tsy mpikamban'ny Fiangonana, dia manasa anao aho hoe "avia fa ho hita[nao]."[20] Andao hiaraka aminay. Raha toa ianao ka mpikamban'ny Fiangonana kanefa tsy mandray anjara mavitrika amin'izao fotoana izao, dia miangavy aho hoe miverena. Mila anao izahay!

Avia, ary atambaro amin'ny herinay ny herinao.

Noho ireo talenta sy fahaiza-manao ary ny maha-izy azy anao dia hanampy anay ianao ho lasa tsara kokoa sy faly kokoa. Ho valin'izany dia hanampy anao koa izahay ho lasa olona tsara kokoa sy ho faly kokoa.

Avia, ampio izahay hanorina sy hanamafy orina kolontsaina manolotra fanasitranana sy hatsaram-panahy ary famindrampo amin'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Fa miezaka isika rehetra ny hanana fiainana vaovao izay "efa lasana ny zavatra taloha" ary "efa vaovao . . . ny zava-drehetra."[21] Mampiseho antsika ny lalana tokony haleha

ny Mpamonjy, izay mandroso ary miakatra. Hoy Izy hoe: "Raha tia ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko."[22] Ndeha isika rehetra hiara-hiasa mba hahatonga antsika ho lasa ilay olona tian' Andriamanitra hahatongavantsika.

Izany no karazana kolontsain'ny filazantsara tianay hovolena manerana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Mikatsaka ny hanamafisana ny Fiangonana ho toerana hifamelan'ny tsirairay isika. Toerana izay hanoheranay ny fakam-panahy hitsikera, hifosa, ary hanafintohina ny hafa. Toerana izay hifanohananay sy hifanampianay mba ho lasa olona tena tsara araka izay tratranay, fa tsy toerana hifantohana amin'ireo fahalemena.

Mamelà ahy hanasa anao indray. Avia fa ho hitanao. Miaraha aminay. Mila anareo izahay.



### Olona tsy lavorary

Ho hitanao fa ity Fiangonana ity dia feno amin'ny sasany amin'ireo olona tsara indrindra azon'izao tontolo izao atolotra. Mandray tsara izy ireo, feno fitiavana, tsara fanahy ary mahitsy fo aman-tsaina. Olona miasa mafy izy ireo, vonona ny hahafoy tena, ary be herim-po mihitsy aza indraindray.

Ary indrisy anefa, fa tsy lavorary koa izy ireo.

Manao fahadisoana izy ireo.

Indraindray izy ireo milaza zavatra tsy tokony holazain'izy ireo. Manao zavatra izay nirin'izy ireo mba tsy ho natao izy ireo.

Saingy ity no zavatra iraisan'izy rehetra: maniry ny hivoatra sy hanakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika izy ireo.

Miezaka ny manao zavatra araka ny tokony ho izy izy ireo.

*Mino* izy ireo. *Mitia* izy ireo. *Manao asa* izy ireo.

Maniry ny tsy ho tia tena sy maniry ny hangoraka bebe kokoa ary ho tsara kokoa sy hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa izy ireo.

### Ny drafitra hahazoana fifaliana

Marina fa sarotra ny fiainana indraindray. Azo antoka fa samy manana ny fotoana iainany alahelo sy hakiviana isika rehetra.

Kanefa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manome fanantenana. Ary ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy isika dia miaraka amin'ireo olona hafa izay mitady toerana izay ahatsapantsika ho toy ny any an-trano, toerana iray hivoarana izay ahafahantsika miaraka *mino, mitia,* ary *manao asa*.

Na dia eo aza ireo fahasamihafantsika dia mikatsaka ny hifanohana isika amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra malala antsika.

Feno fankasitrahana lalina aho amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ahy sy noho ny fahafantarako fa tia ny zanany tokoa Andriamanitra ka nomeny drafitra hahazoana fahasambarana sy zava-manan-danja eo amin'ny fiainana izy ireo ary fomba iray hiainana fifaliana mandrakizay ao anatin'ireo efi-boninahitra any amin'ny fiainana ho avy.

Feno fankasitrahana aho fa nomen' Andriamanitra fomba iray hanasitranana ireo aretin'ny fanahy sy ny *Weltschmerz* miseho eo amin'ny fiainana.

Mijoro ho vavolombelona aho ary mamela ny tsodranoko eo aminareo, fa rehefa *mino* an' Andriamanitra isika, rehefa *mitia* Azy sy *mitia* ireo zanany rehetra ary miezaka ny *manao asa* araka ny torolalana nomen' Andriamanitra antsika, dia hahita fahasitranana, fiadanana sy fifaliana ary fisiana lanjany isika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ny valim-panadihadiana iray tao amin'ny msn.com dia nandahatra an'i Solomona ho olona fahadimy faran'izay nanan-karena indrindra niaina teto an-tany. "Araka ny Baiboly dia nanjaka nanomboka tamin'ny 970 taona talohan'i Kristy hatramin'ny 931 taona talohan'i Kristy ny Mpanjaka Solomona, ary nandritra izany fotoana izany dia voalaza fa nahazo volamena 25 taonina isan-taona nandritra ny 39 taona nanjakany izy, izay efa ho an'arivorivo tapitrisa dôlara eo raha tamin'ny taona 2016. Miaraka amin'ireo harena mahatalanjona izay voahangony tamin'ny alalan'ny hetra sy ny varotra dia mety nihoatra ny 2 lavitrisa dôlara amin'ny vola amin'izao fotoana izao ny harena manokan'ity mpitarika tao amin'ny baiboly ity" ("The 20 Richest People of All Time," Apr. 25, 2017, msn.com).
2. Jereo ny Mpitoriteny 1:1–2.
3. Jereo ny Mpitoriteny 2:17.
4. Jaona 10:10.
5. Asan'ny Apôstôly 10:38.
6. Matio 12:15; jereo koa ny Matio 15:30.
7. Ny teny hoe *gospel* (filazantsara) dia avy amin'ny teny Grika iray izay midika arabakiteny hoe "vaovao mahafaly" (jereo ny Bible Dictionary, "Gospels").
8. Matio 16:25.
9. Jereo ny Ezekiela 36:26; Jeremia 24:7.
10. 1 Nefia 8:12.
11. Hebreo 11:6.
12. Jereo ny 2 Nefia 9:28.
13. Jereo ny Jaona 18:10
14. Jereo ny Jakoba 4:8.
15. Jereo ny 4 Nefia 1:15–16.
16. Almà 37:6.
17. I Aristote dia nino fa "amin'ny alalan'ny fanaovana asa tsara no hipoiran'ny olomarina" (*The Nicomachean Ethics,* trans. David Ross, rev. Lesley Brown [2009], 28).
18. Jereo ny Jaona 21:15–17.
19. Jaona 15:12.
20. Jaona 1:39.
21. 2 Korintiana 5:17.
22. Jaona 14:15.



**Nataon'i Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga maneran-tany

# Ho Azy

*Ny fahafantarana ny hoe iza sy ny nahoana rehefa manompo ny hafa dia manampy antsika hahatakatra fa ny fanehoana fitiavana lehibe indrindra dia ny fanolorantena ho an' Andriamanitra.*

Amin'izao takariva manan-tantara izao aho dia maneho ny fitiavako sy ny fankasitrahako anareo tsirairay avy ry rahavaviko malala isany. Na firy na firy ny taonantsika, na aiza na aiza ny toerana na toe-javatra misy antsika, dia tafangona isika amin'izao takariva izao anaty firaisan-kina sy hery sy tanjona ary fijoroana ho vavolombelona fa ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika ary ny Filoha Russell M. Nelson mpaminanintsika velona dia mitia sy mitarika antsika.

Fony mpivady vao herotrerony izaho sy ny vadiko dia nantsoin'ny evekanay izahay hamangy sy hanompo fianakaviana iray izay tsy tonga nivavaka nandritra ny taona maro. Nanaiky am-pahazotoana ilay iraka izahay ary nankany an-tranon'izy ireo andro vitsivitsy taty aoriana. Avy hatrany dia nazava taminay fa tsy te handray mpamangy avy amin'ny Fiangonana izy ireo.

Noho izany tamin'ny famangianay manaraka dia nitondranay biscuit iray lovia ry zareo, ary natoky tena fa hampitsonika ny fon'izy ireo ny sôkôlà mikarepoka izay nentinay. Tsy nambabo fo ilay izy. Tao ambadiky ny varavarana fitarafana no niresahan'izy mivady taminay, izay nahatonga ho mazava tsara kokoa fa tsy ankasitrahana ny fahatongavanay. Kanefa rehefa teny an-dalana nody izahay dia tena nahazo antoka hoe mety ho nahomby raha toa ka ilay karazana biscuits misy poa-bary mikarepoka no nomenay azy ireo.

Ny tsy fanananay fijery ara-panahy ampy dia nahatonga ireo ezaka fanampiny izay tsy nahomby ho lasa nahasorena. Tsy mampahazo aina velively ny mahazo fandavana. Rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka nanontany tena izahay hoe "*Nahoana* isika no manao izao zavatra izao? Inona no tanjontsika?"

Nanao izao fanamarihana izao ny Loholona Carl B. Cook: "Ny fanompoana ato am-piangonana . . . dia mety ho sarotra rehefa angatahina hanao zavatra izay mampatahotra antsika isika, na rehefa sasatry ny manompo isika, na rehefa voantso hanao zavatra izay tsy hitantsika ho manintona am-boalohany isika."[1] Niainanay ny fahamarinan'ny teny nataon'ny Loholona Cook rehefa nanapa-kevitra izahay fa tokony hikatsaka fitarihana avy amin'Ilay manana fomba fijery lehibe kokoa noho ny anay.

Noho izany, taorian'ny vavaka sy fandalinana tamin-kitsim-po maro dia nahazo ny valin'ilay hoe *nahoana* no nanao ilay asa fanompoana izahay. Nisy fiovana ny fahatakaranay, nisy fiovampo, izay traikefa nitondra fanambarana tokoa.[2] Rehefa nikatsaka fitarihana tao amin'ny soratra masina izahay, dia nampianarin'ny Tompo anay ny fomba hanamorana sy hampisiana lanja kokoa ny fanompoana ny hafa. Ity ilay andininy novakinay izay sady nanova ny fanirianay no nanova ny fomba nentinay nanompo: "Ho tia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra, amin'ny herinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny tanjakao rehetra ianao; ary *hanompo Azy* amin' ny anaran'i Jesoa Kristy."[3] Na dia efa fantatray aza io andininy io, dia toa niteny taminay tamin'ny fomba hafa sy manan-danja.

Tsapanay fa tena niezaka ny hanompo io fianakaviana io sy ny evekanay izahay kanefa nila nanontany tena izahay hoe moa ve izahay tena nanompo noho ny fitiavana ny Tompo. Navahan'ny Mpanjaka Benjamina mazava tsara izany rehefa nilaza izy hoe: "Indro, lazaiko aminareo, satria nolazaiko taminareo fa efa nandany ny androko tamin'ny fanompoana anareo aho, dia tsy noho izaho maniry ny hirehareha, satria *izaho dia tsy nanao afa-tsy ny nanompo an'Andriamanitra*."[4]

Koa iza ary no tena notompoin'ny Mpanjaka Benjamina? Ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy. Ny fahafantarana ny *iza* sy ny *nahoana* rehefa manompo ny hafa dia manampy antsika hahatakatra fa ny fanehoana fitiavana lehibe indrindra dia ny fanoloran-tena ho an' Andriamanitra.

Rehefa niova niandalana ny zavatra nifantohanay dia niova ihany koa ny vavaka nataonay. Nanomboka niandrandra ny fotoana hamangianay io fianakaviana malala io izahay noho ny fitiavanay ny Tompo.[5] Ho Azy no nanaovanay izany. Novainy ho tsy zava-manahirana intsony ilay zava-nanahirana. Rehefa avy nijoro teo antokonam-baravarana am-bolana maro izahay, dia nanomboka nampiditra anay an-trano ilay fianakaviana. Nony farany dia niara-nivavaka sy nifampiresaka tsy tapaka momba ny filazantsara izahay. Nisy finamanana maharitra nivelatra. Nitsaoka sy nitia Azy izahay tamin'ny alalan'ny fitiavanay ireo zanany.

Tadidinao ve ny fotoana iray izay nanoloranao tanana am-pitiavana omban'ny ezaka tamin-kitsim-po mba hanampy olona iray izay nila fanampiana ka nahatsapanao fa ireo ezaka nataonao dia tsy nisy nahatsikaritra na koa angamba hoe tsy nankasitrahana na tsy nilaina mihitsy aza? Tamin'ny

fotoana nitrangan'izany, moa ve ianao nametra-panontaniana ny amin'ny lanjan'ny fanompoana nataonao? Raha izay no izy dia aoka ireo tenin'ny Mpanjaka Benjamina hanolo ny ahiahinao, eny ny fanaintainanao mihitsy aza: "Tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."[6]

Afaka manorina fifandraisana amin'ny Raintsika any An-danitra izay tonga lafatra kokoa isika amin'ny alalan'ny fanompoana fa tsy manorina lolom-po. Ny fitiavantsika sy ny fanolorantenantsika ho Azy dia manaisotra ilay filana fankasitrahana na fisaorana ary mamela ny fitiavany hikoriana ao amintsika sy amin'ny alalantsika.

Indraindray isika any am-boalohany no mety manompo noho ny fahatsapana adidy na andraikitra, kanefa na izany fanompoana izany aza dia afaka mitaona antsika hampiasa zavatra avo kokoa ao anatintsika, izay mahatonga antsika hanompo "amin'ny fomba tsaratsara kokoa"[7], toy ilay voalaza ao amin'ny fanasana nataon'ny Filoha Nelson mba hampihatra "fomba iray vaovao kokoa sy masina kokoa hikarakarana sy hanompoana ny hafa."[8]

Rehefa mifantoka amin'ny zavadrehetra nataon' Andriamanitra ho antsika isika, ny fanompoana izay ataontsika dia hikoriana avy ao am-po feno fankasitrahana. Rehefa tsy mieritreritra ny tombontsoa azo avy amin'ny fanompoana ataontsika isika dia hahita kosa fa ny tena ivon'ny fanompoantsika dia ny mametraka an' Andriamanitra ho lohalaharana.[9]

Nampianatra ny Filoha M. Russell Ballard hoe: "Rehefa tia an' Andriamanitra sy i Kristy amin'ny fontsika sy ny fanahintsika ary ny saintsika rehetra ihany isika vao afaka mizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika amin'ny alalan'ny fihetsika feno hatsaram-panahy sy ny asa fanompoana."[10]

Ny didy voalohany amin'ireo Didy Folo dia mamerina izao fahendrena avy amin' Andriamanitra izao: "Izaho no Jehovah Andriamanitrao. . . . Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany."[11] Ny fipetrak'io didy io dia manampy antsika hahatakatra fa *raha* apetrantsika ho lohalaharana fototra Izy, dia hahazo ny anjara toerana ho azy ny zavatra hafa rehetra, eny fa na ny fanompoantsika ny hafa aza. Rehefa Izy no manan-toerana lehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika amin'ny alalan'ny safidy malalaka ataontsika dia afaka ny hitahy ny asantsika Izy mba hahasoa antsika sy hahasoa ny hafa.

Nanoro antsika ny Tompo hoe: "Banjino Aho amin'ny eritreritra rehetra."[12] Ary isan-kerinandro isika dia manao fanekempihavanana mba hanao izany mihitsy, dia ny mba "hahatsiaro Azy mandrakariva."[13] Moa ve izany fifantohana amin' Andriamanitra izany mihatra amin'ny zavatra rehetra ataontsika? Moa ve ny fanaovana na dia ny raharaha madinika aza afaka ny ho tonga fahafahana mampiseho ny fitiavantsika sy ny fanolorantenantsika ho Azy? Mino aho fa azo atao ary ho izany tokoa.

Azontsika atao ho fomba hankalazana Azy ny tsirairay amin'ny zavatra rehetra mila ataontsika. Azontsika raisina ho tombontsoa sy fahafahana hanompo Azy ny asa tsirairay, eny fa na eo ampanenjehana fe-potoana famitana asa na adidy na eo anatrehan'ny tatin-jaza maloto aza isika.

Araka ny nolazain'i Amôna hoe: "Eny, fantatro fa tsinontsinona aho; raha ny heriko dia malemy aho; koa tsy hirehareha ny amin'ny tenako aho, fa hirehareha kosa ny amin' Andriamanitro, fa amin'ny heriny no ahafahako manao ny zava-drehetra."[14]

Rehefa lasa lohalaharana fototra eo amin'ny fiainantsika ny fanompoana an' Andriamanitsika, dia hahafoy tena isika, ary amin'ny farany, dia ho hitantsika ny maha-izy azy antsika.[15]

Nampianatra izao fitsipika izao tamin'ny fomba tsotra sy mivantana ny Mpamonjy hoe: "Koa aoka ny fahazavanareo hamiratra eo anoloan'ity vahoaka ity mba hahazoany mahita ny asa soanareo sy *hankalazany ny Rainareo* izay any an-danitra."[16]

Mamelà ahy ianareo hizara teny feno fahendrena izay hita teo amin'ny rindrin'ny fitaizana zaza kamboty iray any Calcutta, any Inde, manao hoe: "Raha tsara fanahy ianao, dia mety ho endrikendrehin'ny olona hoe tia tena sy manana hevitra ambadika. Aoka ho tsara fanahy foana ihany. Ny zavatra izay nandanianao taona maro ny nanorenana azy, dia mety ho ravain'ny olona anatin'ny indray alina.



Manorena foana ihany. Ny soa ataonao anio, dia matetika ho adinon'ny olona rahampitso. Manaova soa foana ihany. Manomeza ny tsara indrindra anananao ho an'izao tontolo izao, ary mety tsy ho ampy mihitsy izany. Manomeza ny tsara indrindra anananao foana ihany. Hitanao fa amin'ny farany ny manan-danja dia ny fifandraisanao amin' Andriamanitra . . . foana ihany."[17]

Ry Rahavavy isany, ny manan-danja mandrakariva dia ny fifandraisantsika amin'ny Tompo. Araka ny nolazain'ny Filoha James E. Faust hoe: "'Inona no zavatra tena ilaina indrindra eo amin'izao tontolo izao?' . . . 'Moa ve ny zavatra tena ilaina indrindra eo amin'izao tontolo izao ho an'ny olona tsirairay tsy ny hanana fifandraisan'ny tena manokana, mitohy isan'andro tsy tapaka amin'ny Mpamonjy?' Ny fananana ny fifandraisana toy izany dia afaka mamaha ny toetra araka an' Andriamanitra izay ao anatintsika, ary tsy misy zavatra afaka mitondra fiovana lehibe kokoa eo amin'ny fiainantsika rehefa fantatsika sy takatsika ny fifandraisana masina misy eo amintsika sy Andriamanitra."[18]

Mitovy amin'izany ihany, i Almà dia nanazava tamin'ny zanany lahy hoe: "Eny, aoka ny ataonao rehetra mba ho an'ny Tompo, ary na aiza na aiza alehanao, aoka mba ho ao amin'ny Tompo izany; eny, aoka ny eritreritrao rehetra hafantoka amin'ny Tompo; eny, aoka ny fitiavan'ny fonao hapetraka amin'ny Tompo mandrakizay."[19]

Ary ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra antsika toy izany ihany koa manao hoe: "Rehefa takatsika ilay Sorompanavotana nataony an-tsitrapo, izay mety ho fahatsapana fahafoizantena avy amintsika dia ho lasa takon'ny fankasitrahana lalina

noho ny tombontsoa ananantsika mba hanompo Azy."[20]

Ry Rahavavy isany, mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa miasa *amintsika* sy ao *anatintsika* i Jesoa Kristy, amin'ny alalan'ny Sorompanavotany, dia manomboka miasa *amin'ny alalantsika* Izy mba hitahiana ny hafa. Manompo azy ireo isika, kanefa amin'ny alalan'ny fitiavana sy fanompoana Azy no hanaovantsika izany. Isika dia lasa toy izay voafaritry ny soratra masina hoe: "Ny lehilahy [sy ny vehivavy] tsirairay mikatsaka ny tombontsoan'ny namany sy hanao ny zava-drehetra amin'ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra."[21]

Angamba ilay evekanay nahafantatra hoe izany no lesona hianaranay mivady avy amin'ireo ezaka feno fikasana tsara kanefa tsy tonga lafatra izay nataonay mba hanompoana ireo zanakalahy sy zanakavavy malalan' Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho, avy amin'ny tenako manokana ary ananako antoka, ny amin'ny fahatsarana sy ny fitiavana izay zarain'ny Tompo amintsika rehefa miezaka ny manao fanompoana ho Azy isika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Carl B. Cook, "Manompoa," *Liahona,* Nôv. 2016, 110.
2. Jereo ny Môsià 5:2.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5; nampiana fanamafisana.
4. Môsià 2:16; nampiana fanamafisana.
5. Jereo ny 1 Nefia 11:22.
6. Môsià 2:17.
7. 1 Korintiana 12:31.
8. Russell M. Nelson, "Manompo," *Liahona,* mey 2018, 100.
9. Jereo ny Matio 6:1–4, 33.
10. M. Russell Ballard, "Mahita fifaliana anatin'ny asa fanompoana feno fitiavana," *Liahona,* mey 2011, 46.
11. Eksodosy 20:2–3.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79.
14. Almà 26:12.
15. Jereo ny Matio 16:24–25.
16. 3 Nefia 12:16; nampiana fanamafisana.
17. Matetika ho voatondro fa nataon'i Mère Teresa, jereo, Kent M. Keith, *The Paradoxical Commandments* (1968).
18. James E. Faust, "A Personal Relationship with the Savior," *Ensign,* nôv. 1976, 58.
19. Almà 37:36.
20. Russell M. Nelson, "The Atonement," *Liahona,* nôv. 1996, 35.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:19.





**Nataon'i Michelle D. Craig**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany


# Tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra

*Ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra dia afaka manosika antsika mba hanao asa amim-pinoana, hanaraka ireo fanasan'ny Mpamonjy mba hanao ny tsara, ary hanolotra ny fiainantsika amim-panetrentena ho Azy.*

Fony aho tany amin'ny sekoly fanabeazana fototra dia nody nandeha an-tongotra tamin'ny lalana vita amin'ny rarivato izay miolikolika mandroso sy miverina miakatra ny lafin'ny havoana iray izahay. Nisy ihany koa ny lalana iray hafa tsy vita amin'ny rarivato, izay nantsoina hoe "lalana falehan'ny ankizilahy." Ilay lalana falehan'ny ankizilahy dia lalana feno vovoka izay tonga dia manitsy miakatra any amin'ilay havoana. Fohy kokoa ilay izy saingy mideza kokoa. Fony aho ankizivavy dia fantatro fa vitako ny nandeha tamin'izay



lalana rehetra falehan'ireo ankizilahy. Fa ny zava-dehibe kokoa dia fantatro fa miaina amin'ny andro farany aho ka mila manao zavatra sarotra, tahaka ny nataon'ireo mpisava lalana, ary naniry ny ho vonona aho. Noho izany dia nandeha miadana taorian'ireo andiana namana teo amin'ilay lalana vita amin'ny rarivato aho tsindraindray, dia nanala ny kiraroko, ary nandeha tsy nikiraro teo amin'ny lalana falehan'ny ankizilahy. Niezaka nampatanjaka ny tongotro aho.

Fony aho ankizivavy tao amin'ny Kilonga dia izany no noheveriko fa zavatra azoko natao mba hiomanana. Fantatro ankehitriny fa tsy dia izay loatra no izy! Fantatro ankehitriny fa afaka manomana ny tongotro handeha amin'ny lalan'ny fanekempihavanana amin'ny fanarahana ireo fanasana avy amin'ny Fanahy Masina aho, fa tsy hoe mandeha tsy mikiraro miakatra ireo lalana amin'ny havoana iray. Satria ny Tompo, dia miantso antsika tsirairay avy amin'ny alalan'ny Mpaminaniny mba hiaina sy hiahy ny hafa "amin'ny fomba avo sy masina kokoa" ary "hanao dingana avoavo kokoa."[1]

Ireo antso avy amin'ny mpaminany mba hanao zavatra ireo, miaraka

amin'ny fahatsapana ao anaty fa afaka manao zavatra misimisy kokoa sy afaka ny ho tsaratsara kokoa isika, dia indraindray miteraka ilay nantsoin'ny Loholona Neal A. Maxwell hoe "tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra."[2] Tonga ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra rehefa ampitahaintsika ny hoe "iza isika [amin'ny hoe] manana hery ho *tonga* iza isika."[3] Isika tsirairay avy, raha toa ka marin-toetra, dia mahatsapa fa misy elanelana eo amin'ny hoe aiza no misy antsika ary iza isika, amin'ny hoe aiza ary iza no tiantsika hahatongavana. Maniry mafy hanana fahafaha-manao zavatra bebe kokoa ho an'ny tenantsika isika. Mahatsapa ireo zavatra ireo isika satria zanakavavy sy zanakalahin' Andriamanitra, teraka niaraka tamin'ny Fahazavan'i Kristy nefa miaina ao anatin'ny tontolo lavo iray. Avy amin' Andriamanitra ireo fahatsapana ireo ary miteraka hamehana hanao zavatra.

Tokony horaisintsika an-tanan-droa ny fahatsapana tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra izay miantso antsika handeha amin'ny lalana avoavo kokoa, no sady miezaka mamantatra sy misoroka ihany koa ny fahatsapana hosoka avy amin'i Satana, dia ny fahakiviana izay tsy mampandroso izany. Fahafahana iray hanararaotan'i Satana hamporisihana antsika hanana io fahatsapana io izany. Afaka misafidy ny handeha amin'ilay lalana avoavo kokoa izay mitarika antsika hikatsaka an' Andriamanitra sy ny fiadanany sy ny fahasoavany isika, na afaka mihaino an'i Satana isika, izay manafika antsika amin'ny alalan'ny hafatra milaza fa tsy ho afa-po izany mihitsy isika: tsy ho afa-po amin'ny harenantsika isika, tsy ho afa-po amin'ny fahaizantsika isika, tsy ho afa-po amin'ny fahatsarantsika isika, tsy ho afa-po amin'ny zava-drehetra isika. Ny tsy fahafaham-po tsapantsika dia afaka ny ho araka an' Andriamanitra, na mety hanimba.

#### Manao asa amim-pinoana

Ny fomba iray hamantarana ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra amin'ny tsy fahafaham-po hosoka tian'i Satana ananantsika dia ny hoe mitarika antsika amin'ny fanaovana asa amim-pahatokiana ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra. Ny tsy fahafaham-po



araka an' Andriamanitra dia tsy fanasana hijanona amin'izay maha-metimety antsika fotsiny, ary tsy hitarika antsika amin'ny fahakiviana izany. Nianatra aho fa rehefa mamela ny tenako aho hieritreritra ireo zavatra ratsy rehetra izay *tsy izaho mihitsy,* dia tsy mivoatra aho ary hitako fa sarotsarotra kokoa ny mahatsapa sy manaraka ny Fanahy.[4]

Fony i Joseph Smith zatovolahy dia lasa tonga saina be ny amin'ireo fahalemeny izy ary lasa nisahirana tamin'izay "hahasoa ny fanahiny tsy mety maty." Araka ny teniny hoe, "lasa nikorontana izaitsizy ny saiko, satria lasa nahatsiaro ho meloka noho ny amin'ireo fahotako aho, ary . . . nalahelo noho ireo fahotako sy ny fahotan'izao tontolo izao."[5] Nitarika azy ho amin'ny "fandinihana lalina sy ny fahasahiranana lehibe" izany.[6] Tsy efa nahatsapa izany ve isika? Mitaintaina na mikorontan-tsaina noho ireo fahalemenao ve ianao?

Fa i Joseph anefa dia *nanao* zavatra. Hoy izy hoe: "Hoy aho mazàna anakampo: Inona no tokony *hatao*?"[7] Nanao asa amim-pinoana i Joseph. Nitodika tamin'ny soratra masina izy, namaky ilay fanasana ao amin'ny Jakoba 1:5, dia nitodika tamin' Andriamanitra mba hitady fanampiana. Ilay fahitana nitranga vokatr'izany dia nialoha lalana ny Famerenana amin'ny laoniny. Tena feno fankasitrahana aho fa ilay tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra tsapan'i Joseph, ilay fotoana nampitaintaina sy nampikorontan-tsaina azy, dia nandrisika azy hanao asa tamim-pahatokiana.

#### Manaraka ireo bitsika mba hanao ny tsara

Matetika izao tontolo izao no mampiasa ny fahatsapana tsy fahafaham-po mba ho fialan-tsiny amin'ny fifantohana amin'ny tena manokana, amin'ny fampifantohana ny eritreritsika amin'ny lasa ary amin'ny fifantohana be loatra amin'ny hoe iza *aho* sy toy ny ahoana *aho* ary inona no tia*ko*. Ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra dia mandrisika antsika hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy, izay "nandehandeha nanao soa."[8] Eo am-pandehanantsika amin'ny lalan'ny maha-mpianatra dia handray bitsika ara-panahy mba hanolo-tanana ny hafa isika.

Ny tantara iray reko taona maro lasa izay dia nanampy ahy hamantatra ary avy eo hanaraka ny bitsika avy amin'ny Fanahy Masina. Ny Rahavavy Bonnie D. Parkin, izay efa Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneranitany, dia nizara izao manaraka izao:

"I Susan . . . dia mpanjaitra tena mahafinaritra. Nonina tao amin'ny paroasy [nisy azy] ny Filoha [Spencer W.] Kimball. Indray alahady dia nahatsikaritra i Susan fa nanao palitao sy pataloha mivady vaovao izy. Vao tsy ela ny rainy no . . . nitondra lamba lasoà tena meva ho azy. Nieritreritra i Susan fa ilay lamba dia azo hanamboarana karavato tsara tarehy izay hifanaraka tsara amin'ilay akanjo ambony ambany mivady vaovaon'ny Filoha Kimball. Koa dia nanamboatra ilay karavato izy ny alatsinain'iny. Navalony tao anaty taratasy famonosana fanomezana ilay izy dia nandeha tany amin'ny faritra misy ny tranon'ny Filoha Kimball izy.

"Teo an-dalana hankany amin'ny varavarana dia nijanona tampoka izy ka nieritreritra hoe, -Zo avy aiza moa no mba nanamboarako karavato ho an'ny mpaminany? Mety efa manana betsaka izy izao.- Noho ny fanapahankevitra noraisiny fa hoe nanao fahadisoana izy dia nitodi-doha nody izy.

"Tamin'izay indrindra no nanokafan'ny Rahavavy Kimball ny varavarana, dia niteny hoe: -Oay Susan!-

"Somary natahotahotra sy menatra i Susan nilaza hoe: -Hitako nanao akanjo ambony ambany mivady vaovao ny

Filoha Kimball tamin'ny alahady teo. Vao nitondra lamba lasoà ho ahy avy tany New York i Dada . . . ka dia nanamboarako karavato izy.-

"Tsy mbola nahavita nanohy niteny akory i Susan dia nametraka ny tanany teo an-tsorony Rahavavy Kimball sady nilaza taminy hoe: -Susan a, aza toherina mihitsy ny eritreritra feno falalahan-tanana iray."[9]

Tiako be izany! "Aza toherina mihitsy ny eritreritra feno falalahan-tanana iray." Indraindray, rehefa mahatsapa fa tokony hanao zavatra iray ho ana olona iray aho, dia manontany tena raha toa bitsiky ny Fanahy izany na ny eritreritro manokana fotsiny. Ampahatsiahivina anefa aho fa, "fa izay avy amin' Andriamanitra dia manainga sy mitaona hanao ny tsara lalandava; koa, ny zavatra tsirairay izay manainga sy mitaona hanao ny tsara sy ho tia an' Andriamanitra ary hanompo Azy, dia avy amin'ny tsindrimandrin' Andriamanitra."[10]

Na bitsika mivantana izany na fandrisihana mba hanampy fotsiny, dia tsara foana ny manao asa soa iray, satria "ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay"[11] ary tsy ho diso mihitsy ianao rehefa manana azy.

Matetika dia mahasadaikatra ilay fotoana, ary tsy dia mahafantatra loatra ny fiantraikan'ny asa soa kely ataontsika isika. Saingy tsindraindray isika dia hahita fa lasa fitaovana teo an-tanan' Andriamanitra isika ary hankasitraka isika noho ny fahafantarana fa ny Fanahy Masina izay miasa amin'ny alalantsika dia fanehoana ny fankahasitrahan' Andriamanitra ny zavatra ataontsika antsika.

Ry rahavavy isany, afaka mitalaho ny mba hanehoan'ny Fanahy Masina amintsika "ny zavatra rehetra izay tokony hataontsika"[12] isika, na dia efa feno aza ny lisitry ny zavatra tokony hataontsika. Rehefa taomim-panahy isika, dia azontsika avela any aloha ny lovia tsy voasasa na ireo zavatra maro hafa tian'ny olona hotontosaintsika mba hahafahana mamaky boky ho ana zaza iray, hiresahana amin'ny namana iray, hiandrasana ny zanaky ny mpifanolobodirindrana iray, na hanompoana any amin'ny tempoly. Tandremo sao diso fandray ny zavatra lazaiko, fa mpanao lisitra aho, ary tiako ny mahavita ireo zavatra nataoko lisitra. Saingy ny fiadanana dia ny fahafantarana fa tsy mitovy ny hoe *olona tsaratsara* kokoa sy ny hoe *olona nahavita* ny zava-drehetra nataony lisitra. Ny fihetsika atao manoloana ny tsy fahafahafaham-po amin'ny alalan'ny fanapahana hevitra ny hanaraka ireo bitsika dia manova ny fomba hieritreretako "ny fotoanako," ary ny olona dia raisiko ho toy ny tanjon'ny fiainako fa tsy toy ny fanelingelenana.

#### Ny tsy fahafahafaham-po araka an' Andriamanitra dia mitarika antsika any amin'i Kristy

Ny tsy fahafahafaham-po araka an' Andriamanitra dia mitarika ho amin'ny fanetrentena, fa tsy amin'ny falahelovana ny tena na ny fahakiviana izay tonga avy amin'ny fanaovana fampitahana ka tsy mety afa-po amin'ny tenantsika mihitsy isika ao anatin'izany. Misy karazany maro ny vehivavy mitandrina fanekempihavanana. Samihafa koa ny fianakaviany sy ny zavatra niainany teo amin'ny fiainana, ary ny toe-javatra iainany.

Marina tokoa fa isika rehetra dia tsy hahatratra tanteraka ny fahafahana masina tokony hananantsika ary misy fahamarinany ny fahatakarana fa raha *mandeha irery* isika dia tsy feno. Fa ny vaovao mahafaly avy amin'ny filazantsara dia ny hoe *feno* isika raha miaraka amin'ny fahasoavan' Andriamanitra. Afaka manao ny zava-drehetra isika raha ampian'ny Tompo.[13] Mampanantena ny soratra masina fa isika dia "[hahita] fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory."[14]

Ny fahamarinana mahagaga dia hoe ny fahalementsika dia afaka ny ho lasa fitahiana rehefa mampanetry tena antsika izy ireny ary mampitodika antsika any amin'i Kristy.[15] Lasa araka an' Andriamanitra ny tsy fahafahafaham-po rehefa manatona an'i Jesoa Kristy amim-panetrentena miaraka amin'ireo zavatra izay tsy mahafa-po antsika isika, toy izay misalasala ao anatin'ny falahelovana ny tena.

Raha ny marina dia matetika ireo fahagagana nataon'i Jesoa no nanomboka tamin'ny famantarana ny zavatra notadiaviny, ny zavatra nilaina, ny tsy fahombiazana, na ny tsy fahaizana. Tadidinareo ve ireo mofo sy hazandrano? Ireo mpanoratra ny Filazantsara tsirairay avy dia mitantara ny namokisan'i Jesoa olona an'arivony nanaraka Azy tamin'ny alalan'ny fahagagana.[16] Ilay tantara anefa dia manomboka amin'ny fijeren'ireo mpianatra ny zavatra tsy ampy teo amin'izy ireo; hitan'izy ireo fa izy ireo dia tsy nanana afa-tsy "mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin'izao olona betsaka izao?"[17] Marina ny voalazan'ireo mpianatra: *tsy* ampy ny sakafo tany amin'izy ireo, saingy nomen'izy ireo an'i Jesoa izay nananany ary *Izy* no nanatontosa ilay fahagagana avy eo.

Efa nahatsapa ve ianareo fa kely loatra ny talenta sy fanomezampahasoavana nanananareo nanoloana ny asa izay niandry? Efa nahatsapa izany aho. Saingy izaho sy ianao dia afaka manome an'i Kristy izay ananantsika, dia Izy no hampitombo ny ezaka ataontsika. Izay zavatra omenao dia efa ampy, na dia eo aza ny tsy fahatanterahana sy fahalemenao amin'ny maha-olona anao, *raha toa* ianao ka miantehitra amin'ny fahasoavan' Andriamanitra.

Ny marina dia ny hoe zanak' Andriamanitra ny tsirairay avy amintsika—zanak' Andriamanitra ny tsirairay.[18] Ary tahaka ny efa nataony tamin'ireo mpaminany sy tamin'ny lehilahy sy vehivavy tsotra tamin'ny vanimpotoana rehetra, no kasain'ny Ray any An-danitra hanovana antsika ihany koa.

Nanazava ny hery manova ananan' Andriamanitra toy izao i C. S. Lewis: "Alaivo sary an-tsaina ho toy ny trano velona ny tenanao. Miditra ao Andriamanitra hanamboatra izany trano izany. Amin'ny voalohany dia mety takatrao ny zavatra ataony. Manamboatra ny tatatra Izy sy manampina ny loaka eo amin'ny tafon-trano sy ny sisa. Fantatrao fa asa tsy maintsy atao ireo ka tsy mahagaga anao. Saingy vetivety eo Izy dia manomboka mitondra fiovana goavana amin'ny fomba izay mamely mafy tokoa ilay trano. . . . [Hitanao fa,] manangana trano tena hafa amin'ilay neritreretinao Izy. . . . Nieritreritra ianao fa hamboarina ho lasa trano bongo kely tsotsotra kinanjo Izy manorina lapa. Mikasa ny ho avy sy hitoetra ao amin'izany Izy."[19]

Noho ny sorona fanavotana nataon'ny Mpamonjintsika dia afaka ny hahavita tsara ny asa miandry antsika isika. Nampianatra ireo mpaminany fa, rehefa

miakatra ny lalan'ny maha-mpianatra isika, dia afaka ny ho voadio amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy. Ny tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra dia afaka manosika antsika mba hanao asa amim-pinoana, hanaraka ireo fanasan'ny Mpamonjy mba hanao ny tsara, ary hanolotra ny fiainantsika amim-panetrentena ho Azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, ao amin'ny Tad Walch, "'The Lord's Message Is for Everyone': President Nelson Talks about Global Tour," *Deseret News,* 12 apr. 2018, deseretnews.com.
2. Neal A. Maxwell, "Becoming a Disciple," *Ensign,* June 1996, 18.
3. Neal A. Maxwell, "Becoming a Disciple," 16; nampiana fanamafisana.
4. "Ny fahakiviana dia hampihena ny finoanao. Raha ataonao ambanimbany kokoa ny fanantenanao, dia hihena ny fahavitanao ny asa, ary hihakely ny fanirianao ary dia ho sarotra kokoa aminao ny fanarahana ny Fanahy" ("Inona no tanjoko amin'ny maha-misiônera ahy?" *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera*, ed. nohavaozina (2018), lds.org/manual/missionary).
5. *Enseignements des Présidents de l' Église: Joseph Smith* (2007), 28.
6. Joseph Smith—Tantara 1:8.
7. Joseph Smith—Tantara 1:10; nampiana fanamafisana.
8. Asan'ny Apostoly 10:38.
9. Bonnie D. Parkin, "Personal Ministry: Sacred and Precious" (fampaherezam-panahy an'ny Oniversite Brigham Young, 13 feb. 2007), 1, speeches.byu.edu.
10. Môrônia 7:13.
11. 1 Korintiana 13:8.
12. 2 Nefia 32:5.
13. "Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mpampahery ahy" (Filipiana 4:13).
14. Hebreo 4:16.
15. "Ary raha manatona Ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. Omeko ho an'ny olona ny fahalemena mba hahazoany mietry; ary ampy ho an' ny olon-drehetra ny *fahasoavako* mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin'izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy" (Etera 12:27; nampiana fanamafisana).
16. Jereo ny Matio 14:13–21; Marka 6:31–44; Lioka 9:10–17; Jaona 6:1–14.
17. Jaona 6:9.
18. Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Na dia efa taranaka maro aza ireo razambenao nifandimby teto an-tany, na inona na inona firazananao ary na olona avy aiza ianao na avy aiza, dia azo soratana eo amin'ny tsipika iray ihany ny rohim-pirazanan'ny fanahinao. Zanaky ny Ray ianao!" ("To Young Women and Men," *Ensign,* mey 1989, 54).
19. C. S. Lewis, *Mere Christianity* (1960), 160.



**Nataon'i Cristina B. Franco**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany

# Ny fifaliana entin'ny fanompoana tsy misy tambiny

*Nampanantena ny Raintsika any An-danitra isika fa hanompo Azy sy ny hafa am-pitiavana ary hanao ny sitrapony amin'ny zava-drehetra.*

Taorian'ny fihaonambe farany teo dia maro no nametraka fanontaniana mitovy tamiko hoe: "Mba hahazoana aina ve ireny sezan'ny manam-pahefana ambony ireny?" Nitovy hatrany ny valin-teniko: "Tena hahazoana aina ireny rehefa tsy manana anjara fitenenana ianao." Sa tsy marina izany? Tsy hahazoana aina ny sezako



tamin'ity fihaonambe ity kanefa feno fankasitrahana tokoa aho ny amin'ny fitahiana sy voninahitra ny hiteny aminareo amin'ity takariva ity.

Indraindray rehefa manompo isika dia omena toerana samihafa. Ny sasany tena hahazoana ainà ary ny sasany tsy hahazoana aina, saingy nampanantena ny Raintsika any An-danitra isika fa hanompo Azy sy ny hafa am-pitiavana ary hanao ny sitrapony amin'ny zava-drehetra.

Taona vitsy lasa izay dia nisy tanoran'ny Fiangonana iray nianatra fa "rehefa -mirotsaka amin'ny fanompoana an' Andriamanitra- ianao [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2] dia mandray anjara amin'ilay dia lehibe indrindra. Manampy an' Andriamanitra hanafaingana ny asany ianao, ary traikefa lehibe sy mahafaly ary mahatalanjona izany."[1] Dia iray misokatra ho an'ny rehetra tsy ankanava-taona izany ary dia iray koa izay mitondra antsika eo amin'ilay nantsoin'ny mpaminany malalantsika hoe "lalan'ny fanekempihavanana."[2]

Indrisy anefa fa isika dia miaina eo amin'ny tontolo tia tena ahitana olona manontany lava hoe: "Inona no



tombontsoako amin'izany?" raha tokony hanontany hoe: "Iza no azoko hampiana androany?" na: "Ahoana no hanompoako ny Tompo tsaratsara kokoa amin'ny antsoko?" na: "Manome ny avy amiko rehetra ho an'ny Tompo ve aho?"

Ohatra iray lehibe amin'ny fanompoana tsy misy tambiny ny Rahavavy Victoria Antonietti. I Victoria dia iray amin'ireo mpampianatra ao amin'ny Kilonga tao amin'ny sampana izay naha-lehibe ahy tany Argentine. Isaky ny talata tolakandro mandritra ny fivorian'ny Kilonga dia itondrany mofomamy misy sokolà izahay. Tian'ny rehetra, ankoatra ahy, ilay mofomamy. Tsy tiako mihitsy ny mofomamy misy sokolà tamin'izany! Ary na dia miezaka ny nanome ahy amin'ilay mofomamy aza izy dia nolaviko hatrany.

Indray andro taorian'ny nizarany ny mofomamy misy sokolà tamin'ny ankizy hafa dia nanontaniako izy hoe: "Fa maninona ianao no tsy mitondra tsiro hafa toy ny voasary na lavanila?"

Rehefa avy nihomehy kely izy dia nanontaniany aho hoe: "Maninona angaha *ianao* raha manandrana silany kely? Vita tamin'ny laron-tsakafo miavaka ity mofomamy ity ary mampanantena anao aho fa ho tianao io raha andramanao!"

Nijery manodidina aho ary nahagaga ahy fa toa nankafy ilay mofomamy ny rehetra. Nanaiky ny hihinana silany kely aho. Fantatrao ve hoe inona no nitranga? Tiako ilay izy. Izay no fotoana voalohany indrindra nankafizako mofomamy misy sokolà.

Tsy nitranga izany raha tsy efa nahafantatra ny laron-tsakafo miafina tao amin'ny mofomamy misy sokolà an-drahavavy Antonietti aho. Izaho sy ireo zanako dia miara-mamangy ny reniko isan-kerinandro. Nankafy silaka mofomamy misy sokolà iray izaho sy ny reniko tamin'ny iray tamin'ireo fitsidihana ireo ka notantaraiko azy ny fotoana voalohany niantombohako ho tia ilay mofomamy. Avy eo izy dia nampahiratra ny saiko avy tamin'ny zavatra niainako.

"Cris!" hoy ny reniko, "Tokony ho takatrao fa sahirana ry Victoria mianakavy kanefa isan-kerinandro izy dia tsy maintsy nanao safidy handoa ny saran-dalany sy ny zanany efatra hanatrehana ny kilasin'ny Kilonga sa hividy laron-tsakafo hanaovana mofomamy misy sokolà ho an'ny Kilonga mpianany. Naleony foana nividy ireo laron-tsakafo hanaovana mofomamy misy sokolà toy izay handoa ny saran-dalana ka nandeha an-tongotra telo kilaometatra mandroso sy miverina izy sy ny zanany, na toy ny ahoana na toy ny ahoana ny toetrandro."

Tamin'izay aho dia nankasitraka kokoa ny mofomamy misy sokolà namboariny. Nianatra mihoatra an'izany aho fa ny laron-tsakafo miafina tao amin'ny mofomamy misy sokolà an'i Victoria dia ny fitiavany ireo izay notompoiny ary ny fahafoizantenany tsy misy tambiny ho anay.

Ny fieritreretana momba ny mofomamy nataon'i Victoria dia mampatsiahy ahy fahafoizantena tsy misy tambiny tamin'ny lesona mandrakizay nampianarin'ny Tompo ny mpianany teny an-dalana ho any amin'ny toerana fitehirizam-bolan'ny tempoly. Efa fantatrareo ilay tantara. Nampianatra ny Loholona James E. Talmage fa nisy vata niisa 13 "ary tao amin'ny vata tsirairay ny olona no nandrotsaka ny anjara birikiny ho amin'ny tanjona [samihafa] voalazan'ny soratra eo amin'ireo boaty." Nandinika ny filaharan'ireo mpanome izay nahitana karazan'olona rehetra i Jesoa. Ny sasany nanolotra ny fanatiny tamin'ny "fikasana marina" raha ny hafa kosa nandatsaka "volafotsy sy volamena be" manantena ny hisy hahita, hahatsikaritra sy hoderaina amin'ny fanatiny.

"Teo anivon'ny olona maro dia nisy mpitondratena malahelo, izay . . . vola madinika kely alimo roa izay fantatra amin'ny hoe farantsakely no nalatsany tao amin'ny fandatsahan-drakitra; tsy mihoatra ny ampahazaton'ny dolara amerikana iray ny fandraisan'anjarany. Niantso ireo mpianany hanatona Azy ny Tompo ka nampitodika azy ireo tany amin'ny fahantran'ilay mpitondratena sy ny hakelin'ny rakitra nataony ary nilaza hoe: -Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin'ny fandatsahan-drakitra. Fa ireo rehetra ireo, dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao; fa izy kosa, tamin'ny alahelony no nandatsahany tao izay rehetra nananany dia ny fivelomany rehetra- [Marka 12:43–44]."[3]

Toa tsy nanana toerana lehibe teo amin'ny fiarahamonina tamin'ny fotoan'androny ilay mpitondratena. Raha ny marina izy dia nanana zavatra manan-danja kokoa: madio ny fikasany ary nanome izay rehetra azony nomena izy. Angamba mety ho kely sy tsy manaitra firy, ary samihafa noho ny an'ny hafa ny nomeny. Amin'ny sasany, ny zavatra nomeny dia tsy misy dikany kanefa tamin'ny Mpamonjy izay "mahay manavaka ny eritreritreritra sy ny fikasan'ny fo,"[4] izy dia nanome izay nananany rehetra.

Ry rahavavy, manome manontolo ny Tompo izay rehetra ananantsika ve isika? Moa ve isika manome amin'ny fotoantsika sy mampiasa ny

talentantsika mba hahafahan'ireo taranaka vao misondrontra mianatra mitia ny Tompo sy mitandrina ny didiny? Moa ve isika manompo am-pahavitrihana ireo manodidina antsika sy ireo izay nampiandraiketina mba hotompointsika ka mahafoy fotoana sy tanjaka izay mety azo nampiasaina tamin'ny zavatra hafa? Moa ve isika miaina ireo didy roa lehibe indrindra dia ny mitia an' Andriamanitra sy mitia ireo zanany?[5] Matetika izany fitiavana izany dia miseho amin'ny alalan'ny asa fanompoana.

Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Nanolo-tena tanteraka tamin'ny asa fanompoana ny Mpamonjy antsika. Nampianatra izy fa tokony hanaraka azy isika tsirairay amin'ny alalan'ny fandavantsika ny tenantsika mba tsy ho tia tena ka hanompo ny hafa."

Notohizany hoe:

"Ohatra iray mahazatra amin'ny fandavana ny tena amin'ny fanompoana ny hafa . . . dia ny fahafoizantena ataon'ny ray aman-dreny izany ho an'ny zanany. Miaritra ny fijaliana noho ny fandavana ny laharam-pahamehany sy ny fiadanam-piainany ny reny. Ny ray kosa manamboatra ny fiainany mba hamelomana ny fianakaviana. . . .

". . . Mifaly ihany koa isika amin'ireo izay mikarakara ny fianakaviany izay manana fahasembanana na manana ray aman-dreny efa be antitra. Tsy misy amin'ireo fanompoana ireo no manontany hoe: Inona no mety ho tombontsoako amin'izany? Izany rehetra izany dia atao tsy misy tambiny. . . .

"Izany rehetra izany dia mampiseho ilay fitsipika mandrakizay hoe faly sy afa-po isika rehefa manao asa sy manompo amin'ny alalan'ny zavatra omentsika fa tsy amin'ny alalan'ny zavatra azontsika.

"Manentana antsika ny Mpamonjy mba hanaraka Azy, tafiditra ao anatin'izany ny fahafoizantena izay ilaina amin'ny firotsahana amin'ny asa fanompoana tsy misy tambiny."[6]

Nampianatra torak'izany koa ny Filoha Thomas S. Monson fa "angamba rehefa hifanatri-tava amin'ilay Mpahary antsika isika, dia tsy hanontaniana antsika ny hoe -Firy ny toerana nohazoninao?- fa ny hoe -Firy ny olona nampianao?- Raha ny tena marina, dia tsy afaka ny hitia ny Tompo na oviana na oviana ianao mandra-pahatonga anao hanompo Azy amin'ny alalan'ny fanompoana ny zanany."[7]




Midika izany ry rahavavy fa tsy manan-danja ny fipetrahantsika amin'ireo seza hahazoana aina na ny tsy fahazoantsika aina mandritra ny fivoriana fa mipetraka eo ambonin'ny seza miforitra harafesina any amin'ny farany aoriana. Tsy hampaninona akory raha toa isika, noho ny fahaterena, ka mandao ny fivoriana mba hampionona zazakely iray mitomany. Ny zavatra hanan-danja dia ny fahatongavantsika omban'ny faniriana hanompo, ny fahitantsika ireo izay notompointsika sy ny fiarahabantsika azy ireny am-pifaliana, ary ny fampahafantarantsika ny tenantsika amin'ireo mipetraka mifanila amintsika ka manolotra finamanana na dia *tsy* voatendry hanompo azy ireo aza isika. Ary hanan-danja tokoa ny fanaovantsika ny zavatra ataontsika rehetra arahin'ny laro miavaky ny asa fanompoana ombampitiavana sy fahafoizantena.

Nanjary fantatro fa tsy voatery hanamboatra mofomamy vita amin'ny sokolà isika mba ho mpampianatra mahomby na be fanolorantena ao amin'ny Kilonga, satria tsy ilay mofomamy no zava-dehibe ao amin'ilay izy. Ilay fitiavana tao ambadik'ilay asa no tena zava-dehibe.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fitiavana dia hamasinina amin'ny alalan'ny fahafoizantena, dia ny fahafoizantenan'ny mpampianatra iray ary hamasinina lavitra kokoa amin'ny alalan'ny fahafoizantena faratampony sy mandrakizay an'ilay Zanak' Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy. Tiako Izy ary maniry aho ny hanaisotra ireo faniriana feno fitiavantena mba hahafahako mitia sy manompo tahaka Azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany "This Marvelous Work," *Liahona,* jan. 2015, 49.
2. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7.
3. James E. Talmage, *Jésus le Christ* (1916), 561.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:1.
5. Jereo ny Matio 22:37, 39.
6. Dallin H. Oaks, "Unselfish Service," *Liahona,* mey 2009, 93, 96.
7. Thomas S. Monson, "Great Expectations" (fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 11 jan.1996), 6, speeches.byu.edu.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny vehivavy sy ny fianarana ny filazantsara ao an-tokantrano

*Ny Mpamonjy no ohatra tonga lafatra ho anareo amin'ny fomba handraisanareo anjara lehibe amin'ny fanamifisany ny fianarana ny filazantsara ao an-tokantrano.*

Ry ranabaviko malala, tena mahafinaritra ny mihaona aminareo. Fotoana iray maha-velom-bolo izao ato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mandrotsaka fahalalana amin'ny Fiangonany ny Tompo araka ny efa nampanantenainy fa hataony.

Tadidinareo ny zavatra nolazainy hoe: "Mandra-pahoviana no afaka mijanona ho tsy madio ny rano mikoriana? Inona no hery hisakana ny lanitra? Toy ny tsy ahafahan'ny olona iray maninjitra ny sandriny malemy mba hisakanana ny reniranon'i Missouri amin'ny fikorianany efa voatendry, na hampiakatra azy hikoriana any amin'ny niaviany no tsy ahafahana misakana ny Tsitoha tsy hampidina fahalalana avy any an-danitra ho eo ambony lohan'ny Olomasin'ny Andro Farany."[1]

Anisan'ny fizaran'ny Tompo fahalalana amin'izao fotoana izao ny fanafainganany ny fandrotsahany fahamarinana mandrakizay ao an-tsaina sy ao am-pon'ny olony. Nohazavainy fa ny zanakavavin'ny Ray any An-danitra dia hitana anjara asa lehibe ao amin'izany fanafainganana mahagaga izany. Porofo iray maneho ilay fahagagana ny fitarihany ny mpaminany velona mba hanantitrantitra mafy ny fampianarana ny filazantsara ao an-tokantrano sy ao anatin'ny fianakaviana.

Mety hanontany ianareo hoe: "Amin'ny fomba ahoana izany no mahatonga ireo rahavavy mahatoky ho hery fototra amin'ny fanampiana ny Tompo handrotsaka fahalalana amin'ireo Olomasiny?" Manome ny valiny ny Tompo ao amin' "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao." Tadidinareo ireo teny, saingy mety mahita dikany vaovao ianareo ary hahalala fa efa hitan'ny Tompo mialoha ireo fiovana mampientanentana ireo izay mitranga amin'izao fotoana izao. Ao anatin'ilay fanambarana, dia nanome andraikitra ny vehivavy Izy mba ho mpampianatra voalohany ny filazantsara ao amin'ny fianakaviana tamin'ny alalan'ireto teny ireto: "Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany."[2] Tafiditra ao anatin'izany ny fitaizana amin'ny fahamarinan'ny filazantsara sy ny fahalalana.

Dia mitohy ilay fanambarana manao hoe: "Ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy lenta azy ireo."[3] Mpiara-miasa mitovy lenta izy ireo, mitovy eo amin'ny hery ananan'izy ireo amin'ny fitomboana ara-panahy sy amin'ny fahazoana fahalalana, ary noho izany dia miray hina amin'ny alalan'ny fifanampian'izy ireo. Mitovy izy ireo eo amin'ny anjaran'izy ireo masina mba hahazo ny fisandratana miaraka. Raha ny marina dia tsy afaka ny hahazo fisandratana ny lehilahy irery sy ny vehivavy irery.

Koa nahoana ary izany ny zanakavavin' Andriamanitra izay manana fifandraisana miray sy mitovy no mandray ny andraikitra voalohany hikolokolo amin'ny zavatra mahavelona izay tena manan-danja indrindra tokony horaisin'ny olona, dia ny fahalalana ny



fahamarinana avy any an-danitra? Raha ny farany fahitako azy dia efa izay no fomban'ny Tompo hatry ny namoronana ny fianakaviana teto amin'ity izao tontolo izao ity.

Ohatra amin'izany, i Eva no nahazo ny fahalalana fa nilain'i Adama ny hihinana amin'ny voan'ilay hazon'ny fahalalana mba hahafahan'izy ireo mitandrina ny didin' Andriamanitra rehetra sy hanorina fianakaviana. Tsy haiko hoe nahoana no tamin'i Eva izany no tonga voalohany, saingy i Adama sy i Eva dia tena niray hina tanteraka rehefa narotsaka tamin'i Adama ilay fahalalana.

Ohatra iray hafa amin'ny fampiasan'-ny Tompo ny fanomezam-pahasoavan'-ny fikolokoloana ananan'ny vehivavy ny fomba nankaherezany ireo zanakalahin'i Helamàna. Tohina ny foko rehefa mamaky ilay tantara ary tsaroako ireo teny fanomezan-toky malefaka nolazain-dreniko fony aho nandao ny trano hanao fanompoam-pirenena.

Izao no noraketin'i noraketin'i Helamàna:

"Efa nampianarin'ny reniny izy ireo fa raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra no hanafaka azy ireo.

"Ary naveriny tamiko ny tenin' ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay."[4]

Na dia tsy fantatro aza ny antony rehetra mahatonga ny Tompo manome andraikitra voalohany ny vehivavy mahatoky ny hikarakara ny ao amin'ny fianakaviana dia mino aho misy idirany amin'ny fahafahanareo mitia izany. Mila fitiavana lehibe ny mahatsapa ny zavatra ilain'ny olona iray hafa mihoatra ny an'-ny tena. Izany dia ny fitiavana madion'i Kristy ho an'ilay olona izay kolokoloinareo. Izany fahatsapana fiantrana izany dia avy amin'ilay olona voafidy ho mpikolokolo izay lasa mendrika noho ireo vokatry ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny teny filamatry ny Fikambanana Ifanampiana, izay nasehon-dreniko tamin'ny ohatra, dia azo avy amin'ny fanentanam-panahy araka ny hevitro: "Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay."

Amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra anareo dia manana fahafahana voajanahary sy lehibe ianareo hahatsapa ny zavatra ilain'ny hafa ary hitia. Noho izany dia mahatonga anareo ho mora mahatsapa ny bitsiky ny Fanahy kokoa izany. Dia afaka mitarika ny zavatra eritreretinareo, sy teneninareo, ary ataonareo mba hikolokoloana olona avy eo ny Fanahy mba handrotsahan'ny Tompo fahalalana sy fahamarinana ary herim-po amin'izy ireo.

Ianareo ranabavy izay mandre ny feoko dia samy eo amin'ny toerana tokana misy anareo amin'ny dianareo mamakivaky ny fiainana. Ny sasany dia ankizivavy vao voalohany ato amin'ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany. Ny sasany dia zatovovavy miomana ho mpikolokolo araka ny tian' Andriamanitra hahatongavan'izy ireo. Ny sasany vao nanambady tsy ela izay mbola tsy manan-janaka; ny hafa indray reny vao herotrerony manan-janaka iray na mihoatra. Ny sasany dia renin-jatovo ary ny hafa manan-janaka any amin'-ny sahan'ny misiôna. Ny sasany dia manan-janaka izay lasa narefo ampinoana ary lavitry ny tokantrano. Ny sasany mipetra-drery tsy manana namana mahatoky. Ny sasany dia renibe.

Nefa na manao ahoana na manao ahoana ny toe-javatra misy anareo, dia ampahany, ary ampahany manandanja, amin'ny fianakavian' Andriamanitra sy ny fianakavianareo ianareo, na any amin'ny hoavy izany na amin'ity tontolo ity na any amin'ny tontolon'ny fanahy. Ny toky napetrak' Andriamanitra taminareo dia ny hikolokolo ny faran'izay maro amin'ireo fianakaviany sy ny fianakavianareo araka izay azonareo atao amin'ny fitiavanareo sy ny finoanareo an'i Jesoa Kristy Tompo.

Ny zava-manahirana anareo matetika dia ny hoe iza no hokolokoloina, amin'ny fomba ahoana, ary rahoviana. Mila ny fanampian'ny Tompo ianareo. Izy no mahafantatra ny fon'ny hafa, ary fantany hoe rahoviana izy ireo no vonona ny hanaiky ny fikolokoloanareo. Ny vavaka ataonareo am-pinoana no ho fanalahidin'ny fahombiazanareo. Afaka miantehitra amin'ny fandraisana ny fitarihany ianareo.

Nanome izao fankaherezana izao Izy: "Angataho amin'ny anarako ny Ray, amin'ny finoana rehefa mino fa handray ianareo, dia hanana ny Fanahy Masina ianareo, izay maneho ny zavatra rehetra ilaina."[5]

Ankoatra ny vavaka dia ny fandalinana am-pahamatorana ny soratra masina no ho ampahany amin'ny hery hikolokoloana izay tsy mitsaha-mitombo. Toy izao ilay fampanantenana: "Aza manahy mialoha koa ny amin' izay holazainareo; fa raketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin'ny fiainana, dia homena anareo amin'izany ora izany ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay."[6]



Koa haka fotoana bebe kokoa ianareo hivavahana sy hisaintsainana ary handinihana ny zavatra ara-panahy. Hanana fahalalana ny fahamarinana ianareo izay narotsaka teo aminareo ary hitombo ao amin'ny herinareo hikolokoloana ny hafa ao amin'ny fianakavianareo.

Hisy ny fotoana izay hahatsapanareo fa miadana ny fandrosoanareo amin'ny fianarana ny fomba hikolokoloana tsara kokoa. Hitaky finoana ny faharetana. Nandefa izao fampaherezana izao ho anareo ny Mpamonjy:

"Koa aza ketraka amin'ny fanaovantsoa fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe.

"Indro, mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo; ary ny marisika sy ny mpankatò no hihinana ny soa amin'ny tanin'i Ziona amin'izao andro farany izao."[7]

Ny fanatrehanareo androany hariva dia porofo fa vonona ny hanaiky ny fanasana avy amin'ny Tompo mba hikolokoloanareo ny hafa. Marina izany na dia ho an'ireo izay zandriny indrindra manatrika eto androany aza. Afaka mahafantatra ny olona hokolokoloina ao amin'ny fianakavianareo ianareo.



Raha mivavaka omban'ny tena finiavana ianareo dia hisy anarana na tarehin'olona ho tonga ao an-tsainareo. Raha mivavaka ianareo mba hahafantatra ny zavatra hatao na ny zavatra holazaina, dia hahatsapa valiny ianareo. Isaky ny mankatò ianareo dia hitombo ny hery hikolokoloana anananareo. Ho vonona amin'ilay andro izay hikolokoloanareo ny zanakareo ianareo.

Ny renin'ireo zatovo dia afaka mivavaka mba hahafantatra ny fomba hikolokoloana ny zanaka lahy na vavy izay toa tsy mandray ny fikolokoloana atao aminy. Azonareo atao ny mivavaka mba hahafantatra ny olona izay hisy fiantraikany tsara ara-panahy izay hilain'ny zanakareo sy hekeny. Maheno ary mamaly ny vavaka avy am-po ataon'ny reny mitaintaina toy izany Andramanitra, ary mandefa fanampiana Izy.

Ary koa mety misy renibe eto anio alina izay mety mahatsapa ratram-po vokatry ny tebiteby sy ny olana atrehan'ireo zanany sy ny zafikeliny. Afaka maka hery sy fitarihana avy amin'ny zavatra niainan'ireo fianakaviana ao amin'ny soratra masina ianareo.

Nanomboka tamin'ny andron'i Eva sy i Adama, tamin'ny Rain'i Isiraely, ary ireo fianakaviana tsirairay ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia misy lesona iray azo antoka mahakasika ny zavatra hatao momba ireo zanaka mafy hatoka dia ny hoe: aza mitsahatra mitia.

Manana ny ohatra mankahery nasehon'ny Mpamonjy isika rehefa nikolokolo ireo zanaka ara-panahin'ny Rainy any An-danitra izay nikomy Izy. Na dia miteraka fanaintainana aza izy ireo sy isika dia mbola mihinjitra hatrany ny tanan'ny Mpamonjy.[8] Nilaza Izy ao amin'ny 3 Nefia momba ireo rahavavy sy rahalahy izay efa nezahiny nolokolokoina nefa tsy nisy vokany: "Ô ianareo vahoaka . . . izay avy amin'ny mpianakavin'i Isiraely, impiry Aho no efa nanangona anareo toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany sy efa namahana anareo."[9]

Ho anareo ranabavy amin'ny dingana rehetra amin'ny lalam-piainana, ao amin'ny toe-piainam-pianakaviana rehetra, ary manerana ny kolontsaina rehetra, ny Mpamonjy no ohatra tonga lafatra ho anareo amin'ny fomba handraisanareo anjara lehibe amin'ny fanamifisany ny fianarana ny filazantsara ao an-tokantrano sy ao amin'ny fianakaviana.

Hoentinareo ho fiovana ao amin'ireo fiaraha-mientana sy zavatra fanaonareo ao amin'ny fianakavianareo ny fiantrana izay ao aminareo. Hitondra fitomboana ara-panahy lehibe izany. Rehefa mivavaka miaraka amin'ny fianakavianareo sy ho an'ny fianakavianareo ianareo dia hahatsapa ny fitiavanareo sy ny an'ny Mpamonjy ho azy ireo. Ho lasa fanomezana ara-panahy ho anareo hatrany izany rehefa katsahinareo. Ho tsapan'ny ao amin'ny fianakavianareo izany rehefa mivavaka am-pinoana be kokoa ianareo.


Rehefa mivory hamaky mafy ny soratra masina ny fianakaviana, dia efa novakinareo mialoha izany ary efa nivavaka momba izany ianareo mba hiomanana manokana. Efa nahita fotoana ianareo hivavahana mba hanazavan'ny Fanahy ny sainareo. Avy eo rehefa anjaranareo ny mamaky dia hahatsapa ny fitiavanareo an' Andriamanitra sy ny teniny ny olona ao amin'ny fianakavianareo. Hokolokoloiny sy hokolokoloin'ny Fanahiny izy ireo.

Afaka ny ho tonga eo amin'ny fianakaviana rehetra izay mivory ihany koa ny firotsahana tahaka izany raha mivavaka sy manao drafitra ny amin'izany ianareo. Mety handany ezaka sy fotoana izany, saingy hitondra fahagagana. Tsaroako ny lesona iray izay nampianarin-dreniko fony aho mbola kely. Mbola azoko sary ato an-tsaiko ilay sarin-tany voaloko izay nataony momba ireo dia nataon'ny Apôstôly Paoly. Manontany tena aho hoe ahoana no nahitany fotoana sy tanjaka hanaovana izany. Ary na dia amin'izao andro izao aza dia voatahy aho noho ny fitiavany izany Apôstôly be finoana izany.

Samy hahita fomba handraisana anjara amin'ny firotsahan'ny fahalalana tsy mitsaha-motombo ao amin'ny fianakavianareo ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo tafaverina amin'ny laoniny ianareo. Samy hivavaka sy handalina ary hisaintsaina ny tsirairay avy aminareo mba hahafantatra ny anjara birikina-reo manokana. Fa izao no fantatro: ny tsirairay avy aminareo, izay mizaka zioga mitovy hikambanana amin'ireo zanak' Andriamanitra, dia ho ampahany manan-danja amin'ny fahagagan'ny fianarana sy fiainana ny filazantsara izay hanafaingana ny fanangonana an'i Isiraely ary hanomana ny fianakaviamben' Andriamanitra amin'ilay fiverenana be voninahitr'i Jesoa Kristy Tompo. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:33.
2. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 145.
4. Almà 56:47–48.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:18.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:85.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33–34.
8. Jereo ny 2 Nefia 19:12, 21.
9. 3 Nefia 10:4.



**Nataon'ny Filoha Dallin H. Oaks**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ray aman-dreny sy zanaka

*Ny drafitra lehiben'ny Raintsika any An-danitra ho an'ny fahasambarana dia milaza aminareo hoe iza ianareo ary inona no tanjon'ny fiainanareo.*

Ry anabaviko malala isany, tena mahafinaritra ery ny manatrika ity fivorian'ny fihaonambe maneran-tany vaovao ity izay ahitana ireo vehivavin'ny Fiangonana valo taona no ho miakatra. Nahare hafatra tena tsara avy amin'ireo rahavavy mpitarika sy ny Filoha Henry B. Eyring isika. Tena tian'-ny Filoha Eyring sy ny tenako ny miasa eo ambany fitarihan'ny Filoha Russell M. Nelson, ary tsindrindaona isika handre ny hafany feno faminaniana.

I.

Ireo zanaka no fanomezana tsara indrindra nomen' Andriamanitra



antsika—dia ny fitomboantsika mandrakizay. Kanefa isika dia miaina ao anatin'ny fotoana izay anirian'ny vehivavy maro ny tsy hiteraka sy tsy hitaiza zanaka. Tanora tokan-tena maro no manemotra ny fanambadiana mandrapahazoana ireo zavatra ara-materialy rehetra ilaina. Niakatra roa taona mahery ny salan-taona hanambadian'ny mpikamban'ny Fiangonana ary nihena ny isan'ny zaza ateraky ny mpikamban'-ny Fiangonana. I Etazonia sy ny firenena hafa sasany dia miatrika hoavy izay ahitana fa vitsy loatra ny taranaka tonga taona eo amin'ny sehatry ny maha-olondehibe ka tsy maharaka ny isan'olondehibe misotro ronono hotohanana.[1] Mihoatra ny 40 isan-jaton'ny zaza teraka eto Etazonia dia ateraka reny tsy manam-bady. Marefo ireny ankizy ireny. Ireo fiovana tsirairay eo amin'ny fiarahamonina ankehitriny ireo dia samy mifanohitra amin'ny drafitry ny famonjena masin'ny Raintsika any An-danitra.

II.

Takatr'ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany fa ny ho reny no laharam-pahamehana ambony indrindra ho azy ireo sy fifaliany faratampony. Nilaza ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Amin'ny ankamaroan'ny fotoana ho an'ny vehivavy dia ao an-tokantrano sy eo anivon'ny fianakaviana no ahatsapany tena ho mahavita zavatra lehibe indrindra sy hahatsapany fahasambarana lehibe indrindra. Ny vehivavy dia nomen' Andriamanitra zavatra masina izay miseho amin'ny alalan'ny hery mangina, ny toetra maha-te-ho tia, ny fiadanana, ny toetra tsara, ny hasina, ny fahamarinana, ny fitiavana. Ary ireo hatsarana mahavariana rehetra ireo dia miseho amin'ny tena endriny maha-afapo eo amin'ny maha-reny."

Notohizany hoe: "Ny asa lehibe indrindra azon'ny vehivavy atao dia ny mikolokolo sy mampianatra, sy miara-miaina sy mankahery ary mitaiza ny zanany ao anatin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana. Tsy misy zavatra hafa hitovy lenta amin'izany na inona na inona asa ataony."[2]

Ry reny, ry ranabavy malala, tianay amin'ny maha-ianareo anareo sy noho ny zavatra ataonareo ho anay rehetra ianareo.

Hoy ny Filoha Russell M. Nelson tao anatin'ilay hafatra manan-danja nataony tamin'ny 2015 mitondra ny lohateny hoe "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko":

"Tsy feno ary tsy ho feno ny fanjakan' Andriamanitra raha tsy misy ireo vehivavy izay manao fanekempihavanana masina, ka mitandrina izany avy eo, ireo vehivavy izay afaka miteny amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra!

"Ankehitriny . . . isika dia mila vehivavy izay mahafantatra ny fomba hanatanterahana ireo zavatra manandanja amin'ny alalan'ny finoan'izy ireo, sy mpiaro amin'ny risim-po ny fahadiovam-pitondran-tena sy ny fianakaviana ao anatin'ny tontolo izay feno fahotana. Mila vehivavy isika izay manolo-tena hitarika ny zanak' Andriamanitra manerana ilay lalan'ny fanekempihavanana mankany amin'ny fisandratana; vehivavy izay mahafantatra ny fomba hahazoana fanambarana ho an'ny tena manokana, izay mahatakatra ny hery sy ny fiadanana avy amin'ny fanafiana masina any amin'ny tempoly; vehivavy izay mahafantatra ny fomba hahazoana fanampiana avy amin'ireo herin'ny lanitra mba hiarovana sy hampatanjahana ny zanaka sy ny fianakaviana; vehivavy izay mampianatra tsy amin-tahotra."[3]

Ireo fampianarana nentanim-panahy ireo dia mifototra amin'ilay "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo



izao," izay anamafisan'ity Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ity ireo fotopampianarana sy fomba fanao izay ivon'ny drafitr'ilay Mpahary talohan'ny nanorenany ny tany.

III.

Amin'izao aho dia hitodika amin'ireo vondrona tanora kokoa amin'ny mpanatrika eto. Ry anabaviko tanora isany, noho ny fahalalanareo ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tafaverina tamin'ny laoniny dia miavaka ianareo. Ny fahalalanareo dia hahafahanareo hiharitra sy handresy ireo fahasarotana eo amin'ny lalan'ny fahamatorana. Mbola kely ianareo dia nandray anjara tamina tetik'asa sy fandaharam-pianarana izay nampivelatra ireo talentanareo, toy ny fanoratana, sy ny fitenenana ary ny fahaizana manao drafitra. Nianatra ny ho tompon'andraikitra ianareo, ary koa ny fomba hanoherana ny fakampanahy handainga, hangala-tahaka, hangalatra, na handray zava-pisotro mahamamo na zava-mahadomelina.

Ny maha-olona miavaka anareo dia hitan'ny Oniversite Caroline du Nord tamin'ny fikarohana nataon'izy ireo momba ny zatovo Amerikana sy ny fivavahana. Toy izao no lohatenindahatsoratra iray tao amin'ny Charlotte Observer: "Hitan'ny fikarohana fa fa tena matanjaka raha oharina amin'ireo mitovy taona aminy ny zatovo Môrmôna eo amin'ny fiatrehana ny rarin-tsain'ny fialana sakana." Nofaranan'ilay lahatsoratra fa hoe "Ny Môrmôna no mahomby indrindra amin'ny fanalavirana ny fihetsika mampidi-doza, amin'ny fianarana tsara any an-tsekoly ary amin'ny fananana fanantenana ny amin'ny hoavy." Ny iray tamin'ireo mpikaroka tao amin'ilay fanadihadiana izay nanadihady ny maro tamin'ireo tanorantsika dia nilaza hoe "Saika ny sokajy rehetra nanaovanay fanadihadihana no nahitanay ilay endri-javatra mazava hoe: ny Môrmôna no laharana voalohany."[4]

Nahoana ianareo no mahomby kokoa amin'ireo fahasarotana eo amin'ny lalan'ny fahamatorana? Ry zatovovavy, satria ianareo dia mahatakatra ny drafitra lehiben'ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra. Io drafitra io dia milaza aminareo hoe iza ianareo ary inona no tanjon'ny fiainanareo. Ny zatovo manana io fahatakarana io no lohalaharana amin'ny famahan'olana, ary lohalaharana amin'ny fisafidianana ny tsara. Fantatrareo fa afaka mahazo ny fanampian'ny Tompo ianareo amin'ny fandresena ireo fahasarotana rehetra eo amin'ny lalan'ny fahamatorana.

Ny antony iray hafa mahatonga anareo ho mahomby kokoa dia noho ianareo mahatakatra fa ianareo dia zanaky ny Ray any An-danitra izay tia anareo. Azoko antoka fa hainareo ilay hira fihirantsika hoe "Chers enfants, sur vous Dieu veille." Ity ilay andininy voalohany nohiraintsika sy ninoantsika rehetra:

*Rankizy lalaina, Andriamanitra dia*
*eo akaikinareo,*
*Miahy anareo andro aman'alina,*
*Ary finaritra ny hiantso anareo hoe*
*zanany, ka hitahy anareo,*
*Raha toa ianareo miezaka manao*
*ny marina.*[5]

Misy fampianarana roa ao amin'io andalana io: Voalohany, eo akaikintsika ny Raintsika any An-danitra ary miahy antsika andro aman'alina. Eritrereto anie e! Tia antsika Andriamanitra, eo akaikintsika Izy, ary miahy antsika. Faharoa, finaritra ny hitahy antsika Izy rehefa "miezaka manao ny marina" isika. Tena mampionona tokoa izany manoloana ireo tebiteby sy zavatsarotra atrehantsika.

Eny, ry zatovovavy, ianareo dia voatahy ary mahatalanjona, kanefa tahaka ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra ianareo, mila "miezaka manao ny marina."

Eto aho dia afaka manoro hevitra anareo amin'ny karazan-javatra maro, saingy roa ihany no nosafidiko ho resahana.

Ny torohevitro voalohany dia mahakasika ny telefaonina finday. Ny fanadihadiana iray natao manerana ny firenena dia nahitana fa ny antsasamanilan'ny zatovo eto Etazonia dia nilaza fa mandany fotoana be loatra eo amin'ny telefaonina findainy. Mihoatra ny 40 isan-jato no nilaza fa mitebiteby izy ireo rehefa tafasaraka amin'ny telefaonina findainy.[6] Mpitranga kokoa io eo amin'ny vehivavy raha oharina amin'ny lehilahy. Ry anabaviko tanora isany, sy ireo vehivavy olon-dehibe koa, ho voatahy ianareo raha toa ka mametra ny fampiasanareo sy ny fiankinandohanareo amin'ny telefaonina finday.

Ny torohevitro faharoa dia mbola manan-danja kokoa aza. Meteza ho tsara fanahy amin'ny hafa. Ny hatsarampanahy dia zavatra izay efa ataon'ny maro amin'ireo zatovontsika. Misy vondron-jatovo sasany any amin'ny fiarahamonina sasantsasany izay naneho ny fomba fanaovana izany ho antsika rehetra. Nanentana ny fanahinay ny fihetsika maneho hatsaram-panahy nataon'ireo zatovontsika tamin'ireo izay mila fitiavana sy fanampiana. Amin'ny fomba maro no ifanomezanareo izany





fifanampiana sy ifanehoanareo izany fifankativana izany. Irianay ny mba hanarahan'ny rehetra ny ohatrareo.

Etsy an-daniny dia fantatsika fa i Satana dia maka fanahy antsika rehetra mba ho ratsy fanahy ary misy ohatra maro amin'izany hatrany na dia eo anivon'ireo ankizy sy ny zatovo aza. Ny haratsiam-panahy mitohy dia antsoina amin'ny fomba maro toy ny hoe hetraketraka, fiombonana hanoherana olona iray, na fiombonana hanilihana ny hafa. Ireo ohatra ireo dia fampijaliana ankitsirano ny mpiara-mianatra na namana. Ry anabaviko tanora isany, tsy mahafaly ny Tompo raha toa ka mihetraketraka na ratsy fanahy amin'ny hafa isika.

Ity misy ohatra iray. Mahafantatra zatovolahy iray aho, mpitsoa-ponenana eto Utah, izay rabirabiana noho izy hoe tsy mitovy amin'ny rehetra, anisan'izany noho ny fitenenany amin'ny tenindrazany indraindray. Nampijalian'ny vondron-jatovo iray manan-katao izy mandra-pisendaotrany tamin'ny fomba izay nahatonga azy ho nampidirina amponja nandritra ny 70 andro mahery, fotoana izay nandinihan'ny fanjakana ny hamerenana azy any amin'ny tany niaviany. Tsy haiko hoe inona no nampirongatra ity andian-jatovo ity, izay maro tamin'izy ireo no Olomasin'ny Andro Farany toa anareo, kanefa hitako ny fiantraikan'ny haratsiam-panahin'izy ireo, dia traikefa nampidi-doza sy fatiantoka tamin'ny iray tamin'ireo zanak' Andriamanitra izany. Ny fihetsika kely maneho haratsiam-panahy dia mety hiteraka voka-dratsy lehibe.

Rehefa nandre io tantara io aho dia nampitahaiko tamin'ny zavatra nolazain'ny Filoha Nelson mpaminanintsika nandritra ny fampaherezam-panahy niarahany vao tsy ela tamin'ireo zatovo maneran-tany. Tamin'ny nangatahany anareo sy ireo zatovo maro hafa mba hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely no nilazany hoe: "Miavaha; aza mitovy amin'izao tontolo izao. Izaho sy ianao dia mahafantatra fa ianareo dia tokony ho fahazavana ho an'izao tontolo izao. Noho izany dia ilain'ny Tompo ianareo mba hanahaka, sy hiresaka, sy hanao zavatra, ary hiakanjo toy ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy.[7]

Ilay tafika zatovo izay anasan'ny Filoha Nelson anareo mba hidirana dia



tsy hifaneho *haratsiam-panahy.* Izy ireo dia hanaraka ny fampianaran'ny Mpamonjy hoe hanampy sy ho tia ary hiraharaha ny hafa, eny fa na dia ny hanome koa ny takolaka ilany aza rehefa nisy nanao ratsy antsika.

Nandritra ny lahateny tamin'ny fihaonambe iray nanodidina ny taona izay nahaterahan'ny ankamaroanareo, dia noderain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ireo "zatovovavy meva izay miezaka miaina ny filazantsara." Nanoritsoritra azy ireo izy, tahaka ny fahatsapako ny tokony hanoritsoritana anareo:


"Malala-tanana eo amin'ny samy izy ireo izy ireo. Mikatsaka ny hifankahery izy ireo. Tombontsoa ho an'ny ray aman-dreniny sy ny tokantrano niaviany izy ireo. Mihamanakaiky ny maha-vehivavy olon-dehibe izy ireo ary hitondra mandritra ny androm-piainany ireo soatoavina izay hery manosika azy ireo amin'izao fotoana izao."[8]

Amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo ahy no ilazako anareo ry zatovovavy fa izao tontolo izao dia mila ny hatsaranareo sy ny fitiavanareo. Aoka ianareo hifaneho hatsaram-panahy. I Jesoa dia nampianatra antsika hifankatia sy hitondra ny hafa tahaka ny fomba tiantsika hitondrana antsika. Rehefa miezaka ny ho tsara fanahy isika dia manakaiky kokoa Azy sy ny toetrany feno fitiavana.

Ry anabaviko malala isany, raha mandray anjara amina hetraketraka ianareo na zavatra lomorina, na samirery izany na ao anatina vondrona, dia manapaha-hevitra ny hiova izao ary ny hamporisika ny hafa hiova. Izany no torohevitro ary manome izany anareo aho amin'ny maha-mpanompon'i Jesoa Kristy Tompo ahy satria ny Fanahiny no nitaona ahy hiresaka aminareo momba io lohahevitra manan-danja io. Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy antsika aho, izay nampianatra antsika mba hifankatia tahaka ny nitiavany antsika. Enga anie isika hanatanteraka izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny Sara Berg, "Nation's Latest Challenge: Too Few Children," AMA Wire, 18 jona 2018, wire.ama-assn.org.
2. *Les enseignements de Gordon B. Hinckley* (1997), 387, 390; jereo koa ny M. Russell Ballard, "Mothers and Daughters," *Liahona,* mey 2010, 18 (teny notsongaina hita ao amin'ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* [2011], 156).
3. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 96; jereo koa ny Russell M. Nelson, "Children of the Covenant," *Ensign*, mey 1995, 33.
4. Io fanadihadiana io dia navoakan'ny Oxford University Press ka nitondra ny lohateny hoe Christian Smith and Melinda Lundquist Denton, *Soul Searching: The Religious and Spiritual Lives of American Teenagers* (2005).
5. "Chers enfants, sur vous Dieu veille," *Cantiques,* lah. 190.
6. Jereo ny "In Our Opinion: You Don't Need to Be Captured by Screen Time," *Deseret News,* 31 aôg. 2018, deseretnews.com.
7. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (Fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), 8, HopeofIsrael.lds.org.
8. Gordon B. Hinckley, "The Need for Greater Kindness," *Liahona,* mey 2006, 60–61.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

# Ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely

*Anio alina aho dia miangavy anareo amin'ny maha-mpaminany ahy, ry vehivavin'ny Fiangonana, mba hamolavola ny hoavy amin'ny fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely miely patrana.*

Tena mahafinaritra ny miaraka aminareo ry ranabaviko malala sy sarobidy isany. Mety ahafahanareo mahazo an'eritreritra ny fahatsapako momba anareo sy momba ny hery masina nampitafiana anareo angamba ny zavatra iray izay niainako vao tsy ela.

Indray andro raha niresaka tamin'ny fivoriana iray tany Amerika Atsimo aho dia nanomboka nientanentana be ny amin'ny lohahevitro ary tamin'ny fotoana iray tena nanan-danja dia hoy aho hoe: "Amin'ny maha-*renin*-janaka 10 ahy dia afaka milaza aminareo aho fa . . ." Dia avy eo notohizako ny hafatro.

Tsy tsikarotro akory hoe nilaza ny teny hoe *reny* aho. Raha nihevitra ahy ho diso fiteny ilay mpandika teny dia novainy ho *ray* ilay teny hoe *reny* ka tsy fantatr'ireo mpivory mihitsy hoe nilaza ny tenako ho *reny* aho. Saingy i Wendy vadiko dia nahare izany, ary nahafaly azy tokoa ilay teny voalazako tsy nahy.

Tamin'izany fotoana izany dia ny faniriana lalina avy tato am-poko hitondra fiovana eto amin'izao tontolo izao, izay reny ihany no mahavita izany, no niboiboika avy tao am-poko. Nandritra ny fiainako isaky ny nanontaniana ahy ny antony nahatonga ahy *nisafidy* ho lasa mpitsabo, dia toy izao foana no valinteniko: "Satria tsy afaka *nisafidy* ny ho lasa reny aho."

Mariho fa isaky ny mampiasa ny teny hoe *reny* aho dia tsy miresaka



momba ireo vehivavy efa niteraka na nanangan-janaka tamin'ity fiainana ity ihany. Fa miresaka momba ireo zanakavavin'ny Ray any An-danitra izay efa lehibe *rehetra*. Ny vehivavy *tsirairay* dia reny noho ny anjarany mandrakizay araka an' Andriamanitra.

Koa anio alina, amin'ny maha-*rain*-janaka 10 ahy, zanaka vavy *sivy* sy lahitokana, sy amin'ny maha-Filohan'ny Fiangonana ahy, dia mivavaka aho ny mba hahatsapanareo ny halalin'ny zavatra tsapako momba anareo, momba ny hoe iza ianareo sy ny zavatra tsara rehetra ataonareo. Tsy misy mahavita ny zavatra vitan'ny vehivavy marina iray. Tsy misy afaka maka tahaka ny fitaoman'ny reny iray.

Ny lehilahy dia afaka maneho ary matetika dia maneho ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy amin'ny hafa. Saingy ny vehivavy dia manana fanomezam-pahasoavana manokana hanao izany, zavatra nampitafiana azy ireo avy any an-danitra. Manana ny fahaizana mamantatra ny zavatra ilain'ny olona iray ianareo, sy ny *fotoana* ilan'izy ireo izany. Afaka manampy, mampionona, mampianatra, ary mankahery olona iray ao anatin'ny fotoana manahirana azy ianareo.

Ny vehivavy dia manana fijery hafa amin'ny an'ny lehilahy, ary endrey ilainay ny fomba fijerinareo! Ny toetranareo dia mitarika anareo hieritreritra ny hafa *voalohany,* hieritreritra ny fiantraikan'izay zavatra atao eo amin'ny hafa.

Araka ny fanamarihana nataon'ny Filoha Eyring dia i Eva, ilay renintsika be voninahitra, no nitarika an'ilay antsointsika hoe "ny Fahalavoana," noho ny fijeriny lavitra momba ny drafitry ny Raintsika any An-danitra. Ny safidy nataony tamim-pahendrena sy tamin-kerimpo niaraka tamin'ny fanapahan-kevitr'i Adama izay nanohana azy no nampiroso ny drafitry ny fahasambaran' Andriamanitra. Izy ireo no nahafahantsika tsirairay ho tonga ety ambonin'ny tany sy handray vatana ary haneho fa hisafidy ny hijoro ho an'i Jesoa Kristy isika *amin'izao,* tsy misy hafa amin'ny nataontsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana.

Ry ranabaviko malala, manana fanomezam-pahasoavana sy fironana ara-panahy miavaka ianareo.

Mamporisika anareo aho anio alina, amin'ny fanantenan'ny foko manontolo, mba hivavaka hahatakaranareo *ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy nomena anareo*—mba hampiroborobo sy hampiasa ary hampivelatra azy ireny, mihoatra noho izay efa nataonareo. Hitondra fiovana eo amin'izao tontolo izao ianareo raha manao izany.

Amin'ny maha-vehivavy anareo dia mitondra fitaomana ho an'ny hafa ianareo ary fenitra mendrika halain-tahaka. Mamelà ahy ianareo hampahafantatra misimisy kokoa ny roa amin'ireo filazana lehibe natao tamin'ny fihaonambe maneran-tany farany nataontsika. Ianareo, ry ranabavy malalako, no tena ain'ny tsirairay amin'izany.

Voalohany, ny fanompoana. Ny fenitra faratampony momba ny fanompoana dia ny an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Amin'ny ankapobeny dia ny vehivavy no manakaiky kokoa an' izany fenitra izany mihoatra ny lehilahy, ary efa izany foana hatrizay. Rehefa tena manompo ianareo dia manaraka ny fahatsapanareo hanampy ny olona iray hafa hiaina bebe kokoa ny fitiavan'ny Mpamonjy. Ny fironana hanompo dia toetra tsy misaraka amin'ny vehivavy marina. Mahafantatra vehivavy mivavaka isan' andro aho manao hoe: "Iza no asainao hampiako anio?"

Talohan'ilay filazana tamin'ny aprily 2018 momba ilay fomba ambony sy masina kokoa hikarakarana ny hafa dia ny manisy marika ny fampianarana isan-tokantrano nampanaovina azy ireo hoe "vita" no fanaon'ny lehilahy sasany ary mandroso amin'ny andraikitra manaraka avy eo.

Saingy *ianareo* kosa rehefa nahatsapa fa mila fanampiana ny rahavavy iray novanginareo dia mandray andraikitra avy hatrany ianareo ary avy eo dia manao izany mandritra ny volana manontolo. Noho izany dia ny *fomba* famangiana fanaonareo no nanome aingam-panahy ho an'ny fivoarantsika ho amin'ny fanompoana.

Faharoa, tamin'ny fihaonambe maneran-tany farany isika dia nanavao ny firafitry ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka. Rehefa nitolona tamimbavaka izahay ny amin'ny fomba hanampiana ireo lehilahin'ny Fiangonana mba hahomby kokoa amin'ny andraikiny dia nodinihinay tsara ny ohatry ny Fikambanana Ifanampiana.

Ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ireo vehivavy na firy taona na firy faona ary na inona na inona ny ambaratongam-piainana misy azy dia miaraka mivory. Ny ambaratonga tsirairay amin'ny fiainana dia samy misy fanamby miavaka, kanefa dia *indreo* ianareo, isan-kerinandro, mifangaro, miara-mivoatra sy mampianatra ny filazantsara, ary mitondra fiovana azo tsapain-tanana eo amin'izao tontolo izao.

Amin'izao ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka, izay manaraka ny ohatrareo, dia mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny loholona. Ireo lehilahy ireo dia eo anelanelan'ny 18 ka hatramin'ny 98 taona (mihoatra angamba), sady manana traikefa isankarazany eo amin'ny fisoronana sy ato amin'ny Fiangonana. Amin'izao ireo rahalahy ireo dia afaka manorina fifandraisana matanjaka kokoa eo amin'ny samy mpirahalahy, miaraka mianatra, ary mitahy ny hafa amin'ny fomba mahomby kokoa.


Tsaroanareo fa tamin'ny volana jona lasa teo izaho sy Rahavavy Nelson dia niresaka tamin'ireo tanoran'ny Fiangonana. Nasainay izy ireo hirotsaka ao amin'ny tafiky tanoran'ny Tompo mba hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely amin'ny lafiny roa amin'ny voaly. Io fanangonana io no "fanamby *lehibe indrindra* sy tanjona *lehibe indrindra* ary asa *lehibe indrindra* eto ambonin'ny tany ankehitriny"![1]

Tanjona iray izay tena ilana ny vehivavy izany, satria ny vehivavy no mamolavola ny hoavy. Koa anio alina aho dia miangavy anareo amin'ny maha-mpaminany ahy, ry vehivavin'ny Fiangonana, mba hamolavola ny hoavy amin'ny fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely miely patrana.

Inona no azonareo hanombohana izany?

Manolotra *fanasana efatra* aho:

Voalohany, manasa anareo aho handray anjara amin'ny fanalavirana mandritra ny 10 andro ny tambazotrantserasera sy ny fitaovan-tserasera hafa izay mitondra eritreritra ratsy sy maloto ao an-tsainareo. Mivavaha mba hahafantarana izay zavatra mitarika hoesorinareo



mandritra izany fanalavirana ataonareo izany. Tsy hampoizinareo ny vokatry ny fanalavirana mandritra ny 10 andro izay hataonareo. Inona no tsikaritrareo rehefa avy miato amin'ny fanaon'izao tontolo izao izay mandratra ny fanahinareo? Misy fiovana ve izay tianareo handaniana ny fotoanareo sy ny tanjakareo *izao*? Misy niova ve ny laharam-pahamehanareo, na dia kely fotsiny aza? Mamporisika anareo aho mba hirakitra sy hanaraka ny fahatsapana tsirairay.

Faharoa, manasa anareo aho hamaky ny Bokin'i Môrmôna manomboka izao ka hatramin'ny faran'ny taona. Na dia toa tsy ho vita aza izany noho ireo zavatra maro ezahinareo sahanina eo amin'ny fiainanareo, raha manaiky ity fanasana ity ianareo amin'ny fanirian'ny fonareo manontolo, dia hanampy anareo ny Tompo hahita fomba hahatratrarana izany. Ary rehefa mandalina ombam-bavaka ianareo, dia mampanantena aho fa hisokatra ho anareo ny lanitra. Hanome fitaomam-panahy sy fanambarana bebe kokoa ho anareo ny Tompo.

Rehefa mamaky ianareo dia te hamporisika anareo aho mba hanisy marika ireo andininy izay miresaka momba ny Mpamonjy. Avy eo dia manàna finiavana hiresaka momba an'i Kristy, hifaly ao amin'i Kristy ary hitory an'i Kristy amin'ny fianakavianareo sy ny namanareo.[2] Ho lasa akaiky kokoa ny Mpamonjy ianareo miaraka amin'izy ireo raha manaraka izany dingana izany. Ary hisy fiovana, fahagagana mihitsy aza, hanomboka hitranga.

Androany maraina dia nisy filazana natao momba ny fandaharampampianarana vaovao isaky ny Alahady, izay manome sehatra ny fiainana sy fianarana zavatra ara-panahy ao antokantrano izay hamafisin'ny zavatra atao any am-piangonana. Ianareo ry ranabaviko malala no fanalahidin'ny fahombiazan'io ezaka vaovao sy voalanjalanja ary mirindra hampianarana ny filazantsara io. Ampianaro ireo izay tianao ny zavatra ianaranao avy ao amin'ny soratra masina. Ampianaro azy ireo ny fomba hitodihana any amin'ny Mpamonjy mba hahazoana ny fanasitranany sy ny heriny manadio rehefa manota izy ireo. Ary ampianaro azy ireo ny fomba hampiasana ny heriny mankahery isan'andro eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Fahatelo, manorena fahazarana handeha tsy tapaka any amin'ny tempoly. Mety hitaky fahafoizantena misimisy kokoa eo amin'ny fiainanareo izany. Ny fandehanana imbetsaka kokoa any amin'ny tempoly dia hamela ny Tompo hampianatra anareo ny fomba hampiasana ny herin'ny fisoronany izay nanafiana anareo tany amin'ny tempoliny. Ho anareo izay tsy mipetraka akaikin'ny tempoly dia manasa anareo aho handalina ombam-bavaka momba ny tempoly ao amin'ny soratra masina sy ao amin'ny tenin'ireo mpaminany velona. Mikatsaha *hahafantatra* kokoa sy *hahatakatra* kokoa ary *hahatsapa* kokoa momba ny tempoly mihoatra ny teo aloha.

Tamin'ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tamin'ny volana jona lasa teo aho dia niresaka momba ny zatovolahy iray izay niova ny fiainany raha natakalon'ireo ray aman-dreniny ireny finday taloha afaka miforitra ireny ny smartphone fampiasany. Vehivavy manampinoana sy tsy matahotra ny renin'io zatovolahy io. Nahita ny zanany lahy izy nanomboka nanao safidy izay hanakana azy tsy hanao asa fitoriana. Nankany amin'ny tempoly izy nivavaka mba hahafantatra ny fomba tsara indrindra hanampiana ilay zanany. Dia nanomboka nanao zavatra araka izay fahatsapany izy avy eo.

Hoy izy: "Tsapako ny Fanahy nitarika ahy hijery ny findainy tamin'ny fotoana manokana mba hahatratrarana zavatra manokana. Tsy mahafantatra ny fomba fijerena ny ao anatin'ireny smartphone ireny aho saingy ny Fanahy no nitarika ahy tao anatin'ireo tambazotra ifaneraserana rehetra izay tsy mba fampiasako akory! Fantatro fa manampy ny ray aman-dreny izay mikatsaka fitarihana hiarovana ny zanany ny Fanahy. [Tamin'ny voalohany] dia tezitra tamiko ilay zanako. . . . Saingy telo andro taorian'izay fotsiny dia nisaotra ahy izy! Tsapany ny fahasamihafana."

Niova be ny toetra sy ny fihetsik'ilay zanany lahy. Lasa manampy kokoa izy tao an-trano, nitsikitsiky kokoa, ary nihaino kokoa tany ampiangonana. Tiany ny nanompo nandritra ny fotoana fohy tao amin'ny toerana fanaovam-batisa tao amin'ny tempoly sy nanomanany ny fitoriana ny filazantsara.

Ny fanasako fahefatra, ho anareo izay efa nahazohazo taona, dia ny handraisanareo anjara tanteraka ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Mamporisika anareo aho mba handalina ny teny voalaza ao amin'ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana amin'izao. Tena manentana ny fanahy izany. Mety hitarika anareo izany amin'ny fampiroboroboana ny tanjonareo amin'ny fiainanareo manokana. Mangataka anareo ihany koa aho mba hiaina ireo fahamarinana ao amin'ny fanambaran'ny Fikambanana Ifanampiana navoaka efa ho 20 taona lasa izay.[3] Misy tahadikan'izany ao anaty tranon-tsary mihantona amin'ny rindrin'ny biraon'ny Fiadidiana Voalohany. Heniky ny hafaliana aho *isaky* ny mamaky izany. Mamaripařitra anareo izany sy ny olona tian'ny Tompo hahatongavanareo amin'izao fotoana izao *manokana* rehefa manao ny anjara*nareo* ianareo eo amin'ny fanampiana amin'ny fanangonana an'i Isiraely miely patrana.

Ry ranabavy malala, mila *anareo* izahay! Mila "ny tanjak*areo*, ny fiovampo*nareo*, ny finoa*nareo,* ny fahaiza*nareo* mitarika, ny fahendre*nareo* ary ny feo*nareo* izahay."[4] Tsy afaka manangona an'i Isiraely tsotra izao izahay raha tsy eo ianareo.

Tia anareo aho sy misaotra anareo ary izao dia mitsodrano anareo mba hanana fahafahana hanalavitra an'izao tontolo izao ianareo eo ampitondranareo fanampiana eo amin'ity asa manan-danja sy maika ity. Rehefa miaraka isika dia afaka manao izay rehetra ilain'ny Raintsika any Andanitra hataontsika mba hanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiavian'ny Zanaka Malalany fanindroany.

I Jesoa no Kristy. Fiangonany ity. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## Ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana

Ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia manampy ireo vehivavy mba hiomana amin'ireo fitahian'ny fiainana mandrakizay rehefa:

- Manamafy orina ny finoana an'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Sorompanavotany izy ireo.
- Manamafy orina ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ary ny tokantrano amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana izy ireo.
- Miasa ao anatin'ny firaisan-kina mba hanampy ireo sahirana izy ireo.


*Misy tahadika azo alaina ao amin'ny lds.org/callings/relief-society/purposes na ao amin'ny store.lds.org.*



**FANAMARIHANA**


1. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), Hopeofisrael.lds.org.
2. Jereo ny 2 Nefia 25:26.
3. Azo jerena en ligne ireo antontan-taratasy ireo. Ho an'ny filazana ny tanjon'ny Fikambanana Ifanampiana dia jereo ny lds.org/callings/relief-society. Ho an'ny fanambarana momba ny Fikambanana Ifanampiana, dia jereo ny Mary Ellen Smoot, "Rejoice, Daughters of Zion," *Liahona,* Jan. 2000, 111–14.
4. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an' ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 96; nampiana fanamafisana.

# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

## NY FIADIDIANA VOALOHANY


Dallin H. Oaks
Mpanolotsaina Voalohany



Russell M. Nelson
Filoha



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



M. Russell Ballard


Jeffrey R. Holland


Dieter F. Uchtdorf



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen


Ronald A. Rasband



Gary E. Stevenson



Dale G. Renlund



Gerrit W. Gong


Ulisses Soares

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



L. Whitney Clayton



Patrick Kearon


Carl B. Cook


Robert C. Gay



Terence M. Vinson


José A. Teixeira



Carlos A. Godoy

# FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)




Marcos A. Aidukaitis · Jose L. Alonso · Wilford W. Andersen · Ian S. Ardern · Steven R. Bangerter · W. Mark Bassett · David S. Baxter · Randall K. Bennett · Shayne M. Bowen · Mark A. Bragg · Matthew L. Carpenter · Yoon Hwan Choi · Craig C. Christensen · Kim B. Clark · Weatherford T. Clayton · Lawrence E. Corbridge




Valeri V. Cordon · J. Devn Cornish · Claudio R. M. Costa · Joaquin E. Costa · LeGrand R. Curtis Jr. · Massimo De Feo · Benjamín De Hoyos · Edward Dube · Kevin R. Duncan · Timothy J. Dyches · David F. Evans · Enrique R. Falabella · Bradley D. Foster · Randy D. Funk · Eduardo Gavarret · Jack N. Gerard




Taylor G. Godoy · Christoffel Golden · Walter F. González · O. Vincent Haleck · Brook P. Hales · Donald L. Hallstrom · Kevin S. Hamilton · Allen D. Haynie · Mathias Held · David P. Homer · Paul V. Johnson · Larry S. Kacher · Jorg Klebingat · Joni L. Koch · Erich W. Kopischke · Hugo E. Martinez



James B. Martino · Richard J. Maynes · Kyle S. McKay · Peter F. Meurs · Hugo Montoya · Marcus B. Nash · K. Brett Nattress · S. Gifford Nielsen · Brent H. Nielson · Adrián Ochoa · S. Mark Palmer · Adilson de Paula Parrella · Kevin W. Pearson · Anthony D. Perkins · Paul B. Pieper · John C. Pingree Jr.




Rafael E. Pino · Michael T. Ringwood · Lynn G. Robbins · Gary B. Sabin · Evan A. Schmultz · Joseph W. Sitati · Steven E. Snow · Vern P. Stanfill · Brian K. Taylor · Michael John U. Teh · Juan A. Uceda · Arnulfo Valenzuela · Juan Pablo Villar · Takashi Wada · Taniela B. Wakolo · Scott D. Whiting



Larry Y. Wilson · Chi Hong (Sam) Wong · Kazuhiko Yamashita · Jorge F. Zeballos

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany · Gérald Caussé, Eveka Mpiahy · W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa


## MPIANDRAIKITRA AMBONY

### SEKOLY ALAHADY



Devin G. Durrant, Mpanolotsaina Voalohany · Tad R. Callister, Filoha · Brian K. Ashton, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY



Michelle D. Craig, Mpanolotsaina Voalohany · Bonnie H. Cardon, Filoha · Becky Craven, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany · Jean B. Bingham, Filoha · Reyna I. Aburto, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA



Lisa L. Harkness, Mpanolotsaina Voalohany · Joy D. Jones, Filoha · Cristina B. Franco, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY



Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany · Stephen W. Owen, Filoha · M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa





**Nataon'ny Filoha M. Russell Ballard**
Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny fahitana momba ny fanavotana ny maty

*Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ilay fahitana voarain'ny Filoha Joseph F. Smith. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny olona rehetra dia afaka mamaky izany ka hahafantatra fa marina izany.*

Ry rahalahy sy anabaviko, ity lahateniko ity dia efa nomanina fotoana elaela talohan'ny fahalasanan'i Barbara vady malalako. Misaotra anareo izaho sy ny fianakaviako noho ny fitiavanareo sy ny fanoloranareo tanana tamin-kalemem-panahy. Mangataka aho ny hitahian'ny Tompo ahy raha hiresaka aminareo eto anio maraina.

Tamin'ny ôktôbra 1918, zato taona lasa izay dia nandray fahitana tena lehibe ny Filoha Joseph F. Smith. Rehefa nahafatra-po nanompo 65 taona mahery tao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy, ary herinandro vitsy monja talohan'ny nahafatesany tamin'ny 19 nôvambra 1918, dia nipetraka tao an'efitranony izy ary nandalina ny sorompanavotan'i Kristy sy namaky ny famariparitan'ny Apôstôly Petera mikasika ny fanompoan'ny Mpamonjy tao amin'ny tontolon'ny fanahy taorian'ny nanomboana azy teo amin'ny hazofijaliana.

Nanoratra toy izao izy: "Nampihetsi-po ahy fatratra ny zavatra novakiako. . . . Raha nisaintsaina ny amin'ireo zavatra ireo aho . . . , dia nosokafana ny masom-pahatakarako, ary nitoetra tamiko ny Fanahin'ny Tompo, ka hitako ireo vahoakan'ny maty."[1] Voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 138 ny lahatsoratra feno mikasika ilay fanambarana.

Te hizara fampahalalana sasantsasany aho, mba hahafahantsika mankafy tanteraka ny fiomanan'i Joseph F. nandritra ny androm-piainany handray ity fanambarana miavaka ity.

Tamin'izy Filohan'ny Fiangonana, dia nitsidika an'i Nauvoo izy tamin'ny 1906 ary nandalina mikasika ny fahatsiarovana nananany fony izy vao dimy taona monja. Nilaza izy hoe: "Ity mihitsy ilay toerana nijoroako rehefa hiakatra teo amin'ny soavaly ho any Carthage i [Joseph, dadatoako sy i Hyrum raiko]. Tsy niala avy eny ambonin'ny soavaliny izy fa niondrika avy eo ambony lasely ka nibata ahy hiakatra ambony. Nanoroka ahy izy hanao veloma ary nampidina ahy indray dia indro hitako izy lasa, nitaingin-tsoavaly."[2]

Ny fotoana manaraka nahitan'i Joseph F. azy ireo, dia izy notrotroin'i Mary Fielding reniny, hijery ireo martiora nalahatra nifanakaiky rehefa avy novonoina tamin'ny fomba feno habibiana tao amin'ny fonjan'i Carthage tamin'ny 27 jona 1844.

Roa taona taty aoriana, i Joseph F., niaraka tamin'ireo fianakaviany sy ny reniny mahatoky, i Mary Fielding Smith, dia nandao ny tranony tao Nauvoo hihazo an'i Winter Quarters. Na dia tsy mbola valo taona akory aza i Joseph F. dia nasaina nitondra ny anankiray tamin'ireo andian'omby avy tany Montrose Iowa ho any Winter Quarters, ary taty aoriana hatrany amin'ny lohasahan'i Salt Lake, ary efa handray 10 taona izy nony tonga tany. Manantena aho ry zazalahy sy zatovolahy isany fa mihaino ianareo ary ho tonga saina amin'ny andraikitra sy zavatra nantenaina napetraka tamin'i Joseph F. nandritra ny fahazazany.

Efa-taona monja taty aoriana, tamin'ny 1852, raha feno 13 taona izy, dia maty ny reny malalany—ka namela an'i Joseph sy ireo iray tampo aminy ho kamboty.[3]

Nantsoina hitory ny filazantsara amin'ny fotoana feno tany amin'ny Nosy Hawaii i Joseph F. tamin'ny taona 1854, raha izy 15 taona. Io asa fanompoana io, izay naharitra telo taona mahery, no niantombohan'ny fiainana feno fanompoana tato amin'ny Fiangonana.

Rehefa tafaverina tany Utah i Joseph F. dia nanambady tamin'ny taona 1859.[4] Nandritra ireo taona vitsivitsy taty aoriana, dia nameno ny fiainany ny asa, sy ny adidy tamin'ny fianakaviana, ary asa fanompoana roa fanampiny. Tamin'ny 1 jolay 1866, tamin'ny faha-27 taonany, dia niova tanteraka ny fiainan'i Joseph F. rehefa natokan'i Brigham Young ho Apôstôly izy. Ny volana ôktôbra tamin'ny taona manaraka





*Hitan'ny Filoha Joseph F. Smith tao anatin'ny fahitana tena lehibe iray tamin'ny ôktôbra 1918 i Hyrum rainy sy ny Mpaminany Joseph Smith.*

an'izay, dia nameno ny toerana banga tao amin'ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo izy.[5] Mpanolotsaina an'i Brigham Young, sy John Taylor, Wilford Woodruff, ary Lorenzo Snow izy mialoha ny nahalasa Filoha azy tamin'ny taona 1901.[6]

Niteraka an'i Mercy Josephine zanak'izy ireo voalohany ho isan'ny fianakaviana i Joseph F. sy Julina vadiny.[7] Vao roa taona sy tapany monja i Mercy Josephine dia nodimandry. Fotoana fohy taorian'izay, dia nanoratra i Joseph F. hoe: "Iray volana omaly izao . . . no nahafatesan'i Josephine sombinaiko. Indrisy! Inay anie aho afaka namonjy azy mba ho nitomboany hatramin'ny fahalehibeazany. Malahelo azy aho isan'andro ary manirery. . . . Mamelà ny fahalemeko Andriamanitra raha toa ka fahadisoako ny mitia ireo zanako amin'ny fitiavako azy ireo."[8]

Nandritra ny androm-piainany ny Filoha Smith dia namoy ny rainy, ny reniny, rahalahy anankiray, anabavy anankiroa, vady roa ary zanaka telo ambin'ny folo. Zatra fahoriana izy ary namoy olon-tiana.

Rehefa maty i Albert Jesse zanany lahy, dia nanoratra tany amin'i Martha Ann anabaviny i Joseph F. nilaza fa nitalaho tamin'ny Tompo izy ary nanontany hoe: "Inona no anton'izao? Andriamanitra ô! Nahoana no tsy maintsy ho toy izao izy ity?"[9]

Na dia teo aza ireo vavaka nataony tamin'izany fotoana izany, dia tsy nahazo valiny mikasika izany lohahevitra izany i Joseph F.[10] Nilaza tamin'i Martha Ann izy fa "[toy ny hoe] varahina eo ambony lohantsika ny lanitra" raha ny amin'ny resaka fahafatesana sy tontolon'ny fanahy. Na izany aza, dia mafy orina sy tsy azo nohozongozonina ny finoany an'ireo fampanantenana mandrakizain'ny Tompo.

Tamin'ny fotoan'ny Tompo no nahatongavan'ireo valim-panontaniana fanampiny, sy fankaherezana ary fahatakarana mikasika ny tontolon'ny fanahy izay nokatsahin'ny Filoha Smith, tamin'ny alalan'ny fahitana mahatalanjona izay noraisiny tamin'ny ôktôbra 1918.

Io taona io dia nitondra fahoriana manokana ho azy. Nalahelo izy noho ireo aina nafoy tamin'ny Ady Lehibe Voalohany izay tsy nitsaha-nitombo ka olona 20 tapitrisa mahery no maty. Tetsy an-danin'izany ihany koa dia nihanaka nanerana izao tontolo izao ny valan'aretina gripa mahery vaika ary nahafaty olona mihoatra ny zato tapitrisa izany.

Nandritra io taona io no namoizan'ny Filoha Smith olona telo sarobidy hafa tao amin'ny fianakaviany. Ny Loholona Hyrum Mack Smith tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, izay zanany lahimatoa sady raibeko, izay maty tampoka noho ny appendicite vaky.

Nanoratra ny Filoha Smith hoe: "Tankina aho—[vonton'] alahelo! . . . Vaky ny foko; ary toa tsy manana hery iainana! . . . Indrisy! Tiako izy! . . . Hitia azy mandrakizay aho. Izany no izy ary ho izany hatrany miaraka amin'ireo zanako lahy sy vavy, kanefa izy no zanako lahimatoa, ilay voalohany nitondra fifaliana sy fanantenana ateraky ny anarana omem-boninahitra tsy misy fiafarana eo anivon'ny lehilahy. Avy amin'ny fanahiko lalina no hisaorako an' Andriamanitra ho azy! Saingy indrisy! Nila azy aho! Nila azy isika rehetra! Nilain'ny Fiangonana tokoa izy. . . . Ary ankehitriny, . . . Indrisy! Inona no azoko atao! . . . Indrisy! Ampio aho Andriamanitra ô!"[11]

Ny volana manaraka an'iny, i Alonzo Kesler vinantolahin'ny Filoha Smith dia maty tamin'ny loza nahatsiravina.[12] Nanao fanamarihana tao anatin'ny diariny ny Filoha Smith hoe: "Ity loza nahafaty mahatsiravina sy mampalahelo indrindra ity dia nahatonga alahelo goavana teo anivon'ny fianakaviako."[13]

Fito volana taty aoriana, ny volana septambra 1918, dia maty i Ida Bowman Smith, vinantovavin'ny Filoha Smith sady renibeko, teo am-piterahana ny zanany fahadimy, dia i Hyrum dadatoako.[14]

Ary dia araka izany, tamin'ny 3 ôktôbra 1918, rehefa niaina alahelo lalina noho ny olona an-tapitrisany maty maneran-tany noho ny ady sy ny valan'aretina ary koa noho ny nahafatesan'ireo tao amin'ny fianakaviany, dia nandray ilay fanambarana avy any an-danitra ny Filoha Smith, izay antsoina hoe "ny fahitana momba ny fanavotana ny maty."

Niresaka momba io fanambarana io izy ny ampitson'io nandritra ny fivoriana fanokafana ny fihaonambe maneran-tany volana ôktôbra. Tsy salama tsara ny Filoha Smith, kanefa niteny fohy izy hoe: "Tsy hanandrana aho, tsy sahy hanandrana hanomboka hiresaka zavatra maro izay ato antsaiko androany maraina, ka ahemotro ho any aoriana, raha sitraky ny Tompo, ny fanandramako hitantara aminareo ny sasany amin'ireo zavatra izay ato antsaiko ary tsy afaka ato am-poko. Tsy nitoetra irery aho nandritra ny dimy volana farany teo. Niaina tao anatin'ny fanahin'ny vavaka sy fitalahoana sy finoana ary finiavana aho; ary nanana

fifandraisana tsy tapaka tamin'ny fanahin'ny Tompo."[15]

Ilay fanambarana izay noraisiny tamin'ny 3 ôktôbra dia nankahery ny fony ary nitondra valiny ho an'ireo fanontaniana maro nananany. Isika koa dia afaka mahazo hery sy mianatra bebe kokoa mikasika ny hoavintsika manokana rehefa maty isika sy ireo olon-tiantsika ka mankany amin'ny tontolon'ny fanahy amin'ny fandalinana io fanambarana io sy ny fandinihana ny lanjany eo amin'ny fomba hitondrantsika ny fiainantsika isan'andro.

Anisan'ireo zavatra maro hitan'ny Filoha Smith ny nitsidihan'ny Mpamonjy an'ireo mahatoky tany amin'ny tontolon'ny fanahy taorian'ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana. Avy amin'io fahitana io no angalako an'izao:

"Fa indro, avy teo anivon' ny olomarina Izy no nandrindra ny heriny ka nanendry iraka nitafy hery sy fahefana, ary nandidy azy ireo handeha sy hitondra ny fahazavan' ny filazantsara ho an' ireo izay tao amin' ny haizina, dia ho an' ny fanahin' ny olona rehetra;[16] ary dia toy izany no nitoriana ny filazantsara tamin' ny maty. . . .

"Ireo dia nampianarina ny finoana an' Andriamanitra, ny fibebahana amin' ny fahotana, ny batisa isoloana tena ho famelana ny fahotana, ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana,

"Ary ireo fitsipika hafa rehetra an' ny filazantsara, izay nilainy ho fantatra mba hahalany ny tenany, mba hotsaraina araka ny olona ao amin' ny nofo izy, fa ho velona araka an' Andriamanitra ao amin' ny fanahy. . . .

"Satria ny maty dia nihevitra ny fisarahana maharitra eo amin'ny fanahiny sy ny vatany ho toy ny fatorana.

"Ireo no nampianarin' ny Tompo, ary nomeny hery izy ireo mba hivoaka aorian' ny fitsanganany amin' ny maty ka hiditra ao amin' ny fanjakan' ny rainy, ary ao izy ireo no hosatrohina tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay,

"Ary hanohy hatrizao ny asany, toy izay efa nampanantenain' ny Tompo, ary ho mpandray anjara amin' ny fitahiana rehetra izay notanana ho fiandry ho an' ireo izay tia Azy."[17]

Tao anatin'ilay fahitana dia hitan'ny Filoha Smith i Hyrum rainy sy ny



Mpaminany Joseph Smith. Efa 74 taona lasa izay no nahitany azy ireo farany fony izy zazalahy kely tany Nauvoo. Azontsika alaina sary an-tsaina fotsiny ny fifaliany raha nahita ny rainy sy ny dadatoany malala. Tsy maintsy ho notaomin'ny Fanahy sy nahazo hery izy noho ny fahafantarana fa ireo fanahy dia mbola mitovy amin'ny endriky ny vatan'izy ireo mety maty, ary tsindrian-daona miandry ny andron'ny fitsanganan'izy ireo amin'ny maty efa nampanantenaina. Io fahitana io dia nanambara feno kokoa ny antsipirian'ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ireo zanany sy ny fitiavana manavotr'i Kristy ary ny hery tsy manam-paharoan'ny Sorompanavotana nataony.[18]

Amin'izao faha-100 taona miavaka izao dia manasa anao aho hamaky am-pisainana lalina io fanambarana io. Eo am-panaovanao izany dia enga anie hitahy anao ny Tompo hahatakaranao feno kokoa ary ankafizanao kokoa ny fitiavan' Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjeny sy ny fahasambarana ho an'ireo zanany.


Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ilay fahitana voarain'ny Filoha Smith. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny olona rehetra dia afaka mamaky izany ka hahafantatra fa marina izany. Ireo izay tsy mandray izany fahalalana izany eto amin'ity fiainana ity dia ho azo antoka fa hahafantatra ny fahamarinan'izany rehefa ho tonga ao amin'ny tontolon'ny fanahy daholo. Any ny rehetra dia hitia sy hidera an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Tompo noho ilay drafitra lehiben'ny famonjena sy ny fitahian'ny fitsanganana amin'ny maty nampanantenaina rehefa hatambatra indray ny vatana sy ny fanahy ka tsy ho sarahina intsony.[19]

Feno fankasitrahana tanteraka aho amin'ny fahafantarako hoe aiza no misy an'i Barbara tsy foiko ary hiaraka indray amin'ny fianakavianay mandrakizay mandrakizay izahay. Ny fiadanan'ny Tompo anie hitoetra amintsika tsirairay amin'izao fotoana izao sy ho mandrakizay, ary izany no vavaka amim-panetrentena ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:6, 11.
2. Joseph F. Smith, ao amin'ny Preston Nibley, *The Presidents of the Church* (1959), 228.
3. Jereo ny Joseph Fielding Smith, *Life of Joseph F. Smith* (1938), 13.
4. Nanambady an'i Levira Clark izy tamin'ny 1859, an'i Julina Lambson tamin'ny 1866, an'i Sarah Richards tamin'ny 1868, an'i Edna Lambson tamin'ny 1871, an'i Alice Kimball tamin'ny 1883 ary an'i Mary Schwartz tamin'ny 1884.
5. I Joseph F. Smith dia nantsoina ho mpanolotsaina fanampiny tao amin'ny Fiadidiana Voalohany (Brigham Young sy Heber C. Kimball ary Daniel H. Wells). Mpanolotsaina faharoa an'ny Filohan'ny Fiangonana telo tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ihany koa izy, anisan'izany ny Filoha isany John Taylor sy Wilford Woodruff ary i Lorenzo Snow.

6. I Joseph F. Smith dia mpanolotsaina ny Fiadidiana Voalohany nandritra ny nitantanan'i Brigham Young ary mpanolotsaina faharoa tao amin'ny Fiadiana Voalohany nandritra ny nitantanan'i John Taylor sy i Wilford Woodruff ary i Lorenzo Snow. Izy no Filohan'ny Fiangonana voalohany ka hoe efa nanompo tao amin'ny Fiadidiana Voalohany mialoha ny naha-voantso azy ho Filoha.
7. I Mercy Josephine, zanaka voalohan'i Joseph F., dia teraka tamin'ny 14 aogositra 1867 ary maty tamin'ny 6 jona 1870.
8. Joseph F. Smith, diary, 7 Jolay 1870, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana, Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, Salt Lake City, Utah.
9. Joseph F. Smith to Martha Ann Smith Harris, Aug. 26, 1883, Church History Library; jereo ny Richard Neitzel Holzapfel sy David M. Whitchurch, *My Dear Sister: The Letters between Joseph F. Smith and His Sister Martha Ann* (2018), 290–91.
10. Maro ireo fotoana izay nitarihan'ny Tompo an'i Joseph F. Smith teo amin'ny fiainany manokana sy ny fanompoany tamin'ny naha-Apôstôly sy Filohan'ny Fiangonana azy tamin'ny alalan'ny nofy avy tamin'ny fitaomam-panahy, ny fanambarana, ary ny fahitana. Matetika ireny fanomezana sarobidy avy amin'ny Tompo ireny no noraketiny tao amin'ny diariny, ireo lahateny, ireo tahirim-pahatsiarovana, ary ireo firaketana ôfisialin'ny Fiangonana.
11. Joseph F. Smith, journal, Jan. 23, 1918, Church History Library; navadika ho amin'ny endriny maoderina ny fomba fanoratana sy ny sorabaventy; jereo ny Joseph Fielding Smith, *Life of Joseph F. Smith,* 473–74.
12. Jereo ny "A. [P.] Kesler Is Killed in Fall from a Building," *Ogden Standard,* 5 feb. 1918, 5.
13. Joseph F. Smith, diary, 4 feb. 1918, Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana.
14. Jereo ny "Ida Bowman Smith," *Salt Lake Herald-Republican*, 26 sept. 1918, 4.
15. Joseph F. Smith, ao amin'ny Conference Report, Oct. 1918, 2.
16. Jereo ny fanamarihana eny ambany momba an'i "Eva renintsika be voninahitra" sy ireo "zanakavavy mahatoky izay . . . nidera an' Andriamanitra marina sy velona" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:39).
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:30, 33–34, 50–52.
18. Ny lahatsoratra mirakitra ilay fahitana dia nivoaka voalohany tamin'ny laharan'ny *Deseret News,* tamin'ny 30 nôvambra 1918, 11 andro taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Smith ny 19 nôvambra. Izany dia natonta tao amin'ny laharana volana desambra an'ny *Improvement Era* sy tao amin'ny edisiôna janoary 1919 an'ny *Relief Society Magazine,* ny *Utah Genealogical and Historical Magazine,* ny *Young Woman's Journal,* ary ny *Millennial Star.*
19. Na dia hitsangana amin'ny maty aza ireo zanaky ny fahaverezana, dia tsy mba afaka hanolotra fitiavana sy fiderana ho an'ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy, tahaka an'ireo izay handray fanjakam-boninahitra. Jereo ny Almà 11:41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:32–35.



**Nataon'ny Rahavavy Bonnie H. Cordon**
Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany

# Lasa mpiandry ondry

*Manantena aho fa ireo izay tompoinareo dia hahita anareo ho namana iray ary ho tsapan'izy ireo fa mahita olona mpandresy sy azo itokiana izy ireo ao aminareo.*

Herintaona lasa izay dia nitondra tsiky teo amin'ny endriko ny ankizy iray tao amin'ny Kilonga izay hitako tany Chili. "Manao ahoana," hoy izy, "David no anarako. Hiresaka momba ahy ve ianao mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany?

Nosaintsainiko tao anatin'ireo fotoana milamina ny fiarahabana tsy nampoizina nataon'i David. Te ho ankasitrahana isika rehetra. Te hanan-danja, hotsaroana, ary hahatsapa hoe tiana isika.

Rahavavy sy ranadahy, manan-danja ianareo tsirairay. Na dia tsy resahina mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aza ny momba anareo dia mahafantatra anareo sy tia anareo ny Mpamonjy. Raha toa ka manontany tena ianareo raha marina izany, ny hany ilainareo banjinina dia ny hoe "vita tombokavatsa eo amin'ny felatana[ny] [ianareo]."[1]

Rehefa fantatsika fa tia antsika ny Mpamonjy, dia mety hanontany tena isika avy eo hoe inona no fomba tsara indrindra ahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika Azy?

Nanontany an'i Petera ny Mpamonjy hoe: "Moa tia ahy va ianao . . . ?"

Hoy i Petera hoe: "Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Fahano ary ny ondrikeliko."

Rehefa nanontaniana fanindroany sy fanintelony izy hoe: "Moa tia Ahy va ianao?" Dia nalahelo i Petera kanefa nanamafy ny fitiavany: "Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra; fantatrao fa tia Anao aho. Dia hoy i Jesoa taminy: *Fahano ary ny ondriko.*"[2]

Tsy efa noporofoin'i Petera ve fa mpanara-dia tia an'i Kristy izy? Tamin'ny fotoana nihaonan'izy ireo voalohany teo amoron-dranomasina, dia nandao ny haratony "niaraka tamin'izay" izy mba hanaraka ny Mpamonjy.[3] Lasa tena mpanarato olona i Petera. Niaraka



tamin'ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany manokana izy ary nanampy nampianatra ny hafa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Kanefa tamin'izay fotoana izay dia fantatry ny Tompo nitsangana tamin'ny maty fa tsy ho eo akaikin'i Petera intsony izy, ka nampisehony azy ny fomba sy ny fotoana tokony hanompoany. Mandritra ny fotoana tsy maha-eo ny Mpamonjy dia mila mikatsaka fitarihana avy amin'ny Fanahy i Petera, mandray fanambarana ho an'ny tenany manokana, ary avy eo dia manana ny risi-po sy finoana hanao asa. Noho Izy mifantoka amin'ny ondriny, dia nirin'ny Mpamonjy ny hanaovan'i Petera izay ho nataony raha teo Izy. Nangataka an'i Petera mba ho tonga mpiandry ondry izy.

Tamin'ny volana aprily lasa teo, ny Filoha Russell M. Nelson dia nanolotra fanasana mitovy amin'izany ho antsika mba hamahana ny ondrin'ny Raintsika amin'ny fomba masina kokoa ary hanao izany amin'ny alalan'ny fanompoana.[4]

Mba hanekena amim-pahombiazana io fanasana io, dia tsy maintsy manao izay hananana toetra tahaka ny an'ny mpiandry ondry isika sy tsy maintsy mahatakatra ireo zavatra ilain'ny ondrin'ny Tompo. Noho izany, amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika ho lasa ilay mpiandry ondry izay ilain'ny Tompo hahatongavantsika?

Tahaka ny amin'ny fanontaniana rehetra dia afaka miandrandra ny Mpamonjintsika, Jesoa Kristy, ilay Mpiandry Ondry Tsara isika. Fantatra sy voaisa ireo ondrin'ny Mpamonjy. Voambina izy ireo ary voangona tao amin'ny valan'Andriamanitra izy ireo.

#### Fantatra sy voaisa

Rehefa miezaka ny hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy isika dia tsy maintsy mahafantatra sy manisa ny ondriny aloha. Nasaina niandraikitra olona na fianakaviana isika mba ho azontsika antoka fa ny andian'ondrin'ny Tompo rehetra dia voaisa avokoa ary tsy misy hadino. Tsy ny isa anefa no zava-dehibe ao anatin'ilay fanisana, fa ny fahazoana antoka fa ny olona *tsirairay* dia mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny olona iray izay *manompo* Azy. Amin'izany fomba izany dia afaka mahafantatra ny rehetra fa fantatry ny Ray any an-danitra be fitiavana izy ireo.

Vao haingana aho no nihaona tamin'ny zatovovavy iray izay nasaina nanompo rahavavy iray izay zokiny dimy taona latsaka eo. Niara-nahita izy ireo fa samy tia mozika. Rehefa mamangy io zatovovavy io dia miaraka mihira sy mifampizara izay hira tian'izy ireo indrindra izy ireo. Manefy finamanana izay mitahy ny fiainan'izy roa tonta izy ireo.

Manantena aho fa ireo izay tompoinareo dia hahita anareo ho namana iray ary ho tsapan'izy ireo fa mahita olona mpandresy sy azo itokiana izy ireo ao aminareo. Olona iray izay mahafantatra ny toe-javatra iainan'izy ireo sy manohana azy ireo amin'ireo zavatra antenain'izy ireo sy irin'izy ireo.

Vao haingana aho no nomena andraikitra mba hanompo rahavavy iray izay tsy fantatro sy tsy fantatry ny mpiara-manompo amiko firy. Rehefa nifanakalo hevitra izaho sy i Jess, ilay mpiara-manompo amiko 16 taona, dia nandroso hevitra tamim-pahendrena izy hoe: "Mila mahafantatra azy isika."

Nanapa-kevitra avy hatrany izahay fa tsara ny mandefa amin'ny telefaonina selfie iray sy hafatra fohy fampahafantarana ny tenanay. Notazoniko ilay telefaonina ary notsindrin'i Jess ny bokotra mba hakana ilay sary. Ezaka nataon'ny mpiara-manompo ilay fahafahanay voalohany nanao fanompoana.

Tamin'ny fitsidihana voalohany nataonay dia nanontany ilay rahavavy izahay raha toa ka nisy zavatra izay tiany hampidirinay ao amin'ny vavaka ataonay ho azy. Nizara olana manokana mampihetsi-po izy ary nilaza fa ankasitrahany tokoa ny vavaka hataonay. Nitondra rohim-pitiavana teo no ho eo ny fahitsim-po aman-tsainy sy ny fahatokiany. Tena tombontsoa tsara iray ny mahatsiaro azy ao amin'ny vavaka nataoko isan'andro.

Rehefa mivavaka ianareo dia hahatsapa ny fitiavan'i Jesoa Kristy an'ireo izay tompoinareo. Zarao amin'izy ireo izany fitiavana izany. Inona no mety ho fomba tsara kokoa hoenti-mamahana ny ondriny ankoatra ny manampy azy ireo hahatsapa ny fitiavany, *amin'ny alalanareo*?

#### Voambina

Fomba faharoa atao mba hananana toetra tahaka ny an'ny mpiandry ondry dia ny miambina ny ondriny. Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika isika dia afaka ny mamindra, manamboatra, ary manorina indray na inona na inona izany. Mailaka isika manolotra fanampiana ilaina iray amin'ny alalan'ny tanana vononkanampy na lovia feno mofomamy. Saingy sao misy zavatra ankoatra izany?

Moa ve fantatr'ireo ondrintsika fa miambina azy ireo amim-pitiavana isika ary hanao asa mba hoenti-manampy?

Hitantsika ao amin'ny Matio 25 hoe:

"Avia hianareo izay notahian'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo . . . :

"Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo: . . .

"Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no *hitanay* noana Hianao ka nomenay hanina? Na nangetaheta ka nampisotroinay?

"Ary oviana no *hitanay* nivahiny Hianao ka nampiantranoinay?"[5]

Ry rahalahy sy ranabavy, ny teny fototra dia hoe *hita*. Ny olo-marina dia nahita ireo sahirana satria nandinika izy ireo ary nahita. Isika ihany koa dia afaka ny ho maso mahay mandinika mba hanampiana sy hampaherezana, ary mba hiderana, eny na dia hanofisana aza. Rehefa manao asa isika dia afaka matoky ilay fampanantenana ao amin'ny Matio: "Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto . . . , no nataonareo tamiko."[6]

Nisy namana iray, antsointsika hoe John, nizara izay mety hitranga rehefa mahita filana fanampiana iray hafa tsy mora hitan'ny maso isika: "Nikasa ny hamono tena ny rahavavy iray tao amin'ny paroasiko. Roa volana taty aoriana dia hitako fa tsy nisy na iray aza tao amin'ny kôlejy nisy ahy mba nanatona ny vadiny hiresaka momba izany zava-nitranga mampivarahontsana izany. Mampalahelo fa izaho koa dia tsy nandray andraikitra. Farany dia nasaiko hiara-hisakafo atoandro tamiko ilay vadiny. Lehilahy saro-kenatra izy, tsy dia miresaka matetika. Kanefa rehefa niteny aho hoe -Nikasa hamono tena ny vadinao. Mety ho tena navesatra taminao izany. Te-hiresaka momba izany ve



ianao?- dia nigogogogo nitomany izy. Nanao resaka tamim-pitiavana sy anay roa tonta fotsiny izahay ary tao anatin'ny minitra vitsy dia lasa nifanakaiky sy nifampatoky tamin'ny fomba niavaka."

Nanampy izao i John: "Ny mahazatra antsika araka ny eritreritro dia ny mitondra mofomamy fotsiny fa tsy mitady fomba hiatrehana izany zava-mitranga izany amin-kitsim-po sy amim-pitiavana."[7]

Mety ho voaratra, na very na nivily lalana an-tsitrapo mihitsy aza ireo ondrintsika. Amin'ny maha-mpiandry azy ireo dia afaka ny ho anisan'ireo olona voalohany mahita ny zavatra ilain'izy ireo isika. Afaka mihaino sy mitia tsy misy fitsaratsarana isika ary manolotra fanantenana sy fanampiana miaraka amin'ny fitarihana mazava ataon'ny Fanahy Masina.

Ry rahavavy sy ranadahy, feno fanantenana sy falifaly kokoa izao tontolo izao noho ireo asa tena tsara izay maneho hatsaram-panahy ataonareo. Rehefa mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo ianareo eo amin'ny fomba hampitana ny fitiavany sy eo amin'ny fomba hahitana ireo zavatra ilain'ireo izay tompoinareo, dia hisokatra ny masonareo. Ny andraikitra masina nomena anareo mba hanompo dia manome anareo ny zo masina hahazo fitaomam-panahy. Afaka mikatsaka izany fitaomam-panahy izany amim-pahatokian-tena ianareo.

### Voangona ao amin'ny valan' Andriamanitra

Fahatelo, tiantsika ho voangona ao amin'ny valan' Andriamanitra ireo ondrintsika. Mba hanatanterahana izany dia tsy maintsy fantarintsika hoe aiza ho aiza izy ireo ao amin'ny lalan'ny fanekempihavanana ary mivonona ny hiara-dia amin'izy ireo eo amin'ny dian'ny finoana ataon'izy ireo isika. Manana tombontsoa masina mba hahafantatra ny fon'izy ireo sy hampitodika azy ireo any amin'ny Mpamonjy azy ireo isika.

Ny Rahavavy Josivini any Fidji dia sahirana tamin'ny fahitana ny fandrosoany teo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana, ara-bakiteny izany. Hitan'ny namany fa tsy nahita tsara i Josivini ka tsy afaka namaky araka ny tokony ho izy ny soratra masina izy. Nomeny solomaso famakian-teny vaovao i Josivini ary koa marqueur mavo midorehitra mba hanasiany marika an'izay ahitana ny firesahana an'i Jesoa Kristy rehetra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna. Ilay asa natomboka tamin'ny faniriana tsotra mba hanompo sy hanampy eo amin'ny fandalinana soratra masina dia nitondra tany amin'ny fandehanan'i Josivini voalohany tany amin'ny tempoly, 28 taona taorian'ny nanaovana batisa azy.

Na matanjaka na malemy, na faly na ory, ireo ondrintsika dia afaka manome antoka isika fa tsy misy olona mandeha irery izany. Afaka mitia azy ireo isika na aiza na aiza misy azy ireo ara-panahy, ary manolotra fanohanana sy fankeherezana ho an'ny dingana manaraka. Rehefa mivavaka isika sy mikatsaka ny hahatakatra ny ao am-pon'izy ireo, dia mijoro ho vavolombelona aho fa hitarika antsika ny Ray any An-danitra ary hiaraka amintsika ny Fanahiny. Manana fahafahana ho "anjely manodidina" azy ireo isika rehefa mandeha eo anoloan'izy ireo.[8]

Manasa antsika ny Tompo mba hamahana ny ondriny sy hikarakara azy ireny tahaka izay hataony. Manasa antsika rehetra Izy mba ho mpiandry ondry ho an'ny firenena rehetra. (Ary eny, ry Loholona Uchtdorf, tianay ary ilainay ireo bergers allemands.) Ary tiany handray anjara amin'ilay hetsika ny zatovony.

Afaka ny ho anisan'ireo mpiandry ondry matanjaka indrindra ny zatovontsika. Izy ireo, araka ny nolazain'ny Filoha Russell M. Nelson, dia "anisan'ireo olona tsara indrindra nalefan'ny Tompo tety an-tany *hatrizay*." Izy ireo dia "fanahy ambony" "mpilalao tena mahay" ao amintsika izay manaraka ny Mpamonjy.[9] Azonareo an-tsaina ve ny hery hoentin'ireo mpiandry ondry ireo rehefa mikarakara ny ondriny izy ireo? Manompoa miaraka amin'ireo zatovo ireo, dia hahita zava-mahagaga isika.

Ry zatovovavy sy zatovolahy, mila anareo izahay! Raha toa ka tsy manana andraikitra amin'ny fanompoana ianareo dia miresaha amin'ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana na ny filohan'ny kôlejin'ny loholona. Ho faly amin'ny fahavononanareo hanao izay hahafantarana sy hanisana, ary hiambenana sy hanangonana ny ondriny ao amin'ny valan' Andriamanitra izy ireo.

Rehefa tonga ilay andro handohalihantsika eo an-tongotry ny Mpamonjy malalantsika, efa avy namahana ny ondriny, dia mivavaka aho ny hamaliantsika tahaka an'i Petera hoe: "Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho."[10] Ireo ondrinao ireo dia *tiana*, *voaro*, ary ao *an-trano*. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. 1 Nefia 21:16.
2. Jereo ny Jaona 21:15–17; nampiana fanamafisana.
3. Jereo ny Matio 4:20.
4. Jereo ny Russell M. Nelson, "Manompo," *Liahona,* mey 2018, 100.
5. Matio 25:34–35, 37–39; nampiana fanamafisana.
6. Matio 25:40.
7. Fifandraisana an-tsoratra manokana.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
9. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely," (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), hopeofisrael.lds.org.
10. Jaona 21:15.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny fanompoana fampihavanana

*Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fiadanan'ny fanahy izay hoentin'ny famitranam-pihavanana amin' Andriamanitra sy eo amintsika samy isika raha malemy fanahy sy be herim-po tokoa isika amin'ny fanaovana izany.*

Tamin'ny aprily lasa teo raha nampahafantatra ny drafitra momba ny fanompoana ny Filoha Russell M. Nelson dia nanamafy fa izany dia fomba iray hitandremana ireo didy lehibe mba hitia an' Andriamanitra sy hifankatia.[1] Izahay mpiandraikitra ambony ato amin'ny Fiangonana dia midera sy miarahaba anareo noho ny fihetsika mahavariana nasetrinareo izany. Misaotra anareo izahay noho ny fanarahanareo ny mpaminany malalantsika tamin'io asa mahatalanjona io ary manoro hevitra anareo izahay ny tsy hiandrasanareo toromarika maro fanampiny intsony. Tonga dia mirotsaha fotsiny ao anatin'izany. Ampio ireo izay mila fanampiana. Aoka tsy hanakana anareo hanompo ny fieritreretana hoe karazana asa fanompoana inona no tokony hatolotrareo. Raha manaraka ireo fitsipika fototra izay efa nampianarina isika, miara-miasa amin'ny fanalahidin'ny fisoronana, mikatsaka ny Fanahy Masina hitarika antsika, dia hahomby foana.

Amin'ity maraina ity aho dia maniry ny hiresaka lafin-javatra iray mahakasika bebe kokoa ny tena manokana mihitsy aza momba ny fanompoana izay tsy asa ampanaovina, tsy ahitana fandaharam-potoana hanaovana dinidinika, tsy mila hanaovana tatitra na amin'iza na amin'iza afa-tsy any an-danitra ihany. Mamelà ahy hizara ohatra tsotra iray momba izany karazana fanompoana izany.

I Grant Morrell Bowen dia vady sy ray niasa mafy sy nahafoy tena, izay tahaka ireo maro izay nivelona tamin'ny fambolena sy fiompiana, dia nanana fahasarotana ara-bola rehefa tsy ampy ny ovy novolena teo antoerana. Nanomboka nanao asa hafa izy sy i Norma vadiny, dia nifindra tany amin'ny tanàna iray hafa taty aoriana, ary nanomboka nanana vola ampy hivelomana indray. Tao anatin'ny trangan-javatra iray izay tena nampalahelo tokoa anefa, dia naratra mafy ny fondrahalahy Bowen rehefa tsy dia ninoan'ny eveka loatra, nandritra ny dinidinika iray momba ny fanomezan-dalana hidirana ny tempoly, ny fanambaran'i Morell fa nandoa fahafolonkarena feno izy.

Tsy fantatro izay nanana ny rariny tamin'ireo lehilahy ireo tamin'izay andro izay, fa fantatro hoe Rahavavy Bowen dia nivoaka niaraka tamin'ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly nohavaozina rehefa vita ilay dinidinika, raha toa kosa Rahalahy Bowen ka nivoaka tamin-katezerana, izay nahatonga azy nanalavitra ny Fiangonana nandritra ny 15 taona.

Na iza na iza no nanana ny rariny momba ilay fahafolonkarena, dia hita mibaribary fa na i Morrell na ny eveka dia samy nanadino ilay fananaran'ny Tompo hoe "mihavàna faingana amin'ilay manana ady aminao"[2] sy ny torohevitr'i Paoly hoe "aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo."[3] Ny zava-nisy dia *tsy* nihavana izy ireo ary *tena* tratran'ny masoandro milentika nandritra ny andro maro, avy eo herinandro maro, ary avy eo nandritra ny taona maro ny hatezeran-drahalahy Bowen, izay nanaporofo ny hevitra notsoahin'ny hendry indrindra tamin'ny ntaolo Rômana, izay nilaza hoe: "Ny hatezerana, rehefa tsy sakanana, dia matetika no [manimba] bebe kokoa noho ny fahadisoana izay niteraka izany."[4] Misy foana anefa ny






fahagagan'ny fampihavanana ho antsika, ary noho ny fitiavany ny fianakaviany sy ny Fiangonana izay fantany fa marina, dia niverina navitrika tanteraka tato amin'ny Fiangonana i Morrell Bowen. Hofintiniko vetivety aminareo ny fomba nitrangan'izany.

I Brad zanakalahin-dRahalahy Bowen dia tena namanay be ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra mahafoy tena izay manompo ao Idaho Atsimo izy. 11 taona i Brad tamin'ny fotoana nitrangan'ilay olana, ary nandritra ny 15 taona dia hitany ny fihenan'ny fanolorantenan'ny rainy teo amin'ny fivavahana, izay vavolombelon'ny voka-dratsy nitranga tamin'ny fianakaviany noho ny hatezerana avy amin'ny tsy fifankahazoan-kevitra momba ilay fahafolonkarena. Nisy zavatra nilaina natao. Ka noho izany, rehefa nanakaiky ny fialan-tsasatry ny Fotoana fanehoana fankasitrahana tamin'ny 1977, dia nampiditra ny entany tao amin'ny fiarana mpianatr'izy ireo izay tsizarizary i Brad izay mpianatra 26 taona tao amin'ny Oniversite Brigham Young, sy i Valerie vadiny, ary i Mic zanany lahy vao teraka, ary na dia teo aza ny faharatsian'ny toetr'andro dia nandeha nankany Billings Montana izy ireo. Na ny fifatrarana tany anaty ranomandry nivangongo teny akaikin'i West Yellowstone aza dia tsy nahasakana ireto telo mianaka ireto tamin'ny fanatanterahana ny fifandraisana mifono fanompoana nataon'izy ireo tamin-drahalahy Bowen Rainy.

Rehefa tonga izy ireo dia nangataka ny hihaona manokana tamin'ny rainy i Brad sy i Pam anabaviny. "Dada tena mahafinaritra ianao," hoy i Brad nanomboka niteny tamim-pientanampo, "ary efa fantatray hatrizay ny halehiben'ny fitiavanao anay. Saingy misy zavatra tsy mety, ary efa naharitra ela izany. Noho ianao voaratra indray mandeha dia voaratra nandritra ny taona maro ity fianakaviana ity. Simba izahay ary ianao no hany afaka manamboatra anay. Miangavy anao izahay, taorian'izay fotoana rehetra izay, azonao tadiavina ao am-ponao ao ve azafady ny faniriana hanadino izany trangan-javatra mampalahelo niaraka tamin'izany eveka izany, ary afaka mitarika indray ity fianakaviana ity ho ao amin'ny filazantsara tahaka izay nataonao taloha ve ianao?

Nangina tanteraka ny tao an-trano. Dia niandrandra nijery azy mianadahy izay zanany, taolana avy amin'ny taolany sy nofo avy amin'ny nofony Rahalahy Bowen,[5] dia niteny moramora kely hoe: "Eny. Eny, hanao izany aho."

Tao anatin'ny hafaliana kanefa niharo hagagana ihany koa noho ilay valinteny tsy nampoizina no nijeren'i Brad Bowen sy ny fianakaviany an'ilay vady sy rain'izy ireo nankany amin'ny evekan'izy ireo tamin'izay fotoana izay, tamin'ny fananana toe-tsaina vonona hihavana mba handamina ireo zavatra teo amin'ny fiainany. Naneho fihetsika mahafa-po ho setrin'io fitsidihana feno herim-po kanefa tsy nampoizina tanteraka io ny eveka, izay efa nanasa matetika an-drahalahy Bowen mba hiverina, ka niantsampy teny amin'i Morrell sady namihina azy, namihina azy ela dia ela tokoa.

Tao anatin'ny herinandro vitsy monja, tsy ela akory, dia nirotsaka tanteraka tamin'ny fahavitrihana tao am-piangonana Rahalahy Bowen ary nanao izay hahamendrika azy hiverina tany amin'ny tempoly. Fotoana fohy dia nanaiky ny antso mba hitarika sampana kely iray nandalo fahasahiranana nahitana olona 25 izy ka nampitombo izany ho lasa mpiangona niroborobo niisa 100 mahery. Izany rehetra izany dia nitranga efa ho dimampolo taona lasa izay, kanefa ny vokatry ny fiangavian'ny zanakalahy sy zanakavavy iray tamim-panompoana izay nataony tamin'ny rainy, sy ny fahavononan'izany raim-pianakaviana izany hamela heloka sy handroso, na dia teo aza ny tsy fahatanterahan'ny hafa, dia nitondra fitahiana izay mbola mirotsaka hatrany, ary hirotsaka mandrakizay, ao amin-dry Bowen mianakavy.

Ry rahalahy sy anabavy, nangatahan'i Jesoa isika ny "hiara-honina amim-pitiavana"[6] ka "tsy hisy fifanjihirana eo anivonareo."[7] "Izay manana ny fanahin' ny fifandirana dia tsy Ahy," hoy Izy nampitandrina ny Nefita.[8] Mazava ho azy fa hamaritra be ny fifandraisantsika amin'i Kristy, na farafahakeliny hitondra fiantraikany eo amin'izany, ny fifandraisana misy eo amintsika.

"Raha . . . maniry ny hankatỳ Amiko [ianao]," hoy Izy; "ary mahatsiaro fa ny rahalahinao dia manana zavatra ifanoherana aminao—

"Mandehana mankany amin' ny rahalahinao, ary mihavàna aloha ami[ny] dia



mankanesa aty Amiko amin' ny fo feno finiavana *ary handray anao Aho.*"[9]

Azo antoka fa isika tsirairay avy dia afaka mitanisa karazan-javatra maro nandratra tany aloha tany sy alahelo ary fahatsiarovana mampalahelo izay mbola manimba ny fiadanana ao am-pon'ny olona iray na ny fianakaviana na ny mpiara-belona amin'izao fotoana izao. Na avy amintsika no nahatonga izany fahoriana izany na isika no hidonan'ilay fahoriana, dia mila sitranina ireo ratra ireo mba hahafahan'ny fiainana mitondra soa araka izay nokasain' Andriamanitra hanaovana izany. Tahaka ny sakafo ao anatin'ny vata fampangatsiahanareo izay arahan'ireo zafikelinareo maso tsara eo amin'ny toeranareo, ireny alahelo taloha ireny dia efa lany daty ka tsy tokony hisy fiantraikany eo aminareo intsony. Aza mandany hery sarobidy amin'izy ireny intsony. Araka ny nolazain'i Prospero tamin'i Alonso mampalahelo ao amin'ny tantara antsehatra *La tempête* hoe: "Aoka ny fahatsiarovantsika tsy hovesarantsika zavatra efa tsy tokony hamesatra intsony."[10]

"Aza manameloka, dia tsy hohelohina hianareo,"[11] hoy i Kristy raha nampianatra tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao. Ary tamin'izao androntsika izao: "Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olondrehetra."[12] Manan-danja kosa anefa ho an'ny sasany aminareo izay miaina ao anatin'ny fahoriambe ny mieritreritra ny zavatra *tsy* nolazainy. *Tsy* nilaza Izy hoe: "Tsy mahazo mahatsapa fahoriana lalina na alahelo lalina avy amin'ireo zavatra niainana tena mandratra izay nihatra taminareo noho ny zavatra nataon'ny hafa ianareo." *Tsy* nilaza koa Izy hoe: "Mba hamelana heloka tanteraka dia tsy maintsy manohy fifandraisana mandratra fo na miverina miaina toe-javatra feno fanararaotana sy manimba ianareo." Kanefa na dia eo aza ny fanafintohinana faran'izay mahatsiravina mety hitranga amintsika, dia tsy afaka mandresy ny fahoriantsika isika raha tsy rehefa mametraka ny tongotsika eo amin'ny lalan'ny fahasitranana marina ihany. Ilay lalana dia ilay lalan'ny famelan-keloka izay nandehanan'i Jesoa avy any Nazareta, izay miantso antsika tsirairay avy hoe: "Avia, manaraha Ahy."[13]

Amin'io fanasana mba ho mpianany sy hiezaka hanao izay nataony io no hangatahan'i Jesoa antsika ho mpitondra ny fahasoavany—mba ho "iraka solon'i Kristy" ao amin' "ny fanompoana fampihavanana," araka izay noresadresahan'i Paoly tamin'ny Korintiana.[14] Ilay Mpanasitrana ny ratra rehetra, Izy ilay manitsy ny fahadisoana rehetra, dia mangataka antsika hiara-hiasa Aminy amin'ilay asa sarotry ny fitondrana fiadanana ao anatin'ny tontolo iray izay tsy hahita izany amin'ny fomba hafa izay misy.

Ka noho izany, araka izay nosoratan'i Phillips Brooks: "Ianareo izay mamela ny tsy fifankahazoana mandratra fo hitohy ao anatin'ny taona maromaro, kanefa manam-pikasana ny hamaha izany olana izany indray andro any; ianareo izay mbola tsy mifanara-tsaina satria tsy tena mbola tapa-kevitra tsara fa izao no fotoana tokony hamoizanareo ny ambom-ponareo ary mandamina izany; ianareo izay mandalo amimpianjonanjonana an'ireo olona eny an-dalana, ary tsy miresaka amin'izy ireo noho ny faniriana te handratra fo . . . ; ianareo izay mamela . . . ny fon'ny [olona iray] harary noho ny tsy fahazoany teny fankasitrahana na maneho fangorahana, kanefa kasainareo hatao . . . indray andro any, . . . mandehana izao dieny izao ary ataovy ny zavatra izay mety tsy hanananao fahafahana intsony ny hanao azy any aoriana."[15]

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, mijoro ho vavolombelona aho fa ny famelan-keloka sy ny fanadinoana ireo fanafintohinana, na taloha izany na vaovao, dia ampahany tena manan-danja amin'ny halehibeazan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona aho fa any aoriana any, ny fanasitranana ara-panahy tahaka izany dia tsy ho tonga raha tsy avy amin'ny Mpanavotra masintsika ihany, Izy ilay mihazakazaka manampy antsika "miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany."[16] Misaotra Azy sy ny Raintsika any An-danitra izay nandefa Azy isika, fa ny fanavaozana sy ny fahaterahana indray, ny hoavy iray izay tsy ahitana alahelo sy fahadisoana natao taloha, dia tsy hoe azo tanterahina fotsiny ihany fa efa azo sy voaonitra ihany koa tamin'ny sarany faran'izay nampahory, izay hasehon'ny ran'ny Zanak'Ondry izay nandatsaka izany.

Amin'ny alalan'ilay fahefana nomen'ny Mpamonjy an'izao tontolo izao an'ireo Apôstôly no ijoroako ho vavolombelona ny amin'ny fiadanan'ny fanahy izay hoentin'ny famitranampihavanana amin' Andriamanitra sy eo amintsika samy isika raha malemy fanahy sy be herim-po tokoa isika amin'ny fanaovana izany. "Atsaharo ny fifandiranareo," hoy ny Mpamonjy.[17] Raha misy ratram-po fantatrao fa nitranga tany aloha tany, dia alamino izany. Mifampitsinjova amim-pitiavana.

Ry namana malalako, mangataka antsika aho mba ho mpitondra fiadanana ao anatin'ny fanompoana fampihavanana izay ataontsika miaraka, mba hitia ny fiadanana, mba hikatsaka ny fiadanana, mba hamorona ny fiadanana, mba hankamamy ny fiadanana. Amin'ny anaran'Ilay Andrian'ny Fiadanana no hanaovako izany fangatahana izany, Ilay mahafantatra ny zavatra rehetra momba ny tsy fananan-tsiny sy ny fitondrana tsy ara-drariny, momba ny fanendrikendrehana sy ny "naratra tao an-tranon'ny sakaiza[ny],"[18] kanefa mbola nanana hery ihany hamelana sy hanadinoana, sy hanasitranana, ary hifaliana. Izany no ivavahako, ho anareo sy ho ahy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Matio 22:36–40; Lioka 10:25–28.
2. Matio 5:25.
3. Efesiana 4:26.
4. Seneca, tao amin'ny Tryon Edwards, *A Dictionary of Thoughts* (1891), 21.
5. Jereo ny Genesisy 2:23.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:45.
7. 3 Nefia 11:22; jereo koa ny 3 Nefia 11:28.
8. 3 Nefia 11:29.
9. 3 Nefia 12:23–24; nampiana fanamafisana.
10. William Shakespeare, *The Tempest,* fizarana faha-5, fisehoana 1, andalana faha-199 hatramin'ny faha-200.
11. Lioka 6:37.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:10.
13. Lioka 18:22.
14. Jereo ny 2 Korintiana 5:18–20.
15. Phillips Brooks, *The Purpose and Use of Comfort* (1906), 329.
16. Malakia 4:2; jereo koa ny 2 Nefia 25:13; 3 Nefia 25:2.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:23.
18. Zakaria 13:6; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:52.



**Nataon'ny Loholona Shayne M. Bowen**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiovam-po

*Manangona farany an'i Isiraely isika ary manao izany miaraka amin'ny Bokin'i Môrmôna izay iray amin'ireo fitaovana tena mahery vaika eo amin'ny fiovam-po.*

Maro ny olona ankehitriny no miahiahy mikasika ny fisian' Andriamanitra sy ny fifandraisantsika Aminy. Maro ireo zara raha mahafantatra na tsy mahafantatra mihitsy mikasika ilay drafitry ny fahasambarana lehibeny. Nilaza ny Filoha Ezra Taft Benson 30 taona mahery lasa izay hoe: "Mandà ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy . . . ny ankamaroan'ny eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Mametra-panontaniana mikasika ilay fahaterahany mahagaga izy ireo, ilay fiainany tonga lafatra ary ny fitsanganany tamin'ny maty tamim-boninahitra izay tena nisy marina."[1]

Amin'izao androntsika izao dia tsy hoe mifantoka amin'ny Mpamonjy antsika fotsiny ireo fanontaniana fa amin'ny Fiangonany koa, Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Matetika ireo fanontaniana ireo dia mifantoka amin'ny tantaran'ny Fiangonan'ny Mpamonjy na ireo fampianarany na ireo fomba fanao ao anatin'izany.

**Manampy antsika hampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ny Bokin'i Môrmôna**

Hitantsika ao amin'ny *Torio ny filazantsarako* ny hoe: "Tadidio fa ny fahafantarantsika [ny Ray any Andanitra sy ny drafitry ny fahasambarany] dia avy amin'ireo mpaminany maoderina, i Joseph Smith sy ireo izay nandimby azy, izay mandray fanambarana mivantana avy amin' Andriamanitra. Noho izany, ny fanontaniana voalohany tokony hovalin'ny olona iray dia ny hoe mpaminany ve i Joseph Smith, ary afaka mamaly izany fanontaniana izany izy amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna."[2]

Ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny fahamasinan'ny antson'ny Mpaminany Joseph Smith dia nihanatanjaka tamin'ny alalan'ny famakiana ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Nandray andraikitra aho teo anatrehan'ny fanasan'i Môrônia mba "hangataka amin' Andriamanitra, ilay Ray mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy," mba hahafantarana ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.[3] Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fahafantarako fa marina izany. Izany fahalalana izany dia tonga tamiko toy ny ahafahan'izany ho tonga aminao, "amin'ny herin'ny Fanahy Masina."[4].

Milaza ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Ireo izay mandray izany tenivavolombelon' Andriamanitra [momba ny Bokin'i Môrmôna] izany, avy amin'ny Fanahy Masina dia hanjary hahafantatra koa amin'ny alalan'io hery io ihany fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao, fa i Joseph Smith no mpanambara sy mpaminaniny amin'izao andro farany izao, ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan'ny Tompo voaorina indray eto an-tany ho fanomanana ny fiavian'i Mesia fanindroany."[5]

Fony aho misiônera tanora voantso hanompo tany Chili, dia nianatra lesona manova fiainana mikasika ny herin'ny Bokin'i Môrmôna izay mitondra fiovampo. Andriamatoa Gonzalez dia nanompo tao anatin'ny andraikitra ambony iray tao amin'ny fiangonany nandritra ny taona maro. Nahavita fiofanana maro momba ny finoana izy ary tafiditra tao anatin'izany ny fahazoany maripahaizana momba ny teôlôjia. Azo atao hoe nirehareha izy noho ny fananany fahalalana lehibe mikasika ny Baiboly. Mazava ho azy fa ho anay dia olona manam-pahaizana ara-pinoana izy.

Fantany tsara ireo misiôneran'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany rehefa nanao ny asan'izy ireo tany amin'ny tanàna nipetrahany tany Lima, Pérou izy ireo. Naniry foana ny hihaona amin'izy



ireo izy mba hahafahany mampianatra azy ireo mikasika ny Baiboly.

Indray andro, toy ny fanomezana avy any an-danitra izany, raha ny fieritreretany azy, dia nisy misiônera nanakana azy teny an-dalana ary nangataka raha toa izy ireo ka afaka mankany an-tranony sy hizara soratra masina aminy. Tanteraka ilay nofinofiny! Voavaly ny vavaka nataony. Ho afaka ny hanitsy an'ireto zatovolahy voafitaka ireto ihany izy nony farany. Nilaza tamin'izy ireo izy fa ho tena fifaliana ho azy ny hampiantrano azy ireo ka hiresaka mikasika ny soratra masina.

Tsy andriny izay hahatongavan'ilay fotoana. Nivonona ny hampiasa ny Baiboly izy mba hanoherana ny finoan'izy ireo. Natoky izy fa ny Baiboly dia hampiseho mazava tsara ny zavatra diso mikasika ny fampianaran'izy ireo. Tonga ilay alina hihaonana ary nandondona ny varavarana ireo misiônera. Tena faly izy. Tonga ihany ilay fotoana nandrandrainy.

Nosokafany ny varavarana ary nasainy nandroso tao an-tranony ireo misiônera. Nanolotra boky manga iray ho azy ny iray tamin'ireo misiônera ary nijoro ho vavolombelona tamin-kitsim-po izy fa fantany fa ahitana ny tenin' Andriamanitra ilay boky. Nizara ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika nananany momba ilay boky koa ilay misiônera faharoa, ka nijoro ho vavolombelona fa nadikan'ny mpaminany maoderin' Andriamanitra izany, izay antsoina hoe Joseph Smith, ary mampianatra momba an'i Kristy izany. Nangata-dalana ny misiônera ary nivoaka ny tranony.

Tena diso fanantenana Andriamatoa Gonzalez. Saingy nosokafany ilay boky ary nanomboka namaky izany izy. Novakiny ny pejy voalohany. Novakiny nifanesy ireo pejy ary tsy nijanona izy raha tsy ny ampitson'izany rehefa hadiva hifarana ny tolakandro. Voavakiny ilay boky manontolo ary fantany fa marina izany. Fantany ny tokony hataony. Nantsoiny ireo misiônera ary nandray ireo lesona izy ary niala tamin'ilay fiainana nahazatra azy mba ho tonga mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Izany lehilahy izany no mpampianatra ahy tao amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera tao Provo, Utah. Nisy



fiantraikany lehibe tamiko ny tantaran'ny fiovam-pon'ny Rahalahy Gonzalez sy ny herin'ny Bokin'i Môrmôna.

Rehefa tonga tany Chili aho dia nanasa anay ny Filoha Royden J. Glade, filohan'ny misiônako, mba hamaky isan-kerinandro ny fijoroan'ny Mpaminany Joseph Smith ho vavolombelona izay voarakitra tao amin'ny Joseph Smith—Tantara. Nampianatra anay izy fa ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Fahitana Voalohany dia hisy fiantraikany eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona anananay manokana momba ny filazantsara sy ny fijoroana ho vavolombelona anananay momba ny Bokin'i Môrmôna.

Noraisiko tamim-pahamatorana ilay fanasana nomeny. Novakiko ireo tantaran'ny Fahitana Voalohany. Novakiko ny Bokin'i Môrmôna. Nivavaka araka ny nasain'i Môrônia natao aho ary nangataka "[t]amin' Andriamanitra, ilay Ray mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy"[6] raha marina ny Bokin'i Môrmôna. Mijoro ho vavolombelona aho androany fa fantatro fa ny Bokin'i Môrmôna araka ny nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith no "boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany, sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin'ny boky hafa."[7] Nanambara koa ny Mpaminany Joseph hoe: "Esory ny Bokin'i Môrmôna sy ny fanambarana dia aiza ny fivavahantsika? Tsy manana isika."[8]

#### Fiovam-pon'ny tena manokana

Rehefa takasika tsara kokoa hoe iza isika ary rehefa takatsika tsara kokoa ireo tanjon'ny Bokin'i Môrmôna dia mihalalina ny fiovam-pontsika ary lasa azo antoka kokoa izany. Mahazo hery isika eo amin'ny fanolorantenantsika hitandrina ireo fanekempihavanana izay nataontsika tamin' Andriamanitra.

Ny tanjona voalohan'ny Bokin'i Môrmôna dia ny hanangona an'i Isiraely niely patrana. Izany fanangonana izany dia manome fahafahana an'ireo zanak' Andriamanitra rehetra hiditra eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana ary hiverina eo anatrehan'ny Ray amin'ny alalan'ny fanajana ireo fanekempihavanana ireo. Rehefa mampianatra fibebahana sy manao batisa olona niova fo isika, dia manangona an'i Isiraely niely patrana.

Ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka in-108 momba ny mpianakavin'i Isiraely. Any am-piandohan'ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra i Nefia hoe: "Fa ny tena fikasako dia ny hahazoako mandresy lahatra ny olona hanatona ny Andriamanitr'i Abrahama sy ny Andriamanitr'i Isaka ary ny Andriamanitr'i Jakoba mba hovonjena."[9] Ny Andriamanitr'i Abrahama sy ny Andriamanitr'i Isaka ary ny Andriamanitr'i Jakoba dia i Jesoa Kristy, ilay Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha. Rehefa manatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara isika dia voavonjy.

Nanoratra i Nefia taty aoriana hoe:

"Eny, niresaka betsaka tokoa ny raiko ny momba ny Jentilisa sy ny momba



ny mpianakavin'i Isiraely koa, fa ireo dia tokony hampitahaina amin'ny hazo oliva anankiray izay hotapahina ny rantsany ka haely patrana eran'ny lafiny rehetra amin'ny tany. . . .

"Ary rehefa avy naely patrana ny mpianakavin'i Isiraely dia hangonina miaraka indray; na, raha fintinina, rehefa avy nandray ny fahafenoan'ny filazantsara ny Jentilisa, ny sampana voajanaharin'ny hazo oliva, na ny sisa tavela amin'ny mpianakavin'i Isiraely, dia hatao grefy, na ho tonga amin'ny fahalalana ny tena Mesia, Tompony sy Mpanavotra azy."[10]

Torak'izany koa ny mpaminany Môrônia dia nampahatsiahy antsika any amin'ny faran'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ireo fanekempihavanantsika, raha nilaza hoe: "Mba tsy hahazoana mampiharoharo anao intsony, mba hahazoana manatanteraka ny fanekempihavanan'ny Ray Mandrakizay, izay efa nataony taminao, Ry mpianakavin'i Isiraely."[11]

#### Ireo fanekempihavanan'ny Ray Mandrakizay

Inona "ireo fanekempihavanan'ny Ray Mandrakizay" izay nolazain'i Môrônia? Hitantsika ao amin'ny Bokin'i Abrahama hoe: . . .

"Jehovah no anarako, ary fantatro hatramin'ny voalohany ny farany; koa homba anao ny tanako.

"Ary Izaho hahatonga anao ho firenena lehibe, ary hitahy anao izaitsizy Aho ka hahatonga ny anaranao ho lehibe any anivon'ny firenen-drehetra, ary ianao dia ho fitahiana ho an'ny taranakao any aorianao, ka eo an-tanany no hitondrany ity asa fanompoana ity sy ny Fisoronana ho any amin'ny firenen-drehetra."[12]

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra nandritra ny fampitana iray maneran-tany hoe: "Ry rahalahy sy ranabavy tanora malalako isany, izao tokoa *no* andro farany, ary ny Tompo dia manafaingana ny asany amin'ny fanangonana an'i Isiraely. Izany fanangonana izany no zavatra manan-danja indrindra mitranga ety an-tany amin'izao fotoana izao. Tsy misy zavatra hafa azo ampitahaina amin'izany, na amin'ny halehibeny izany, na amin'ny lanjany, na amin'ny hatsarany. Ary raha misafidy ianao, raha tianao izany, dia afaka ny ho mpandray anjara lehibe amin'izany ianao. Afaka ny ho mpandray anjara amin'ny zavatra lehibe iray ianao, zavatra tena goavana, zavatra tena tsara!

"Rehefa miresaka *fanangonana* isika, dia milaza izao fahamarinana fototra izao tsotra izao isika: ny zanaky ny Raintsika any An-danitra tsirairay avy, ao amin'ny lafin'ny voaly anankiroa, dia mendrika ny hahare ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Manapa-kevitra manokana izy ireo raha toa te hahafantatra misimisy kokoa."[13]

Izany no ataontsika amin'ny mahampikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika: mikatsaka ny hanao izay hahatakaran'izao tontolo izao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika sy izay hiovany fo amin'izany. "Mpanangon'ny andro farany"[14] isika. Mazava ny asa anirahana antsika. Ry rahalahy sy ranabavy, aoka isika ho fantatra ho toy ireo nandray am-po ny fampanantenan'i Môrônia, ary nivavaka sy nahazo valiny mba hahafantarana fa marina ny Bokin'i Môrmôna, ary avy eo nizara izany fahalalana izany tamin'ny olona tamin'ny alalan'ny teny, ary ny tena manandanja, dia tamin'ny alalan'ny asa.

#### Ny anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiovam-po

Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.[15] Mitondra antsika any amin'ireo fanekempihavanan'ny Ray izany, izay raha voatandrina dia manome antoka ny hahazoantsika ilay fanomezana lehibe indrindra avy Aminy, dia ny fiainana mandrakizay izany.[16] Ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fiovampon'ny zanakalahy sy ny zanakavavin'ny Ray any An-danitra.


Raha hindramina indray ny teny nolazain'ny Filoha Nelson dia hoy izy hoe: "Rehefa . . . mamaky isan'andro ny Bokin'i Môrmôna ianao dia hianatra momba ny fotopampianaran'ny fanangonana, ireo fahamarinana momba an'i Jesoa Kristy, ny Sorompanavotany ary ny fahafenoan'ny filazantsarany izay tsy hita ao amin'ny Baiboly. Ny Bokin'i Môrmôna no ivon'ny fanangonana an'i Isiraely. Raha ny tena marina, raha tsy nisy ny Bokin'i Môrmôna, dia tsy ho nitranga ny fanangonana an'i Isiraely izay efa nampanantenaina."[17]

Mamelà ahy ianareo hamarana amin'ny alalan'ny teny nambaran'ny Mpamonjy rehefa nampianatra ireo Nefita mikasika ireo fitahiana nampanantenaina Izy: "Ary indro, zanaky ny mpaminany ianareo; ary avy amin'ny mpianakavin'i Isiraely; ary avy amin'ny fanekempihavanana izay efa nataon'ny Ray tamin'ny razanareo, tamin'ny filazana tamin'i Abrahama hoe: Ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra amin'ny tany."[18]

Mijoro ho vavolombelona aho fa zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra isika, taranak'i Abrahama, mpianakavin'i Isiraely. Manangona farany an'i Isiraely isika ary manao izany miaraka amin'ny Bokin'i Môrmôna, boky iray izay tena fitaovana mahery vaika eo amin'ny fiovam-po, miaraka amin'ny Fanahin'ny Tompo. Tarihin'ny mpaminanin' Andriamanitra isika, dia ny Filoha Russell M. Nelson, izay mitarika ny fanangonana an'i Isiraely amin'izao androntsika izao. Marina ny Bokin'i Môrmôna. Nanova ny fiainako izany. Mampanantena anareo aho, toy ny nampanantenain'i Môrônia sy ireo mpaminany maro tao anatin'ny tantara, fa afaka manova ny anao koa izany.[19] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson* (2014), 129.
2. "Inona no anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna?" *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera*, ed. nohavaozina (2018), lds.org/manual/missionary.
3. Môrônia 10:4.
4. Môrônia 10:4.
5. Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
6. Môrônia 10:4.
7. Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
8. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 196.
9. 1 Nefia 6:4.
10. 1 Nefia 10:12, 14.
11. Môrônia 10:31.
12. Abrahama 2:8–9.
13. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy manerantany ho an'ny zatovo, 3 Jone 2018), 4, HopeofIsrael.lds.org.
14. Jereo ny Jakôba 5:72.
15. Nampianatra ny Filoha Ezra Taft hoe: "Ny Tompo Tenany mihitsy no nilaza fa ny Bokin'i Môrmôna dia mitahiry ny -fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy- (F&F 20:9). Tsy midika izany hoe mitahiry ny fampianarana rehetra, na ny fotopampianarana nambara rehetra hatramin'izay izany. Fa midika kosa izany fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no hahitantsika ny fahafenoan'ireo fotopampianarana takina amin'ny famonjena antsika. Ary nampianarina amin'ny fomba mazava sy tsotra izy ireo ka na dia ny zaza madinika aza dia afaka ny hianatra ireo lalan'ny famonjena sy fisandratana" (*Teachings: Ezra Taft Benson,* 131).
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
17. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely," 7.
18. 3 Nefia 20:25.
19. Jereo mba hahitana ohatra ny Henry B. Eyring, "The Book of Mormon Will Change Your Life," *Liahona*, Feb. 2004, 12–16.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Maratra

*Manàna faharetana miaritra ao anatin'ny memin'ireo fitsapana eto an-tany, dia hitondra hazavana, fahatakarana, fiadanana, ary fanantenana ny hery manasitran'ny Mpamonjy.*

Tamin'ny 22 martsa 2016 taloha kelin'ny tamin'ny valo ora maraina dia nisy baomba anankiroa napetraky ny mpampihorohoro nipoaka tao amin'ny seranam-piaramanidin'i Bruxelles. Nitondra an-dRahavavy Fanny Clain tany amin'ilay seranam-piaramanidina mba handray sidina ho any amin'ny misiônany tany Cleavland Ohio ry Elder Richard Norby sy Elder Mason Wells ary Elder Joseph Empey. Olona roa amby telopolo no namoy ny ainy, ary naratra avokoa ireo misiônera ireo.

Ny tena naratra mafy dia i Elder Richard Norby, 66 taona, izay niaranompo tamin-dRahavavy Pam Norby vadiny.



*Namerina ny ainy tao amin'ny hôpitaly i Richard Norby.*

Niresaka momba izany fotoana izany i Elder Richard Norby hoe:

"Tonga dia fantatro teo no ho eo ny zavatra nitranga.

"Nihazakazaka aho hamonjy toerana azo antoka saingy avy hatrany dia nianjera. . . . Hitako naratra mafy ny tongotro havia. [Tsikaritro] nisy arina mainty mitovy amin'ireny tranon-kala ireny niraraka avy tamin'ny tanako anankiroa. Nendahiko moramora izany kanjo hitako fa tsy arina ilay izy fa ny hoditro may. Nivadika mena ilay lobaka fotsiko noho ny ratra tao an-damosiko.

"Rehefa nanomboka nahatsapa ny zavatra vao nitranga ny saiko dia nanana izao eritreritra mafy izao aho: . . . fantatry ny Mpamonjy ny toerana nisy ahy sy ny zavatra vao niseho ary [ny zavatra] izay niainako tamin'izay fotoana izay."[1]

Andro sarotra no niandry an'i Richard Norby sy i Pam vadiny taorian'izay fampihorohoroana izay. Nampatoriana tsy hahatsiaro tena izy, narahin'ny fandidiana maro, sy fihomboan'ny otrikaretina, ary fanahiana mafy hoe ho voatana sa tsia ny ainy.

Velona i Richard saingy tsy hitovy amin'ny taloha intsony ny fiainany. Roa taona sy tapany aty aoriana dia mbola eo andalam-pahasitranana ireo ratrany. Misy fitaovana afatotra misolo ny ampahany niala amin'ny tongony. Tsy mitovy amin'ny talohan'ilay fotoana



*I Richard sy Pam Norby.*

tao amin'ny seranam-piaramanidin'i Bruxelles tamin'izany fotoana izany ny dingana tsirairay mitranga.

Nahoana izany no nitranga tamin'i Richard sy i Pam Norby?[2] Natoky tamin'ny fanekempihavanany izy ireo, efa nanao asa fanompoana iray tany Côte d'Ivoire talohan'io ary nitaiza ka nahalehibe† fianakaviana mahafinaritra. Mety hiteny avy hatrany ny olona iray hoe "Tsy rariny izany! Tsy mety tsotra izao izany! Namoy ny ainy ho an'ny filazantsaran' i Jesoa Kristy izy ireo, koa nahoana izany no nitranga?

#### Izany no fiainana an-tany

Na dia ho samy hafa aza ny antsipiriany dia mitranga amintsika tsirairay ny loza, ny fitsapana na fanamby tsy nampoizina ara-batana sy ara-panahy satria izany no fiainana an-tany.

Raha nieritreritra momba ireo mpandahateny ho amin'ity fivoriana amin'ny fihaonambe ity fotsiny aho tamin'ity maraina ity dia hitako fa ny anankiroa dia efa namoy zanaka ary ny anankitelo dia namoy zafikely izay niverina any amin'ny fonenany any an-danitra tampoka. Tsy misy afa-bela amin'ny aretina sy ny alahelo, ary araka ny efa voalaza, tamin'ity herinandro ity mihitsy dia nisy anjelin'ny tany izay tena tiantsika, dia Rahavavy Barbara Ballard, niampita tsimoramora ny voaly. Ry Filoha Ballard, tsy hohadinoanay na oviana na oviana ny fijoroana ho vavolombelona nataonao tamin'ity maraina ity.

Mikatsaka fahasambarana isika. Maniry fiadanana isika. Manantena fitiavana isika. Ary ny Tompo dia handrotsaka ranonoram-pitahiana sesehena ho antsika. Saingy misy zavatra iray azo antoka fa mifaningotra amin'ny fifaliana sy ny fahasambarana: tsy maintsy hisy ny fotoana, ora, andro, ary indraindray taona izay hahavoaratra ny fanahinao.

Mampianatra ny soratra masina fa hanandrana ny mangidy sy ny mamy isika[3] ary tsy maintsy hisy ny "fifanoherana amin'ny zava-drehetra."[4] Hoy i Jesoa: "[Ny Rainareo any An-danitra dia] mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina."[5]

Tsy mitovy ny ratram-po ho an'ny manan-karena sy ny mahantra, ho an'ny kolontsaina na firenena na taranaka iray. Mahazo ny olon-drehetra izany ary ampahany amin'ny fianarana izay raisintsika avy amin'ity fiainana an-tany ity izany.

#### Ianjadian'izany koa ny olo-marina

Ny hafatro androany dia natokana indrindra ho an'ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra, mitandrina ny fampanantenana nataony tamin' Andriamanitra, kanefa, tahaka an-dry Norby, na ireo lehilahy sy vehivavy ary ankizy maro eto amin'izao fivoriana maneran-tany izao, dia ianjadian'ny fitsapana sy olana izay tsy ampoizina sy maharary.

Mety ho avy amin'ny loza voajanahary ny ratrantsika na avy amin'ny voina mampalahelo. Mety ho avy amin'ny vady tsy mahatoky izany, izay manakorontana ny fiainan'ny vady sy zanaka miaina am-pahamarinana. Ireo ratra dia mety ho avy amin'ny haizina sy ny alahelo ateraky ny harerahan-tsaina amam-panahy, avy amin'ny aretina tsy nampoizina, avy amin'ny fijaliana na ny fahafatesana aloha loatran'ny olona tiantsika, ny alahelo noho ny olona ao amin'ny fianakaviana izay mandà ny finoany, na ny fanirery noho ny tsy fahafahana mahazo vady mandrakizay, na fahoriana an-jatony maro izay mandratra fo, alahelo tsy hitan'ny maso.[6]

Samy mahatakatra isika tsirairay fa ny fahasarotana dia ampahan-javatra mandrafitra ny fiainana, saingy rehefa mitranga amintsika mivantana izany dia mety hahaketraka mafy antsika. Tokony ho vonona tsy zohin'ny tahotra isika. Hoy i Paoly Apostoly hoe: "Aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany."[7] Voatenona mafy ao amin'ny lamban'ny drafitry ny Raintsika miaraka amin'ireo kofehy marevaky ny fahasambarana sy ny fifaliana ireo kofehy matroky ny fitsapana sy ny fahoriana. Ireo zava-manahirana ireo, na dia sarotra aza, no matetika mampianatra antsika ny lesona tsara indrindra.[8]

Rehefa mitantara ny tantara mahatalanjon'ireo miaramila 2.060 zatovon'i Helamana isika dia tiantsika ity soratra masina ity: "Araka ny hatsaram-pon' Andriamanitra, ary fahagagana lehibe ho anay erỳ, ary koa fifalian'ny miaramilanay iray manontolo, fa tsy nisy na dia iray aza taminy maty."

Dia mitohy ilay fehezan-teny hoe: "Ary tsy nisy koa na dia iray aza teo anivony izay tsy nahazo ratra maro."[9] Samy nahazo ratra ny tsirairay tamin'ireo 2.060 ireo ary ny tsirairay amintsika dia samy haratra amin'ny ady amin'izao fiainana izao, na izany ara-batana, na ara-panahy, na izy roa.

#### I Jesoa Kristy no ilay Samaritana tsara fanahy

Aza kivy mihitsy, kanefa na lalina toy ny ahoana aza ny ratran'ny fanahinao, na inona na inona no nahatonga izany, na aiza na aiza ary na oviana na oviana no hitrangany, ary na maharitra hafiriana ny hijanonan'izany eo, dia tsy natao ho resy ara-panahy ianao. Ianao dia natao handresy ara-panahy sy hivelatra ao anatin'ny finoana sy fahatokiana an' Andriamanitra.

Tsy noharian' Andriamanitra tsy hiankina Aminy ny fanahintsika. I Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika, tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany tsy hay takarina dia tsy vitan'ny hoe mamonjy antsika amin'ny fahafatesana sy manome antsika ny famelana ny fahotantsika amin'ny alalan'ny fibebahana fotsiny, fa vonona ihany koa Izy hamonjy antsika amin'ny alahelo sy ny fijaliana mihatra amin'ny fanahintsika maratra.[10]

Ny Mpamonjy no Samaritana tsara fanahy ho antsika,[11] izay nirahina mba "hanafaka izay nampahorina."[12] Manatona antsika Izy raha toa kosa ka mandalo fotsiny antsika ny hafa. Sady feno fangorahana Izy no mametraka ny balsamany manasitrana eo amin'ny ferintsika ary mamatotra izany. Entiny

isika. Mikarakara antsika Izy. Mangataka antsika Izy hoe: "[Manatòna] Ahy . . . ary Izaho hanasitrana [Anareo]."[13]

"Ary [i Jesoa dia] . . . hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; . . . mba . . . hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin'ny olony . . . [amin'ny fakana ny rofintsika] ho eo Aminy, [sady] feno famindram-po."[14]

*Manatona ianao izay ory, n'aiza*
*n'aiza ijalianao;*
*Ho eo amin'ny rako-panavotana,*
*handohalika amin-kitsimpo.*
*Ento eo ny fo maratra, ka tantarao*
*ny fijalianao.*
*Fa tsy misy fahoriana an-tany, izay*
*tsy ho sitran'ny Tsitoha.*[15]

Tamin'ny fotoana iray izay nijaliany fatratra dia hoy ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith: "Ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany."[16] Ahoana no ahafahan'ny ratra izay maharary ho lasa soa ho antsika? Manàna faharetana miaritra ao anatin'ny memin'ireo fitsapana eto an-tany, dia hitondra hazavana, fahatakarana, fiadanana, ary fanantenana ny hery manasitran'ny Mpamonjy.[17]

#### Aza milavo lefona mihitsy

Mivavaha amin'ny fonao manontolo. Ampatanjaho ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny fisiany ary ny fahasoavany. Mifikira amin'ilay teniny manao hoe: "Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena."[21]

Tsarovy fa ny fibebahana dia fanafody ara-panahy mahery vaika.[19] Tandremo ny didy ary aoka ho mendrika ilay Mampionona, sady mahatsiaro fa ny Mpamonjy dia nampanantena hoe: "Tsy hamela anareo ho kamboty Aho."[20]

Ny fiadanana any amin'ny tempoly dia balsama mitondra fanamaivanana ho an'ireo fanahy maratra. Miverena matetika araka izay azonao atao any amin'ny tranon'ny Tompo miaraka amin'ny fonao maratra sy anaran'ny fianakavianao. Ny tempoly dia manampy antsika hahatakatra ny zavatra mitranga mandritra ny fotoana fohy izay iainantsika eto an-tany amin'ny fijery mibanjina ny mandrakizay.[21]


Ataovy jery todika ny lasa ary tadidio fa naneho ny fahamendrehanao ianao tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Zanak' Andriamanitra mendrika ianao, ary afaka mandresy ny ady amin'izao tontolo lavo izao ianao miaraka amin'ny fanampiany. Efa vitanao izany tany aloha tany ary mbola afaka manao izany indray ianao.

Jereo ny hoavy. Tena misy ireo olanao sy ny fahorianao, saingy tsy haharitra mandrakizay izany.[22] Hisinda ny haizina eo amin'ny fiainanao, satria "ny Zanaka . . . [dia nitsangana] miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany."[23]

Hoy ry Norby tamiko: "Misy ny fahadisoam-panantenana indraindray saingy tsy navelanay hitoetra velively izany."[24] Hoy i Paoly Apôstôly hoe: "Voageja . . . nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy, potraka, nefa tsy maty."[25] Mety ho trotraka ianao saingy aza milavo lefona mihitsy.[26]

Na dia ao anatin'ny ratra maharary anao aza dia hanolo-tanana ho azy ny hafa ianao sady matoky ilay fampanantenan'ny Mpamonjy hoe: "Na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany."[27] Ireo olona maratra izay mitsabo ny ratran'ny hafa dia anjelin' Andriamanitra eto an-tany.

Afaka fotoana fohy isika dia hihaino ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Russell M. Nelson, lehilahy manana finoana tsy voahozongozona an'i Jesoa Kristy, lehilahin'ny fanantenana sy fiadanana, tian' Andriamanitra saingy tsy voatsimbina amin'ny ratran'ny fanahy.



*Ny Filoha Russell M. Nelson, tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, aprily 1995, raha niresaka momba ny nahafatesan'i Emily zanany vao haingana dia nijoro ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy dia mihazona ireo fanalahidin'ny Fitsanganana amin'ny maty.*

Tamin'ny 1995 dia nahitana homamiadana i Emily zanany vavy, izay bevohoka. Nisy ny andrompanantenana sy fifaliana rehefa teraka ilay zanany izay salama tsara. Saingy niverina ilay homamiadana ary nodimandry i Emily malalany roa herinandro monja taorian'ny faha-37 taonany, sady namela ny vady malalany sy ireo zanany dimy mbola kely.

Nandritra ny fihaonambe maneran-tany, fotoana fohy taorian'ny nahalasany dia namboraka ny Filoha Nelson hoe: "Latsa-dranomason'alahelo aho sady naniry ny ho afaka nanao misimisy kokoa ho an'ilay zanakay vavy. . . . Raha nanana hery hananganana ny maty aho dia mety ho nalaim-panahy hamerina [azy] indray. . . . [Saingy] i Jesoa Kristy no mihazona izany fanalahidy izany ary hampiasa izany amin'i



*"Amin'ny alalan'ny fitandremana ny didin' Andriamanitra, " hoy ny Filoha Nelson tamin'ireo Olomasina tany Porto Rico, "isika dia afaka mahita fifaliana na dia ao anatin'ny toe-javatra ratsy indrindra iainantsika aza."*



Emily . . . sy ho an'ny olona rehetra amin'ny fotoan'ny Tompo."[28]

Tamin'ny volana lasa raha namangy ireo Olomasina tany Porto Rico sy nahatsiaro ilay rivo-doza izay nandravarava tamin'ny taon-dasa ny Filoha Nelson dia niresaka tamim-pitiavana sy fangorahana izy hoe:

"Fiainana izany. Izany no ahatongavantsika ety. Tonga ety isika mba hahazo vatana sy hozahan-toetra ary hotsapaina. Ny sasany amin'izany fitsapana izany dia ara-batana, ny sasany ara-panahy, ary ny fizahan-toetranao tety dia sady ara-batana no ara-panahy."[29]

"Tsy mbola kivy ianareo. [Tena] faly noho ny aminareo izahay. Efa very zavatra betsaka ianareo ry Olomasina mahatoky, saingy tao anatin'izany rehetra izany dia nampitombo ny finaoanareo an'i Jesoa Kristy Tompo ianareo."[30]


"Rehefa mitandrina ny didin' Andriamanitra isika dia afaka mahita fifaliana eny fa na dia ao anatin'ny toe-javatra ratsy indrindra iainantsika aza."[31]

### Hofafana ny ranomaso rehetra

Ry rahalahy sy ranabavy, mampanantena anareo aho fa ny fampitomboana ny finoanareo an'i Jesoa Kristy Tompo dia hitondra hery bebe kokoa sy fanantenana lehibe kokoa ho anareo. Ho anareo, ry olo-marina, ilay Mpanasitrana ny fanahintsika no hanasitrana ny ratranareo amin'ny fotoany sy amin'ny fombany.[32] Tsy misy tsy fahamarinana, fanoherana, fitsapana, alahelo, ratram-po, fijaliana, fery, na manao ahoana na manao ahoana halaliny, na manao ahoana na manao ahoana harariny, tsy ho tafiditra ao amin'ilay fampiononana sy fiadanana ary fanantenana maharitra omeny, Izy izay handray antsika indray eo anatrehany amin'ny sandriny mivelatra sy ny tanany maratra. Amin'izany andro izany hoy ny Apôstôly Jaona raha nijoro ho vavolombelona, ny marina izay "avy [amin' ny] fahoriana lehibe"[33] dia hijoro "miakanjo akanjo fotsy lava . . . eo anoloan'ny seza fiandrianan' Andriamanitra." Ny Zanak'ondry "dia hamelatra ny trano-lainy handrakotra azy . . . ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masony."[34] Ho avy izany andro izany. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Resaka nifanaovana manokana tamin'olona, 26 jan. 2018.
2. Tao anatin'ny resadresaka iray nifanaovana tamin'ity taona ity i Richard Norby dia nilaza tamiko hoe: "Nanao zavatra mifanaraka amin'izay nomena anay izahay." Nizara izao manaraka izao izy tao amin'ny diariny: "Ny fitsapana sy ny fizahan-toetra izay tonga amintsika tsirairay dia manome fahafahana hahafantatra tsara kokoa ny Mpamonjy sy hahatakatra amin'ny antsipiriany lalina kokoa ny momba ny sorona fanavotany. Izy no iankinantsika. Izy no katsahintsika. Izy no ianteherantsika. Izy no atokisantsika. Izy no tiantsika amin'ny fontsika manontolo, tsy misy fisalasalana. Efa nanasitrana ireo fanaintainana ara-batana sy ara-pihetseham-po rehetra izay misy eo amin'ny fiainana an-tany ny Mpamonjy. Esoriny ny fanaintainantsika. Hoentiny ireo alahelontsika."
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39.
4. 2 Nefia 2:11.
5. Matio 5:45.
6. "Seigneur je te suivrai," *Cantiques,* no. 141.
7. 1 Petera 4:12.
8. "Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo" (Abrahama 3:25; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:4–5).
9. Almà 57:25.
10. Nanoratra tamiko ny namana iray hoe: "Ny ady amin'ny –haizina sy ny fahoriana– ara-pihetseham-po isan-karazany dia mahatonga anao ho tody hatrany amin'ny fetran'ny fahafahanao manao zavatra, ny fahazotoanao, ny finoanao ary ny faharetanao. Aorian'ny andro maro –hijaliana– dia reraka ianao. Aorian'ny herinandro maro –hijaliana– dia trotraka ianao. Aorian'ny volana maro –hijaliana– dia manomboka malemy ianao. Aorian'ny taona maro –hijaliana– dia miaiky ianao fa mety tsy ho sitrana intsony. Lasa fanomezana sarobidy sy sarotra azo indrindra ny fanantenana. Raha fintinina dia tsy azoko antoka hoe haiko ny hiatrika ity fitsapana ity raha tsy noho [ny Mpamonjy]. Izay ihany no azo hanazavana azy. Tsy haiko hazavaina hoe ahoana no ahaizako izany afa-tsy ny hoe fantatro izany. Noho Izy no nahafahako nandresy tao anatin'izany."
11. Jereo ny Lioka 10:30–35.
12. Lioka 4:18; jereo koa ny Isaia 61:1.
13. 3 Nefia 18:32.
14. Almà 7:11–12. "[Nidina] ho ambanin'ny zava-drehetra [Izy], ka [izay no] nahatakarany ny zava-drehetra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6).
15. "Vous qui souffrez, venez," *Cantiques,* no. 64.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7.
17. "Fantatrao ny fahalehibeazan' Andriamanitra; ary Izy hanokana ny fahorianao ho tombontsoanao" (2 Nefia 2:2). "Fantatro fa na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin'ny fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany, ary hasandratra izy amin'ny andro farany" (Almà 36:3).
18. 2 Korintiana 12:9.
19. Jereo ny Neil L. Andersen, "The Joy of Becoming Clean," *Ensign,* apr. 1995, 50–53.
20. Jaona 14:18.
21. "Raha amin'izao fiainana izao ihany no anantenantsika an'i Kristy, dia mahantra indrindra noho ny olona rehetra isika" (1 Korintiana 15:19).
22. Ao amin'ny andininy voalohany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna i Nefia dia manazava hoe: "[Efa] nahita fahoriana betsaka aho tamin'ny androko" (1 Nefia 1:1). Nilaza i Nefia taty aoriana hoe: "Na dia teo aza izany dia nitodika tamin' Andriamanitra aho ary nidera Azy nandritra ny manontolo andro; ary tsy mba nimonomonona ny Tompo aho noho ny fahoriako" (1 Nefia 18:16).
23. 3 Nefia 25:2.
24. Resaka nifanaovana manokana tamin'olona, 26 jan. 2018.
25. 2 Korintiana 4:8–9.
26. Raha nanao fitsidihana tany Isiraely ny Filoha Hugh B. Brown, dia nanontaniana izy hoe nahoana i Abrahama no nodidiana mba hanao sorona ny zanany. Hoy ny navaliny: "Nila nianatra zavatra momba an'i Abrahama i Abrahama" (ao amin'ny Truman G. Madsen, *Joseph Smith the Prophet* [1989], 93).
27. Matio 16:25.
28. Russell M. Nelson, "Children of the Covenant," *Ensign,* mey 1995, 32.
29. Russell M. Nelson, ao amin'ny Jason Swensen, "Better Days Are Ahead for the People of Puerto Rico," *Church News,* 9 sept. 2018, 4.
30. Russell M. Nelson, ao amin'ny Swensen, "Better Days Are Ahead," 3.
31. Russell M. Nelson, amin'ny Swensen, "Better Days Are Ahead," 4.
32. Jereo ny Russell M. Nelson, "Jesus Christ—the Master Healer," *Liahona,* nôv. 2005, 85–88.
33. Apokalypsy 7:14.
34. Jereo ny Apokalypsy 7:13, 15, 17.



Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson

# Ny anarana marin'ny Fiangonana

*I Jesoa Kristy dia nitarika antsika mba hiantso ny Fiangonany amin'ny anarany satria Fiangonany io, ary heniky ny heriny.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, miara-mifaly isika amin'izao andro Sabata mahafinaritra izao noho ireo fitahiana maro be azontsika avy amin'ny Tompo. Tena feno fankasitrahana izahay noho ny fijoroana ho vavolombelona anananareo momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, noho ireo fahafoizan-tena izay nataonareo mba hijanona na hiverina amin'ny lalan'ny fanekempihavanany, ary ny asa fanompoanareo feno fanolorantena ao amin'ny Fiangonany.

Mahatsapa aho anio fa voatery hiresaka aminareo lohahevitra iray izay tena manan-danja be tokoa. Herinandro maromaro izay dia namoaka fanambarana iray mikasika ny fiantsoana ny Fiangonana amin'ny anarany marina aho.[1] Nataoko izany satria ny Tompo dia nampahafantatra ahy ny lanjan'ny anarana izay nomeny ho an'ny Fiangonany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.[2]

Araka ny mety ho efa neritreretinareo, dia nifangaro ny nandraisan'ny olona izany fanambarana izany sy ilay torolalana momba ny fomba fanaovana izany nohavaozina[3]. Mpikambana maro no nanitsy avy hatrany ny anaran'ny Fiangonana ao amin'ny bilaogin'izy ireo sy ny pejin'ny tambazotran-tseraseran'izy ireo. Ny sasany dia nanontany tena hoe nahoana, eo anatrehan'ny zava-drehetra izay mitranga eo amin'izao tontolo izao no nilaina ny hanamafisana zavatra izay toa "tsy misy dikany." Ny olona sasany dia nilaza fa tsy ho azo tanterahina izany, koa inona no antony anandramana? Mamelà ahy hanazava ny antony iraharahantsika lalina mikasika ity olana ity. Fa voalohany kosa dia mamelà ahy hilaza ny zavatra izay *tsy misy ifandraisan'ity ezaka ity:*

- Izany dia tsy fanovana anarana tsy akory.
- Izany dia tsy fanovana marika.
- Izany dia tsy ivelany fotsiny.
- Izany dia tsy zavatra natao tsy tamim-piheverana.
- Ary izany dia tsy hoe zavatra tsy misy dikany.

Fa izany *dia* fanitsiana kosa. Izany *dia* didin'ny Tompo. Tsy i Joseph Smith no nanome anarana ilay Fiangonana naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalany; tsy nanao izany koa i Môrmôna. Ny Mpamonjy Izy tenany mihitsy no niteny hoe: "Satria toa izany no hiantsoana ny fiangonako amin'ny andro farany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany."[4]

Eny na dia talohalohan'izany aza, tamin'ny taona 34 taorian'i Jesoa Kristy, ny Tompontsika izay efa nitsangana tamin'ny maty dia nanome torolalana mitovy amin'izany ho an'ireo mpikambán'ny Fiangonany rehefa namangy azy ireo tao Amerika Izy. Niteny toy izao izy tamin'izany fotoana izany:

"Koa, hantsoinareo amin'ny anarako ny fiangonana. . . .

"Ary ahoana no maha-fiangonako azy raha tsy antsoina amin'ny anarako izy? Fa raha antsoina amin'ny anaran'i Mosesy ny fiangonana iray, dia fiangonan'i Mosesy izy amin'izany; na raha antsoina amin'ny anaran'ny olona iray izy, dia fiangonan'io olona io izy amin'izany; fa raha antsoina amin'ny anarako kosa izy, dia fiangonako izy amin'izany."[5]

Noho izany, ny anaran'ny Fiangonana dia tsy azo ovaina. Rehefa milaza mazava ny anarana tokony hiantsoana ny Fiangonany ny Mpamonjy, ary



manomboka mihitsy ny fanambarany amin'ny hoe "Toy izany no hiantsoana ny fiangonako," dia matotra Izy izay. Ary rehefa mamela ireo anaram-bosotra ho ampiasaina na manomboka mampiasa na mamporisika ny fampiasana ireo anaram-bosotra ireo isika, dia tohina Izy.

Inona no lanjan'ny anarana iray na ny anaram-bosotra iray amin'ity toe-javatra ity? Amin'ny resaka anaram-bosotry ny Fiangonana, toy ny "Église SDJ," ny "Fiangonana Môrmôna," na ny "Fiangonan'ny Olomasin'ny Andro Farany," ny tena manan-danja indrindra *ao anatin'izany* anarana izany dia ny *fahabangan'*ny anaran'ny Mpamonjy. Ny fanesorana ny anaran'ny Tompo amin'ny Fiangonan'ny Tompo dia fandresena lehibe ho an'i Satana; Rehefa tsy *mampiasa* ny anaran'ny Mpamonjy isika dia *mandà* tsimoramora ny zava-drehetra izay nataon'i Jesoa Kristy ho antsika, dia ny Sorompanavotany izany.

Diniho amin'ny fomba fijeriny izany: Talohan'ny nahaterahana dia Jehovah Izy, ilay Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha. Izy no Mpamorona an'izao tontolo izao sy ny tontolo maro hafa, teo ambany fitarihan'ny Rainy.[6] Nisafidy ny hanaiky ny sitrapon'ny Rainy Izy sy ny hanao zavatra ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra izay tsy misy olon-kafa afaka manao! Nandao ny voninahiny mba ho tonga ety an-tany amin'ny maha-Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo Izy ka notevatevaina, noesoina sy nororaina, ary nokapohina tamin-kabibiana. Tao amin'ny Sahan'i Getsemane, ny Mpamonjintsika dia nitondra teo Aminy ny fanaintainana *rehetra* sy ny fahotana *rehetra* ary ny alahelo sy ny fijaliana *rehetra* izay mety holalovanao sy izaho ary ny olona tsirairay izay efa niaina na mbola hiaina. Teo ambanin'ny vesatr'izany zioga mangirifiry izany dia nivoa-dra ny maso-kodiny rehetra.[7] Izany fijaliana rehetra izany dia nihamafy rehefa nohomboina tamin-kabibiana teo amin'ny hazo fijalian'i Kalvary Izy.

Tamin'ny alalan'ireo traikefa mangirifiry ireo sy ny Fitsanganany tamin'ny maty avy eo, izany hoe ny Sorompanavotany tsy manam-petra no nanomezany ny tsy fahafatesana ho an'ny rehetra Izy, sy nanavotany ny tsirairay amintsika tamin'ireo vokatry ny fahotana, raha toa isika ka mibebaka.

Taorian'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty sy ny fahafatesan'ireo Apôstôliny, dia tafiditra tao anatin'ny fahamaizinana an-jato taonany maro izao tontolo izao. Avy eo tamin'ny taona 1820, dia niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany, mba hanomboka ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'ny Tompo.

Taorian'ny zava-drehetra izay niaretany, sy noho ny zava-drehetra izay vitany ho an'ny olombelona rehetra, dia fantatro amin'ny alahelo lalina tokoa fa nekentsika tsy nahy ny hiantsoana amin'ny anarana hafa ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny, anarana izay manaisotra ny anarana masin'i Jesoa Kristy ny tsirairay avy aminy!

Rehefa mandray ampahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isika isaky ny alahady, dia manavao ny fampanantenana masina nataontsika tamin' ny Ray any An-danitra fa isika dia vonona ny hitondra eo amintsika ny anaran'ny Zanany lahy, Jesoa Kristy.[8] Mampanantena ny hanara-dia Azy isika, hibebaka, hitandrina ny didiny, ary hahatsiaro Azy *mandrakariva*.

Rehefa esorintsika hiala amin'ny anaran'ny Fiangonany ny anaran'i Jesoa Kristy, dia manaisotra tsy nahy *Azy* amin'ny maha-ivo ifantohan'ny fiainantsika Azy isika.

Tafiditra ao anatin'ny fitondrana ny anaran'ny Tompo eo amintsika ny fanambarana sy ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny hafa amin'ny alalan'ireo asantsika sy ireo tenintsika fa i Jesoa no Kristy. Natahotra loatra ve isika ny *hanafintohina* olona iray izay niantso antsika hoe "Môrmôna" hany ka tsy nahavita *niaro* ny Mpamonjy Izy tenany, ny hiaro Azy eny dia ny amin'ny anarana izay iantsoana ny Fiangonany?

Raha toa isika te higoka ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy amin'ny maha-vahoaka sy olona tsirairay antsika, mba hanadio sy hanasitrana antsika, hankahery sy hanome lanja antsika, ary amin'ny farany dia hanandratra antsika, dia mazava ho azy fa mila manaiky Azy ho ny loharanon'izany hery izany isika. Afaka manomboka amin'ny fiantsoana ny Fiangonany amin'ny anarana izay nomeny isika.

Ho an'ny maro amin'izao tontolo izao, ankehitriny ny Fiangonan'ny Tompo dia voasarona tamin'ny hoe: "Fiangonana Môrmôna." Fa isika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'ny Tompo antsika dia mahafantatra hoe iza no lohan'ny Fiangonana: Jesoa Kristy Izy tenany. Indrisy anefa, fa maro amin'ireo izay maheno ilay teny hoe *Môrmôna* no mety hihevitra fa manompo an'i Môrmôna isika. Tsy marina izany! Manaja sy manome lanjany izany mpaminany Amerikanina fahiny lehibe izany isika.[9] Saingy *tsy* mpianatr'i Môrmôna isika. Mpianatry ny Tompo Isika.

Tany am-piandohan'ny Fiangonana naverina amin'ny laoniny, ny teny toy ny hoe *Fiangonana Môrmôna* sy *Môrmôna*[10] dia nampiasaina matetika ho anaram-petaka, toy ny teny mandratra, teny manafintohina, natao mba hanafenana ny herin' Andriamanitra amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao.[11]

Ry rahalahy sy ranabavy, maro ireo antony omen'izao tontolo izao entina hanoherana ny famerenana amin'ny laoniny ny anarana marin'ny Fiangonana. Noho ny tontolo nomerika izay iainantsika, sy miaraka amin'ny fanatsarana ireo maoteram-pikarohana izay manampy antsika rehetra hahita ireo fampahalalana ilaintsika saika ho araka ny fotoana ilantsika azy avy hatrany, anisan'izany ny fampahalalana mahakasika ny Fiangonan'ny Tompo, ireo mpitsikera dia milaza fa tsy mety ny hanitsiana izany amin'izao fotoana izao. Ny hafa dia mahatsapa fa satria efa fantatry ny maro amin'ny hoe "Môrmôna" sy amin'ny hoe ny "Fiangonana Môrmôna," isika dia tokony hionona amin'izany.

Raha toa izao ka fifanakalozankevitra momba ny fanomezana marika ny fikambanana noforonin'olombelona iray, dia ho nandresy ireo antony ireo. Fa amin'ity raharaha manan-danja ity, dia mijery Azy izay tompon'ity Fiangonana ity isika ary manaiky fa ny lalan'ny Tompo dia tsy, ary dia tsy ho lalan'olombelona na oviana na oviana. Raha toa ka hanana faharetana isika ary raha toa ka hanatontosa tsara ny anjarantsika isika, dia hitarika antsika amin'ity andraikitra manan-danja ity ny Tompo. Fantatsika rahateo fa ny

Tompo dia manampy ireo izay mikatsaka ny hanao ny sitrapony, tahaka ny nanampiany an'i Nefia hanatontosa ny andraikitra hanorina sambo iray mba hiampitana ny ranomasina.[12]

Tiantsika ny mba ho mahalala fomba sy hanana faharetana ao amin'ny ezaka ataontsika mba hanitsy ireo hadisoana ireo. Ny haino aman-jery tompon'andraikitra dia hanana fahatakarana eo am-pamaliana ny fangatahantsika.

Tamin'ny fihaonambe maneran-tany iray teo aloha, ny Loholona Benjamin De Hoyos dia niresaka mikasika tranga iray toy izany. Hoy izy:

"Taona maro lasa izay, nandritra ny fiasako tao amin'ny birao misahana ny seraseran'ny Fiangonana amin'ny any ivelany tany Mexique, dia nasaina [aho sy ny mpiara-mitory iray] handray anjara amin'ny valan-dresaka tao amin'ny fampielezam-peo iray. . . . Nanontany [anay ny iray tamin'ireo mpitantana ny fandaharana] hoe, "Fa nahoana no lavabe tahaka izany ny anaran'ny Fiangonana? . . ."

"Nitsiky izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko tamin'izany fanontaniana mahafinaritra izany ary dia nanomboka nanazava fa ny anaran'ny Fiangonana dia tsy nosafidian'olombelona. Nomen'ny Mpamonjy izany. . . . Namaly avy hatrany sady tamim-panajana ilay mpitantana ny fandaharana nanao hoe: 'Amim-pifaliana lehibe izany no hamerenanay azy.'"[13]

Izany tatitra izany dia manome maodely. Ny tsirairay avy amin'ireo ezaka farany tsara indrindra ataon'ny tsirairay dia ho takina mba hanitsiana ireo hadisoana izay lasa nekena nandritra ny taona maro.[14] Mety hanaraka na tsia ny fitarihantsika amin'ny fiantsoana antsika amin'ny anarana marina izao tontolo izao. Fa tsy manana ny rariny isika raha toa ka sosotra rehefa miantso ny Fiangonana sy ny mpikambany amin'ny anarana diso ny ankabetsahan'izao tontolo izao raha isika aza miantso ny Fiangonana amin'ny anaran-diso.

Ny torolalana momba ny fomba fanaovana izany izay nohavaozina dia manampy tokoa. Milaza izany fa "Amin'ny fotoana voalohany hilazana azy dia tsara kokoa ny mampiasa ny anarana fenon'ny Fiangonana hoe: 'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.' Rehefa ilaina ny milaza azy amin'ny endriny fohy [faharoa], dia amporisihana ny fampiasana ny teny hoe "ny Fiangonana" na ny "Fiangonan'i Jesoa Kristy." Ny-Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny-ihany koa dia marina sy amporisihina."[15]

Raha toa ka misy olona manontany hoe: "Môrmôna ve ianao?" dia afaka mamaly ianao hoe: "Raha toa ka manontany ahy ianao raha mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin'ny Andro Farany aho, dia eny, izany tokoa aho!"

Raha misy olona manontany hoe "Olomasin'ny Andro Farany ve ianao?"[16] dia afaka mamaly toy izao ianao, "Eny, izany tokoa aho. Mino an'i Jesoa Kristy aho ary izaho dia mpikamban'ny Fiangonany izay naverina tamin'ny laoniny."

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, mampanantena anareo aho fa raha toa isika ka hanao ny tsara indrindra vitantsika mba hamerina amin'ny laoniny ny anarana marin'ny Fiangonan'ny Tompo, Izy izay tompon'ity Fiangonana ity no handrotsaka ny heriny sy ireo fitahiany amin'ny lohan'ireo Olomasin'ny Andro Farany,[17] toy izay mbola tsy fahitantsika. Hanana ny fahalalana sy ny herin' Andriamanitra isika mba hanampy antsika hitondra ireo fitahian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny manerana ny firenena ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra mba hanampy amin'ny fanomanana an'izao tontoIo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany.

Noho izany, inona no lanjan'ny anarana iray? Rehefa ny anaran'ny Fiangonan'ny Tompo no resahina, ny valiny dia "Ny zava-drehetra!" I Jesoa Kristy dia nitarika antsika mba hiantso ny Fiangonany amin'ny anarany satria Fiangonany io, ary heniky ny heriny.

Fantatro fa velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Mitarika ny Fiangonany Izy ankehitriny. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■




**FANAMARIHANA**

1. "Ny Tompo dia nampahafantatra ahy ny lanjan'ny anarana izay nomeny ho an'ny Fiangonany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izany. Manana asa atao isika mba hanao izay hampifanaraka antsika amin'ny sitrapony. Tamin'ny herinandro maromaro vao tsy ela izay dia ny mpitarika ato amin'ny Fiangonana maro sy departemanta maro no efa nanomboka ireo dingana ilaina mba hanantontosana izany. Ho azo amin'ireo volana ho avy manaraka ny fampahalalana fanampiny mahakasika ity zavatra manan-danja ity" (Russell M. Nelson, ao amin'ny "The Name of the Church" [fanambarana ofisialy, 16 aog. 2018], mormonnewsroom.org).
2. Ireo Filohan'ny Fiangonana teo aloha dia efa nanao fangatahana mitovy amin'izany. Ohatra, nilaza toy izao ny Filoha George Albert Smith: "Aza mandiso fanantenana ny Tompo amin'ny fiantsoana ity hoe ny Fiangonana Môrmôna. Tsy niantso izany hoe ny Fiangonana Môrmôna Izy" (ao amin'ny Conference Report, apr. 1948, 160).
3. Jereo ny "Style Guide—The Name of the Church," mormonnewsroom.org.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:4.
5. 3 Nefia 27:7–8.
6. Jereo ny Mosesy 1:33.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18.
8. Jereo ny Môrônia 4:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37, 77.
9. I Môrmôna dia iray tamin'ireo mpanoratra lehibe efatra ao amin'ny Bokin'ny Môrmôna,

ireo hafa dia i Nefia, sy i Jakôba, ary i Môrônia. Izy rehetra dia vavolombelona nahita maso ny Tompo avokoa, toy ilay mpandika teniny nentanim-panahy, ny Mpaminany Joseph Smith.
10. Eny na dia ny teny hoe *Môrmônita* aza dia anisan'ny teny fanesoana izay nampiasaina (jereo ny *Histoire de l'Eglise*, 2:62–63, 126).
11. Nisy anaram-petaka hafa ihany koa nampiasaina tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao. Nandritra ny fitsarana ny Apôstôly Paoly teo anoloan'i Feliksa, dia nolazaina fa "izy no tari-dalan'ilay antoko atao hoe Nazarena." (Asan'ny Apôstôly 24:5). Mikasika ny fampiasana ny andianteny hoe "ny amin'ny Nazarena," dia nisy mpaneho hevitra iray nanoratra hoe: "Izany dia anarana izay nomena matetika ny Kristianina ho fanamavoana azy ireo. Nantsoina toy izany izy ireo satria i Jesoa dia avy any Nazareta" (Albert Barnes, *Notes, Explanatory and Practical, on the Acts of the Apostles* [1937], 313).
    Mifanindranindran-dalana amin'izany, nisy fanehoan-kevitra iray izay milaza fa: "Toy ny Tompontsika izay nambaniana tamin'ny niantsoana Azy hoe-Ilay Nazarena- (Mat. xxvi. 71), noho izany dia nantsoin'ireo Jiosy ho 'Nazarena' ireo mpianany. Tsy neken'izy ireo ho Kristianina izy ireo, *izany hoe* mpianatry ny Mesia" (*The Pulpit Commentary: The Acts of the Apostles,* ed. H. D. M. Spence and Joseph S. Exell [1884], 2:231).
    Mitovy amin'izany ihany koa, ny Loholona Neal A. Maxwell dia nanao fanamarihana toy izao: "Manerana ny tantaran'ny soratra masina, dia mahita isika fiverimberenan'ny fihezahana ny hanambany ireo mpaminany mba handrohahana azy ireny, mbahametahana anarana azy ireny entinahanambaniana azy ireny. Ny ankamaroany, anefa, dia tsy raharahian'ny olona ankehitriny sy ny tantara tsy ara-pivavahana. Ny Kristianina tany am-boalohany raha teo koa moa dia nantsoina fotsiny hoe-ny antokom-pivavahana Nazarena.- (Asan'ny Apostly 24:5.)" ("Out of Obscurity," *Ensign,* Nôv. 1984, 10).
12. Jereo ny 1 Nefia 18:1–2.
13. Benjamín De Hoyos, "Nantsoina ho Olomasina," *Liahona,* mey 2011, 106.
14. Raha toa isika ka tsy mahafehy ny fomba mety hiantsoan'ny olon-kafa antsika, isika dia afaka mifehy tanteraka ny fomba izay hilazantsika ny tenantsika. Ahoana no fomba hahafahantsika manantena ny hafa hanaja ny anarana marin'ny Fiangonana raha toa ka isika izay mpikambany dia tsy mahavita manao izany?
15. "Style Guide—The Name of the Church," mormonnewsroom.org.
16. Ny teny hoe *olomasina* dia ampiasaina matetika ao amin'ny Baiboly Masina. Ao amin'ny Epistily nosoratan'i Paoly ho an'ireo Efesiana, ohatra, dia nampiasa ny teny hoe *olomasina* izy farafaha-keliny indray mandeha isaky ny toko iray. Ny hoe olomasina dia ny olona iray izay mino an'i Jesoa Kristy ary miezaka ny hanaraka Azy.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:33.





**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Miezaha, miezaha, miezaha

*Mametraka ny anarany ao am-ponareo ny Mpamonjy. Ka mahatsapa ny fitiavana madion'i Kristy ho an'ny hafa sy ho an'ny tenanareo ianareo.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, feno fankasitrahana aho noho ny fahafahana miresaka aminareo. Tena nampientana sy nampiorina ahy ity fihaonambe ity. Ny Fanahy Masina no nitondra ny hira sy ny teny nambara ho ao am-pontsika. Mivavaka aho mba io Fanahy io ihany no hitondra izay zavatra ambarako hipaka any aminareo.

Taona maro lasa izay dia mpanolotsaina voalohan'ny filohan'ny distrika iray tany atsinanan'i Etazonia aho. Mihoatra noho ny indray mandeha izy no niteny tamiko rehefa izahay ho any amin'ireo sampana kely tao amin'ny distrikanay hoe: "Hal a! rehefa mihaona amin'olona ianao, ka mandray azy ho toy ny hoe ao anaty fahasahiranana lalina, dia matetika ianao no tsy ho diso fihevitra." Tsy vitan'ny hoe marina ny azy, fa hitako tao anatin'ireo taona nifandimby fa mbola ambany loatra aza ny tombantombana nataony. Anio aho dia maniry ny hankahery anareo eo amin'ny fahasahiranana izay atrehanareo.

Ny fiainantsika eto an-tany dia narafitry ny Andriamanitra iray feno fitiavana mba ho fitsapana sy ho loharanom-pivoarana ho antsika tsirairay. Tsaroanareo ny tenin' Andriamanitra mahakasika ireo zanany tamin'ny nahariana an'izao tontolo izao hoe: "Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo."[1]

Hatrany am-piandohana dia tsy mora mihitsy ireo fitsapana. Miatrika fisedrana isika noho ny fananana vatana mety maty. Isika rehetra dia miaina ao anaty tontolo iray izay ahitana fa mihamafy ny ady ataon'i Satana hanoherana ny fahamarinana sy ny fahasambarantsika. Mety ho tsapanao ho toy ny ao anatin'ny korontana kokoa hatrany izao tontolo izao sy ny fiainanao manokana.

Izao no fanomezan-toky omeko: ilay Andriamanitra be fitiavana izay namela anao hiatrika ireo fitsapana ireo dia namolavola ihany koa fomba iray azo antoka handresena izany. Tian'ny Ray any An-danitra tokoa izao tontolo izao ka nalefany ny Zanany Malalany hanampy antsika.[2] I Jesoa Kristy Zanakalahiny, dia nanolotra ny ainy ho antsika. Nozakain'i Jesoa Kristy tao Getsemane sy teo amin'ny hazofijaliana ny vesatry ny fahotantsika rehetra. Niainany avokoa ireo fahoriana, fanaintainana ary ny vokatry ny fahotantsika mba hahafahany mankahery sy mampatanjaka antsika ao anatin'ny fitsapana rehetra eo amin'ny fiainana.[3]

Tsaroanareo fa nilaza tamin'ireo mpanompony ny Tompo hoe:

"Ary ny Raiko sy Izaho dia iray. Izaho ao amin' ny Ray ary ny Ray ato Amiko, ary raha efa nandray Ahy ianareo, dia ianareo ato Amiko ary Izaho ao aminareo.

"Koa eo afovoanareo Aho, ary Izaho no mpiandry tsara sy vatolampin'i Isiraely. Izay manorina eo ambonin'ity vatolampy ity dia tsy hianjera na oviana na oviana."[4]

Ny mpaminanintsika, Filoha Russell M. Nelson, dia nanome koa toky mitovy amin'izany. Ankoatra izay dia namariparitra fomba iray izy ahafahantsika manorina eo ambonin'io vatolampy io sy mametraka ny anaran'ny Tompo ao am-pontsika mba hitarihana antsika eo am-piatrehana ireo fitsapana mahazo antsika.

Hoy Izy: "Ianao izay mety hahatsapa hakiviana mandalo, dia tsarovy fa tsy natao ho mora ny fiainana. Tsy maintsy mandalo fitsapana sy mizaka fahoriana mandritra ny fiainana. Raha mahatsiaro ianao fa -miaraka amin' Andriamanitra tsy misy zavatra tsy hainy ho tanterahana- (Lioka 1:37, dikanteny arabakitenin'ny ao amin'ny Baiboly King James), dia fantaro fa Rainao Izy. Ianao dia zanakalahiny na zanakavaviny nohariana araka ny endriny, manan-jo noho ny fahamendrehanao handray fanambarana hanampy anao amin'ireo zavatra rariny katsahinao. Azonao raisina eo aminao ny anarana masin'ny Tompo. Afaka ny ho mendrika ianao hiteny amin'ny anarana masin' Andriamanitra (jereo ny F&F 1:20)."[5]

Ny tenin'ny Filoha Nelson dia mampahatsiahy antsika an'ilay fampanantenana atao ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo, fampanantenana izay tanterahan'ny Raintsika any An-danitra rehefa tanterahantsika ny zavatra hampanantenaintsika koa.

Henoy ireo tonony: "Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy hitahy sy hanamasina ity mofo ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay mandray amin' izany, mba hahazoany mihinana ho fahatsiarovana ny vatan' ny Zanakao sy hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo



ny hitondra ny anaran' ny Zanakao, ny hahatsiaro Azy mandrakariva ary ny hitandrina ny didiny izay efa nomeny azy ireo; mba hananany mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy. Amena."[6]

Isaky ny manonona ilay teny hoe *amena* isika rehefa tononina ho antsika io vavaka io, dia mampanantena amin'ny alalan'ny fandraisana ny mofo isika fa vonona ny hitondra eo amintsika ny anarana masin'i Jesoa Kristy, sy ny hahatsiaro Azy mandrakariva, ary ny hitandrina ny didiny. Etsy ankilany dia ampanantenaina antsika fa afaka manana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika isika. Noho ireo fampanantenana ireo, dia ny Mpamonjy no ilay vatolampy izay azontsika ijoroana soa aman-tsara sy tsy amin-tahotra eo amboniny mandritra ny fisedrana rehetra izay atrehantsika.

Rehefa nandinika ireo teny ao amin'ilay fanekempihavanana aho sy ireo fitahiana ampanantenaina mifandraika amin'izany, dia nanontany tena hoe inona no hevitry ny hoe vonona ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy.

Nanazava ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Manan-danja ilay hoe rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia tsy mijoro ho vavolombelona hoe *mitondra* ny anaran'i Jesoa Kristy. Fa mijoro ho vavolombelona fa ho *vonona* hanao izany. (Jereo ny F&F 20:77.) Ilay hoe ny fahavononantsika fotsiny no ijoroantsika ho vavolombelona dia maneho fa misy zavatra hafa tokony mbola hitranga mialoha ny tena hitondrantsika io anarana masina io amin'ny lafiny manan-danja indrindra."[7]

Ilay filazana hoe "vonona [isika] hitondra" ny anarany dia manambara amintsika fa raha sambany isika no nitondra ny anaran'ny Mpamonjy tamintsika natao batisa, dia tsy mbola vita tamin'ny batisa akory ny fitondrana ny anarany. Tsy maintsy miezaka tsy tapaka isika hitondra ny anarany mandritra ny androm-piainantsika, anisan'izany rehefa manavao fanekempihavanana eo am-pandraisana ny fanasan'ny Tompo, sy rehefa manao fanekempihavanana any amin'ny tempoly masin'ny Tompo.

Koa misy fanontaniana manandanja anankiroa izany ho antsika tsirairay dia hoe "Inona no tsy maintsy ataoko mba hitondrana ny anarany?" ary koa hoe "Ahoana no ahafantarako fa mivoatra aho?"

Maneho valin-teny maha-velompanantenana ny zavatra nolazain'ny Filoha Nelson. Nilaza izy fa afaka mitondra ny anaran'ny Mpamonjy isika ary afaka miteny eo amin'ny toerany. Rehefa miteny eo amin'ny toerany isika dia manompo Azy. "Fa ahoana moa no ahalalan'ny olona iray ny tompo izay tsy notompoiny sy izay vahiny aminy ary lavitry ny eritreriny sy ny fikasan' ny fony?"[8]

Ny hoe miteny eo amin'ny toerany dia mitaky vavaka amim-pinoana. Mitaky vavaka amin-kitsim-po amin'ny Ray any An-danitra ny fahafantarana hoe inona no teny azontsika ambara mba hanampiana ny Mpamonjy eo amin'ny asany. Tsy maintsy mendrika isika vao mahazo ilay fampanantenana hoe: "Na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany."[9]

Kanefa mitaky mihoatra noho ny miteny eo amin'ny toerany izany hoe mitondra ny anarany izany. Misy

fahatsapana izay tsy maintsy ananantsika ao am-pontsika izay isika vao mendrika ny ho mpanompony.

Nosoritsoritan'i Môrmôna mpaminany ireo fahatsapana izay maha-mendrika antsika sy ahafahantsika mitondra ny anarany. Ireo fahatsapana ireo dia ahitana ny finoana sy ny fanantenana ary ny fiantrana, izay ny fitiavana madion'i Kristy.

Nanazava i Môrmôna hoe:

"Satria tsaraiko fa manam-pinoana an' i Kristy ianareo noho ny fietrenareo; fa raha tsy manam-pinoana Azy ianareo, dia tsy mendrika ianareo amin' izany ny voaisa ho eo anivon' ny vahoakan' ny fiangonany.

"Ary koa, ry rahalahiko malala, mba te hiresaka aminareo ny momba ny fanantenana aho. Ahoana no ahatongavanareo amin' ny finoana, raha tsy manana fanantenana ianareo?

"Ary inona no hantenainareo? Indro, lazaiko aminareo fa hanana fanantenana ianareo amin' ny alalan' ny sorompanavotan' i Kristy sy ny herin' ny fitsanganany amin' ny maty mba hatsangana ho amin' ny fiainana mandrakizay, ary izany dia noho ny finoanareo Azy araka ny fampanantenana.

"Koa, raha manam-pinoana ny olona iray dia tsy maintsy ilaina ny hananany fanantenana; fa raha tsy misy finoana dia tsy mety hisy fanantenana.

"Ary koa, indro lazaiko aminareo fa tsy afaka ny hanana finoana sy fanantenana izy raha tsy malemy fanahy sy mietry am-po.

"Raha tsy izany dia foana ny finoany sy ny fanantenany, fa tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mietry am-po; ary raha malemy fanahy sy mietry am-po ny olona iray, ary miaiky amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana; fa raha tsy manana fiantrana izy dia tsinontsinona; koa tsy maintsy ilaina ny hananany fiantrana."

Rehefa avy nanoritsoritra ny fiantrana i Môrmôna dia nanohy niteny hoe:

"Fa ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion'i Kristy ary maharitra mandrakizay izany; ary na zovy na zovy no hita ho manana izany amin'ny andro farany, dia soa ho azy izany.



"Noho izany ry rahalahiko malala dia mivavaha amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin' izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an' i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy; mba hananantsika izany fanantenana izany; mba hahazoana manadio antsika tahaka Azy izay madio. Amena."[10]

Ny fijoroako ho vavolombelona dia hoe mametraka ny Anarany ao am-ponareo ny Mpamonjy. Ho an'ny ankamaroanareo dia mitombo ny finoanareo Azy. Mahatsapa fanantenana kokoa ianareo sy mijery kokoa ny lafy tsaran-javatra. Ka mahatsapa ny fitiavana madion'i Kristy ho an'ny hafa sy ho an'ny tenanareo ianareo.

Hitako izany eo amin'ireo misiônera manompo manerana izao tontolo izao. Hitako izany eo amin'ireo mpikambana izay miresaka amin'ny naman'izy ireo sy ny fianakavian'izy ireo momba Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ireo lehilahy, ireo vehivavy, ireo zatovo, eny fa na ireo ankizy aza dia manompo noho ny fitiavany ny Mpamonjy sy ny mpiarabelona amin'izy ireo.

Vantany vao tonga ny tatitra mahakasika voina na aiza na aiza eto antany, dia mpikambana maro no manao drafitra handeha hamonjy, indraindray miampita ranomasimbe, tsy misy maniraka akory. Indraindray izy ireo dia tsy mahatombina eo am-piandrasana ny fotoana ahafahan'ireo faritra tra-boina mandray azy ireo amin'izay.

Azoko an-tsaina fa ny sasany aminareo izay mihaino eto androany dia mety mahatsapa fa resin'ny olana mahazo anareo ny finoanareo sy ny fanantenanareo. Ary mety maniry hahatsapa fitiavana ianareo.

Ry rahalahy sy ranabavy isany, misy fahafahana maro avy amin'ny Tompo tsy lavitra anareo hahafahanareo mahatsapa sy mizara ny Fitiavany. Afaka mivavaka ianareo, amim-pahatokiana fa hitarika anareo ny Tompo hitia olona iray eo amin'ny toerany. Mamaly ny vavaka ataon'ireo tsara sitrapo be fietrena toa anareo Izy. Ho tsapanareo ny fitiavan' Andriamanitra anareo sy an'ilay olona izay tompoinareo amin'ny anarany. Rehefa manampy ireo zanak' Andriamanitra ao anatin'ny fahoriany ianareo, dia ho lasa maivana kokoa ny fahorianareo manokana. Ho lasa mahery kokoa ny finoanareo sy ny fanantenanareo.

Vavolombelona nanatri-maso an'izany fahamarinana izany aho. Nandritra ny androm-piainany ny vadiko dia niteny ho an'ny Tompo ary nanompo olona ho Azy. Araka izay efa nolazaiko teo aloha, dia nilaza tamiko ny iray tamin'ireo evekanay indray mandeha hoe: "Tena talanjona aho. Isaky ny mahare olona iray ato amin'ny paroasy aho hoe manana olana, dia tonga faingana aho hanampy. Kanefa amin'ny fotoana ahatongavako, dia toa efa tonga teo foana ny vadinao." Marina izany tany amin'ireo toerana rehetra izay niainanay nandritra ny 56 taona.

Ankehitriny izy dia tsy afaka miteny afa-tsy teny vitsivitsy monja isan'andro. Olona maro izay notiaviny teo amin'ny toeran'ny Tompo no tonga mamangy azy. Isan-kariva sy isa-maraina aho dia miara-mihira aminy, dia mivavaka izahay. Tsy maintsy izaho no manonona

ny vavaka sy re mihira. Indraindray dia hitako ny molony mihetsiketsika toa manonona ireo tonon-kira. Ireo hiran'ny ankizy no tiany kokoa. Ny fahatsapana izay toa tiany indrindra dia voafehy ao amin'ilay hira hoe: "Miezaka ny ho toa an'i Jesoa aho."[11]

Indray mandeha, rehefa avy nihira ny isan'andininy hoe "Aoka ianareo mba hifankatia, [Miezaha] ho tsara fanahy sy ho feno fitia," dia niteny mora izy kanefa mazava tsara hoe: "Miezaha, miezaha, miezaha." Mino aho fa ho tsapany, rehefa hahita ny Mpamonjy izy, fa napetraky ny Mpamonjy tao am-pony ny anarany ary efa tonga tahaka Azy izy. Mitrotro azy Izy ankehitriny ao anatin'ireo olany, tahaka ny hitrotroany anao manoloana ny anao ihany koa.

Mijoro ho vavolombelona aminao aho fa mahafantatra anao ny Mpamonjy ary tia anao. Fantany ny anaranao tahaka ny hahafantaranao ny Azy. Fantany ny fahorianao. Efa niainany ireny. Tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany no nandreseny an'izao tontolo izao. Amin'ny alalan'ny fahavononanao handray ny anarany eo aminao no hanamaivananao ny enta-mavesatr'olon-kafa tsy tambo isaina. Ary ho hitanao any aoriana fa ho fantatrao kokoa ny Mpamonjy ary ho tia Azy kokoa ianao. Ho ao amponao ny anarany, ary tsy ho afaka ao an-tsainao. Izany no anarana izay hiantsoana anao. Izany ho ijoroako ho vavolombelona amim-pankasitrahana noho ny fitiavana feno hatsarampanahy nomeny ahy, sy an'ireo olontiako, ary ho anao, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Abrahama 3:25.
2. Jereo ny Jaona 3:16–17.
3. Jereo ny Almà 7:11–12.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:43–44.
5. Russell M. Nelson, "With God Nothing Shall Be Impossible," *Ensign,* Mey 1988, 35.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
7. Dallin H. Oaks, "Taking upon Us the Name of Jesus Christ," *Ensign,* Mey 1985, 81.
8. Môsià 5:13.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
10. Môrônia 7:39–44,47–48.
11. Jereo ny "Jésus Christ est mon modèle," *Chants pour les enfants,* 40–41.



**Nataon'i Brian K. Ashton**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany

# Ilay Ray

*Manana hery anaty isika tsirairay hahatongavana tahaka ny Ray. Mba hahafahana manao izany dia tsy maintsy mitsaoka ny Ray isika amin'ny anaran'ny Zanakalahy.*

Nandritra ny androm-piainany manontolo i Melinda vadiko dia niezaka araka izay tratrany ny ho mpanara-dia mahatoky an'i Jesoa Kristy. Saingy nanomboka tamin'izy zatovo dia nahatsiaro ho tsy mendrika ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy ny fitahiany izy noho ny tsy fahatakarany ny toetoetrany. Soa ihany i Melinda fa nanohy nitandrina ny didy na dia teo aza ny alahelo izay tsapany. Taona vitsy lasa izay dia niaina zavatra maro izy izay nanampy azy hahatakatra kokoa ny toetoetran' Andriamanitra, anisan'izany ny fitiavany ireo zanany sy ny fankasitrahany ny ezaka ataontsika, na dia tsy tonga lafatra aza, hanao ny asany.

Hazavainy ny fiantraikan'izany taminy manao hoe: "Azoko antoka ankehitriny fa mandaitra ny drafitry ny Ray, fa mirotsaka an-tsehatra manokana Izy eo amin'ny fahombiazantsika, ary manome antsika ireo lesona sy traikefa ilaintsika mba hahafahantsika miverina eo anatrehany. Mitovy kokoa amin'ny fijerin' Andriamanitra antsika ny fijeriko ny tenako sy ny hafa. Afaka mitaiza sy mampianatra ary manompo amimpitiavana kokoa aho ary tsy amintahotra kokoa. Mahatsapa fiadanana sy fahatokian-tena aho fa tsy tebiteby sy tsy filaminana. Tsy mahatsiaro ho tsaratsaraina aho fa mahatsiaro ho misy manohana. Miorina kokoa ny finoako.



Matetika kokoa aho no mahatsapa ny fitiavany ary lalina kokoa ny fahatsapako izany."[1]

Ny fananana "fahatakarana *marina* ny toetran'ny [Ray any An-danitra] sy ny fahatanterahany ary ny toetoetrany" dia manan-danja indrindra eo amin'ny fampiharana finoana ampy ahazoana ny fisandratana.[2] Ny fahatakarana marina ny toetoetran'ny Ray any An-danitra dia afaka manova ny fomba fijerintsika ny tenantsika sy ny hafa ary manampy antsika hahatakatra ny fitiavana lehiben' Andriamanitra ho an'ireo zanany sy ny faniriany mafy hanampy antsika ho tonga tahaka Azy. Ny fomba fijery tsy marina momba ny maha-Izy Azy dia mety hahatonga antsika hahatsiaro ho toy ny tsy hahavita mihitsy hiverina eo anatrehany.

Ny tanjoko anio dia ny hampianatra fotopampianarana manan-danja mikasika ny Ray izay ahafahantsika tsirairay, fa indrindra ireo izay manontany tena hoe tia azy ireo ve Andriamanitra, mahatakatra tsara kokoa ny tena toetoetrany marina ary mampihatra finoana lehibe kokoa Azy sy ny Zanany ary ny drafiny ho antsika.

#### Ny fiainana talohan'ny nahaterahana

Tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana isika dia fanahy nateraky ny Ray aman-dReny any An-danitra ary niaina niaraka tamin'izy ireo toy ny fianakaviana.[3] Nahafantatra antsika Izy ireo, nampianatra antsika, ary nitia antsika.[4] Naniry mafy isika ny hitovy amin'ny Raintsika any An-danitra isika. Saingy nahafantatra isika fa, mba hahafahana manao izany, dia tsy maintsy:

1. Mahazo vatana nofo be voninahitra, sy tsy mety maty;[5]
2. Manambady ary manorina fianakaviana amin'ny alalan'ny fahefana famehezan'ny fisoronana;[6] ary
3. Mahazo ny fahalalana sy ny hery ary ny toetra rehetra ananan' Andriamanitra.[7]

Noho izany dia namorona drafitra ny Ray izay ahafahantsika raha mahafeno fepetra sasantsasany,[8] mahazo vatana nofo izay ho lasa tsy mety maty sy feno voninahitra any amin'ny Fitsanganana amin'ny maty; manambady sy manorina fianakaviana mandritra ny fiainana an-tany na, ho an'ireo mahatoky izay tsy nanana io fahafahana io, aorian'ny fiainana an-tany;[9] mivoatra mankany amin'ny fahatanterahana; ary amin'ny farany miverina any amin'ireo Ray aman-dRenintsika any An-danitra ary miara-miaina amin'Izy ireo sy ny fianakaviantsika ao anatin'ny fisandratana sy ny fahasambarana mandrakizay.[10]

Ny soratra masina dia miantso izany hoe ny drafitry ny famonjena.[11] Feno fankasitrahana tokoa isika noho io drafitra io ka rehefa nampahafantarina antsika izany dia nihoby isika noho ny hafaliana.[12] Nanaiky ireo fepetran'ilay drafitra isika tsirairay, anisan'izany ireo zavatra iainana sy fanamby mandritra ny fiainana an-tany izay hanampy antsika hanana ireo toetran' Andriamanitra.[13]

#### Ny fiainana an-tany

Mandritra ny fiainana an-tany dia omen'ny Ray any An-danitra antsika ireo fepetra ilaintsika hivoarana ao anatin'ny drafiny. Niteraka an'i Jesoa Kristy tao amin'ny nofo ny Ray[14] ary nanome Azy fanampiana avy Aminy mba hahafahany manatanteraka ny iraka masina nanirahana Azy teto an-tany. Hanampy antsika tsirairay tahaka izany koa ny Ray any An-danitra raha miezaka mitandrina ny didiny isika.[15] Omen'ny Ray fahafahana misafidy isika.[16] Eo ampelatanany ny fiainantsika, ary "fantatra ny andron[tsika]" ary "tsy hahena."[17] Ary miantoka Izy fa amin'ny farany ny zava-drehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia Azy.[18]

Ny Ray any An-danitra no manome antsika ny hanintsika isan'andro,[19] izay sady ahitana ny sakafo hohanintsika no ahitana ny hery ilaintsika hitandremana ny didiny.[20] Omen'ny Ray fanomezan-tsoa maro isika.[21] Maheno sy mamaly ny vavaka ataontsika Izy.[22] Manafaka antsika amin'ny ratsy ny Ray any An-danitra rehefa avelantsika hanao izany.[23] Mitomany ho antsika Izy rehefa mijaly isika.[24] Amin'ny farany, ny fitahiana rehetra raisintsika dia avy amin'ny Ray daholo.[25]

Mitarika antsika ny Ray any An-danitra ary manome antsika ny traikefa ilaintsika arakaraka ny tanjatsika sy ny fahalementsika ary ireo safidintsika mba hahafahantsika mamoa voa tsara.[26] Faizin'ny Ray isika raha ilaina satria tiany.[27] "Lehilahin'ny torohevitra" Izy,[28] izay hifanakalo hevitra amintsika raha manontany isika.[29]

Ny Ray any An-danitra no mandefa ny fitaoman'ny Fanahy Masina sy ny fanomezan'ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainantsika.[30] Afaka mitoetra ao amintsika ny voninahitry ny Ray, na ny faharanitan-tsainy sy ny fahazavany ary ny heriny, amin'ny alalan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina.[31] Raha mikatsaka ny hitombo amin'ny fahazavana sy ny fahamarinana isika ambarapahatonga ny masontsika tsy hibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra, dia haniraka ny Fanahy Masin'ny fampanantenana ny Ray any An-danitra hifehy antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay ary haneho ny tavany amintsika—na izany amin'ity fiainana ity na amin'ny fiainan-ko avy.[32]

#### Fiainana aorian'ny fiainana an-tany

Any amin'ny tontolon'ny fanahy aorian'ny fiainana an-tany dia manohy mandrotsaka ny Fanahy Masina ny Ray any An-danitra ary maniraka misiônera ho any amin'ireo izay mila ny filazantsara. Mamaly vavaka Izy ary manampy ireo izay mbola tsy nandray ireo ordônansin'ny famonjena handray izany amin'ny alalan'ny solontena.[33]

Nanangana an'i Jesoa Kristy ny Ray ary nanome hery Azy hanatanteraka ny fitsanganana amin'ny maty,[34] izay fomba ahafahantsika mahazo vatana tsy mety maty. Ny fanavotana nataon'ny Mpamonjy sy ny fitsanganany tamin'ny maty no mamerina antsika indray ho eo anatrehan'ny Ray, ary eo isika no hotsarain'i Jesoa Kristy.[35]

Ireo izay miantehitra amin'ny "fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina"[36] no handray vatana feno voninahitra tahaka ny Ray[37] ary hiara-honina Aminy "ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[38] Any dia hofafan'ny Ray ny ranomasontsika rehetra[39] ary hanampy antsika Izy hanohy ny diantsika ho tonga tahaka Azy.

Hitanareo amin'izany fa eo mandrakariva ny Ray any An-danitra ho antsika.[40]

### Ny toetran'ny Ray

Mba hahatongavana ho tahaka ny Ray dia tsy maintsy manana ny toetoetrany isika. Ny fahatanterahan'ny Ray sy ny toetoetrany dia ahitana an'ireto manaraka ireto:

- Ny Ray dia "Tsisy fiafarana sy Mandrakizay."[41]
- Marina tanteraka Izy, mamindra fo, tsara fanahy sy mahari-po, ary tsy mikatsaka afa-tsy izay tsara indrindra ho antsika.[42]
- Ny Ray any An-danitra dia fitiavana.[43]
- Mitandrina ny fenekempihavanana nataony Izy.[44]
- Tsy miovaova Izy.[45]
- Tsy afaka handainga Izy.[46]
- Tsy mizaha tavan'olona ny Ray.[47]
- Mahafantatra ny zavatra rehetra Izy—ny lasa sy ny ankehitry ny ary ny hoavy—hatrany am-piandohana.[48]
- Ny Ray any An-danitra dia maranitsaina[49] kokoa noho isika rehetra.[50]
- Manana ny fahefana rehetra ny Ray any An-danitra[51] ary manao izay rehetra iriny hatao.[52]

Ry rahalahy sy ranabavy, afaka mahatoky ny Ray isika sy miantehitra Aminy. Satria manana fijery mandrakizay ny Ray any An-danitra, dia afaka mahita ny zavatra izay tsy hitantsika. Ny fifaliany sy ny asany ary ny voninahiny dia ny hanatanteraka ny tsy fahafatesantsika sy ny fiainana mandrakizaintsika.[53] Ny zavatra rehetra ataony dia ho tombontsoantsika. "Mikatsaka ny fahasambara[ntsika] mandrakizay [Izy] mihoatra noho ny ikatsaha[ntsika] izany."[54] Ary tsy "mitaky amin[tsika Izy] ny hiaina fotoana iray izay sarotra kokoa noho izay tena ilaina ho an'ny tombontsoan[tsika] na ho an'ny an'ireo izay tian[tsika]."[55] Vokatr'izany dia mifantoka amin'ny fanampiana antsika hivoatra Izy, fa tsy amin'ny fitsarana sy ny fanamelohana antsika.[56]

### Ho tonga tahaka ny Raintsika

Amin'ny maha-fanahy zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra antsika tsirairay dia manana hery anaty isika tsirairay hahatongavana tahaka ny Ray. Mba hahafahana manao izany dia tsy maintsy mitsaoka ny Ray isika amin'ny anaran'ny Zanakalahy.[57] Manao



izany isika amin'ny fiezahana ho mpankatò ny sitrapon'ny Ray, tahaka ny Mpamonjy,[58] sy ny fibebahana tsy tapaka.[59] Rehefa manao an'ireo isika dia "handray fahasoavana miampy fahasoavana" ambara-pandraisantsika ny fahafenoan'ny Ray[60] sy hanafihana antsika amin'ny "toetrany sy ny fahatanterahany ary ny toetoetrany."[61]

Noho ny elanelana manasaraka ny misy antsika amin'ny maha-olombelona antsika sy ny efa nahatongavan'ny Ray any An-danitra, dia tsy mahagaga raha misy mahatsapa fa tsy azo tratrarina izany hoe ho tonga tahaka ny Ray izany. Kanefa dia mazava ny soratra masina. Raha mifikitra amim-pinoana amin'i Kristy isika, ka mibebaka sy mikatsaka ny fahasoavan' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fankatoavana, dia ho tonga tahaka ny Ray isika amin'ny farany. Mahazo fampaherezana be aho noho ny hoe ireo izay miezaka ho mpankatò dia "*handray* fahasoavana miampy fahasoavana" ary amin' ny farany "*handray* amin'ny fahafenoany."[62] Amin'ny teny hafa, dia tsy ho tonga tahaka ny Ray amin'ny herintsika samirery akory isika.[63] Fa ho tanteraka izany amin'ny alalan'ny fanomezana fahasoavana, ny sasany lehibe fa ny ankamaroany madinika, izay hifampitambatra tsikelikely ambara-pahazoantsika fahafenoana. Saingy tsy maintsy ho avy izany ry rahalahy sy ranabavy!

Manasa anao aho hahatoky fa hain'ny Ray any An-danitra ny fomba hanandratana anao, hikatsaka ny fanampiany isan'andro izay manohana, ary hibosesika handroso amim-pinoana an'i Kristy na dia amin'ny fotoana tsy ahatsapanao ny fitiavan' Andriamanitra aza.

Betsaka ny zavatra tsy takatsika mikasika ny fahatongavana ho tahaka ny Ray.[64] Saingy afaka mijoro ho vavolombelona amim-pahatokiana aho fa ny fiezahana ho tonga tahaka ny Ray dia mendrika ny fahafoizantena rehetra.[65] Ireo fahafoizana ataontsika eto amin'ny fiainana an-tany, na lehibe tahaka ny inona aza, dia tsy hay oharina amin'ilay fifaliana sy fahasambarana ary fitiavana tsy hay refesina izay ho tsapantsika eo anatrehan' Andriamanitra.[66] Raha miady mafy ianao mba hinoana fa mendrika ny fahafoizana izay asaina ataonao izany, dia miantso anao ny Mpamonjy manao hoe "Tsy mbola takatrareo ny halehiben'ireo fitahiana . . . nomanin' [ny Ray] ho anareo; . . . tsy mahatanty ny zavatra rehetra ianareo ankehitriny; kanefa, matokia fa hitari-dalana anareo Aho."[67]

Mijoro ho vavolombelona aho fa tia *anareo* ny Rainareo any An-danitra ary maniry *anareo* hiara-hiaina Aminy indray. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fanamarihana eo am-pelatanan'ny mpanoratra; jereo ihany koa ny D. Melinda Ashton, "The Holy Ghost: Direction, Correction, and Warning" (Fihaonamben'ny Vehivavy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 28 apr. 2016), byutv.org.
2. *Lectures on Faith* (1985), 38.
3. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145; "Mère céleste," Sujets de l'Evangile, topics.lds.org.
4. Nilaza i Paoly Apôstôly fa tena fantatsika tsara tokoa ny Ray ka dia mbola maniry ny hiantso Azy hoe *Aba* isika, izay midika hoe "Dada," teny iray natokana ho an'ireo raim-pianakaviana izay tena akaiky antsika tokoa (jereo ny Romana 8:15).
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19–20.
7. Jereo ny Matio 5:48; jereo koa ny 2 Petera 1:3–8.
8. Ireo fepetra ireo dia nahitana ny fitanana ny toetrantsika voalohany (jereo ny Abrahama 3:26) ary avy eo ao amin'ny fiainana an-tany, mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, mibebaka, atao batisa asitrika tanterahan'ny olona mihazona ny fahefan'ny fisoronan' Andriamanitra, mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary maharitra hatramin'ny farany (jereo ny 3 Nefia 27:16–20).

9. Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Ny sasany amin'ireo izay mihaino an'ity hafatra ity dia mety miteny hoe 'Ary ahoana ny momba ahy?' Fantatray fa Olomasin'ny Andro Farany mendrika sy mahafinaritra maro no tsy manana ireo fahafahana tsara indrindra sy ireo zavatra tena ilaina ho an'ny fivoaran'izy ireo ankehitriny. Manakantsakana ny zavatra tsara tokony hitranga sy manemotra ny fahatanterahan'ireo fitahiana nampanantenaina ny maha-tokan-tena, ny tsy fananan-janaka, ny fahafatesana, ary ny fisaraham-panambadiana. . . . Saingy ireo sakantsakana ireo dia mandritra ny fotoana voafetra ihany. Ny Tompo dia nampanantena fa any amin'ny mandrakizay dia tsy hisy fitahiana holavina amin'ireo zanakalahy sy zanakavavy izay nitandrina ny didy, izay marina tamin'ny fanekempihavanany, ary maniry ny hanao ny zavatra marina" ("The Great Plan of Happiness," *Ensign,* Nov. 1993, 75).
10. Jereo ny Môsià 2:41.
11. Jereo ny Almà 42:5; izy io dia antsoina koa hoe drafitry ny fanavotana (jereo ohatra ny Jakôba 6:8) sy drafitry ny fahasambarana (jereo ny Almà 42:8, 16).
12. Jereo ny Joba 38:4–7.
13. Jereo ohatra ny Hebreo 5:8; 12:11; Etera 12:27. Farafaharatsiny amin'ny voalohany, noho ny fahatakarantsika voafetra, dia mety ho toa hanakana antsika tsy hahazo ny sasany amin'ireo fitahiana nampanantenaina anisan'ny antenaintsika indrindra ireo olana sasany izay atrehantsika eto amin'ny fiainana an-tany. Na dia eo aza ireo zavatra toa mifanohitra ireo, dia homen' Andriamanitra antsika ireo fitahiana rehetra nampanantenaina raha mitoetra ho mahatoky isika.
14. Jereo ny Lioka 1:31–35; Jaona 1:14; 1 Nefia 11:18–21; Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Jesoa Kristy," scriptures.lds.org.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:4–5, 16–17, 19–20.
16. Jereo ny Mosesy 7:32.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9.
18. Jereo ny Romana 8:28.
19. Jereo ny Matio 6:11.
20. Jereo ny N. Eldon Tanner, "The Importance of Prayer," *Ensign,* May 1974, 50.
21. Jereo ny Lioka 11:10–13; Jakoba 1:17.
22. Jereo ny Lioka 11:5–10; Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 11:5–6 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina); 3 Nefia 13:6.
23. Jereo ny Matio 6:13.
24. Jereo ny Mosesy 7:31–40.
25. Jereo ny Jakoba 1:17.
26. Jereo ny Jaona 15:1–2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:6–7.
27. Jereo ny Hebreo 12:5–11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 95:1.
28. Mosesy 7:35.
29. Jereo ny Almà 36:12, 37.
30. Jereo ny Jaona 14:26; 2 Nefia 31:12
31. Jereo ny Jaona 17:21–23, 26; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36.
32. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:53; 88:67–68.
33. Jereo ny 1 Petera 4:6. Ny Loholona Melvin J. Ballard, raha nilaza ny antony nahatonga ny lehilahy iray nataony batisa hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana, dia niteny hoe:



"Nampahafantarina ahy fa ireo razambeny tany amin'ny tontolon'ny fanahy dia nanaiky ny Filazantsara efa taona maro lasa ary efa nivavaka mba hisy olona iray amin'ny taranak'izy ireo ety an-tany hanokatra ny varavarana ho azy ireo, ary koa fa nahomby ny vavak'izy ireo ka dia notarihan'ny Tompo ho any amin'ny varavaran'io lehilahy io ireo misiônera" (tao amin'ny Melvin R. Ballard, *Melvin J. Ballard, Crusader for Righteousness* [1966], 250).
34. Jereo ny Môrmôna 7:5–6; jereo koa ny Jaona 5:21, 26; 1 Korintiana 6:14; 2 Nefia 9:11–12; Almà 40:2–3; 3 Nefia 27:14.
35. Jereo ny Jaona 5:22; Jakôba 6:9; Almà 11:44; Helamàna 14:15–18. Ny Sorompanavotana nataon'i Kristy dia mandresy ireo vokatra rehetra nateraky ny Fahalavoan'i Adama, anisan'izany ny fahafatesana ara-batana sy arapanahy, izay samy tsy maintsy resena mba hahafahantsika miverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra. Ireo izay nibebaka tamin'ny fahotany dia hiara-honina amin'ny Ray sy ny Zanaka mandrakizay. Saingy ireo izay tsy nibebaka dia hizaka ny fahafatesana faharoa, izay ateraky ny fahotantsika ihany (jereo ny Helamàna 14:15–18).
36. 2 Nefia 2:8.
37. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:53; 88:67–68.
38. Mosià 2:41.
39. Jereo ny Apokalypsy 7:17.
40. Jereo ny Mosesy 7:30. Ny Ray any An-danitra aza dia manohy mikarakara sy mamatsy ho an'ireo izay ao amin'ny fanjakana terestrialy amin'ny alalan'ny fanompoan'i Jesoa Kristy sy ho an'ireo olona selestialy hafa (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:77, 87) sy ho an'ireo izay ao amin'ny fanjakana telestialy amin'ny alalan'ny fanompoan'ny Fanahy Masina sy ny anjely (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:86, 88).
41. Mosesy 7:35; jereo koa ny Salamo 90:2.
42. Jereo ny Salamo 103:6–8; Lioka 6:36; Mosesy 7:30.
43. Jereo ny 1 Jaona 4:16.
44. Jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:40.
45. Jereo ny Jakoba 1:17.
46. Jereo ny Nomery 23:19.
47. Jereo ny Asan'ny Apôstôly 10:34–35.
48. Jereo ny 1 Nefia 9:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:7.
49. Ny Dictionary.com dia mamaritra ny *faharanitan-tsaina* hoe "fahaizana mianatra, misaina, mahatakatra, sy ireo karazana asan'ny saina mitovy amin'izany; fahafahana mahatakatra ireo fahamarinana sy ny fifandraisana, ny zava-misy, ny dikan'ny zavatra, sns." ary koa hoe "fahalalana."
50. Jereo ny Abrahama 3:19. Jesoa Kristy amin'ny maha-olona be voninahitra sy lasa tanteraka Azy, dia marani-tsaina kokoa noho isika rehetra.
51. Jereo ny Apôkalypsy 21:22.
52. Jereo ny Abrahama 3:17.
53. Jereo ny Mosesy 1:39.
54. Richard G. Scott, "Trust in the Lord," *Ensign,* nôv. 1995, 17.
55. Richard G. Scott, "Trust in the Lord," 17.
56. Jereo ny Jaona 5:22; Mosesy 1:39. I Satana sy ny tenatsika ihany no manameloka antsika (jereo ny Apokalypsy 12:10; Almà 12:14).
57. Jereo ny Jaona 4:23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:40; 20:29.
58. Jereo ny 3 Nefia 11:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:11–19.
59. Ny fibebahana dia dingana izay hanovantsika ny toetra voajanaharintsika mihitsy mba hahatonga antsika ho lasa mitovy amin' Andriamanitra. Araka izany dia tokony hanohy hibebaka hatrany isika, fa tsy hoe mibebaka rehefa "manao zavatra tsy mety" fotsiny.
60. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:19–20.
61. *Lectures on Faith,* 38; jereo koa ny Môrônia 7:48; 10:32–33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:56, 94–95; 84:33–38.
62. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:20; nampiana fanamafisana.
63. Jereo ny Môrônia 7:32–33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:69, 94–95.
64. Nahoana Andriamanitra no tsy afaka na tsy hanambara misimisy kokoa mikasika ny dingana hahatongavana ho tahaka Azy? Tsoriko fa tsy haiko ny antony rehetra. Saingy misy roa farafahakeliny no takatro. Ny voalohany dia hoe ny zavatra sasany dia tsy takatra tsotra izao amin'ny mahamety maty antsika (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:17). Mety hitovitovy amin'ny hoe miezaka manazava mikasika ny internet amin'ny olona iray izay niaina tamin'ny Moyen Âge izany. Tsy ho ao anatin'ilay tontolo sy tsy hanana fomba fijery hahatakatra izany izy. Ny faharoa dia hoe, ny fanomezam-pahasoavana matetika dia tonga amintsika satria hoe tsy maintsy mijaly sy manaintaina mihitsy isika noho ny tsy fahalalana.
65. Ireo fahafoizantena izay asaina ataontsika dia mety ilaina hanatratrarana ny fahatanterahana.
66. Jereo ny Romana 8:18.
67. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:17–18.



**Nataon' ny Loholona Robert C. Gay**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Mitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy

*Enga anie isika mba hitondra eo amintsika amim-pahatokiana ny anaran'i Jesoa Kristy, amin'ny alalan'ny fieritreretantsika ny olona tahaka ny fieritreretany azy ireo, amin'ny alalan'ny fanompoantsika tahaka ny nanompoany, ary amin'ny alalan'ny fahatokiana fa ampy ny fahasoavany.*

Ry rahalahy sy ranabavy namana isany, vao tsy ela izay, raha nisaintsaina ny fanentanan'ny Filoha Nelson mba hiantso ny Fiangonana amin'ny anarana nambara mba hiantsoana izany aho, dia namaky ny soratra masina izay nampianaran'ny Mpamonjy ny Nefita mikasika ny anaran'ny Fiangonana.[1] Teo am-pamakiako ny tenin'ny Mpamonjy, dia toa nanandanja be tamiko ny nilazany ihany koa tamin'ny olona fa "ianareo dia tsy maintsy mitondra eo aminareo ny anaran' i Kristy."[2] Nahatonga ahy handinitena izany ary nametra-panontaniana hoe: "Mitondra eo amiko ny anaran'ny Mpamonjy tahaka izay tiany hanaovako izany ve aho?"[3] Anio aho dia mba te hizara ny sasantsasany amin'ireo fahatsapana voaraiko ho valin'ny fanontaniako.

**Voalohany,** ny hoe mitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy dia midika hoe miezaka amim-pahatokiana isika mieritreritra ny olona tahaka ny fieritreretan' Andriamanitra azy ireo.[4] Toy ny ahoana no fieritreretan' Andriamanitra ny olona? Hoy i Joseph Smith: "Raha toa ny ampahany amin'ny olombelona ka mitsara sy manameloka ny hafa tsy misy indrafo, ny Rain'izao rehetra izao kosa dia mieritreritra ny fianakavian'ny olombelona iray manontolo amin'ny fiahiana sy ny fitiavan'ny raimpianakaviana iray," satria "tsy takatry ny saina ny halehiben'ny fitiavany."[5]

Taona vitsy lasa izay dia nodimandry ny zokiko vavy. Nandalo fisedrana izy



teo amin'ny fiainany. Tsy dia nahavita niaina ny filazantsara izy ary tsy mbola nisy fotoana tena nampavitrika azy tao amin'ny Fiangonana. Nandao ny tokantranon'izy ireo ny vadiny dia namela azy niaraka tamin'ny zanaka efatra mbola kely mba hotezainy samirery. Tamin'ilay takariva nahafatesany, tao amin'ny efitrano iray natrehan'ireo zanany, dia nanome tsodrano azy aho mba handao ity fiainana ity tamimpiadanana. Tonga saina aho tamin'izay fotoana izay fa matetika loatra aho no namaritra ny fiainan'ny anabaviko tamin'ireo fitsapana nolalovany sy ny tsy fahavitrihany tao am-piangonana. Rehefa nametraka ny tanako teo amin'ny lohany aho tamin'izay hariva izay dia nahazo fananarana henjana avy amin'ny Fanahy. Nampahafantarina be tamiko ny hatsarany ary navela nieritreritra azy tahaka ny nieritreretan' Andriamanitra azy aho. Tsy toy ny olona tsy dia nahavita niaina ny filazantsara sy sahirana tamin'ny fiainana, fa toy ny olona tsy maintsy nisedra olana sarotra izay tsy niainako. Nihevitra azy ho toy ny reny tena mahafinaritra aho, izay nitaiza sy namelona zanaka efatra tsara tarehy sy mahavariana, na dia teo aza ireo sakana goavana. Nihevitra azy ho toy ny naman'ny reniko aho izay nanokana fotoana nikarakarana sy niarahana niasa taminy taorian'ny nahafatesan'ny rainay.

Nandritra izany takariva farany niarahana tamin'ny anabaviko izany, dia mino aho fa nanontany ahy Andriamanitra hoe: "Tsy hitanao ve fa olona sarobidy daholo ny olona rehetra manodidina anao?"

Nampianatra i Brigham Young hoe:

"Te hampianatra ny Olomasina aho . . . mba hijery ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny maha-izy azy ireo fa tsy hijery azy ireo tahaka ny fijerinareo ny tenanareo."[6]

"Matetika no misy milaza hoe: -Nanao fahadisoana Ranona ka tsy azo lazaina fa Olomasina.- . . . Rentsika ny olona sasany miteny ratsy sy mandainga . . . [na] tsy manaja ny Sabata. . . . Aza tsaraina ireny olona ireny satria tsy fantatrareo ny drafitry ny Tompo ho azy ireo . . . [Fa] manàna [kosa] faharetana amin'izy ireo."[7]

Misy aminareo ve afaka hieritreritra ny Mpamonjy hamela fotsiny



amin'izao ary tsy hiraharaha ireo entamavesatsika? Nitovy ny fomba fijerin'ny Mpamonjy an'ilay Samaritana, ilay mpijangajanga, ilay mpamory hetra, ilay boka, ilay mararin'ny androbe, ary ilay mpanota. Samy zanaky ny Rainy izy rehetra. Samy azo avotana avokoa.

Azo heverina ve ny hanalavirany an' ireo izay manana fisalasalana momba ny fitoerany ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra na ireo izay mandia zavatra mitovitovy amin'izany?[8] Tsy inoako izany. Tsy hay faritana ny hasarobidin'ny fanahy tsirairay eo imason'i Kristy. Tsy misy olona natao tsy hahomby. Afaka mahazo ny fiainana mandrakizay daholo ny rehetra.[9]

Nianatra lesona tsara be aho avy amin'ny fananaran'ny Fanahy teo akaikin'ny fandrian'ny anabaviko: fa rehefa mieritreritra ny hafa tahaka izay hieritreretan'ny Tompo azy ireo isika dia hahatratra tanjona roa, dia ny fanavotana ireo olona mifandray amintsika sy ny fanavotana ny tenantsika.

**Faharoa,** mba hitondrana eo amintsika ny anaran'i Kristy dia tsy vitan'ny hoe tokony hieritreritra ny hafa tahaka ny hieritreretan' Andriamanitra azy ireny fotsiny isika, fa tokony hanao ny asany sy hanompo tahaka ny nanompoany ihany koa. Mahafoy izao tontolo izao isika, manoa ny sitrapon' Andriamanitra, manangona an'i Isiraely, ary mamela ny fahazavantsika "hazava eo imason'ny olona."[10] Mandray sy miaina ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny isika.[11] Rehefa manao izany isika dia manome antsika hery Andriamanitra mba hitahiana ny tenantsika, ny fianakaviantsika, ary ny fiainan'ny hafa.[12] Manontania tena hoe: "Misy olona tsy mila ny herin' Andriamanitra eo amin'ny fiainany ve?"

Hanao fahagagana eo anivontsika Andriamanitra rehefa manamasina ny tenantsika isika.[13] Amin'ny alalan'ny fanadiovantsika ny fontsika no hanamasinantsika ny tenantsika.[14] Manadio ny fontsika isika rehefa mihaino Azy,[15] mibebaka amin'ny fahotantsika,[16] lasa miova fo,[17] ary mitia tahaka ny nitiavany.[18] Nanontany antsika ny Mpamonjy hoe: "Fa raha izay tia anareo ihany no tianareo, inona no valim-pitia azonareo?"[19]

Vao haingana aho no nahafantatra zavatra iray nitranga teo amin'ny fiainan'ny Loholona James E. Talmage izay nahatonga ahy nijanona kely dia nisaintsaina ny fomba hitiavako sy hanompoako ny olona manodidina ahy. Fony prôfesora vao herotrerony ny Loholona Talmage, talohan'ny nahalasa azy ho Apôstôly ary nandritra ny fotoana tena nampahery vaika an'ilay areti-mifindra diphtérie tamin'ny 1892, dia lasa fantany fa nisy fianakaviana vahiny iray izay tratran'ilay aretina, izay tsy mpikamban'ny Fiangonana, ary nipetraka teny akaikiny. Tsy nisy nety nankao amin'ilay tokantrano nisy otrikaretina satria tsy te ho azon-doza. Ny Loholona Talmage kosa anefa dia nandeha avy hatrany tany amin'ilay trano. Nahita zaza efatra izy: zaza iray roa taona sy tapany maty teo amin'ny fandriana, zaza dimy taona sy folo taona narary mafy, ary zaza iray telo ambin'ny folo taona efa osa. Nitambesaran'ny alahelo sy ny harerahana ireo ray aman-dreny.

Nokarakarain'ny Loholona Talmage ny maty sy ny velona, nofafany ny trano, nentiny nivoaka ireo akanjo maloto, ary nodorany ireo vorokitsay maloto be feno an'ilay aretina. Niasa mandritra ny manontolo andro izy dia niverina indray ny ampitso maraina. Maty nandritra ny alina ilay zaza folo taona. Nareniny sy nohazoniny ilay zaza dimy taona. Nikohoka izy ka namoaka tsilolilohy feno rà nipitika teny amin'ny tava sy ny akanjon'ny Loholona Talmage. Nanoratra izy hoe: "Tsy vitako ny nanaisotra azy tety amiko," ka dia nohazoniny mandra-pahafatiny teny an-tsandriny ilay zazavavy. Nanampy tamin'ny fandevenana azy telo izy ary nandrindra ny fanomezana sakafo sy akanjo madio ho an'ilay fianakaviana nidonam-pahoriana. Rehefa niverina tany an-trano izy dia nariany ny akanjony, nandro tamin'ny rano misy zinc izy, nihidy aman-trano fa tsy niharoharo tamin'ny fianakaviany, ary narary kely tratran'ilay aretina.[20]

Maro tokoa ireo fiainan'olona izay tandindomin-doza manodidina antsika. Mitondra eo amin'izy ireo ny anaran'ny Mpamonjy ny Olomasina amin'ny alalan'ny fahatongavana ho masina sy ny fanompoana ny rehetra na iza na iza izy ireo. Maro ny aina voavonjy rehefa manao izany isika.[21]

**Farany,** mino aho fa tsy maintsy matoky Azy isika rehefa mitondra eo amintsika ny anarany. Tamin'ny fivoriana iray izay natrehako indray alahady, dia nanontany zavatra tahaka izao manaraka izao ny zatovovavy iray: "Nisaraka vao haingana izaho sy ny olon-tiako, dia nisafidy ny hiala ny Fiangonana izy. Nilaza tamiko izy fa tsy mbola faly toy izany hono izy. Ahoana koa no mahatonga izany?"

Namaly an'io fanontaniana io ny Mpamonjy rehefa nilaza tamin'ny Nefita hoe: "Nefa raha tsy miorina amin'ny filazantsarako [ny fiainanareo], ary miorina kosa amin'ny asan'ny olona, na amin'ny asan'ny devoly, dia lazaiko

aminareo marina tokoa fa [h]anampifaliana amin'ny [asanareo ianareo] mandritra ny vanim-potoana iray, ary tsy ho ela dia tonga ny farany."[22] Tsy misy fifaliana maharitra tsotra izao any ivelan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Tamin'izay fivoriana izay dia nieritreritra kosa ireo olona tsara marobe fantatro aho izay sahirana tamin'ny enta-mavesatra goavana sy ireo didy izay tena sarotra ho azy ireo ny nitandrina azy. Nanontany tena aho hoe: "Inona ihany koa no mety holazain'ny Mpamonjy amin'izy ireo?"[23] Mino aho fa hanontany izy hoe: "Matoky Ahy ve ianareo?"[24] Hoy Izy tamin'ilay vehivavy nandeha rà nandritra ny taona maro hoe: "Ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana soa aman-tsara."[25]

Isan'ireo soratra masina tiako indrindra ny Jaona 4:4, izay mivaky toy izao: "Ary tsy maintsy mamaky an'i Samaria Izy."

Fa nahoana no tiako izany soratra masina izany? Satria tsy *nila* nandeha tany Samaria i Jesoa. Nankahala ny Samaritana ny Jiosy tamin'ny androny ary nandeha tamin'ny lalana iray manodidina an'i Samaria. Saingy nisafidy ny handeha tany i Jesoa mba hanambara voalohany tamin'izao tontolo izao fa Izy no ilay Mesia nampanantenaina. Tsy hoe nisafidy vondron'olona nailiky ny fiarahamonina fotsiny Izy mba hizarana io hafatra io, fa nisafidy ihany koa vehivavy iray, tsy hoe izay vehivavy sendra Azy teny fa vehivavy janga iray, olona noheverin'ny fiarahamonina fa tena ratsy indrindra tamin'izany fotoana izany. Inoako fa nanao izany i Jesoa mba hahatakarantsika tsirairay avy mandrakariva fa ny fitiavany dia lehibe noho ny tahotsika, ny ratrantsika, ny fiankinan-dohantsika, ny ahiahintsika, ny fakam-panahy mahazo antsika, ny fahotantsika, ny fianakaviantsika rava, ny harerahan-tsaina sy ny tebitebintsika, ny aretina mitaiza antsika, ny fahantrantsika, ny fanararaotana mahazo antsika, ny fahakiviantsika, ary ny fanirerintsika.[26] Tiany ho fantatry ny rehetra fa tsy misy na inona na inona ary koa na iza na iza tsy azony sitranina sy homena fifaliana maharitra.[27]

Ampy ny fahasoavany.[28] Izy irery ihany no nidina tambanin'ny zavatra rehetra. Ny herin'ny Sorompanavotany no hery handresena izay mety ho enta-mavesatra eo amin'ny fiainantsika.[29] Ilay hafatra nentin'ilay vehivavy teo am-pantsakana dia hoe fantany ny toe-javatra misy antsika eo amin'ny fiainana[30] ary afaka mandeha miaraka Aminy mandrakariva isika na iza isika na iza. Hoy Izy tamin'ilay vehivavy sy amintsika tsirairay avy hoe: "Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay fa [hahazo] loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay."[31]

Nahoana ianareo no mety hiala amin'ilay hany Mpamonjy izay manana ny hery rehetra hanasitranana sy hanafahana anareo ao anatin'izay mety ho dia ataonareo eo amin'ny fiainana? Mendrika ny hoefaina izay mety ho sarany tsy maintsy aloanareo mba hatokiana Azy. Ry rahalahy sy ranabavy isany, andao isika hisafidy ny hampitombo ny finoantsika ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamonjintsika.

Mijoro ho vavolombelona avy amin'ny fanahiko manontolo aho fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no Fiangonan'ny Mpamonjy, tarihin'ilay Kristy velona amin'ny alalan'ny mpaminany velona iray. Mivavaka aho mba hitondrantsika eo amintsika amim-pahatokiana ny anaran'i Jesoa Kristy, amin'ny alalan'ny fieritreretantsika ny olona tahaka ny fieritreretany azy ireo, amin'ny alalan'ny fanompoantsika tahaka ny nanompoany, ary amin'ny alalan'ny fahatokiana fa ampy ny fahasoavany mba hitondra antsika hody any an-trano sy any amin'ny fifaliana maharitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 3 Nefia 27:3–8.
2. Jereo ny 3 Nefia 27:5–6; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77 sy ny fanekempihavanan'ny fanasan'ny Tompo.
3. Jereo ny Dallin H. Oaks, *His Holy Name* (1998) mba handalinana amin'ny antsipiriany kokoa ny fitondrana eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy sy ny fijoroana mba ho vavolombelon'ny anaran'i Jesoa Kristy.
4. Jereo ny Môsia 5:2–3. Ampahan'ilay fiovampo mahery vaika niseho teo anivon'ny vahoakan'i Benjamìna Mpanjaka izay nitondra teo amin'izy ireo ny anaran'i Kristy ny hoe lasa nahatakatra "fahitana lehibe" izy ireo. Ireo izay mandova ny fanjakana selestialy dia ireo izay "mahita . . . tahaka ny ahitana azy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:94).
5. *Enseignements des Présidents de l' Église: Joseph Smith* (2007), 39.
6. Brigham Young, Discourse, 17 jona 1877, ao amin'ny *Journal of Discourses,* 8:37.
7. *Discourses of Brigham Young,* nofantenin'i John A. Widtsoe (1954), 278.
8. Jereo ny 3 Nefia 17:7.
9. Jereo ny Jaona 3:14–17; Asan'ny Apostoly 10:34; 1 Nefia 17:35; 2 Nefia 26:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:41–42; Mosesy 1:39. Nampianatra ihany koa ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Mijoro ho vavolombelona amimpahatokiana isika fa efa noraisin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy an-tanana mialoha ary amin'ny farany honerany daholo ny fihafiana sy ny famoizan-javatra rehetra nozakain'ireo izay mitodika any Aminy. Tsy misy na iza na iza voafidy mialoha mba hahazo kely kokoa noho ny zavatra rehetra omen'ny Ray ny zanany" ("Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana," *Liahona,* mey 2015, 52).
10. Jereo ny Matio 5:14–16; 22:35–40; Môsià 3:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:13–14; 133:5; jereo koa ny Russell M. Nelson, "The Gathering of Scattered Israel," *Liahona,* Nov. 2006, 79–81.
11. Jereo ny Levitikosy 18:4; 2 Nefia 31:5–12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:12–16; 136:4; Fanekem-pinoana 1:3–4.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20–21; 110:9.
13. Jereo ny Josoa 3:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 43:16; jereo koa ny Jaona 17:19. Nanamasina ny tenany ny Mpamonjy mba hananany hery hitahiana antsika.
14. Jereo ny Helamàna 3:35; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 12:6–9; 88:74.
15. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:17, ny didy voalohany nomen' Andriamanitra ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny alalan'ny fahitana; jereo koa ny 2 Nefia 9:293 Nefia 28:34.
16. Jereo ny Marka 1:15; Asan'ny Apostoly 3:19; Almà 5:33; 42:22-23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:4–20. Saintsaino ihany koa ireto eritreritra anankiroa momba



ny ota ireto. Voalohany, i Hugh Nibley dia nanoratra hoe: "Fandaniam-potoana ny fahotana. Fanaovana zavatra iray amin'ny fotoana izay tokony hanaovanao zavatra hafa sy tsaratsara kokoa izay hainao atao tsara izany" (*Approaching Zion,* ed. Don E. Norton [1989], 66). Nanoratra izao ho an'i John Wesley zanany lahy i Susanna Wesley hoe: "Raiso ho toy ny fitsipika ity. Na inona na inona mampihena ny fahafahanao mieritreritra amim-pandanjalanjana tsara, manimba ny fitonian'ny feon'ny fieritreretanao, manamaizina ny fahatakaranao fa misy Andriamanitra, mampihena ny fitiavanao ny zavatra ara-panahy, na inona na inona mampitombo ny faniriana ara-nofo hanandanja kokoa noho ny faniriana ara-panahy, dia tokony horaisinao ho fahotana izany zavatra izany, na dia toy ny tsy manantsiny aza ny fijery an'ilay izy" (*Susanna Wesley: The Complete Writings* ed. Charles Wallace Jr. [1997], 109).

17. Jereo ny Lioka 22:32; 3 Nefia 9:11, 20.
18. Jereo ny Jaona 13:2–15, 34. Ny alina mialoha ny Sorompanavotany dia nanasa ny tongotr'ilay olona izay namadika Azy, sy ny an'ny iray hafa izay nandà Azy, ary ny an'ireo hafa izay resin-tory tao anatin'ny fotoana izay tena nilany fanampiana ny Mpamonjy. Dia nampianatra Izy avy eo hoe: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo."
19. Matio 5:46.
20. Jereo ny John R. Talmage, *The Talmage Story: Life of James E. Talmage—Educator, Scientist, Apostle* (1972), 112–14.
21. Jereo ny Almà 10:22–23; 62:40.
22. 3 Nefia 27:11.
23. Hoy ny Tompo ao amin'ny Matio 11:28–30 hoe: "Mankanesa atỳ amiko hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. . . . Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako." Raha hojerena koa ny 2 Korintiana 12:7–9: I Paoly dia namariparitra fa ny fijaliana dia toy ny "tsilo tamin'ny nofo" izay mahery vaika tokoa, ka dia nentiny am-bavaka izany mba hoesorina aminy. Hoy i Kristy taminy hoe: "Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena." Jereo koa ny Etera 12:27.
24. Jereo ny Môsià 7:33; 29:20; Helamàna 12:1; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:87.
25. Jereo ny Lioka 8:43–48; Marka 5:25–34. Ilay vehivavy nandeha rà tsy tapaka dia tena nila fanampiana mafy ary tsy nanantsafidy hafa intsony. Narary nandritra ny 12 taona izy, nandany ny volany rehetra tany amin'ny mpitsabo, kanefa niharatsy hatrany ny fahasalamany. Noho izy nailikiliky ny fiarahamonina sy ny fianakaviany, dia nanao fanahy iniana izy nandeha nanavatsava olona marobe ary nandeha haingana araka izay vitany nankeny amin'ny Mpamonjy. Natoky sy nino tanteraka ny Mpamonjy izy, ary tsapan'ny Mpamonjy ny fikasihany ny somotraviavin-dambany. Nositraniny teo no ho eo sy tanteraka ilay vehivavy noho izany finoana izany. Dia nantsoiny hoe "anaka" izy avy eo. Tsy olona voailikilika intsony izy nanomboka teo fa isan'ny fianakavian' Andriamanitra. Ny fanasitranana azony dia ara-batana, arapiarahamonina, ara-pihetseham-po, ary arapanahy. Mety haharitra mandritra ny taona maro na mandritra ny androm-piainana ireo zava-tsarotra, kanefa azo antoka sy lavorary ny fampanantenany fanasitranana.
26. Jereo ny Lioka 4:21; Jaona 4:6–26. I Lioka fa tsy i Jaona no nanoratra fa tany am-piandohan'ny fanompoan'i Jesoa dia nandeha tany amin'ny sinagogany tany Nazareta Izy, dia namaky andinin-tsoratra masina tao amin'ny Isaia izay maminany momba ny Mesia, ary avy eo dia nanambara hoe: "Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany." Io no fotoana voalohany voarakitra an-tsoratra izay nitenenan'ny Mpamonjy fa Izy tenany no ilay Mesia. Kanefa dia noraketin'i Jaona an-tsoratra fa teo amin'ny fantsakan'i Jakoba no fotoana voalohany nanambaran'i Jesoa ny maha-Mesia Azy teo imasom-bahoaka. Eto amin'ity tantara ity, noho ny Samaritana noraisina ho toy ny tsy Jiosy, dia nampianatra ihany koa i Jesoa fa natao ho an'ny rehetra ny filazantsarany, na ny Jiosy izany na ny Jentilisa. Io fanambarana io dia mitranga amin'ny "ora fahenina," na amin'ny mitataovovonana, izay fotoana iray handraisan'ny tany ny hazavana feno avy amin'ny masoandro. Ny fantsakan'i Jakoba koa dia teo amin'ny lohasaha teo akaiky indrindra an'ilay toerana izay nanaovan'ny Isiraely fahiny lanonana nanaovana fanekempihavanana tamin'ny Tompo taorian'ny nidiran'izy ireo tao amin'ny tany nampanantenaina. Mahavariana fa ahitana tendrombohitra maina eo amin'ny lafiny ilany amin'ilay lohasaha ary tendrombohitra feno loharano mamelon'aina eo amin'ny lafiny iray hafa.
27. Nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: "Rehefa ao anatin'ny rarin-tsaina isika ka manontany tena raha mbola manana zavatra azo omena ao anatintsika ao, dia afaka ny hahazo fampiononana isika rehefa mahafantatra fa Andriamanitra, izay mahalala tanteraka ny fahafahana ananantsika hoenti-manao zavatra, dia nametraka antsika ety mba hahomby. Tsy misy olona natao tsy hahomby na ho ratsy fanahy. . . . Rehefa mahatsapa ho vesaran-javatra maro isika, dia aoka isika hitadidy ny fanomezan-toky fa tsy hanototra antsika amin'ny zavatra tsy ho vitantsika Andriamanitra" ("Meeting the Challenges of Today" [fampaherezampanahy an'ny Oniversite Brigham Young 10 ôktôbra, 1978], 9, speeches.byu.edu).
28. Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe:

    "Ho avy ny fotoana izay hijoroanareo eo anoloan'ny Mpamonjy. Ho feno tokoa ny fonareo amin'izany fotoana ho eo amin'izany fanatrehany masina izany hany ka mety hitomany ianareo. Ho sahirana ianareo hahita ireo teny izay hoentina hisaorana Azy noho ny nanefany ny fahotanareo, noho ny namelany anareo tamin'ny faharatsiam-panahy rehetra nataonareo tamin'ny hafa, noho ny nanasitranany anareo tamin'ireo ratra sy tsy rariny eto amin'izao fiainana izao.

    "Hisaotra Azy ianareo tamin'ny nankaherezany anareo mba hahavita izay noheverina fa tsy ho vita, tamin'ny nanovany ny fahalemenareo ho lasa hery, ary tamin'ny nanomezany anareo fahafahana hiaina mandrakizay miaraka Aminy sy miaraka amin'ny fianakavianareo. Ny maha-Izy Azy, ny Sorompanavotany, ary ny toetrany dia ho fantatrareo manokana ary ho hitanareo ny tena fisiany" ("Mpaminany, fitarihana, ary lalàn' Andriamanitra [Fampaherezampanahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 8 jan. 2017], broadcasts.lds.org).
29. Jereo ny Isaia 53:3–5; Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:5–9.
30. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:17; Elaine S. Dalton, "He Knows You by Name," *Liahona,* May 2005.
31. Jaona 4:14.



**Nataon'ny Loholona Matthew L. Carpenter**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Te ho sitrana va hianao?

*Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, raha misafidy ny hibebaka isika ary mampitodika tanteraka ny fontsika amin'ny Mpamonjy, dia hanasitrana antsika ara-panahy Izy.*

Volana vitsivitsy tao anatin'ny asa fitoriany, dia teo am-pamitana ny fandalinan'izy ireo ny zanakay faralahy sy ny misiônera mpiara-manompo aminy no nahatsapa fanaintainana tsy tapaka tao amin'ny lohany ny zanakay lahy. Nahatsapa ho hafahafa be izy. Tamin'ny voalohany dia tsy voabaikony intsony ny tanany havia, dia donto be avy eo ny lelany. Nanomboka niroraka ny ila-tavany havia. Tsy afaka niteny tsara izy. Fantany fa nisy zavatra tsy nety tao. Ny zavatra tsy fantany dia tena tratran'ny fahatapahan'ny lalandrà tao amin'ny faritra telo tao amin'ny atidohany izy. Nanomboka natahotra izy rehefa nanomboka nalemy ny ampahany tamin'ny vatany. Ny hafainganan'ny fahazoan'ny olona tapaka lalandrà iray fitsaboana dia afaka hanana fiantraikany lehibe eo amin'ny halehibeazan'ny fahasitranany. Nanao zavatra haingana ilay misiônera mahatoky mpiara-mitory aminy. Rehefa avy niantso ny 911 izy dia nanome azy tsodrano. Tena fahagagana fa dimy minitra niala teo no nisy an'ilay fiara mpitondra marary.

Rehefa avy nentina haingana tany amin'ny hôpitaly ny zanakay dia nanombantombana haingana ny toe-javatra ireo mpitsabo ary nanapa-kevitra fa tokony hanome fanafody an'ilay zanakay izy ireo, izay mety ho afaka ny hanaisotra tsikelikely ny fahalemen'ny vatana naterak'ilay fahatapahan'ny lalandrà.[1] Kanefa raha tsy tapaka lalandrà ilay zanakay, dia mety ho nisy fiantraikany ratsy be ilay fanafody, toy ny mandeha rà ao amin'ny atidoha. Tsy maintsy nisafidy ny zanakay. Nifidy ny hanaiky ilay fanafody izy. Raha nitaky fandidiana misimisy sy volana maro-maro ny fahasitranana tanteraka, taty aoriana ilay zanakay dia nody ary nahavita ny asa fitoriany rehefa tafaverina tamin'ny laoniny ny ankabetsahan'ny vokan'ny fahatapahan'ny lalandràny.

Ny Raintsika any An-danitra dia mahefa ny zava-drehetra sy



mahafantatra ny zava-drehetra. Fantany ny zava-manahirana antsika ara-batana. Fantany ny fanaintainantsika ara-batana noho ny faharariana, ny aretina, ny fahanterana, ny loza, na ny tsy fahatomombanana ara-batana hatrany am-bohoka. Fantany ny fisian'ireo tolona ara-pihetseham-po mifandray amin'ny tebiteby, ny fanirery, ny harerahan-tsaina amam-panahy, na ny aretin-tsaina. Fantany ny olona tsirairay izay efa niharan'ny tsy rariny na efa niharan'ny fanararaotana. Fantany ny fahalementsika sy ny fironana ary ny fakam-panahy manahirana antsika.

Tsapaina isika mandritra ny fiainana an-tany mba hijerena raha hisafidy ny tsara toy izay ny ratsy. Ireo izay mitandrina ny didiny dia hiara-hiaina Aminy "ao amin' ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[2] Mba hanampiana antsika amin'ny fivoarantsika ho tonga tahaka Azy, ny Ray any An-danitra dia nanome ny hery sy ny fahalalana rehetra ho an'i Jesoa Kristy Zanany. Tsy misy rofy ara-batana, ara-pihetseham-po, na ara-panahy tsy azon'i Kristy sitranina.[3]

Avy tamin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teto an-tany dia mitantara trangan-javatra mahagaga maro izay nampiasain'i Jesoa Kristy ny heriny masina mba hanasitranana ireo izay nijaly ara-batana ny soratra masina.

Ny Filazantsaran'i Jaona dia mitantara ny tantaran'ny lehilahy iray izay tratran'ny aretina nampalemy azy nandritra ny 38 taona.

"Raha nahita azy mandry Jesosy ka nahalala fa efa toy izany ela izy, dia hoy Izy taminy: Te ho sitrana va hianao?"

Namaly ilay lehilahy efa reraka fa tsy nisy olona nanodidina azy mba hanampy azy tamin'ny fotoana izay tena nilany fanampiana.

"Hoy Jesosy taminy: Mitsangàna, ento ny fandrianao, ka mandehana.

"Ary *niaraka tamin'izay* dia sitrana ralehilahy ka nitondra ny fandriany, dia lasa nandeha."[4]

Mba saintsaino raha atao ny fampitahana ny halavan'ny fotoana nijalian'io lehilahy io samirery (38 taona) sy ny hafainganan'ny fitrangan'ilay fahasitranana raha vantany vao nirotsahan'ny Mpamonjy. Nitranga "*teo no ho eo*" ilay fahasitranana.



Ao anatin'ny toe-javatra iray hafa, dia nisy vehivavy iray nandeha ra nandritra ny 12 taona, izay "efa nandany [ny] fananany rehetra tamin'ny mpanao fanafody, . . . dia nankao ivohon'i Jesosy ravehivavy ka nanendry ny somotraviavin-dambany, ary *niaraka tamin'izay* dia *[nijanona]* ny aretiny. . . .

"Ary hoy Jesosy: Nisy olona nanendry Ahy: fa fantatro fa nisy hery nivoaka avy tamiko.

"Ary rehefa hitan-dravehivavy fa tsy takona Azy izy, . . . dia nanambara teo anatrehan'ny vahoaka rehetra izy . . . ny amin' izay nahasitranany *niaraka tamin'izay*."[5]

Nandritra ny asa fanompoany dia nampianatra i Kristy fa nanana hery tamin'ny vatana azo tsapain-tanana Izy. Tsy voafehintsika ny fotoana hitrangan'ny fanasitranan'i Kristy ny rofin'ny vatantsika. Mitranga araka ny sitrapony sy ny fahendreny ny fahasitranana. Ny olona sasany ao amin'ny soratra masina dia nijaly am-polo taonany, ary ny sasany dia nandritra ny androm-piainany. Ny rofintsika eto an-tany dia afaka manatsara antsika ary mampitombo ny fianteherantsika amin' Andriamanitra. Fa rehefa avelantsika mandray anjara i Kristy dia hampatanjaka antsika ara-panahy mandrakariva Izy mba hahafahantsika manana hery bebe kokoa hizaka ny enta-mavesatsika.

Amin'ny farany dia fantatsika fa ny rofy, na ny aretina, na ny tsy fahatanterahan'ny vatana rehetra dia hositranina mandritra ny Fitsanganana amin'ny maty. Fanomezana ho an'ny olondrehetra avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izany.[6]

Afaka manasitrana zavatra hafa ankoatra ny vatantsika fotsiny i Jesoa Kristy. Afaka manasitrana ny fanahintsika koa Izy. Ianarantsika manerana ny soratra masina ny fomba nanampian'i Kristy an'ireo izay osa ara-panahy sy ny nanasitranany azy ireny.[7] Rehefa misaintsaina ireny traikefa ireny isika dia mitombo ny fanantenantsika sy ny finoantsika ny herin'ny Mpamonjy mba hitahy ny fiainantsika. I Jesoa Kristy dia afaka manova ny fontsika, manasitrana antsika amin'ny vokatry ny tsy rariny na ny fanararaotana izay mety iainantsika, ary hampatanjaka ny fahafahantsika mizaka ny famoizan-javatra sy ny ratram-po, mitondra fiadanana ho antsika mba hanampiana antsika hiaritra ireo fitsapana eo amin'ny fiainantsika.

Afaka manasitrana antsika koa i Kristy rehefa manota isika. Manota isika rehefa minia mandika ny iray amin'ireo lalàn' Andriamanitra.[8] Rehefa manota isika dia lasa tsy madio ny fanahintsika. Tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra eo anatrehan' Andriamanitra.[9] "Ny tonga madio amin'ny fahotana dia [midika hoe] sitrana ara-panahy."[10]

Fantatr' Andriamanitra Ray fa hanota isika, kanefa nanomana fomba iray Izy mba hanavotana antsika. Nampianatra ny Loholona Lynn G. Robbins hoe: "Ny fibebahana dia tsy hoe drafitr[' Andriamanitra] atao fiandry sao dia ho lavo isika. Ny fibebahana *no* drafiny, satria fantany fa hanao fahadisoana isika."[11] Rehefa manota isika dia manana fahafahana ny hisafidy ny tsara avy amin'ny ratsy. Misafidy ny tsara isika rehefa mibebaka rehefa avy nanota. Afaka ny ho avotra amin'ny fahotantsika sy entina miverina ho eo anatrehan' Andriamanitra Ray amin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ny sorom-panavotany isika raha mibebaka. Tsy avy amin'ny Mpamonjy irery ny fanasitranana ara-panahy, mitaky ny hery manavotry ny Mpamonjy sy ny fibebahana amin-kitsim-po avy amin'ilay mpanota izany. Ireo izay misafidy ny tsy hibebaka, izy ireo dia mandà ny fanasitranana atolotr'i Kristy. Ho azy ireo dia toy ny tsy nisy fanavotana natao.[12]

Rehefa nifampiresaka tamin'ireo olona nikatsaka ny hibebaka aho, dia talanjona aho fa sahirana tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tsara ny olona izay niaina tao anatin'ny fahotana. Namela azy ireo irery ny Fanahy Masina, ary matetika izy ireo no sahirana tamin'ny fanaovana safidy izay hitondra azy ireo hanakaiky kokoa an' Andriamanitra. Nitolona nandritra ny volana maro na taona maro mihitsy aza izy ireo, menatra na natahotra tamin'ny vokatry ny fahotan'izy ireo. Matetika izy ireo no nahatsapa fa tsy afaka ny hiova na ho voavela heloka intsony. Matetika aho no nandre azy ireo nizara ny tahony fa raha fantatr'ireo havan-tiany ny zavatra nataon'izy ireo, dia tsy ho tia azy ireo intsony ireo olona ireo na handao azy ireo. Rehefa nanaraka izany eritreritra izany izy ireo dia nanapa-kevitra ny hangina fotsiny ary nampihemotra ny fibebahany. Nanana fahatsapana diso izy ireo fa tsara kokoa ny tsy mibebaka aloha amin'izao mba tsy handratran'izy ireo bebe kokoa an'ireo olon-tian'izy ireo. Nieritreritra izy ireo fa mety kokoa ny mijaly aorian'izao fiainana izao toy izay hanao ny dingan'ny fibebahana dieny izao. Ry Rahalahy sy ranabavy, tsy hevitra tsara *velively* ny fampihemorana ny fibebahanareo. Matetika ny fahavalo no mampiasa tahotra mba hanakanana antsika tsy hampihatra avy hatrany ny finoantsika an'i Jesoa Kristy.

Rehefa mahafantatra ny fahamarinana momba ny fitondran-tena feno fahotana

izay natao ireo havan-tiana, raha mety hoe hahatsapa ho voaratra lalina izy ireo, dia matetika izy ireo no te hanampy an'ilay mpanota tena mibebaka marina mba hiova sy hihavana amin' Andriamanitra. Mazava ho azy fa tonga faingana ny fahasitranana ara-panahy rehefa mibaboka ilay mpanota ary hotronin'ireo olona tia azy ireo sy ampian'izy ireo mba hahafoy ny fahotany. Mba tsarovy fa mahery i Jesoa Kristy satria manasitrana ihany koa ireo tsy manan-tsiny niharamboina noho ny fahotan'ny hafa izay mitodika Aminy Izy.[13]

Hoy ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Maratra ny fanahintsika rehefa manao fahadisoana sy manota isika. Saingy rehefa vita ny dingan'ny fibebahana dia tsy mba misy holatra tavela, toy ny amin'ny vatantsika, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny fampanantenana dia hoe: -Indro izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42]."[14]

Rehefa mibebaka "amin'ny fo feno finiavana,"[15] isika dia "*eo no ho eo* no ahatanteraka amin[tsika] ny drafitra lehiben' ny famonjena" eo amin'ny fiainantsika.[16] Hanasitrana antsika ny Mpamonjy.

Nandray andraikitra haingana ilay misiônera mpiara-mitory sy ireo mpitsapo izay nanampy an'ilay zanakay lahy tratran'ny fahatapahan'ny lalandrà tany amin'ny sahan'ny misiôna. Nisafidy ny handray ilay fanafody manaisotra ny fiantraikan'ilay fahatapahana lalandrà ny zanakay lahy. Niova ho fahasitranana ilay fahalemena nateraky ny fahatapahan'ny lalandrany izay mety ho nisy fiantraikany taminy teny foana nandritra ny andro sisa niainany teto an-tany. Tahaka izany koa, arakaraka ny hibebahantsika haingana sy hitondrantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainantsika no mahahaingana ny fahafahantsika ho sitrana amin'ny vokatry ny fahotana.

Nanolotra izao fanasana izao ny Filoha Russell M. Nelson: "Raha niala teo amin'ilay lalana ianao, . . . dia manasa anao aho . . . mba hiverina. Na inona na inona olana, na inona na inona fanamby atrehanao dia misy toerana iray ho anao ato, ny Fiangonan'ny



Tompo. Ianao sy ireo taranaka mbola tsy teraka dia ho voatahy amin'ny alalan'ny asa ataonao ankehitriny mba hiverina eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana."[17]


Ny fahasitranantsika ara-panahy dia mitaky ny hanoavantsika ireo fepetra izay nohazavain'ny Mpamonjy. Tsy tokony hangataka andro isika! Tokony hanao asa isika androany! Mandraisa andraikitra dieny izao mba tsy hanakanan'ny fahalemena ara-panahy ny fivoaranao mandrakizay. Nandritra ny fotoana nitenenako, raha nahatsapa ianao fa mila mangataka famelankeloka avy amin'ny olona iray nanaovanao ratsy dia manasa anao aho handray andraikitra. Lazao azy ireo ny zavatra izay nataonao. Mangataka famelana avy amin'izy ireo. Raha nanao fahotana izay misy fiantraikany amin'ny fahamendrehanao hiditra ny tempoly ianao, dia manasa anao aho mba hifampiresaka amin'ny evekanao—anio. Aza mangataka andro.

Ry rahalahiko sy ranabaviko, Andriamanitra no Raintsika any An-danitra be fitiavana. Nomeny an'i Jesoa Kristy Zanany Malalany ny hery sy ny fahalalana rehetra. Noho Izy, dia ho sitrana amin'ny rofin'ny vatana ny olona rehetra indray andro any rahatrizay. Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, raha misafidy ny hibebaka isika ary mampitodika tanteraka ny fontsika amin'ny Mpamonjy, dia hanasitrana antsika ara-panahy Izy. Afaka manomboka eo no ho eo izany fahasitranana izany. Antsika ny safidy. *Ho sitrana ve isika?*

Mijoro ho vavolombelona aho fa nefain'i Jesoa Kristy ny sarany mba hanasitranana antsika. Saingy tsy maintsy misafidy ny handray izany fanafody manasitrana atolony izany isika. Raiso anio izany. Aza mangataka andro. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. tPA no anaran'ilay fanafody (activateur tissulaire du plasminogène).
2. Môsià 2:41.
3. Jereo ny Matio 4:24. Nandehandeha nanasitrana ny olona narary rehetra i Kristy, eny fa na dia ireo izay nanana "aretina maro samihafa," "fangirifiriana," "demoniaka," sy izay "mararin'ny androbe" aza.
4. Jereo ny Jaona 5:5–9; nampiana fanamafisana.
5. Jereo ny Lioka 8:43–47; nampiana fanamafisana.
6. Jereo ny Almà 40:23; Helamàna 14:17.
7. Jereo ny Lioka 5:20, 23–25; jereo ihany koa ny Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 5:23: "Mila fahefana bebe kokoa ve ny mamela heloka toy izay ny mampitsangana sy mampandeha ny marary?"
8. Jereo ny 1 Jaona 3:4.
9. Jereo ny 3 Nefia 27:19.
10. "Lesona 3: Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy," *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera*, rev. ed. (2018), lds.org/manual/missionary.
11. Lynn G. Robbins, "Hatramin'ny fitopolo im-pito," *Liahona,* mey 2018, 22.
12. Jereo ny Môsià 16:5.
13. Maro ny tranga nanatrehako maso ny fahasitranan'ny olona iray izay niarahan'ny fianakaviana tamin'ilay izay nanapaka ny voadin'ny fahatokiana, ka nanampian'izy ireo azy hiverina tanteraka amin'ny Mpamonjy mba hiasan'ny hery mpanasitrana eo amin'ny fiainan'izy ireo. Raha mikatsaka ny hiova marina ilay olona tena mibebaka, dia tsy vitan'ny hoe manampy ilay mpanota mba hiova fotsiny ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay manampy azy ireo amin'ny fandalinana ny filazantsara, sy ny vavaka amin-kitsim-po ary ny asa fanompoana tahaka ny an'i Kristy, fa mahita ihany koa ny hafainganan'ny fahasitranan'izy ireo manokana. Raha azo atao ireo olona tsy manan-tsiny niharam-boina dia afaka manampy an'ilay olona nania amin'ny alalan'ny fitadiavana fitarihana avy amin' Andriamanitra mikasika izay zavatra tokony hiaraha-mandalina, ny fomba hanompoana, ary ny fomba hampandraisana anjara ny olona ao amin'ny fianakaviana mba hanampy sy hampatanjaka an'ilay olona mibebaka, mba hiova sy hahazo tombontsoa avy amin'ny hery manavotr'i Jesoa Kristy.
14. Boyd K. Packer, "Ny drafitry ny fahasambarana," *Liahona,* mey 2015, 28.
15. 3 Nefia 18:32.
16. Almà 34:31; nampiana fanamafisana.
17. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7.



**Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Misafidiana ianareo anio

*Ny haben'ny fahasambarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fisafidianana an'ilay Andriamanitra velona sy ny fiarahantsika Aminy hanao ny asany.*

Ilay olona tao amin'ny tantara noforonina antsoina hoe Mary Poppins dia mpitaiza zaza anglisy araka ny fahita mahazatra—ankoatra ny hoe mahavita manao mazia izy.[1] Nentin'ny rivotra avy any atsinanana izy, tonga hanampy ny fianakavian-dry Banks izay sahirana, izay nonina tao amin'ny lalana faha-17 Cherry Tree, tao Londres tany am-piandohan'ny taonjato faha-20. Nomena andraikitra izy hikarakara ireo ankizy, dia i Jane sy i Michael. Tamin'ny fomba hentitra nefa feno hatsaram-panahy no nanombohany nampianarana azy ireo lesona manan-danja maro, tamin'ny fomba niavaka sy nahagaga.

Nivoatra be i Jane sy i Michael, saingy nanapa-kevitra i Mary fa tonga amin'izay ny fotoana handehanany. Ao amin'ilay tantara an-tsehatra dia miezaka i Bert mpanadio lalantsetroka amin'ny trano, izay naman'i Mary, handresy lahatra azy tsy handeha. Hoy izy miady varotra: "Ankizy tsara anie ireo ry Mary e!"

Dia mamaly i Mary hoe "Ka hisahirana amin'izy ireo ve aho raha tsy izany e? Saingy tsy afaka manampy azy ireo aho raha tsy avelan'izy ireo, ary tsy misy olona sarotra ampianarina kokoa noho ny ankizy mihevitra ho mahay ny zava-drehetra."

Dia manontany i Bert hoe: "Dia ahoana izany?"

Dia mamaly i Mary hoe: "Dia tsy maintsy izy ireo samirery izany no manao ilay dingana manaraka."[2]

Ry rahalahy sy ranabavy isany, toa an'i Jane sy i Michael Banks, dia "ankizy tsara" isika izay mendrika ny hisahiranana. Te hanampy sy hitahy antsika ny Raintsika any An-danitra, saingy tsy mamela Azy hanao izany isika indraindray. Indraindray aza isika dia maneho fihetsika toy ireny hoe efa mahay ny zava-drehetra ireny. Ary



isika koa dia mila manao samirery "ilay dingana manaraka." Izany no antony nahatongavantsika teto an-tany avy tany amin'ny fonenana tany an-danitra talohan'ny nahaterahana. Ny "dingana" ataontsika dia ahitana fanaovana safidy.

Ny tanjon'ny Raintsika any An-danitra eo amin'ny fitaizana dia tsy ny hanao izay hahatonga an'ireo zanany *hanao* ny marina, fa ny hanao izay hahatonga an'ireo zanany *hisafidy* hanao ny marina ary ho tonga tahaka Azy amin'ny farany. Raha izay hahatonga antsika hankatò fotsiny no tiany, dia ho nampiasa valisoa sy sazy mihatra eo no ho eo Izy mba hanovana ny fihetsitsika.

Saingy tsy mahaliana an' Andriamanitra ny hoe lasa "biby ompiana" voabaiko sy mpankatò fotsiny ireo zanany, izay tsy hanaikikaikitra ny kapany ao amin'ny trano fonenany any an-danitra.[3] Tsia, fa tian' Andriamanitra ireo zanany hivoatra ara-panahy sy hiaraka Aminy hanao ny Asany.

Nametraka drafitra Andriamanitra izay ahafahantsika ho tonga mpandova ao amin'ny Fanjakany, lalan'ny fanekempihavanana izay mitarika antsika ho tonga toa Azy, sy hiaina ilay karazam-piainana iainany, ary hiaina mandrakizay amin'ny maha-fianakaviana eo anatrehany.[4] Ny safidin'ny tena manokana dia tena nanan-danja—ary mbola manan-danja—amin'io drafitra io, izay nianarantsika tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Nanaiky ilay drafitra isika ary nisafidy ny ho ety an-tany.

Mba hahazoana antoka fa hampihatra finoana isika sy hianatra hampiasa tsara ny fahafahantsika misafidy, dia nasiana voaly fanadinoana nanarona ny fitadidiantsika mba tsy hahatsiarovantsika ny drafitr' Andriamanitra. Raha tsy misy an'io voaly io dia tsy ho tratra ny tanjon' Andriamanitra satria tsy ho afaka hivoatra isika ka ho tonga ireo mpandova azo itokisana izay tiany hahatongavantsika.

Hoy i Lehia mpaminany hoe: "Koa nomen'ny Tompo Andriamanitra ny olombelona ny fahafahana hanao araka ny safidiny. Koa tsy ho afaka nanao araka ny safidiny ny olombelona raha tsy efa notaomin'itsy voalohany na ity faharoa."[5] Eo amin'ny lafiny fototra, ny safidy iray dia soloin'i Jesoa Kristy tena, dia ilay Lahimatoan'ny Ray. Ilay safidy

iray hafa dia soloin'i Satana tena, dia i Losifera, izay te handrava ny fahafahana misafidy sy hisandoka fahefana.[6]

Ao amin'i Kristy Jesoa isika dia "manana solovava ao amin'ny Ray."[7] Rehefa nahavita ny sorona fanavotana nataony i Jesoa dia "niakatra any an-danitra . . . mba hitaky amin'ny Ray ny zon'ny famindram-po izay ananany amin'ny zanak'olombelona." Ary rehefa avy nitaky ny zon'ny famindram-po Izy dia "miaro ny tombontsoan'ny zanak'olombelona."[8]

Ny fisoloana vava ataon'i Kristy ho antsika eo anatrehan'ny Ray dia tsy miendrika fanoherana. I Jesoa Kristy, izay namela ny sitrapony ho voatelina ao amin'ny sitrapon'ny Ray,[9] dia tsy hanohana na inona na inona ankoatra ny zavatra izay tian'ny Ray hatramin'izay. Tsy isalasalana fa ny Ray any An-danitra dia mamporisika ny fahombiazantsika sy mankasitraka izany.

Ny fisoloana vava ataon'i Kristy, farafaharatsiny amin'ny ampahany, dia ny hampahatsiahy antsika fa efa nanonitra ny fahotantsika Izy ary tsy misy na iza na iza ailikâ mba tsy ho takatry ny famindram-pon' Andriamanitra.[10] Ho an'ireo izay mino an'i Jesoa Kristy sy mibebaka, sy atao batisa, ary maharitra hatramin'ny farany—lalana izay mitondra mankamin'ny fihavanana[11]—dia mamela heloka sy manasitrana ny Mpamonjy ary misolovava. Izy no mpanampy sy mpampahery ary mpanalalana antsika—manamarina sy manohana ny fihavanantsika amin' Andriamanitra.[12]

Mifanohitra tanteraka amin'izany anefa, i Losifera dia mpanameloka na mpiampanga. I Jaona Mpanambara dia namaripaitra ny faharesen'i Losifera amin'ny farany: "Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan' Andriamanitsika, ary ny fahefan'i Kristiny." Fa nahoana? Satria "nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay mpiampanga azy eo anatrehan' Andriamanitsika andro aman'alina. Ary izy ireo dia naharesy azy noho ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana azy."[13]

I Losifera io mpiampanga io. Niteny nanohitra antsika izy tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ary mbola manohy manameloka antsika eto amin'izao fiainana izao. Te-hisarika antsika hidina izy. Tiany isika hiaina ozona tsy misy farany. Izy no milaza amintsika hoe tsy mahavita azy isika, ilay manambara amintsika hoe tsy ampy ny fahaizantsika, ilay milaza amintsika fa tsy misy azo atao intsony rehefa nahavita hadisoana. Izy ilay mpanakivy faratampony, ilay manao tsindrio fa lavo antsika.



Raha toa ka hoe mampianatra zaza handeha i Losifera ka hoe tafintohana ilay zaza, dia hitabataba amin'ilay zaza izy, sy hanasazy azy ary hiteny azy tsy manandrana intsony. Ny fomban'i Losifera amin'ny farany, ary efa toy izany hatramin'izay, dia hitondra hakiviana sy fahadisoam-panantenana. Io rain'ny lainga io no mpanao fitaka faratampony[14] ary miezaka amin-kafetsena hamitaka sy handrebireby antsika, "satria katsahiny ny hahatonga ny olondrehetra ho ory tahaka azy."[15]

Raha toa ka hoe mampianatra zaza handeha i Kristy ka hoe tafintohana ilay zaza, dia hanampy ilay zaza Izy hiarina, ary hamporisika azy amin'ireo dingana manaraka.[16] I Kristy no mpanampy sy mpampionona. Mitondra fifaliana sy fanantenana ny fombany amin'ny farany, ary efa toy izany hatramin'izay.

Ny drafitr' Andriamanitra dia ahitana torolalana ho antsika, izay antsoina hoe didy ao amin'ny soratra masina. Ireo didy ireo dia sady tsy fitambarana fitsipika napetraka fahatany no tsy hoe nangonina araka izay tiany natao hanazarana antsika ho mpankatò fotsiny. Fa izy ireo dia mifandray amin'ny fampivoarana antsika hanana ireo toetra araka an' Andriamanitra, sy ny fiverenantsika any amin'ny Raintsika any An-danitra, ary amin'ny fahazoantsika fifaliana maharitra. Tsy atao an-jamba ny fankatoavana ireo didiny, fa amim-pandinihana tsara no hisafidianantsika an' Andriamanitra sy ny lalana napetrany mitondra antsika hody. Nitovy tamin'ny an'i Adama sy i Eva ny lamina ho antsika, dia ny hoe "Nomen' Andriamanitra ho azy ny didy, rehefa nampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana."[17] Na dia tian' Andriamanitra ho eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana aza isika dia omeny voninahitra isika hisafidy.

Eny tokoa, irin' Andriamanitra sy andraindrainy ary tarihiny ny zanany tsirairay hanao safidy ho an'ny tenany manokana. Tsy hanery antsika Izy. Amin'ny alalan'ny fanomezampahasoavan'ny fahafahana misafidy no hamelan' Andriamanitra ireo zanany "hihetsika ho azy fa tsy hetsehina."[18] Ny fahafahana misafidy no manome fahafahana antsika hifidy ny handeha eo amin'ilay lalana na tsia. Io koa no manome fahafahana antsika hiala, na tsia. Tsy misy hafa amin'ny tsy ahazoana manery antsika hankatò, no tsy ahazoana manery antsika tsy hankatò. Tsy misy na iza na iza, raha tsy hoe misy ny fiarahamiasantsika, ka ho afaka ny hanala antsika eo amin'ilay lalana. (Izany dia tsy tokony hafangaro amin'ireo olona izay nozimbazimbaina ny fahafahany misafidy. Tsy hoe ivelan'ilay lalana ireo olona ireo, niharan'ny safidy nataon'olon-kafa izy ireo. Izy ireo dia mahazo ny fitiavana sy ny fangorahan' Andriamanitra.)

Saingy rehefa miala amin'ilay lalana isika dia malahelo Andriamanitra satria

fantany fa any aoriana any izany, ary tsy maintsy izay foana, dia hitondra amin'ny fihenan'ny fahasambarana sy ny fahaverezan'ny fitahiana. Ny hoe miala amin'ilay lalana, ao amin'ny soratra masina, dia antsoina hoe fahotana, ary ny fihenan'ny fahasambarana sy ny fahaverezan'ireo fitahiana aterak'izany dia antsoina hoe famaizana. Eo amin'izay lafiny izay, dia tsy Andriamanitra no manasazy antsika; fa ny famaizana dia vokatry ny safidintsika manokana, fa tsy ny Azy.

Rehefa hitantsika fa tafala tamin'ilay lalana isika, dia afaka mijanona eo, na noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia afaka misafidy ny miverina eo amin'ilay lalana indray. Ao amin'ny soratra masina, ny dingan'ny fanapahankevitra hiova sy hiverina hihazo ny lalana dia antsoina hoe fibebahana. Ny tsy fetezana hibebaka dia midika fa misafidy ny hanala ny tenantsika manokana isika tsy ho mendrika ny handray ireo fitahiana izay tian' Andriamanitra omena antsika. Raha toa isika "tsy te hanana anjara amin'izay mety ho noraisin[tsika]," dia "hiverina . . . eo amin'ny toeran[tsika] ihany . . . , mba hanana anjara amin'izay tian[tsika] horaisina"[19] safidintsika fa tsy safidin' Andriamanitra.

Na ela toy ny ahoana aza ny fotoana nialantsika tamin'ilay lalana, na lasa lavitra toy ny ahoana isika no nirenireny, amin'ny fotoana izay hahatapakevitra antsika hiova dia manampy antsika hiverina Andriamanitra.[20] Araka ny fomba fijerin' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fibebahana amin-kitsim-po, sy ny fibosesehana mandroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy, rehefa tafaverina eo amin'ilay lalana indray isika, dia toy ny hoe tsy niala teo amin'izany mihitsy.[21] Ny Mpamonjy no manonitra ny fahotantsika ary manafaka antsika amin'ny fihenan'ny fahasambarana sy fitahiana izay mananontanona. Io no lazaina ao amin'ny soratra masina hoe famelankeloka. Aorian'ny batisa, dia misolifatra miala ny lalana ny mpikambana rehetra, ary ny sasany amintsika aza dia mitsambikina mihitsy. Noho izany, ny fampiasana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny fandraisana fanampiana avy Aminy, ary ny maha-voavela



heloka, dia tsy zava-mitranga indray miseho fa dingana mandritra ny androm-piainana, dingana izay averimberina ary mivoatra tsikelikely. Toy izany no fomba "[haharetantsika] hatramin'ny farany."[22]

Mila misafidy isika hoe iza no hotompointsika.[23] Ny haben'ny fahasambarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fisafidianana an'ilay Andriamanitra velona sy ny fiarahantsika Aminy hanao ny asany. Rehefa miezaka "manao ilay dingana manaraka" samirery isika dia mizatra mampiasa ny fahafahantsika misafidy araka ny tokony ho izy. Araka ny voalazan'ny rahavavy roa samy efa Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha hoe isika dia tsy tokony ho toy ny "zaza ilaina ambenana sy ahitsy foana."[24] Tsia, tian' Andriamanitra ho tonga olon-dehibe matotra izay mitantana ny momba antsika isika.

Ny fisafidianana hanaraka ny drafitry ny Ray no hany fomba hahafahantsika ho tonga mpandova ao amin'ny fanjakany. Izay Izy vao afaka mahatoky antsika fa tsy hangataka akory izay mifanohitra amin'ny sitrapony.[25] Saingy mila tsaroantsika fa "tsy misy olona sarotra ampianarina kokoa noho ny ankizy mihevitra ho mahay ny zavadrehetra." Ka noho izany dia mila hoe manaiky isika ny ho ampianarin'ny Tompo sy ny mpanompony amin'ny fomban'ny Tompo. Afaka mahatoky isika fa isika dia zanaky ny Ray aman-dReny any An-danitra izay tiany[26] sy mendrika ny "isahiranana" ary afaka mahazo antoka fa ny hoe "samirery" dia tsy hidika na oviana na oviana hoe "irery."

Milaza tahaka an'i Jakôba mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho hoe:

"Noho izany, herezo ny fonareo ary tsarovy fa afaka manao araka ny sitraponareo ianareo—na hifidy ny lalan'ny fahafatesana mandrakizay na ny lalan'ny fiainana mandrakizay.

"Noho izany ry rahalahiko [sy anabaviko] malala, dia mihavàna amin'ny sitrapon' Andriamanitra ianareo fa tsy amin'ny sitrapon'ny devoly . . . ; ary tsarovy fa rehefa mihavana amin' Andriamanitra ianareo, dia ao amin'ny fahasoavan' Andriamanitra ary amin'ny alalany ihany no hamonjena anareo."[27]

Noho izany dia fidio ny finoana an'i Kristy; fidio ny fibebahana; fidio ny ho atao batisa sy handray ny Fanahy Masina; fidio ny hiomana amim-pahazotoana sy handray amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo; fidio ny hanao fanekempihavanana any amin'ny tempoly; ary fidio ny hanompo an'ilay Andriamanitra velona sy ireo zanany. Ny safidintsika no mamaritra hoe iza isika ary ho lasa olona manao ahoana.

Ny ambiny amin'ny tsodrano nomen'i Jakôba no hamaranako izany hoe: "Koa Andriamanitra anie hanangana anareo amin'ny . . . fahafatesana maharitra mandrakizay amin'ny herin'ny sorompanavotana, mba hahazoana mandray anareo ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra mandrakizay."[28] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ilay olona tao amin'ny tantara noforonina antsoina hoe Mary Poppins dia noforonin'i P. L. Travers. Ireo boky nosoratany no niaingana tamin'ny namoronana horonan-tsary iray miendrika tantara an-kira sy tontolo noforonina tamin'ny 1964, novokarin'i Walt Disney, ary taty aoriana io horonan-tsary io dia narafitra ho lasa tantara an-tsehatra.
2. Ilay tantara an-tsehatra dia ahitana ilay seho voafaritra etoana. Jereo ny *Libretto to Mary Poppins: The Broadway Musical,* 70.
3. Jereo ny Spencer W. Kimball, ao amin'ny Fihaonamben'ny Vondrom-paritr'i Brisbane 1976, 19. Naminavina ny Filoha Kimball hoe: "Ny zavatra voalohany indrindra nitranga talohan'ny nanombohana ny fianantsika teto an-tany, dia nilaza ny Tompo

hoe: -Homeko anareo ny fahafahanareo misafidy. Ny ilaiko dia lehilahy sy vehivavy mahery satria mahafantatra fa tsara ny mahery. Tsy mila olona osa izay manao ny marina satria hoe tsy maintsy manao ny marina fotsiny.-"
4. Jereo ohatra ny Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7. Ny lalan'ny fanekempihavanana dia antsoina koa hoe drafitry ny fahasambarana (jereo ny Almà 42:8, 16) sy hoe drafitry ny fanavotana (jereo ny Almà 12:25–35).
5. 2 Nefia 2:16.
6. Jereo ny Mosesy 4:3.
7. 1 Jaona 2:1–2; jereo koa ny Dikantenin'i Joseph Smith, 1 Jaona 2:1.
8. Môrônia 7:27, 28.
9. Jereo ny Môsià 15:7.
10. Jereo ny 1 Jaona 2:2.
11. Jereo ny 2 Korintiana 5:16–21; Kolosiana 1:19–23; 2 Nefia 10:24.
12. Ny teny Grika ho an'ny mpisolovava (*paraklētŏs* dia midika hoe mpanalalana, mpanampy, mpampionona (jereo ny 1 Jaona 2:1, *The New Strong's Expanded Exhaustive Concordance of the Bible* 1984], rakibolana Grika, fizarana, 55; 2 Nefia 10:23–25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5).
13. Apokalypsy 12:10–11.
14. Jereo ny Etera 8:25.
15. 2 Nefia 2:27; jereo koa ny 2 Nefia 2:6–8, 16, 26.
16. Jereo ny Fiona and Terryl Givens, *The Christ Who Heals* (2017), 29, 124. Raha hijery ny teny nindramina fototra dia jereo ny Anthony Zimmerman, *Evolution and the Sin in Eden* (1998), 160, izay mindrana ny tenin'i Denis Minns, *Irenaeus* (2010), 61.
17. Almà 12:32.
18. 2 Nefia 2:26; jereo koa ny 2 Nefia 2:16.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:32.
20. Jereo ny Almà 34:31.
21. Jereo ny 2 Nefia 31:20; Môsià 26:29–30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43; Boyd K. Packer, "Ny drafitry ny fahasambarana," *Liahona,* Mey 2015, 28. Hoy ny Filoha Packer: "Rehefa vita ny dingan'ny fibebahana dia tsy mba misy holatra tavela . . . noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy."
22. 2 Nefia 31:20.
23. Jereo ny Josoa 24:15.
24. Julie B. Beck, "Ary na dia ny mpanompo vavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany," *Liahona,* May 2010, 12; Nindrana ny tenin'i Eliza R. Snow ny Rahavavy Beck tamin'io, lahateny ho an'ny Fikambanana Ifanampiana tao amin'ny paroasin'i Lehi, 27 ôkt. 1869, Paroasin'i Lehi, Tsatòkan'i Alpine (Utah), ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, Minute Book, 1868–79, Tranombokin'ny Tantarampiangonana, Salt Lake City, 26–27.
25. Jereo ny 2 Nefia 4:35; Helamàna 10:5.
26. Jereo ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an' izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
27. 2 Nefia 10:23–24.
28. 2 Nefia 10:25.



**Nataon'ny Loholona Jack N. Gerard**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Izao no fotoana

*Raha toa misy zavatra eo amin'ny fiainanao izay ilainao dinihana, dia izao no fotoana hanaovana izany.*

Taona maro lasa izay, raha niomana hanao dia mahakasika ny asa fandraharahana iray aho dia nanomboka narary ny tratrako. Noho ny fiahiana ny amiko dia nanapa-kevitra ny hiaraka tamiko ny vadiko. Nandritra ny dianay voalohany tamin'ny alalan'ny fiaramanidina dia nihamafy ilay fanaintainana, hany ka lasa nananosarotra tamiko ny niaina. Rehefa tonga izahay dia nandao ny seranam-piaramanidina ary nandeha tany amin'ny hôpitaly teo an-toerana, ary rehefa avy nanao fizahana ara-pahasalamana maromaro, dia nanambara taminay ilay mpitsabo fa azonay atao ny manohy ny dianay.

Niverina tany amin'ny seranam-piaramanidina izahay ary nandray ny sidina nitondra nankany amin'ilay toerana halehanay. Raha vao nidina iny izahay dia niteny tamin'ny alalan'ilay fitaovana ifandraisana amin'olona maromaro ny mpanamory fiaramanidina ary nangataka ahy mba haneho ny tenako. Nanatona ilay mpikarakara ny mpandeha amin'ny fiaramanidina, dia nilaza fa vao nahazo antso vonjy taitra izy ireo, ary niteny tamiko izy fa misy fiara mpitondra marary izay miandry ao amin'ny seranam-piaramanidina mba hitondra ahy any amin'ny hôpitaly.

Niakatra tao anatin'ilay fiara mpitondra marary izahay ary nandeha haingana tany amin'ny efitra fitsaboana vonjy taitra teo an-toerana. Nihaona tamin'ny dokotera anankiroa feno fanahiana



izahay tao, izay nanazava fa diso ny fizahana aretina natao tamiko, fa raha ny marina dia voan'ny embolie pulmonaire izay mihamihombo aho, na misy rà mihamandry ao amin'ny havokavoko izay mitaky fikarakarana ara-pitsaboana maika. Nilaza taminay ireo dokotera fa betsaka ireo marary no matin'io aretina io. Noho ny fahafantarana fa lavitry ny tokantranonay izahay ary tsy nahafantatra tsara raha toa vonona hiatrika izany toe-javatra manova fiainana izany, dia nilaza taminay ireo mpitsabo fa raha toa misy zavatra izay ilainay dinihana eo amin'ny fiainanay, dia izao no fotoana hanaovana izany.


Tsaroako tsara ny niovan'ny fomba fijeriko iray manontolo teo no ho eo ihany tamin'io fotoana nampitaintaina io. Ireo zavatra izay toa tena nanandanja vao vetivety teo dia lasa tsy dia nisy dikany intsony. Niala tao an'eritreritro ireo zava-mampiadana sy imatimatesana eo amin'ny fiainana ka ireo tanjona mandrakizay no nitoetra tao. Ny eritreritra momba ny fianakaviana, ny zanaka sy ny vadiko ary fanombantombanana ny fiainako manokana tamin'ny farany.

Aiza ho aiza izahay amin'ny mahafianakaviana anay, ary aiza ho aiza ny tsirairay avy aminay? Moa ve izahay nanana fiainana nifanaraka tamin'ireo fanekempihavanana nataonay sy ireo zavatra nandrasan'ny Tompo taminay sa sao dia navelanay tsy fidiny ireo zavatra imatimatesan'izao tontolo izao hanelingelina ny fifantohanay amin'ireo zavatra tena manan-danja?

Manasa anao aho mba handinika lesona manan-danja iray nianarana avy tamin'izany zavatra niainana izany: dia ny mihataka amin'izao tontolo izao ary manombantombana ny fiainanao. Na, araka ny filazan'ilay mpitsabo azy hoe, raha toa misy zavatra eo amin'ny fiainanao izay ilainao dinihina, dia izao no fotoana hanaovana izany.

#### Manombantombana ny fiainantsika

Miaina ao anatin'ny tontolo tototry ny fampahalalana isika, izay hanjakan'ireo zavatra mahavarimbariana ny saina izay tsy mitsaha-mitombo ka mahatonga ny fivoahana amin'ny fisafotofoana eto amin'ity fiainana ity mba hifantohana amin'ireo zavatra izay manan-danja mandrakizay ho mihasarotra. Ny fiainantsika andavanandro dia tototry ny fampahalalana mahasarika ny saina, izay atolotra amin'ny alalan'ireo teknôlôjia izay miova haingana tokoa.



Raha tsy maka fotoana handinihina isika dia mety tsy hahafantatra ny fiantraikan'izany tontolo mandeha haingana izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro sy eo amin'ireo safidy ataontsika. Mety mahita isika fa mikiky ny fiainantsika ny fiavosan'ireo fampahalalana amin'ny endrika hafatra an-tsary, horonan-tsary ary lahatsoratra manintona. Na dia mahaliana sy mampiala voly aza izy ireny, ny ankamaroany dia tsy misy ifandraisany loatra amin'ny fivoarantsika mandrakizay, kanefa dia manefy ny fomba fijerintsika ny fiainantsika eto an-tany izy ireny.

Ireo zavatr'izao tontolo izao izay mahavarimbariana ny saina dia azo ampitoviana amin'ireo tao amin'ilay nofin'i Lehia. Eo am-pandrosoantsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana miaraka amin'ny tanantsika mifikitra mafy amin'ilay anja-by, dia mahare sy mahita ireo izay "[manesoeso] no sady [m]anondro amin'ny rantsantanany" avy amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka isika (1 Nefia 8:27). Mety tsy mikasa ny hanao izany isika, saingy indraindray isika miato ary mampitodika ny masontsika mba hijery an'izao zavatra misafotofoto izao. Ny sasany amintsika aza mety hamotsotra ilay anja-by mihitsy ary handroso akaikikaiky kokoa mba hahitana tsara kokoa. Ny hafa mety ho lavo tanteraka "noho ireo izay namingavinga azy" (1 Nefia 8:28).

Nampitandrina antsika ny Mpamonjy hoe: "Mitandrema . . . fandrao ny fonareo hovesaran'ny . . . fiahiahian'izao fiainana izao" (Lioka 21:34). Ny fanambarana maoderina dia mampahatsiahy antsika fa betsaka no voantso saingy vitsy no voafidy. Tsy voafidy izy ireo "satria ny fony dia mipetraka . . . amin'ny zavatr'izao tontolo izao sy miandrandra ny voninahitry ny olona" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:35; jereo koa ny andininy 34). Ny fanombantombanana ny fiainantsika dia manome fahafahana antsika mba hihataka amin'izao tontolo izao, handinika hoe aiza no misy antsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana, ary raha ilaina, hanao fanovana mba hahazoana mifikitra tsara sy mibanjina ny any aloha.

Vao tsy ela izay, nandritra ny fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, ny Filoha Russell M. Nelson dia nanasa ireo zatovo mba hihataka amin'izao tontolo izao, hanalavitra ny tambazotran-tserasera amin'ny alalan'ny tsy fanaovana izany mandritra ny fito andro. Ary vao omaly hariva izy no nanao izany fanasana izany koa tamin'ireo rahavavy nandritra ny fivoriamben'ny vehivavy ao anatin'ny fihaonambe. Avy eo izy nangataka ny zatovo mba handinika izay mety ho niova teo amin'ny zavatra tsapan'izy ireo, ny zavatra eritreretin'izy ireo, na teo amin'ny fomba fieritreretan'izy ireo mihitsy aza. Dia nanasa azy ireo izy avy eo mba "hanao tomban'ezaky ny tena manontolo miaraka amin'ny Tompo . . . mba hahazoana antoka fa tafaorina tsara ao amin'ny lalan'ny fanekempihavanana ianao." Namporisika azy ireo izy fa raha toa misy zavatra ilaina ovaina eo amin'ny fiainan'izy ireo dia, "androany no fotoana tena tsara hiovana."[1]

Rehefa manombantombana ireo zavatra eo amin'ny fiainantsika izay ilaina ovaina isika, dia mety hametraka amin'ny tenantsika ity fanontaniana iray mahomby ity isika: Ahoana no fomba handresentsika ireo zavatr'izao tontolo izao izay mahavarimbariana ny saina sy ny fomba hijanonantsika mifantoka amin'ny fijerena ilay mandrakizay eo anoloantsika?

Tao anatin'ny lahateny iray nandritra ny fihaonambe tamin'ny 2007 izay nitondra ny lohateny hoe "Good, Better, Best" (Tsara, tsara kokoa, tsara indrindra), ny Filoha Dallin H. Oaks dia nampianatra ny fomba handrindrana ireo safidy hatao ho lohalaharana eo anivon'ireo zavatra misafotofoto maro takin'izao tontolo izao. Nanome torohevitra izy hoe: "Mila mamela ireo zavatra tsara sasany isika mba hisafidianana zavatra hafa izay tsara kokoa na tena tsara, noho izy ireo mampitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo sy manamafy orina ny fianakaviantsika."[2]

Mamelà ahy handroso hevitra fa ireo zavatra tsara indrindra eto amin'ity fiainana ity dia mifototra amin'i Jesoa Kristy sy ny fahatakarana ireo fahamarinana mandrakizay momba ny hoe iza Izy ary iza isika manoloana ny fifandraisantsika Aminy.



#### Mikatsaka fahamarinana

Eo am-pikatsahantsika ny hahafantatra ny Mpamonjy dia tsy tokony hadinontsika ilay fahamarinana fototra mikasika ny hoe iza isika ary nahoana isika no eto an-tany. Nampahatsiahy antsika i Amioleka fa "izao fiainana izao no fotoana . . . hiomanana hihaonana amin' Andriamanitra," ilay fotoana izay "omena antsika mba hiomanana amin'ny mandrakizay" (Almà 34:32–33). Ilay fomba fiteny malaza iray dia mampahatsiahy antsika hoe: "Tsy olombelona miaina zavatra ara-panahy isika. Fa olona ara-panahy miaina zavatra iainan'ny olombelona."[3]

Ny fahatakarana ny fiaviantsika masina dia zava-dehibe ho an'ny fivoarantsika mandrakizay ary afaka manafaka antsika amin'ireo zavatra mahavarimbariana ny saina eto amin'izao fiainana izao. Nampianatra ny Mpamonjy hoe:

"Raha maharitra amin'ny teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa;

"Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo" (Jaona 8:31–32).

Nanambara ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Ny zavatra lehibe azon'ny olombelona tontosaina eto amin'ity izao tontolo izao ity dia ny fanakaran'izy ireo ny fahamarinana masina, amim-pitandremana sy amin'ny fomba lavorary, ka ny ohatra na fitondran-tena asehon'izay mety ho zava-manan'aina eto amin'izao tontolo izao dia tsy afaka hampanalavitra azy ireo velively amin'ny fahalalana izay efa azon'izy ireo."[4]

Eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, ny ady hevitra momba ny fahamarinana dia efa lasa mafana be, ary milaza ho manana ny fahamarinana daholo ny rehetra toy ireny hoe hevitra tsotsotra ireny izany ka miankina amin'ny olona tsirairay ny dikany. Ilay zatovolahy Joseph Smith, dia nahita fa "lehibe izaitsizy ny fifanjevoana sy ny adilahy" teo amin'ny fiainany "ka tsy ho vita . . . ny hamantatra marina hoe iza no marina ary iza no diso" (Joseph Smith—Tantara 1:8). "Teo afovoan'izany ady antsanga sy horakoraka teo amin'ny hevitra izany" no nikatsahany fitarihana masina tamin'ny fikarohana ny fahamarinana (Joseph Smith—Tantara 1:10).


Nandritra ny fihaonambe tamin'ny volana aprily teo dia nampianatra ny Filoha Nelson fa "raha te hanana fanantenana ny hahay hifantina tsara izay mahasoa ao anatin'ireo hafatra tsy tambo isaina sy ireo filôzôfian'olombelona izay manafika ny fahamarinana isika, dia tsy maintsy mianatra mandray fanambarana."[5] Tsy maintsy mianatra miantehitra amin'ilay Fanahin'ny Fahamarinana isika, "izay tsy azon'izao tontolo izao ho raisina, satria tsy hitany na fantany" (Jaona 14:17).

Eo am-pandrosoan'ity izao tontolo izao ity haingana mankany amin'ireo hevi-diso dia tsy maintsy mahatsiaro ny tenin'i Jakôba isika fa "milaza ny marina ny Fanahy ary tsy mandainga. Noho izany, izy dia milaza ny amin'ny zavatra araka ny tena toetrany sy ny amin'ny zavatra araka ny ho tena toetrany; noho izany, ireo zavatra ireo dia aseho antsika mazava tsara ho famonjena ny fanahintsika" (Jakôba 4:13).

Eo am-pihatahantsika amin'izao tontolo izao sy eo am-panombantombanantsika ny fiainantsika, dia izao no fotoana handinihana izay fanovana ilaintsika atao. Afaka mahazo fanantenana lehibe isika amin'ny fahafantarana fa efa nanoro ny fomba fanaovana izany indray i Jesoa Kristy ilay Ohatra ho antsika. Nialoha ny Fahafatesany sy ny Fitsangananany tamin'ny maty, teo am-piasany mba hanampiana ireo nanodidina Azy hahatakatra ny anjara asany masina, dia nampahatsiahy azy ireo Izy hoe: "Mba hananananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao" (Jaona 16:33). Mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), hopeofisrael.lds.org.
2. Dallin H. Oaks, "Good, Better, Best," *Liahona,* nôv. 2007, 107.
3. Teny nindramina izay lazaina matetika fa avy amin'i Pierre Teilhard de Chardin.
4. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph F. Smith* (1998), 42.
5. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 96.



**Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mitarika ireo fanahy

*Manolo-tanana ny hafa amim-pitiavana isika satria izany no nodidin'ny Mpamonjy hataontsika.*

Tao anatin'ny resaka nifanaovana vao haingana tamin'ny namako iray, dia nilaza tamiko izy fa fony izy mpikamban'ny Fiangonana vao vita batisa tamin'ny fahatanorany, dia nanomboka nahatsapa tampoka izy fa voailikilika tao amin'ny paroasiny. Efa nafindra toerana ireo misiônera nampianatra azy, ka dia nahatsapa ho tsy noraharahaina izy. Noho izy tsy nanana namana tao amin'ilay paroasy, dia nitady ireo namany taloha izy ary nanomboka niroboka tamin'ny fanaovana zavatra niaraka tamin'izy ireo izay nahatonga azy tsy ho afaka nandray anjara tao amin'ny Fiangonana, ka dia nanomboka nanao safidy izay nitarika azy hanalavitra ny Fiangonana izy. Tamin-dranomaso no nitantarany ny fankasitrahana lalina tsapany rehefa nisy mpikambana mpiara-mivavaka taminy tao amin'ny paroasy nandray azy ho namana ary nanasa azy mba hiverina, tamin-kitsim-po sy tamin'ny fomba feno fitiavana. Tao anatin'ny volana maromaro dia tafaverina nandray anjara mavitrika tao amin'ny Fiangonana izy, nampatanjaka ny hafa sy ny tenany ihany koa. Tena feno fankasitrahana izahay noho ilay mpiandry ondry tany Brésil izay nitady an'io tovolahy io, dia ny Loholona Carlos A. Godoy izany, izay mipetraka ato aoriako ankehitriny, ary mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy.

Moa ve tsy tena mahatalanjona ny fomba ahafahan'ny ezaka bitika toy izany hisy fiantraikany maharitra mandrakizay? Io fahamarinana io no ivon'ny asa fanompoana ataon'ny Fiangonana. Afaka maka ireo ezaka tsotra ataontsika isan'andro ny Ray any An-danitra ary mamadika izany ho zavatra mahagaga. Vao enim-bolana izay no nanambaran'ny Filoha Russell M. Nelson hoe "nitondra fivoarana manan-danja eo amin'ny fomba hifanompoana ny Tompo,"[1] ary nanazava hoe "Hampihatra fomba iray vaovao kokoa sy masina kokoa hikarakarana sy hanompoana ny hafa isika. Ireny ezaka ireny dia antsointsika hoe 'manompo.'"[2]

Nanazava koa ny Filoha Nelson hoe: "Ny toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo izay marina sy velona dia ny asa iray izay voarindra sy misy mitarika hatrany hanompo ny zanak' Andriamanitra tsirairay sy ny fianakavian'izy ireo avy. Koa satria Fiangonany ity, dia isika, amin'ny mahampanompony antsika, no hanompo ny tsirairay tsy misy hafa amin'ny nataony. Hanompo amin'ny anarany isika, miaraka amin'ny heriny sy ny fahefany, ary ilay hatsaram-panahiny feno fitiavana."[3]

Hatramin'ny nanaovana ilay filazana dia nahatalanjona ny zavatra nataonareo! Naharay tatitra momba ny fahombiazana lehibe izahay teo amin'ny fampiharana ireo fanovana ireo saika ho isaky ny tsatòka rehetra manerana izao tontolo izao araka izay nasain'ny mpaminanintsika velona natao. Ohatra hoe, nisy rahalahy sy anabavy manompo nasaina niandraikitra fianakaviana, natao ny fandaminana ny mpiara-manompo, ka tafiditra ao anatin'izany ny zatovolahy sy ny zatovovavy, ary efa mandeha ny dinidinika momba ny fanompoana.

Tsy mino aho hoe fifandrifianjavatra ny hoe enim-bolana mialoha ilay filazam-panambarana omaly—"fifandanjana sy fifandraisana vaovao eo amin'ny fampianarana ny filazantsara any an-tokantrano sy any ampiangonana"[4]—no nanomezana ilay filazam-panambarana mikasika ny fanompoana. Manomboka amin'ny janoary, rehefa mihena adiny iray ny fitsaohantsika any am-piangonana, ny zavatra rehetra nianarantsika tao amin'ny fanompoana dia hanampy antsika hamerina handamina izany fotoana malalaka izany amin'ny alalan'ny fiainana ny andro Sabata amin'ny fomba avo kokoa sy masina kokoa ary mifototra amin'ny tokantrano miaraka amin'ny ankohonana sy ireo olon-tiana.

Rehefa voapetraka ireo rafitra fandaminana ireo dia mety hanontany isika hoe: Ahoana no ahafantarantsika fa manompo araka ny fomban'ny Tompo isika? Manampy ny Mpiandry Tsara amin'ny fomba kasainy hanaovana izany ve isika?"

Tamin'ny resaka nifanaovana vao haingana, ny Filoha Henry B. Eyring dia nidera ny Olomasina izy noho ny fiezahan'izy ireo hanaraka ireo fanovana manan-danja ireo, kanefa nolazainy ihany koa ny fanantenany amin-kitsim-po ny mba haneken'ny mpikambana fa ny manompo dia mihoatra ny hoe "tsara fanahy fotsiny." Tsy midika akory izany hoe tsy manan-danja ny hoe tsara fanahy, fa ireo izay mahatakatra ny lanjan'ny fanompoana marina dia mahafantatra fa mihoatra lavitra ny hoe tsara fanahy fotsiny izany. Rehefa atao araka ny fomban'ny Tompo ny fanompoana dia afaka misy fiantraikany tsara maharitra izay mitohy hatrany amin'ny mandrakizay, tahaka ny fiantraikan'izany teo amin'ny Loholona Godoy.

"Naneho tamin'ny alalan'ny ohatra ny dikan'ny hoe manompo ny Mpamonjy tamin'ny nanaovany asa fanompoana tamim-pitiavana. . . .

Nampianatra, nivavaka, nampionona, ary nitahy ireo izay nanodidina Azy [Izy], nanasa ny rehetra hanaraka Azy. . . . Rehefa manompo [amin'ny fomba tsara sy masina kokoa] ireo mpikamban'ny Fiangonana dia mikatsaka amim-bavaka ny hanompo tahaka ny ho ataony izy ireo, dia ny . . . -mitandrina mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana ary ny miaraka amin'izy ireo sy ny manatanjaka azy,- -mamangy ny tranon'ny mpikambana tsirairay-' ary manampy ny rehetra ho lasa mpanara-dia tena izy an'i Jesoa Kristy."[5]

Takatsika fa ny mpiandry ondry tena izy dia tia ny ondriny, mahafantatra azy ireo amin'ny anarany, ary "liana amin'ny mahasoa" azy ireny.[6]

Misy namako hatry ny ela iray izay mpiompy nandritra ny androm-piainany, niasa mafy niompy omby sy ondry teny amin'ny Montagne Rocheuses feno mikitoantoana. Indray mandeha izy dia nizara tamiko ny olana sy ny loza mifandray amin'ny fiompiana ondry. Nitantara izy fa tamin'ny fiandohan'ny lohataona, rehefa nitsonika ny ankamaroan'ny ranomandry teo ambonin'ireo andian-tendrombohitra midadasika dia napetrany tany an-tendrombohitra nandritra ny fahavaratra ny andian'ondrin'ny fianakaviany, izay nahitana ondry 2000 (roa arivo) teo ho eo. Niandry ireo ondry teny izy mandrapahatapitry ny fararano, izay fotoana namindrana azy ireo avy amin'ny tanim-bilona rehefa fahavaratra mankany amin'ny tanim-bilona rehefa ririnina any an-tany hay. Notantarainy ny fahasarotan'ny fikarakarana andian'ondry marobe, izay nitaky andro vao maraina sy alim-be nifoha mialoha be ny fiposahan'ny masoandro ary alimbe vao nahavita asa. Tsy ho vitany irery mihitsy izany.

Nisy olona hafa nanampy tamin'ny fikarakarana ireo biby, izay nahitana karazana mpiasa mpiompy manana traikefa nampian'ny mpiasa zandriny izay nahazo tombontsoa avy amin'ny fahendren'ireo namany efa za-draharaha. Niantehitra tamin'ny soavaly roa efa antitra ihany koa izy, sy soavaly lahy tanora roa mbola vao zarina, alika mpiandry ondry efa antitra roa, ary alika mpiandry ondry telo mbola kely. Nandritra ny fahavaratra ilay namako sy ny ekipany dia niaritra rivotra sy oram-baratra, aretina, ratra, hain-tany, ary efa saika izay mety ho zava-tsarotra rehetra azon'ny olona eritreretina mihitsy aza. Ny taona sasany dia tsy maintsy nisintona rano izy ireo nandritra ny fahavaratra mba hihazonana ny ain'ireo ondry fotsiny. Ary avy eo, isan-taona rehefa tapitra ny fararano, rehefa nananontanona ny ririnina ka nesorina teny antendrombohitra sy nisaina ireo ondry, dia mazàna no nisy 200 (roanjato) mahery no maty na tsy hita.

Ilay andian'ondry nahitana ondry 2.000 napetraka teny an-tendrombohitra tamin'ny fiandohan'ny lohataona dia nihena ho 1.800 latsaka isaky ny fiafaran'ny fararano. Ny ankamaroan'ireo ondry tsy hita dia *tsy* hoe matin'ny aretina na ny fahafatesana voajanahary fa matin'ny biby mpihaza toy ny liona an-tendrombohitra na kôiôty. Ireo biby mpihaza ireo mazàna dia mahita ireo zanak'ondry miala eo amin'ny faritra azo antoka eo anivon'ny andian'ondry, ka nihataka nianalavitra tamin'ny fiarovan'ny mpiandry azy. Azonareo heverina vetivety amin'ny lafiny arapanahy ve ny zavatra vao notantaraiko teo? Iza ilay mpiandry ondry? Iza no andian'ondry? Iza ireo manampy ny mpiandry ondry?

I Jesoa Kristy Tompo mihitsy no niteny hoe: "Izaho no Mpiandry Tsara, ary fantatro ny Ahy, . . . ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry."[7]

Ny mpaminany Nefia dia nampianatra ihany koa fa i Jesoa dia "hamahana ny ondriny . . ., ary ao Aminy no hahitan' ireo ahi-maitso."[8] Mahita fiadanana maharitra aho noho ny fahafantarako fa "Jehovah no Mpiandry ahy"[9] ary fantany sy eo ambany fiahiany isika tsirairay avy. Rehefa miatrika ny rivotra sy ny oram-baratry ny fiainana isika, ny aretina, ny ratra, ary ny hain-tany, dia hanompo antsika ny Tompo, ilay Mpiandry antsika. Hamerina amin'ny laoniny ny fanahintsika Izy.

Tahaka ny nikarakaran'ilay namako ny ondriny, niaraka tamin'ny fanampian'ireo mpiasa mianatra asa sy efa za-draharaha ary soavaly sy alika mpiandry ondry no hitakian'ny Tompo ihany koa fanampiana eo amin'ilay asa sarotra fikarakarana ny ondry ao amin'ny andian'ondri*ny*.

Amin'ny maha-zanaky ny Ray any An-danitra be fitiavana sy ondry ao amin'ny andian'ondriny antsika, dia mahazo ilay fitahiana hoe tompoin'i Jesoa Kristy tsirairay isika. Mifanindran-dalana amin'izany, manana andraikitra isika hanome fanampiana mifono fanompoana an'ireo olona hafa manodidina antsika amin'ny maha-mpiandry ondry antsika. Mihaino ny feon'ny Tompo isika manao hoe "hanompo Ahy ianao ary handeha amin' ny anarako sy hanangona ny ondriko."[10]

Iza no mpiandry ondry? Mpiandry ondry ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy rehetra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Tsy misy antso ôfisialy takina amin'izany. Manomboka amin'ny fotoana ivoahantsika avy ao amin'ny ranon'ny batisa no hanomezana andraikitra antsika hanao io asa io. Manolo-tanana ny hafa amim-pitiavana isika satria izany no nodidin'ny Mpamonjy hataontsika. Fa mpiandry ondry iza eo aminareo no manana ondry maro ka tsy miambina azy mba tsy hidiran' ny amboa dia hihinana ny andian' ondriny? Moa tsy hanao izay hampanalavitra izany ve izy?"[11] Isak'izay hoe ao anatin'ny fahoriana ara-nofo na ara-panahy ny manodidina antsika dia mihazakazaka manampy azy isika. Mifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay isika mba hanamaivana izany. Miara-malahelo amin'izay malahelo isika. Mampionona ireo izay mila fampiononana.[12] Miandry izany avy amintsika amimpitiavana ny Tompo. Ary ho avy ny fotoana izay hitanana antsika ho tompon'andraikitra amin'ny fikarakarana ataontsika rehefa manompo ny andian'ondriny.[13]

Nizara singa iray hafa manan-danja eo amin'ny fiambenana ondry teny amin'ny tanim-bilona ilay mpiandry ondry namako. Nohazavainy bebe kokoa fa ireo ondry very no natahorana indrindra ho azon'ireo biby mpihaza. Raha ny marina dia ny 15 isan-jaton'ny fotoany sy ny an'ireo mpiasany no natokana hitadiavana ireo ondry very. Nianatra izy ireo fa



*Alika mpiandry ondry be fikirizana iray mitarika ondry very hiverina ho eo ambanin'ny fiarovan'ny mpiandry ondry sy ny andian'ondry.*

arakaraka ny hahitan'izy ireo haingana ny ondry very, alohan'ny hihatahan'ilay ondry lavitra loatra an'ilay andian'ondry, no nampihena ny mety ho fahavoazana nihatra tamin'ilay ondry. Mitaky faharetana sy fifehezan-tena ny fikarohana ireo ondry very.

Taona maro lasa izay dia nahita lahatsoratra tao amin'ny gazety teo an-toerana aho, izay tena nahavariana tokoa ka dia notehiriziko. Nivaky toy izao ny matoan-dohateny teo amin'ny pejy voalohany hoe: "Tsy nanaiky namela ireo ondry very ilay alika be fikirizana."[14] Io lahatsoratra io dia mitantara ondry vitsivitsy an'ny toerampiompiana iray tsy lavitra ny tranon'ilay namako izay tavela teny amin'ny tanimbilona nisy azy ireo rehefa fahavaratra. Roa na telo volana taty aoriana dia lasa tafahitsoka sy voagadran'ny oram-panala teny an-tendrombohitra izy ireo. Rehefa tavela tany ireo ondry dia niara-nijanona tamin'izy ireo ilay alika mpiandry ondry, satria andraikiny ny miambina sy miaro an'ireo ondry. Tsy nitsahatra niambina azy ireo izy. Nijanona tany izy, nihodinkodina nanodidina ireo ondry very nandritra ny volana maro tao anatin'ny toetrandro mangatsiaka sy nisy oram-panala, niaro azy ireo tamin'ny kôiôty, na ny liona eny an-tendrombohitra, na izay mety ho biby mpihaza hafa mety handratra ireo ondry. Nijanona tany izy mandrapahafahany nitarika ireo ondry hiverina ho eo ambany fiarovan'ny mpiandry ondry sy ny andian'ondry. Ny sary hita eto amin'ny pejin'ity lahatsoratra ity dia mampiseho ny toetra hita taratra eo amin'ny maso sy ny fihetsik'ity alikan'ny mpiandry ondry ity.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao isika dia mahita fanoharana sy torolalana iray avy amin'ny Mpamonjy izay manome hevi-baovao fanampiny mahakasika ny andraikitsika amin'ny maha-mpiandry ondry, sy anabavy sy rahalahy manompo ondry very antsika:

"Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivifolo any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?

"Ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy.

"Ary rehefa tonga ao an-trano izy, dia mamory ny sakaizany sy ny namany ka manao aminy hoe: Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very."[14]

Rehefa mamintina ilay lesona ampianarina ao amin'ilay fanoharana isika dia mahita an'ity torohevitra manan-danja ity:

1. Mila mamantatra ireo ondry very isika.
2. Mitady azy ireo isika mandrapahitana azy ireo.
3. Rehefa hita izy ireo dia mety mila milanja azy ireo eo an-tsoroka isika mba hitondra azy ireo hody.
4. Omentsika namana maro izy ireo rehefa tafaverina.

Ry rahalahy sy ranabavy, ny olantsika lehibe indrindra sy ny valisoantsika lehibe indrindra dia mety ho tonga eo am-panompoantsika an'ireo ondry very. Ireo mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia "niahy ny olony sy namahana azy tamin' ny zavatra mikasika ny fahitsiana."[16] Afaka manaraka ny ohatr'izy ireo isika ary mahatsiaro fa ny fanompoana dia natao ho "tarihin'ny Fanahy, . . . tsy misy hoe fitakiana efa voafaritra tsara . . . ampifanarahana amin'ireo zavatra ilain'ny mpikambana tsirairay." Laharam-pahamehana ihany koa ny "[hikatsahantsika] ny hanampy ny olona sy ny fianakaviana hiomana amin'ny ôrdônansy tokony hatao manaraka sy ny fitandremana ireo fanekempihavana[ny] . . . , ary ny mba ho lasa mizaka tena."[17]

Sarobidy amin'ny Raintsika any Andanitra ny fanahy tsirairay. Ny fanasany manokana hanompo dia faran'izay sarobidy sy manan-danja Aminy, satria izany no asany sy voninahiny. Tena asan'ny mandrakizay ara-bakiteny mihitsy izany. Manana fahafahana tsy voavidim-bola hahavita zavatra daholo ny tsirairay amin'ireo zanany eo imasony. Tia *anareo* Izy, amin'ny fitiavana tsy hain'ny sainareo takarina akory. Tahaka ilay alika mahatoky, hijanona eny an-tendrombohitra Izy hiaro *anareo* ao anatin'ny rivotra, ny oram-baratra, ny oram-panala, sy ny *sisa*.


Nampianatra antsika ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fihaonambe farany hoe: "Ny hafatsika ho an'izao tontolo izao [ary tiako hampiana hoe "ho an'ny andian'ondry tompointsika"] dia tsotra sy avy amin'ny fo: manasa ny zanak' Andriamanitra rehetra ao amin'ny *lafy roa amin'ny voaly* isika

mba hanatona ny Mpamonjy azy ireo, handray ireo fitahian'ny tempoly masina, sy hanana fifaliana maharitra, ary ho mendrika hahazo ny fiainana mandrakizay.[18]

Enga anie isika hametraka tanjona ambony kokoa amin'io vinan'ny mpaminany io, mba hahafahantsika mitarika ireo fanahy mankany amin'ny tempoly ary any amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy amin'ny farany. Tsy miandrandra antsika hanao fahagagana Izy. Ny hany angatahany dia ny hitondrantsika an'ireo rahalahy sy anabavintsika ho any Aminy, satria manana ny hery hanavotana fanahy *Izy.* Rehefa manao izany isika dia afaka mahazo ary hahazo ity fampanantenana ity: "Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satroboninahitra tsy mety simba hianareo."[19] Izany no ijoroako ho vavolombelona—sy i Jesoa Kristy amin'ny maha Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy—amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Ndao handroso hatrany," *Liahona,* mey 2018, 118.
2. Russell M. Nelson, "Manompo," *Liahona,* mey 2018, 100.
3. Russell M. Nelson, "Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2018, 69.
4. Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 8.
5. "Manompo amin'ny alalan'ny kôlejy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana matanjaka kokoa," nampiarahana tamin'ny taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 2 apr. 2018, ministering.lds.org; Môsià 18:9 Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:51, 53; jereo koa ny Jaona 13:35
6. James E. Talmage, *Jésus le Christ* (1916), 561.
7. Jaona 10:14–15.
8. 1 Nefia 22:25.
9. Salamo 23:1; nampiana fanamafisana.
10. Môsià 26:20.
11. Almà 5:14
12. Jereo ny Môsià 18:8–9.
13. Jereo ny Matio 25:31–46.
14. Jereo ny John Wright, "Safe or Stranded? Determined Dog Won't Abandon Lost Sheep," *Logan Herald Journal,* Jan. 10, 2004, hjnews.com.
15. Lioka 15:4–6.
16. Môsià 23:18.
17. "Manompo amin'ny alalan'ny kôlejy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana matanjaka kokoa," ministering.lds.org.
18. Russell M. Nelson, "Ndao handroso hatrany," *Liahona*, mey 2018; nampiana fanamafisana.
19. 1 Petera 5:4.



**Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson**

# Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely

*Apetrako aminareo ny fitiavako sy ny tsodranoko· ny mba hahafahanareo mivoky amin'ny tenin'ny Tompo sy mampihatra ireo fampianarany eo amin'ny fiainanareo manokana.*

Fihaonambe manentana ny fanahy sy manan-tantara ity. Mibanjina ampientanentanana ny hoavy isika. Namporisihana *hanao* tsaratsara kokoa sy ho *lasa* tsaratsara kokoa isika. Tena nanentana ny fanahy ny hafatra mahatalanjona nozarain'ireo Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ary ny mozika teto amin'ity polipitra ity. Mamporisika anareo aho mba handalina ireny hafatra ireny, manomboka amin'ity herinandro ity.[1] Milaza ny eritreritra sy ny sitrapon'ny Tompo amin'izao fotoana izao ho an'ny olony izy ireny.

Ilay fandaharam-pampianarana manome sehatra ny fiainana sy fianarana ny zavatra ara-panahy ao an-tokantrano, izay hamafisin'ny zavatra atao any am-piangonana dia manana ny fahafahana hamoaka ny herin'ny fianakaviana, rehefa miezaka manao zavatra am-pahamalinana sy ampitandremana ny fianakaviana tsirairay mba hanova ny fonenany ho toerana masina isian'ny finoana. Mampanantena aho fa rehefa miasa amim-pahavitrihana hanamboatra ny tokantranonareo ho lasa ivon-toerana fianarana ny filazantsara ianareo dia ho tena fahafinaretana ny andro Sabata*nareo* rehefa mandeha ny fotoana. Hazoto hianatra sy hiaina ireo fampianaran'ny Mpamonjy ny zanaka*reo* ary hihena ny fitaoman'ilay fahavalo eo amin'ny fiaina*nareo* sy





any an-tokantrano*nareo*. Ho lehibe sy hampahery ireo fiovana ao amin'ny fianakavianareo.

Nandritra ity fihaonambe ity isika dia nanamafy ny fahavonoantsika hanatanteraka ilay ezaka lehibe hanaja ny Tompo Jesoa Kristy *isaky* ny miresaka ny Fiangonany. Mampanantena anareo aho fa ny fampiasantsika am-pitandremana ny anaran'ny Fiangonan'ny Mpamonjy sy ny mpikambana ao aminy dia hampitombo finoana ary hahazoana hery ara-panahy lehibe kokoa ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana.

Izao aho dia hiresaka ny lohahevitra momba ny tempoly. Fantatsika fa zava-dehibe amin'ny famonjena antsika sy ny fisandratantsika ary ny famonjena sy ny fisandratan'ny fianakaviantsika ny fotoantsika ao amin'ny tempoly.

Rehefa avy mandray ny ôrdonansin'ny tempoly ho an'ny tenantsika isika, isika tsirairay avy dia mila ny fampaherezana sy ny fanabeazana ara-panahy izay tsy hita raha tsy any amin'ny tranon'ny Tompo *ihany*. Ary ireo razambentsika dia mila antsika hanompo ho mpisolo toerana azy ireo.

Diniho ny famindram-po lehibe sy ny fahatsaran' Andriamanitra, izay, nanomana lalana talohan'ny nanorenana an'izao tontolo izao, hanomezana ny fitahian'ny Tempoly ho an'ireo izay maty tsy nahalala ny filazantsara. Efa ela ireo fomba amam-panao any amin'ny tempoly ireo. Ho ahy dia tena mampientam-po ny maha-efa ela izany ary porofo ny maha-marina azy.[2]

Ry rahalahy sy ranabavy malalako, mitombo be hatrany hatrany ny fanafihan'ny fahavalo, na amin'ny heriny izany na amin'ny karazany.[3] Tsy mbola lehibe toy izao ny filantsika mandeha matetika tsy tapaka any amin'ny tempoly. Miangavy anareo aho mba hijery ombam-bavaka ny fomba fandanianareo ny fotoanareo. Manokàna fotoana ho an'ny hoavinareo sy ny hoavin'ny fianakavianareo. Raha tsy lavitra be ny tempoly ny misy anareo dia mamporisika anareo aho mba hanamboatra fotoana hihaonana matetika amin'ny Tompo, ho ao amin'ny tranony masina, ary hihazona izany fotoana izany tsy hiovaova ary am-pifaliana. Mampanantena anareo aho fa hitondra ireo fahagagana izay fantany fa ilainareo ny Tompo rehefa manolotena hanompo sy hitsaoka Azy any amin'ny Tempoly ianareo.

Amin'izao fotoana izao isika dia manana tempoly voatokana miisa 159. Tena manan-danja ho antsika ny fikarakarana sy fikolokoloana araka ny tokony ho izy ireo tempoly ireo. Rehefa mandeha ny fotoana dia tsy maintsy mila fanatsarana sy fanavaozana ireo tempoly. Eo anatrehan'izany dia misy ny fandrafetana drafitra hanavaozana ny Tempolin'i Salt Lake sy ireo tempoly hafa natsangana nandritra ny fotoanan'ireo mpamaky lay. Hozaraina ny antsipiriany mikasika ireo tetikasa ireo rehefa voalamina izany.

Androany izahay dia faly manambara drafitra hanorenana tempoly 12 fanampiny. Ireo tempoly ireo dia hatsangana any amin'ireto toerana manaraka ireto: Mendoza, Argentine; Salvador, Brésil; Yuba City, Californie; Phnom Penh, Cambodge; Praia, Cape Vert; Yigo, Guam; Puebla, Mexique; Auckland, Nouvelle Zélande; Lagos, Nigéria; Davao, Philippines; San Juan, Porto Rico; ary Washington County, Utah.

Mety tsy hampiova ny fiainanareo ny fananganana sy ny fikarakarana ny tempoly, fa ny fanokananareo fotoana ho any amin'ny tempoly kosa anefa dia azo antoka fa hampiova izany. Ho an'ireo izay efa ela no tsy tany amin'ny tempoly dia mamporisika anareo aho mba hiomana ary hiverina faran'izay haingana. Dia manasa anareo aho avy eo mba hitsaoka any amin'ny tempoly ary hivavaka mba hahatsapanareo ny fitiavana tsy misy fetra ananan'ny Tompo ho anareo, sy mba hahazoanareo tsirairay fijoroana ho vavolombelona manokana fa mitarika ity asa masina sy mandrakizay ity Izy.[4]

Ry rahalahy sy ranabavy, misaotra anareo aho noho ny finoanareo sy ireo ezaka feno fanohanana ataonareo. Apetrako aminareo ny fitiavako sy ny tsodranoko, ny mba hahafahanareo mivoky amin'ny tenin'ny Tompo sy mampihatra ireo fampianarany eo amin'ny fiainanareo manokana. Manome toky anareo aho fa mbola mitohy ny fanambarana ato amin'ny Fiangonana ary mbola hitohy hatrany mandra-"[paha]tanteraka ny tanjon' Andriamanitra ary hilaza ilay Jehovah Lehibe fa vita ny asa."[5]

Mitsodrano anareo aho mba hanananareo finoana bebe kokoa Azy sy ny asany masina, mba hanananareo finoana sy faharetana hiaretana ireo fanamby eo amin'ny fiainanareo manokana. Mitsodrano anareo aho mba ho lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely. Izany no tsodrano omeko anareo ary mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra! I Jesoa no Kristy! Fiangonany ity. Vahoakany isika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo en ligne ireo hafatra tamin'ny fihaonambe maneran-tany ao amin'ny LDS.org sy ny application Bibliothèque de l'Evangile. Havoaka printy ao amin'ny *Ensign* sy *Liahona* izy ireo. Ireo gazetibokin'ny Fiangonana, tafiditra ao anatin'izany ny *New Era* sy ny *Friend*, izay zaraina amin'ny alalan'ny email na sintonina ao amin'ny internet, dia ampahany manan-danja ao amin'ny fandaharam-pampianarana momba ny filazantsara izay manome sehatra ny fianarana sy fiainana izany ao an-tokantrano.
2. Jereo ohatra ny Eksodosy 28; 29; Levitikosy 8.
3. Jereo ny Môsià 4:29.
4. Jereo ny Wilford Woodruff, "The Law of Adoption," lahateny nozaraina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny 8 apr. 1894. Nilaza ny Filoha Woodruff hoe: "Tsy mbola tapitra ny fanambarana. Tsy mbola tapitra ny asan' Andriamanitra. . . . Tsy hisy fiafarany ity asa ity raha tsy efa tonga lafatra" (*Deseret Evening News*, Apr. 14, 1894, 9).
5. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 142.

## Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny fihaonambe

*Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

| Mpandahateny | Tantara |
|---|---|
| **Neil L. Andersen** | (83) Rehefa tsikaritry ny misiônera mahatoky iray fa mahafantatra ny fijaliany ny Mpamonjy, dia nandresy fahadisoam-panantenana izy teo an-dalam-pahasitranana avy tamin'ireo ratra nanjo azy tao anatin'ny fanapoahan'ny mpampihorohoro baomba iray. Taorian'ny nahafatesan'ny zanany vavy dia namboraka avy tao am-pony i Russell M. Nelson fa hampiasa ny fanalahidin'ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ireo rehetra izay maty i Jesoa Kristy. Nijoro ho vavolombelona tamin'ireo mpikambana Portoricain i Russell M. Nelson fa "afaka mahita fifaliana [isika] eny fa na dia ao anatin'ny toe-javatra ratsy indrindra iainantsika aza." |
| **Brian K. Ashton** | (93) Lasa nahatakatra bebe kokoa ny toetran' Andriamanitra sy ny fitiavany ary ny fankasitrahany ireo zanany ny vadin'i Brian K. Ashton. |
| **M. Russell Ballard** | (71) Rehefa avy nahatsapa alahelo lalina noho ny fahafatesan'ireo olona tao amin'ny fianakaviany sy ireo olona an-tapitrisany izay maty noho ny ady sy ny aretina i Joseph F. Smith, dia naharay "ny fahitana momba ny fanavotana ny maty" izy. |
| **Steven R. Bangerter** | (15) Nandevina vato maneho an'i Jesoa Kristy amin'ny maha-fototry ny fiainana feno fifaliana Azy ireo zafikelin'i Steven R. Bangerter. Ny Filoha Russell M. Nelson dia mampahatsiahy an'ireo ray aman-dreny ny andraikitr'izy ireo mba hampianatra ny zanany. Nanolo-tena ny hanampy ireo ray aman-dreniny hiomana hanao asa fanompoana ny zanakalahin'i Steven R. Bangerter. Nitarika ny lehilahy iray efa lehibe hiverina ao amin'ny Fiangonana sy hahatsiaro ny fiarovana ara-panahy nananany tamin'ny fahazazany ny Fanahy Masina. |
| **Shayne M. Bowen** | (80) Tena nahavariana an'i Shayne M. Bowen ny fiovam-pon'ny lehilahy iray ho an'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna. |
| **M. Joseph Brough** | (12) Tamin'ny dia iray nataony tany Alaska, Etazonia, dia nianatra i M. Joseph Brough fa tsy misy zavatra tsy azo tanterahina miaraka amin' Andriamanitra. Nianatra ny filohan'ny tsatòka iray fa tonga miaraka amin'ny famelan-keloka amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fiadanana. Nampianarin'ny zanany vavy hanao zavatra sarotra tamin'ny alalan'ny fanirian'ny zanany vavy hanao asa fitoriana i M. Joseph Brough. |
| **Matthew L. Carpenter** | (101) Nahavita tanteraka ny asa fitoriany tamin'ny fotoana feno ny zanakalahin'i Matthew L. Carpenter taorian'ny fahasitranany tamin'ny fahatapahan'ny lalandra. |
| **D. Todd Christofferson** | (30) Na dia teo aza ny fahoriana dia tsy voahozongozona tamin'ny finoany an'i Kristy mihitsy ny mpikambana efatra ato amin'ny Fiangonana, ary nahazo ny fanohanany maharitra. |
| **Quentin L. Cook** | (8) Ny *Avia, hanaraka ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* dia mampatanjaka ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona, ary ny fahatakaran'ny fianakaviana iray any Brésil ny filazantsara. |
| **Bonnie H. Cordon** | (74) Nanorina finamanana izay nitahy ny fiainan'izy ireo ny zatovovavy iray sy ny rahavavy zokiolona iray. Lasa nanana rohim-pitiavana teo no ho eo tamin'ny rahavavy iray novangiany i Bonnie H. Cordon sy ny mpiara-manompo aminy. Lasa nifanakaiky sy nifampatoky tamin'ny rahalahy iray manana vady nikasa hamono tena ny rahalahy manompo iray. |
| **Michelle D. Craig** | (52) Nampianatra mpikambana iray ao amin'ny paroasy i Camilla Kimball hoe "aza toherina mihitsy ny eritreritra feno falalahan-tanana iray." |
| **Dean M. Davies** | (34) Azon'ny Filoha Gordon B. Hinckley an-tsaina ny toerana tokony hanorenana ny Tempolin'i Vancouver Colombie-Britannique. |
| **Henry B. Eyring** | (58) Nampanontany tena an'i Henry B. Eyring ny fomba nahitan'ny reniny fotoana sy hery hanaovana sarintany momba ny dia nataon'i Paoly Apôstôly.<br>(90) I Henry B. Eyring dia nianatra nandray ny olona ho toy ny "ao anaty fahasahiranana lalina." Nitantana ny vadin'i Henry B. Eyring tao anatin'ny fahasahiranany ny Mpamonjy. |
| **Cristina B. Franco** | (55) Nianaran'i Cristina B. Franco fa ny fitiavana sy ny fahafoizantena no laron-tsakafo miafina tao amin'ny mofomamy misy sokolà namboarin'ny mpampianatra azy tao amin'ny Kilonga. |
| **Robert C. Gay** | (97) Nanampy an'i Robert C. Gay hijery ny zokiny vavy tahaka ny fahitan' Andriamanitra azy ny Fanahy Masina. Nanompo fianakaviana iray voan'ny diphtérie i James E. Talmage. |
| **Jack N. Gerard** | (107) Taorian'ny nahitana fa nanana olana ara-pahasalamana goavana i Jack N. Gerard dia nijery ny fiainana tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay izy. |
| **Gerrit W. Gong** | (40) Niresaka momba ny finoana ny Loholona Richard G. Scott sy i Gerrit W. Gong teo am-panaovan'izy ireo sary hosodokorano maneho afon-dasy iray. Nanampy mpivady iray malaindaina hiverina ao amin'ny Fiangonana ny mpihazona fisoronana iray. |
| **Jeffrey R. Holland** | (77) Nanampy ny raim-pianakaviana iray hamela heloka sy hiverina tao amin'ny Fiangonana ny fitalahoana mifono fanompoana nataon'ireo zanany, izay nitondra fitahiana ho an'ny fianakaviany. |
| **Joy D. Jones** | (50) Lasa nanana finamanana maharitra tamin'ny fianakaviana malaindaina iray i Joy D. Jones sy ny vadiny rehefa avy nianatra nanompo tamin'ny fitiavana ny Tompo. |
| **Russell M. Nelson** | (6) Tia manao fivavahana ao an-tokantranony ny renim-pianakaviana iray satria mitaona ny vadiny hampiasa fiteny tsaratsara kokoa ny fanamasinana ny fanasan'ny Tompo any an-trano isaky ny alahady.<br>(68) Niantso ny tenany tsy nahy hoe reny i Russell M. Nelson. Nisaotra ny reniny ny zanakalahy iray taorian'ny nitarihan'ny Fanahy Masina ny reniny hanakalo ny smartphone fampiasany amin'ny finday miforitra.<br>(87) Nanazava tao amin'ny fandaharana iray tao amin'ny onjam-peo i Benjamín De Hoyos fa ilay anarana lavabe an'ny Fiangonana dia voafidin'ny Mpamonjy. |
| **Dallin H. Oaks** | (61) Naiditra am-ponja ny tovolahy iray mpitsoa-ponenana rehefa avy namaly faty ireo zatovo izao niantsy ady taminy. |
| **Paul B. Pieper** | (43) Nilaza ny zazavavy iray izay niomana hatao batisa hoe ny mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy dia midika hoe "afaka manana ny Fanahy Masina aho." |
| **Ronald A. Rasband** | (18) Naharesy ny tahotr'izy ireo momba ny fitondrana zanaka eto amin'izao tontolo izao ny zanakavavy sy ny vinantolahin'i Ronald A. Rasband. |
| **Gary E. Stevenson** | (110) Nanolotra ny tanan'ny fanompoana an'ny olona iray nania antsoina hoe Carlos A. Godoy ny mpikambana iray tao amin'ny paroasy. Matin'ny biby mpihaza ny ondry 200 an'ny mpiompy iray. Nentin'ny alika mpiandry ondry iray tany amin'ny toerana azo antoka ireo ondry very. |



# Mitarika ny lalana ny Filoha Nelson

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanoro hevitra antsika tsirairay mba ho tsara fanahy kokoa, ho toa an'i Kristy bebe kokoa, ary hifantoka amin'ny ara-panahy bebe kokoa rehefa manompo ny hafa isika, ary naneho tamin'ny alalan'ny ohatra ny hevitr'izany izy tamin'ny fomba nanompoany hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany.

Fotoana fohy taorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ny volana aprily 2018, dia nandeha nanao fitetezam-paritra ny Filoha Nelson sy i Wendy vadiny, ary ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy i Patricia vadiny, izay nitondra azy ireo nankany Angleterre, Israël, Kenya, Zimbabwe, Inde, Thailande, Chine, ary Hawaii, Etazonia.

Nandritra ireo fitetezam-paritra taorian'izany, ny Filoha Nelson dia nihaona tamin'ireo mpikambana, ireo misiônera, ireo mpitarika, ary ireo naman'ny Fiangonana tao andrefana, afovoany, ary atsinanan'i Kanada; tao Seattle, Washington, Etazonia; ary tao amin'ny République Dominicaine, izay nanaovany lahateny iray manontolo tamin'ny fiteny Espaniôla, ary izay no fotoana voalohany nanaovan'ny Filohan'ny Fiangonana lahateny lava tamin'ny fiteny hafa ankoatra ny teny anglisy.

Nampianarin'ny Filoha Nelson tao amin'ireo fivoriana sy takariva amorom-patana ny mikasika ny anarana marin'ny Fiangonana; ny fizarana ny filazantsara amin'ny hafa; ny fankamamiana ny Bokin'i Môrmôna; ny fiainana ny filazantsara izay mahatonga ny fiainana ho tsara kokoa; ny maha-lalan'ny fifaliana sy fahasambarana ny lalan'i Kristy, ankehitriny sy amin'ny mandrakizay; ny vavaka; ny fanaovana ny tokantrano ho toerana masina ho an'ny ankizy; ny fampiasana ny fahafahana misafidy mba handresena ny fakam-panahy sy hanarahana ny Mpamonjy; ny fikarakarana ny hafa; ary ny fiomanana sy fandraisana ireo fitahiana izay tonga avy amin'ny tempoly.

Ny Filoha sy ny Rahavavy Nelson dia nandray fitenenana ihany koa nandritra ny fampaherezam-panahy ho an'ny zatovo tamin'ny 3 jona 2018, ary tao no nilazan'ny Filoha Nelson fa ny zatovo izay mirotsaka ao amin'ny "tafiky ny Tompo" sy manampy amin'ny fanangonana ny Isiraely dia manana fahafahana ny ho "mpandray anjara ao anatin'ny zavatra lehibe iray, ny zavatra goavana iray, ny zavatra be voninahitra iray!" Namporisika ny zatovo izy mba hiala amin'ny fianteherana tsy tapaka amin'ny tambazotran-tserasera, hahafoy fotoana ho an'ny Tompo, hanao fanombantombanana lalina ny fiainana miaraka amin'ny Tompo, hivavaka isan'andro mba hahazoan'ny zanak'Andriamanitra ny filazantsara, ary ho fahazavana ho an'izao tontolo izao. ■

*Mba hahalalana bebe kokoa mikasika ny asa fanompoana ataon'ny Filoha Russell M. Nelson dia tsidiho ny* ***prophets.lds.org****. Jereo manontolo ilay fampitana ho an'ny zatovo ao amin'ny* ***HopeofIsrael.lds.org****.*

## Vaovao mikasika ny Tempoly

Nanao filazana ny Filoha Russell M. Nelson tao anatin'ny lahateny famaranana nataony tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana fa mikasa ny hanorina tempoly vaovao miisa 12 ny Fiangonana. Nolazainy tao ihany koa ireo drafitra mba hanavaozana ny Tempolin'i Salt Lake sy ireo tempoly hafan'ny "taranaky ny mpisava lalana", ary nampiany hoe homena ao aoriana kely ao ny antsipiriany momba izany.

Ireo tempoly ireo dia haorina ao Mendoza, Argentine; Salvador, Brésil; Yuba City, Californie, Etazonia; Phnom Penh, Cambodge; Praia, Cape Vert; Yigo, Guam; Puebla, Mexique; Auckland, Nouvelle Zélande; Lagos, Nigéria; Davao, Philippines; San Juan, Porto Rico; ary Washington County, Utah, Etazonia.

Hisy Tempoly efatra hotokanana afaka fotoana vitsy dia: ny Tempolin'i Concepción Chili ny 28 ôktôbra; ny Tempolin'i the Barranquilla Colombie ny 9 desambra; ny Tempolin'i Rôme Italie ny herinandron'ny 10 martsa ka hatramin'ny 17 martsa 2019; ary ny Tempolin'i Kinshasa Repoblika Demôkratikan'i Congo ny 14 aprily 2019.

Ary nisy tempoly roa naverina notokanana vao haingana: Tempolin'i Houston Texas izay naverina notokanana ny 22 aprily 2018, ary ny Tempolin'i Jordan River Utah izay naverina notokanana ny 20 mey 2018. ■

*Misy fampahalalana bebe kokoa momba izany ao amin'ny* ***temples.lds.org****.*

# Misy fanovana natao mba hampitovian-danja ny fianarana ny filazantsara any an-tokatrano sy any am-piangonana

Ao anatin'ireo ezaka mitohy mba hanampiana ny Olomasin'ny Andro Farany "hianatra foto-pampianarana, hampatanjaka finoana ary hampitombo ny fitsaohana bebe kokoa ataon'ny tena manokana," Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanambara fanovana mba hampitoviana lanja sy hampifandraisana ireo fomba miavaka sy manan-danja entin'ny mpikambana mitsaoka sy mianatra ary miaina ny filazantsaran'ny Mpamonjy any am-piangonana sy any an-tokantrano.

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nanambara ireo fanovana eo amin'ny fandaharam-potoan'ny fivoriana alahady, manomboka ny janoary 2019, izay mifandray amin'ny famoahana fandaharam-pampianarana vaovao iray manome sehatra ny fiainana sy ny fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana. Ireo fanovana ireo sy ireo hafa dia miorina eo amin'ny asa maro teo aloha izay notanterahan'ny Fiangonana nifanesy tato anatin'ny taona vitsivitsy, izay natao mba hanampiana ireo mpikambana hampifantoka tanteraka ny fiainan'izy ireo amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ary hampiorim-paka ny finoan'izy ireo Azy Ireo. Anisan'ireny asa natao ireny ny fifantohana amin'ny fandalinana amin'ny fomba manan-danja kokoa ny filazantsara any an-tokantrano, ny fanajana ny Tompo amin'ny alalan'ny fitandremana ny andro Sabata ho masina, ary ny fifampikarakarana tahaka izay ho nataon'ny Mpamonjy sy araka izay hitarihan'ny Fanahy.

Nanazava ny Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, rehefa namintina ireo fanovana nandritra ny fivoriana sabotsy marainan'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fa ireo fanovana ireo, izay nentina mba hanomanana ny vahoakan'ny Tompo ho amin'ny fiaviany indray, dia natao mba hampiorenam-paka ny fioavam-pon'ny isam-batan'olona.

"Fantatsika ny fiantraikany ara-panahy sy ny fiovam-po lalina sy maharitra izay afaka miseho ao an-tokantrano. . . ," hoy izy. "Ny tanjonay dia ny hampitovy lanja ny zavatra iainana any am-piangonana sy any an-tokantrano amin'ny fomba izay hampivelatra be tokoa ny finoana sy ny fiainam-panahy ary hampahalalina ny fiovam-po ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo."

#### Fanovana ao an-tokantrano

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia manao fanasana ny mba hifantohana bebe kokoa amin'ny fandraisana anjara lehibe kokoa ataon'ny tena manokana sy ny fianakaviana amin'ny fanomezana lanja ny fivavahana ao an-tokantrano, tafiditra ao anatin'izany ny fandalinana ny filazantsara ao an-tokantrano mandritra ny alahady sy mandritra ny herinandro ary ireo fanovana mikasika ny takarivan'ny mpianakavy.

Ny tokantrano izay sady toerana hampianarana no fanaovana



fampiharana, dia ivon-toerana manandanjan'ny fianarana sy fiainana ny filazantsara. Ny fandalinana ny filazantsara ataon'ny tena manokana sy ny fianakaviana ao an-tokantrano mandritra ny alahady sy mandritra ny herinandro dia manolotra fahafahana mba hahazoana tanjaka ara-panahy isan'andro ary mamela ny hisian'ny fahafahana bebe kokoa manao fandalinana sy mahazo fanambarana natao ho an'ny tena manokana. Ny fianteherana irery ihany amin'ny fotoana voafetra any am-piangonana mba hianarana ny filazantsara dia miteraka tsy fifandanjana izay tsy hahatratra ilay fiovam-po lalina sy maharitra ilaina.

"Tompon'andraikitra amin'ny fivoarana ara-panahin'ny tenantsika manokana isika," hoy ny Filoha Nelson. "Ary ny soratra masina dia milaza mazava fa ny ray aman-dreny no manana ny andraikitra voalohany hampianatra sy hikarakara ny zanany."

Ireo fanovana dia ahitana ny fampahafantarana ny loharanom-pitaovana vaovao ho an'ny fandalinana ny filazantsara izay hampiasain'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana any an-tokantrano. Ny olona tsirairay sy ny fianakaviana dia afaka mampiasa ilay *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* vaovao, raha toa ka maniry izany izy ireo, mba hitarihana ny fandalinan'izy ireo ny filazantsara any ivelan'ny fiangonana. Ilay loharanom-pitaovana vaovao dia miaramiasa amin'ireo loharanom-pitaovana namany ho an'ireo mpampianatra ny Sekoly Alahady sy ny Kilonga mba hampifandanjana ireo lesona mandritra ny alahady amin'ny fandalinana ny soratra masina any an-tokantrano sy ireo sosokevitra ho an'ny takarivan'ny mpianakavy.

Ankoatra ny famporisihana ny fandalinana ny filazantsara, ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia nanavao ny fanasan'izy ireo ny rehetra mba handray anjara isaky ny andro Sabata, sy mandritra ny herinandro, amin'ny filankevitry ny mpianakavy, amin'ny

takariva iarahana ao an-tokantrano, amin'ny asa atao mikasika ny tantarampianakaviana sy ny asa atao any amin'ny tempoly, amin'ny fanompoana, amin'ny fitsaohan'ny tena manokana, ary amin'ny fotoana mampifalifaly iarahan'ny mpianakavy.

Ireo fitaovana alefa any amin'ny mpikambana sy ireo mpitarika dia manazava fa ireo mpitarika ny Fiangonana dia mandrisika ny mpikambana mba hanao takarivan'ny mpianakavy sy fandalinana ny filazantsara mandritra ny Sabata, na amin'ny fotoana hafa izay safidian'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana. Azo tanterahina isaky ny alatsinainy ny takariva fiarahan'ny fianakaviana mientana na amin'ny fotoana hafa. Noho izany antony izany dia tokony hotohizan'ireo mpitarika ny tsy fanaovana fivoriam-piangonana sy fiaraha-mientana an'ny Fiangonana isaky ny alatsinainy hariva. Na izany aza, ny fotoana hanaovana fandalinana ny filazantsara any an-tokantrano sy ireo fiaraha-mientana ho an'ny fianakaviana sy ny isam-batan'olona dia azo alamina arakaraka ny toe-javatra iainan'izy ireo.

Ny fitsaohana an'Andriamanitra any am-piangonana, sy ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansy masina ao, ary ny fiarahana miangona mba hifampianatra sy hifampatanjaka ary hifanompo dia singa manan-danja amin'ny fanaovana izay hahalalim-paka ny finoana sy ny fiovam-po an'ny tena manokana. Ny fampihenana ny habetsaky ny fotoana laniana any am-piangonana dia mety ho tsy mahomby raha tsy manam-piniavana ny hampatanjaka ny tokantranony ny tsirairay sy ny fianakaviana.

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika dia efa zatra isika mieritreritra ny -fiangonana- ho toy ny zavatra izay miseho ao anatin'ireo trano fivoriantsika ary hamafisin'ireo zavatra miseho any an-tokantrano. Ilaina ny hanaovantsika fanovana an'izany lamina izany. Fotoana izao mba hahatonga ny *Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano,* izay hamafisin'ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangonan'ny sampana sy ny paroasy ary tsatòka misy antsika."

**Fanovana any am-piangonana**

Ireo fanovana ny zavatra iainana any am-piangonana dia natao mba hanohanana ny fitomboan'ny fianarana sy fiainana ny filazantsara any an-tokantrano. Ireo fanovana ireo dia ahitana ny fanovana ny fandaharam-potoana isaky ny alahady ho toy izao:

- Fivoriana fanasan'ny Tompo maharitra 60 minitra,
- Fiomanana maharitra 10 minitra mba hirosoana any amin'ireo fotoam-pianarana,
- Ary fotoam-pianarana maharitra 50 minitra araka ny voafintina ao amin'ny santionan'ny fandaharampotoana etsy ambany:

| FANDAHARAM-POTOANA ISAKY NY ALAHADY MANOMBOKA NY JANOARY 2019 | |
|---|---|
| 60 minitra | Fivoriana fanasan'ny Tompo |
| 10 minitra | Fiomanana mba hirosoana any amin'ireo fotoam-pianarana |
| 50 minitra | Fotoam-pianarana ho an'ny olon-dehibe; fotoam-pianarana ho an'ny zatovo; Kilonga |

Ilay fotoam-pianarana mandritra ny 50 minitra dia hahitana ny Kilonga isan-kerinandro ho an'ny ankizy ary hiovaova isan-kerinandro toy izao manaraka izao izany ho an'ny zatovo sy ny olon-dehibe:

- Alahady voalohany sy fahatelo: Sekoly Alahady.
- Alahady faharoa sy fahefatra: fivorian'ny kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana ary ny Zatovovavy.
- Alahady fahadimy: fivorian'ny zatovo sy ny olon-dehibe eo ambany fitarihan'ny eveka.

Raha betsaka ny ankizy ao amin'ny Kilonga ka ampy hozaraina ho Kilonga kely sy Kilonga lehibe, dia azon'ny mpitarika atao mifamadika izao fandaharam-potoana manaraka izao ho an'ny antsasak'ireo ankizy ary amboarina araka izay ilaina ny fotoana.

| FANDAHARAM-POTOANA HO AN'NY KILONGA MANOMBOKA NY JANOARY 2019 | |
|---|---|
| 25 minitra | Vavaka, soratra masina na fanekempinoana, lahateny (5 minitra).<br>Fotoana fihirana: Hira manamafy ilay soratra masina nohalalinina tao andakilasy (20 minitra) |
| 5 minitra | Fiomanana mba hirosoana any amin'ireo fotoam-pianarana |
| 20 minitra | Fotoam-pianarana: Lesona nalaina avy tao amin'ny *Avia, hanaraka ahy—Ho an'ny Kilonga* |

**Ireo fanovana ny fandaharam-pampianarana**

Ity fanovana ny fandaharampotoan'ireo fivoriana ity dia miara-miasa amin'ny ilay fandaharam-pampianarana vaovao indrindra amin'ny fandaharampampianarana *Avia, hanaraka Ahy* an'ny Fiangonana. Manomboka ny volana janoary, ity fandaharam-pampianarana manome sehatra ny fiainana sy ny fianarana ireo zavatra ara-panahy any antokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana ity dia hampifandray izay hianaran'ny olon-dehibe sy ny zatovo ary ny ankizy ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Alahady sy ny Kilonga, hanamora kokoa ny fiarahan'ny fianakaviana mandalina any an-tokantrano mandritra ny herinandro.

Ireo torolalana, rindran-damin'ny lesona, ary loharanom-pitaovana dia hita ao amin'ny:

- *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana* (hita ao amin'ny *Ensign* sy *Liahona* nôvambra 2018)
- *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Kôlejin'ny Fisoronana Aharôna*
- *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Zatovovavy*
- *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Sekoly Alahady*
- *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Kilonga*

Tsidiho ny **comefollowme.lds.org** raha mila fanampim-panazavana.

Ahitana izao manaraka izao ireo fanovana fototra hafa:

- Ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra dia hatao isan-telo volana fa tsy isam-bolana.
- Ireo fandaharam-potoan'ny leson'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia tsy hahitana ny fivorian'ny filankevitra atao isaky ny alahady voalohan'ny volana intsony na koa ny lohahevitra manokana ifantohana mandritra ny alahady fahefatra. Hifantoka amin'ireo hafatra tamin'ny fihaonambe maneran-tany farany ireo lesona.
- Hanolo ny fotoana ifanakalozana ny fotoana fihirana. Tsy ho ampiasaina intsony ny *Rindran-damina ho an'ny fotoana ifanakalozana.*
- Tsy hisy intsony ny kilasy fianarana ny Fitsipiky ny Filazantsara. Ireo mpikambana rehetra sy ireo namana liana dia hasaina hanatrika ny kilasin'ny Sekoly Alahady ho an'ny olon-dehibe na zatovo araka izay tokony hisy azy ireo.
- Ireo taranja izay ara-tsafidy ny fianarana azy, toy ny fanamafisana orina ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny fiomanana ho any amin'ny tempoly, ny fiomanana ho amin'ny asa fitoriana, ary ny tantaram-pianakaviana dia tsy hatao mandritra fotoam-pianarana isaky ny alahady. Ireo taranja ireo dia azo ampianarina amin'ny fotoana hafa ho an'ny isam-batan'olona, na fianakaviana, na vondrona araka izay ilaina eo an-toerana sy araka ny safidin'ny eveka.

#### Ny tanjon'ireo fanovana ireo

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia mikatsaka ny hamorona fifandanjana vaovao sy fifandraisana bebe kokoa eo amin'ireo tanjaka miavaka avy ao an-tokantrano sy ireo zavatra iainana any am-piangonana miaraka amin'ny tanjona manokana ao an-tsaina.

"Mifono zavatra bebe kokoa ity fanovana ity noho ny hoe fanafohezana ny fandaharam-potoana any amin'ny trano fiangonana isaky ny alahady fotsiny . . . ," hoy ny Loholona Cook. "Ireo tanjona sy fitahiana mifandray amin'ity fanovana ity sy ireo fanovana hafa vao haingana dia ahitana izao manaraka izao:

- "Fitondrana fiovam-po lalina ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo ary fampatanjahana ny finoana Azy ireo.
- "Fanamafisana orina ny isam-batan'olona sy ireo fianakaviana amin'ny alalan'ny fandaharam-pampianarana manome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano ary hamafisin'ny Fiangonana, izay mandrisika ny fiainana ny filazantsara amim-pifaliana.
- "Fanajana ny andro Sabata miaraka amin'ny fifantohana amin'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo.
- "Fanampiana ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra eo amin'ny lafiny roa amin'ny voaly amin'ny alalan'ny asa fitoriana ny filazantsara sy fandraisana ireo ôrdônansy sy ireo fanekempihavanana ary ireo fitahiana any amin'ny tempoly."

Raha te hijery ny filazana momba ireo fanovana ireo dia jereo ny Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," ao amin'ny pejy 6 amin'ity gazetiboky ity; sy ny Quentin L. Cook, "Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo," ao amin'ny pejy 8. Raha te hahazo fampahalalana bebe kokoa mikasika ireo fanovana ireo dia tsidiho ny **sabbath.lds.org** mba hahitana taratasy iray avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany, ireo valinteny ho an'ireo fanontaniana apetraka matetika, ary ireo loharanom-pitaovana fanampiny izay afaka manampy ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana mba hanaja ny Sabata. ■






# Mandraisa anjara amin'ny fandikana Fihirana Vaovao, bokin-kira

Ny Fiangonana dia manomana edisiôna vaovaon'ny *Fihirana* sy ny *Bokin-kiran'ny ankizy* ary mikatsaka soso-kevitra sy fandefasana hira avy amin'ny mpikamban'ny Fiangonana avy amin'ny toerana rehetra.

Ao amin'ny **hiravaovao.lds.org** no ahafahanao:

*Manolotra soso-kevitra*—ireo fihirana sy hiran'ny ankizy misy ankehitriny izay tianao indrindra, ireo fihirana sy hiran'ny ankizy an'ny Olomasin'ny Andro Farany na tsy an'ny Olomasin'ny Andro Farany ho ampidirina ao, ireo fihirana sy hira ankehitriny tsy ho ampidirina ao, ireo fahasarotana amin'ny bokin-kira misy ankehitriny, ary ireo tatitra hafa.

*Mandefa hira na tonon-kira avy amin'ny mpanoratra mihitsy*—fihirana, tonon-kiran'ny fihiriana, hiran'ny ankizy, na tonon-kiran'ny hiran'ny ankizy. Tokony ho mety tsara amin'ireo fivoriana mandritra ny fotoampivavahana ireo hira. Ireo firafitry ny fiteny rehetra sy ny fomba fiangaliana ara-kolontsaina rehetra dia hodinihina. Ireo izay latsaky ny 18 taona dia afaka mandefa raha toa ka manome fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreny na ny mpiantoka izy ireo. Tsy maintsy voaray mialoha ny 1 jolay 2019 ireo hira nalefa. ■



## Loholona Brook P. Hales

*Fitopololahy Manampahefana Ambony*


Dia Nanatrika fivoriana fifandian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona iray ny Loholona Brook P. Hales fony izy valo na sivy taona, ka ny rainy no eveka mpiahy tao. Nanasa ny mpiangona ny rainy mba hizara fijoroana ho vavolombelona, ary saika nijoro ho vavolombelona izay rehetra nanatrika tao. "Izany angamba ny fotoana voalohany nahatsapako ny Fanahy nijoro ho vavolombelona tamiko ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara," hoy ny Loholona Hales nitantara.

Nahatsapa imbetsaka izany tenivavolombelona izany izy hatramin'izay, indrindra fa amin'ny maha-mpitantsoratra azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany hatramin'ny 2008. Rehefa notohanana ho mpaminany sy Filohan'ny Fiangonana ny Filoha Thomas S. Monson, ary rehefa notohanana koa ny Filoha Russell M. Nelson, dia hitany maso ny "fifindran'ny kapaotin'ny mpaminany teo amin'ireo lehilahy ireo, ary fantatro tsy misy ahiahy fa izy ireo dia nofinidy sy nantsoina mba ho Filohan'ny Fiangonana amin'ny fotoana natokana ho azy ireo."

Ny Loholona Hales dia nantsoina ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 17 mey 2018, ary notohanana tamin'ny 6 ôktôbra 2018. Hanohy ny asany amin'ny maha-mpitantsoratra azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany izy.

Teraka tao Ogden, Utah, Etazonia tamin'ny 7 aprily 1956, zanak'i Klea sy Glenn Phillip Hales, ny Loholona Hales dia nahazo mari-pahaizana momba ny banky sy ny fitantanambola avy tamin'ny Weber State College (Weber State University ankehitriny) tamin'ny 1980. Rehefa vita ny fianarany dia niasa teo amin'ny sehatry ny banky misahana ny varotra izy ary koa tao amin'ny Sampana misahana ny fitantanam-bola sy ny firaketana an'ny Fiangonana. Nanambady an'i Denise Imlay Hales izy tamin'ny 1981 ary manan-janaka efatra izy ireo. Ny Loholona Hales dia efa misiônera tamin'ny fotoana feno tao amin'ny Misiônan'i France Paris, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo, eveka, filohan'ny tsatòka, mpitendry ôrgan'ny fisoronana, mpampianatra tao amin'ny Sekoly Alahady, ary mpamehy any amin'ny tempoly.

Tsy nizara ny fijoroana ho vavolombelona nananany ny Loholona Hales tamin'io andro io, izay fony izy zazalahy. Kanefa dia nihanatanjaka hatrany izany hatramin'izay fotoana izay. "Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, marina ny Bokin'i Môrmôna, tia tanteraka sy maika ny hitahy antsika Andriamanitra, i Jesoa no Mpamonjy antsika, ary sambatra isika manana ny Fanahy Masina hiaraka amintsika mandrakariva rehefa mendrika izany isika," hoy izy. ■



# AVIA, HANARAKA AHY

Ho an'ny Kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana

*Ôktôbra 2018*

*Jereo ao amin'ny application Bibliothèque de l'évangile sy ao amin'ny comefollowme. lds.org ireto fitaovana fakan-kevitra ireto.*

## **Nahoana isika no manatanteraka** fivorian'ny Kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana?

*Amin'izao andro farany izao dia naverin' Andriamanitra tamin'ny laoniny ny fisoronana ary naoriny ireo kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny asa famonjeny. Noho izany, isaky ny alahady rehefa miangona ao amin'ireo fivorian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana isika dia mifanakalo hevitra sy manao drafitra ny amin'ny zavatra hataontsika mba hanampiana amin'ny fanatanterahana ny asan' Andriamanitra. Mba hampahomby izany dia mila atao zavatra mihoatra ny fotoampianarana tsotra fotsiny ireo fivoriana ireo. Izy ireo dia fotoana ahafahana mifampizara hevitra momba ny asa famonjena sy hiarahana mianatra momba izany asa izany avy amin'ny fampianaran'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana ary hamolavolana drafitra sy hifandaminana mba hanatanterahana izany.*



## **Fandaharam-potoana** ho an'ny ôktôbra–desambra 2018

Ireo fivorian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny alahady ho an'ny taona 2018 dia manaraka izao fandaharam-potoana isam-bolana izao:

**Alahady voalohany:** Mifampizara hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana manao zavatra ary ireo olana misy eto an-toerana dia manao drafitra hanaovana asa.

**Alahady faharoa sy fahatelo:** Mianatra ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany izay fidin'ny fiadidiana na, indraindray, ny eveka na ny filohan'ny tsatòka.

**Alahady fahefatra:** Miresaka lohahevitra iray manokana izay nofidin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Manomboka amin'ny ôktôbra ka hatramin'ny desambra 2018 dia ny fandalinan'ny tena manokana sy ny fianakaviana ny soratra masina no lohahevitra.

**Alahady fahadimy:** Eo ambany fitarihan'ny episkôpà.



# Fandaharam-potoana vaovao ho an'ny 2019

Manomboka amin'ny janoary 2019 dia isaky ny alahady faharoa sy fahefatra isam-bolana ihany no hanaovana ireo fivorian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. Ireo fivoriana ireo dia hifantoka amin'ireo hafatra avy tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra. Ny sosokevitra enti-mampianatra ho an'ireo fivoriana ireo dia hita ao amin'ny laharan'ny *Ensign* sy *Liahona* mey sy nôvambra misy ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ary koa ao amin'ny application Bibliothèque de l'Evangile.

Ny fiovana hafa manomboka amin'ny 2019 dia ahitana ireto manaraka ireto:

- Ny fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany dia hitsahatra. Na izany aza, raha ilaina, dia afaka mampiasa ny ampahany amin'ny fivoriana isaky ny alahady faharoa na fahefatra ireo kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hifampila hevitra momba ana lohahevitra iray manan-danja.
- Tsy hisy ny fotoana fanokafana izay hiarahan'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka na ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy mivory
- Tsy hatomboka amin'ny hira na vavaka fanokafana ireo fivorian'ny kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana fa hifarana kosa amin'ny vavaka.

> *"Matoky anareo izahay eo amin'ny fiarahana mifanakalo hevitra sy mikatsaka fanambarana mba hametrahana ireo fanovana ireo, … I[Ireo fandaharam-potoana alahady vaovao ireo] dia hiteraka fitahiana lalina ho an'ireo izay mandray amim-pientanentanana ireo fanovana ireo ary mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Hanakaiky bebe kokoa ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjy antsika isika."*
>
> Loholona Quentin L. Cook
> Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



# Mianatra avy amin'ireo hafatra tamin'ny Fihaonamben' ny Fiangonana maneran-tany (2018 sy 2019)



Ny fampianaran'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara velona dia afaka manome fitarihana nentanim-panahy ho an'ny asan'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. Mandritra ireo herinandro handalinana ireo hafatra tamin'ny fihaonambe dia misafidy hafatra iray tamin'ny fihaonambe ny fiadidian'ny kôlejin'ny Loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana mba ho ampiasaina, arakaraka ny filan'ny mpikambana. Mety hisy fotoana ihany koa ny eveka na ny filohan'ny Tsatòka handroso soso-kevitra ny amin'ny hafatra iray. Ny hafatra avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no tena tokony hamafisin'ireo mpitarika. Na izany aza dia afaka misafidy hafatra avy amin'ny fihaonambe farany indrindra ireo mpikambana ao amin'ny fiadidiana, arakaraka ny filan'ireo Olomasina eo an-toerana sy ny fitarihana avy amin'ny Fanahy.

Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia tokony hitady fomba hamporisihana ny mpikambana hamaky mialoha ny hafatra voafidy. Tokony hamporisika ny mpikambana izy ireo mba ho vonona hizara ireo fahamarinan'ny filazantsara nianaran'izy ireo sy ny eritreriny momba ny fomba hanaovana zavatra araka ireo fahamarinana ireo rehefa mandeha mamonjy ny fivoriana. Ireo asa hoentimianatra naroso etsy ambany, izay mifototra amin'ireo fitsipika ampianarina ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy* dia afaka manampy ny mpikambana hianatra avy amin'ireo hafatra tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

**Quentin L. Cook,** *"Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo"*
Mety hahaliana ny mpikambana ny hifampizara ny fihetsik'izy ireo voalohany raha vao naheno ireo fiovana voafaritra ao amin'ny hafatry ny Loholona Cook. Raha misy namana iray avy amin'ny finoana hafa manontany azy ireo ny antony hanaovan'ny Fiangonana ireo fanovana ireo dia inona no holazain'izy ireo? Amporisiho izy ireo mba hitady ny mety ho valin'izany ao amin'ny hafatry ny Loholona Cook. Inona no azon'ny isam-batan'olona sy fianakaviana, sy ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana, atao mba hahazoana antoka fa manantanteraka ny zavatra andrasan'ny Tompo ireo fanovana ireo? Ao anatin'io fifanakalozan-kevitra io dia afaka mizara ireo hevi-baovao avy ao amin'ny lahateny fanokafana nataon'ny Filoha Nelson ihany koa ianao izay mitaona ny mpikambana mba "[h]andray amim-pientanentanana" ireo fanovana ireo.

**Ronald A. Rasband,** *"Aza matahotra"*
Ny hafatry ny Loholona Rasband dia manasongadina soratra masina maromaro izay afaka manampy antsika handroaka izay tahotra mety hananantsika amin'ireo fotoantsarotra iainantsika. Asao ny mpikambana hikaroka ao amin'ireo soratra masina ireo torohevitra izay azon'izy ireo zaraina amin'ny olona iray izay matahotra ny hoavy. Inona koa no azon'izy ireo zaraina avy amin'ny hafatry ny Loholona Rasband? Ahoana no "[hameran'ny tahotra] ny fomba fijerin'ny zanak' Andriamanitra"? Asao ireo mpikambana mba hizara ny fomba nianaran'izy ireo nandresy ny tahony ka hiaina am-pinoana.

**David A. Bednar,** *"Hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy"*
Mitondrà tady sy lisitra lavabe iray mba haseho. Asao ireo mpikambana mba hifanakalo hevitra momba ny fahasamihafana eo amin'ny fijerena ireo fahamarinan'ny filazantsara sy ny fandaharam-potoan'ny Fiangonana ho toy ny tady sy ny fijerena azy ireo ho toy ny lisitra lavabe mikasika ireo lohahevitra tsirairay mba hohalalinina sy ireo asa hotontosaina. Amporisiho ireo mpikambana mba hitady hevi-baovao ao amin'ireo ohatra avy amin'ny hafatry ny Loholona Bednar. Inona no dikan'ny hoe "manangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy"? (jereo ny Efesiana 1:10). Inona no azontsika atao mba handraisana ilay fampanantenana ao amin'ny famaranana ny hafatry ny Loholona Bednar?

**Dallin H. Oaks,** *"Ny fahamarinana sy ilay drafitra"*
Ahoana no hanampian'ny fahatakarana ny "fahamarinan'ny filazantsara tafaverina amin'ny laoniny" antsika rehefa miatrika fanoherana ny finoantsika sy ny fomba amam-panaontsika isika? Mba hamaliana io fanontaniana io dia afaka mijery ohatra

amin'ny fahamarinana fototra ao amin'ny fizarana faha-II ao amin'ny hafatry ny Filoha Oaks ireo mpikambana. Afaka mijery ohatra ny amin'ny fomba hampiharana ireo fahamarinana ireo ihany koa izy ireo (jereo ny fizarana faha-III). Mety hanampy ny mpikambana ny hilalao an-tsehatra ny fomba hampiasan'izy ireo ny sasany amin'ireo fahamarinana fototra ireo mba hamaliana ireo tsikera momba ny fampianarana na ny fomba amam-panaon'ny Fiangonana iray.

**D. Todd Christofferson,** *"Mafy orina sy mifototra ao amin'ny finoana an'i Kristy"*
Afaka manomboka fifanakalozan-kevitra iray momba io hafatra io ianao amin'ny fanoritana tsipika eny amin'ny solaitrabe miaraka amin'ny hoe *Entanin'ny fomba fiainana eo amin'ny fiarahamonina* eo amin'ny faran'ilay tsipika ary ny hoe *Fanolorantena araka ny nataon'i Kristy* eo amin'ilay ilany iray. Asao ireo mpikambana mba hamaky ilay andiam-pehezan-teny izay manomboka amin'ny hoe "Ny ankamaroantsika amin'izao fotoana izao dia eo anelanelan'ny . . ." ary hisaintsaina hoe aiza ho aiza no tsapan'izy ireo fa misy azy ao anatin'izany. Inona no ianarantsika avy amin'ireo ohatra ao amin'ny hafatry ny Loholona Christofferson izay manentana antsika ho mafy orina sy mifototra tsara ao anatin'ny fahoriana? (jereo koa ny Almà 36:27–28). Amporisiho ireo mpikambana mba hizara ohatry ny olona iray fantany izay naneho fanolorantena araka ny nataon'i Kristy amin'ny filazantsara, na dia tamin'ny fotoana niatrehana fahoriana aza.

**Ulisses Soares,** *"Iray ao amin'i Kristy"*
Araka ny nolazain'ny Loholona Soares dia ahoana ho hanehoan'ny renirano Amazone ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny? Inona no ampianarin'io fampitahana io antsika momba ny herim-pitaomana mety hananan'ireo mpikambana vaovao eo amin'ny Fiangonana? Ahoana no ahafahantsika manaraka ny torohevitra nomen'ny Loholona Soares amin'ny maha-kôlejy na Fikambanana Ifanampiana antsika mba hankaherezana sy hanohanana ary hitiavana ireo olona vao niova fo? (jereo ny Môrônia 6:4–5). Mety hizara olana izay natrehany ireo mpikambana tamin'izy ireo mpikambana vaovao an'ny Fiangonana sy ny fomba nanampian'ny mpikambana azy ireo. Afaka mifanakalo hevitra momba ny fomba nanatanjahan'ireo mpikambana vaovao ny paroasy na ny sampana misy anao ihany koa ianao.

**Gerrit W. Gong,** *"Afon-dasin'ny finoantsika"*
Manehoa sarina afon-dasy ary manasà olona iray hizara zavatra iray izay niainany ka nahafeno fankasitrahana azy noho ny fanaovany afon-dasy. Angataho ireo mpikambana mba hifanakalo hevitra momba ny zavatra tian'ny Loholona Gong holazaina amin'ny hoe "afon-dasin'ny finoana." Dia azonao zaraina ho vondrona maromaro avy eo ireo mpikambana ka asao ny vondrona tsirairay mba hijery sy hizara ny iray amin'ireo fomba dimy izay natolotry ny Loholona Gong hankaherezan'ny "afon-dasin'ny finoana" antsika. Omeo fotoana ireo mpikambana mba hisaintsaina ny fomba mety nampatanjahany ny finoany na ny finoan'ny olona iray izay fantany.

**Dieter F. Uchtdorf,** *"Minoa, mitiava ary manaova asa"*
Azonao atomboka amin'ny fanoratana ireto eny amin'ny solaitrabe ny fifanakalozankevitra momba ity hafatra ity: *Fahaverezan'ny fanantenana* sy *Fifaliana*. Asao ireo mpikambana mba hikaroka ao amin'ilay hafatra ireo toetra sy finoana izay mitarika antsika mankany amin'ny fahaverezan'ny fanantenana sy ny fifaliana ka hitanisa izany eny amin'ny solaitrabe. Asao ireo mpikambana mba hizara ireo fomba efa nahatsapany ny fifaliana avy amin'ny finoana sy fitiavana ary fanaovana asa, araka ny ampianarin'ny Loholona Uchtdorf. Amporisiho ireo mpianatra mba hijery teny nambara mankahery ao amin'ilay hafatra mba hasehony ao an-tokantranony na zarainy amin'ny namana iray.

**Joy D. Jones,** *"Ho Azy"*
Zarao ilay tantara ao am-piandohan'ny hafatra nozarain-dRahavavy Jones ary asao ireo mpianatra mba hieritreritra fotoana izay mety nahatonga ny ezaka nataony tamin'ny fanompoana ho toy ny "tsy nisy nahatsikaritra na . . . tsy nankasitrahana na tsy nilaina mihitsy." Rehefa avy mifanakalo hevitra momba ilay tantara dia soraty eny amin'ny solaitrabe ny hoe *Nahoana isika no tokony hanompo?* Asao ireo mpikambana mba hamaly io fanontaniana io amin'ny fijerena ny hafatra nomen-dRahavavy Jones ka hijery hevi-baovao (jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:5). Ahoana no hanovan'ny torohevitra nomen-dRahavavy Jones ny fomba fifampikarakarantsika sy ny fifanompoantsika?

**Michelle D. Craig,** *"Tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra"*
Rahavavy Craig dia niresaka momba ny "elanelana eo amin'ny hoe aiza no misy antsika ary iza isika, amin'ny hoe aiza ary iza no tiantsika hahatongavana." Inona no tian' Andriamanitra ho tsapantsika momba io elanelana io? Inona no tian'i Satana ho tsapantsika momba io elanelana io? Afa manadihady ny iray amin'ireo fizarana telo ao amin'ny hafatra nozarain-dRahavavy Craig ny mpikambana tsirairay mba hitadiavana ny valin'ireo fanontaniana ireo. Inona no azontsika atao mba hahazoana antoka fa tsy ho lasa "fahakiviana izay tsy mampandroso" ny "tsy fahafaham-po araka an' Andriamanitra" izay ananantsika?

**Cristina B. Franco,** *"Ny fifaliana entin'ny fanompoana tsy misy tambiny"*
Mba hampianarana "fa ny fitiavana dia hamasinina amin'ny alalan'ny fahafoizantena," dia



nizara tantara anankiroa Rahavavy Franco, ny iray momba an'i Victoria ary ny iray momba ny mpitondratena iray. Azonao atao ny manasa mpikambana roa mba ho vonona hizara ny zavatra ianarany momba ny fitiavana sy ny fahafoizantena avy amin'ireo tantara ireo rehefa manatrika ny fianarana. Inona koa ny zavatra niainana hafa izay azontsika zaraina ka mampianatra io fitsipika io? Ny fanehoana horonan-tsary izay maneho ny Mpamonjy manompo ny hafa dia mety hitarika fifanakalozan-kevitra momba ny fomba ahafahantsika manaraka ny ohatry ny fitiavana nasehony.

**Henry B. Eyring,** *"Ny vehivavy sy ny fianarana ny filazantsara ao an-tokantrano"*
Ireo andinin-tsoratra masina sy ireo teny nalaina avy tao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao" izay ampiasain'ny Filoha Eyring ao amin'io hafatra io dia manome hevi-baovao momba ny maha-zava-dehibe ny fitaomana ananan'ny vehivavy ao an-tokantrano. Ny mpikambana dia afaka miara-miasa mba hitady ireo andinin-tsoratra masina sy teny nindramina ireo ary hifanakalo hevitra momba ny zavatra izay ianarany. Inona no fanasana izay nomen'ny Filoha Eyring? Inona no fampanantenana nomeny? Eritrereto ny fomba hanatsaran'ny famakiana hira iray momba ny tokantrano toy ny hoe "Notre foyer ici-bas" (*Cantique,* no. 188) ny fifanakalozan-kevitra.

**Dallin H. Oaks,** *"Ray aman-dreny sy zanaka"*
Eo am-piomananao hampianatra dia eritrereto hoe fizarana inona amin'ny hafatry ny Filoha Oaks no tena manan-danja amin'ireo olona ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao. Ireto misy fanontaniana azonao apetraka mba hitarihana fifanakalozan-kevitra momba io hafatra io: Ahoana no hanoheran'ireo fironana maoderina voalaza ao amin'ny hafatry ny Filoha Oaks's ao amin'ny fizarana voalohany ny drafitry ny Ray any An-danitra? Inona no ohatry ny vehivavy mahatoky azontsika zaraina izay maneho ireo zavatra voalaza momba ny vehivavy ao amin'ny fizarana faha-II? Ahoana ahafahantsika mamporisika ireo zatovovavy fantatsika mba hanaraka ny torohevitra manokana nomen'ny Filoha Oaks azy ireo ao amin'ny fizarana faha-III?

**Russell M. Nelson,** *"Ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely"*
Raha mampianatra ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana ianao dia zarao ho vondrona efatra ireo rahavavy ary asaivo mamaky ny iray amin'ireo fanasana efatra ao amin'ny hafatry ny Filoha Nelson ny vondrona tsirairay. Ireo vondrona ireo dia afaka mifanakalo hevitra momba ny zavatra nanaitra azy ireo momba ilay fanasana sy ny zavatra niainan'izy ireo raha nanao ilay zavatra nasaina natao, ary ny hevitra momba ny fomba hanaovana ilay zavatra nasaina natao amin'ny hoavy. Dia azon'ny vondrona tsirairay zaraina amin'ny rehetra avy eo ny zavatra noresahiny. Raha mampianatra mpihazona ny fisoronana ianao dia azonao atao ny mangataka azy ireo mba hitady fehezan-teny ao amin'ny hafatry ny Filoha Nelsona izay milaza ny fahatsapana ananan'ny Ray any An-danitra amin'ireo zanany vavy. Inona no azontsika atao mba hanampiana sy hamporisihana ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely?

**M. Russell Ballard,** *"Ny fahitana momba ny fanavotana ny maty"*
Azonao asaina ireo mpikambana mba hanaiky ny fanasan'ny Filoha Ballard ary hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138 mialoha ny hifanakalozanareo hevitra. Amporisiho ireo mpikambana hizara ny zavatra niainany sy ireo hevi-dehibe avy amin'io fizarana io mandritra ny fivoriana. Ny fanontaniana tahaka ireto dia afaka hanampy ny mpikambana hahatakatra ny maha-zava-dehibe an'io fanambarana io: Ahoana no hitondran'io fanambarana io fankaherezana ho antsika? ary inona no fahamarinana hita ao amin'io fanambarana io izay mety hiantraika amin'ny 'fomba hitondrantsika ny fiainantsika isan'andro'?

**Bonnie H. Cordon,** *"Lasa mpiandry ondry"*
Mba hanampiana ny mpikambana hieritreritra fomba mety hivoaran'izy ireo amin'ny ezaka ataon'izy ireo hanompo dia azonao zaraina ho vondrona telo izy ireo ary angataho ny vondrona tsirairay hamaky ny iray amin'ireo fizarana telo misy lohateny ao amin'ny hafatra nozarain-dRahavavy Cordon. Asao izy ireo hizara ireo fitsipika momba ny fanompoana izay nianaran'izy ireo. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fiezahantsika hanaraka ireo fitsipika ireo "ho tonga mpiandry ondry izay ilain'ny Tompo hahatongavantsika"? Asao ireo mpikambana mba hizara zavatra niainana izay nanampian'ny fanompoana nataon'ny olona iray hafa azy ireo hahatsapa ho fantatra sy tian'ny Mpamonjy.

**Jeffrey R. Holland,** *"Ny fanompoana fampihavanana"*
Azonao anombohana ny fifanakalozan-kevitra momba hafatry ny Loholona Holland ny fanasana ireo mpikambana mba hieritreritra fifandraisana iray ao amin'ny fiainan'izy ireo izay mila fanasitranana na fampihavanana. Afaka mikaroka ao amin'ny hafatry ny Loholona Holland izy ireo ka hitady ny fomba nahafahan'i Brad sy Pam Bowen nanampy ny rainy ho sitrana. Inona no fitahiana tonga avy tamin'io ezaka io? Inona ireo hevi-baovao azon'ireo mpikambana ka afaka manampy azy ireo hanasitrana ny fifandraisan'izy ireo?

**Neil L. Andersen,** *"Maratra"*
Mba hampidirana ny hafatry ny Loholona Andersen dia afaka miaraka mamaky ny Lioka 10:30–35 izy ireo. Inona no itoviantsika rehetra amin'ilay lehilahy izay azon'ny jiolahy? Araka ny Loholona Andersen, dia amin'ny lafiny ahoana i Jesoa Kristy no "Samaritana tsara fanahy ho antsika"? Ahoana no ahafahantsika manaiky ny fanasitranany? Azonao atao tsara ny manasa ireo mpikambana hizara ireo fomba nanasitranan'ny Mpamonjy ny ratran'izy ireo na ny ratran'ireo olona tian'izy ireo. Afaka manadihady ny tenin'ny Loholona Andersen ihany koa izy ireo mba hitady hafatra mankahery izay azon'izy ireo zaraina amin'ny olona iray izay maratra.

**Russell M. Nelson,** *"Ny anarana marin'ny Fiangonana"*
I Jesoa Kristy dia nandidy ny hiantsoana ny Fiangonana amin'ny anarany. Afaka manampy ireo mpikambana hampitombo ny faniriany hanaraka io fitarihana io ianao amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo mba hanadihady ny hafatry ny Filoha Nelson, mba hitadiavana ny antony mahatonga ny hoe "ny anaran'ny Fiangonana dia tsy azo ovaina." Dia asao izy ireo avy eo mba hijery ny fiafaran'ny hafatry ny Filoha Nelson hitadiavana ireo fampanantenana nolazain'ny Mpamonjy fa ho avy rehefa miasa isika mba "hamerina amin'ny laoniny ny anarana marin'ny Fiangonan'ny Tompo." Inona no azontsika atao mba hanampiana amin'io ezaka atao io?

**Henry B. Eyring,** *"Miezaha, miezaha, miezaha"*
Nametraka "fanontaniana manan-danja anankiroa" ny Filoha Eyring hoe: "Inona no tsy maintsy ataoko mba hitondrana ny anaran['ny Mpamonjy]?" ary "Ahoana no ahafantarako fa mivoatra aho?" Azonao atao tsara ny manoratra ireo fanontaniana ireo eny amin'ny solaitrabe dia manasa mpikambana hizara ireo hevi-baovao izay ananany mikasika ireo fanontaniana avy ao amin'ny hafatry ny Filoha Eyring sy ny ohatra nasehon-dRahavavy Eyring ireo. Niresaka ihany koa momba ilay fihirana hoe "Jésus Christ est mon modèle," (*Chants pour les enfants,* 40) ny Filoha Eyring. Inona no anjara biriky entin'ny tonon'io hira io ao amin'ny fifanakalozan-kevitra?

**Dale G. Renlund,** *"Misafidiana ianareo anio"*
Afaka mieritreritra olona iray izay tian'izy ireo hamporisihina mba hanaraka ny drafitry ny Ray any An-danitra ireo mpikambana, tahaka ny havana iray na olona iray izay tompoiny. Dia afaka mamaky ny hafatry ny Loholona Renlund izy ireo avy eo mba hahafantarana ny zavatra tsapan'ny Ray Any an-danitra sy i Jesoa Kristy momba antsika. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'Izy ireo antsika hisafidy ny fankatoavana? Inona no asehon'ny ohatr'Izy ireo momba ny fomba ahafahantsika mampivoatra ny ezaka ataontsika ao amin'ny fianakaviantsika sy ny fanompoantsika?

**Gary E. Stevenson,** *"Mitarika ireo fanahy"*
Ireo olona ampianarinao dia mety efa nametraka fanontaniana tahaka ity iray napetraky ny Loholona Stevenson ity: "Ahoana no ahafantarantsika fa manompo araka ny fomban'ny Tompo isika?" Mety hahita tombontsoa amin'ny fifanakalozan-kevitra momba ny mety ho valin'io fanontaniana io izay hitany ato amin'ity hafatra ity izy ireo. Na azonao atao koa ny mitondra sarin'ny Mpamonjy izay miandry ondry (jereo ny *Boky mirakitra sary momba ny Filazantsara* [2009], lah. 64) ary hanasa ireo mpikambana mba hizara fahamarinana iray avy amin'ny hafatry ny Loholona Stevenson izay asehon'ilay sary. Dia afaka mizara zavatra izay tsapany fa tokony hataony noho ilay fifanakalozan-kevitra ireo mpikambana.



# Fivoriana isaky ny alahady fahefatra
## (Ôktobra–Desambra 2018)

### FANDALINANA NY SORATRA MASINA ATAON'NY TENA MANOKANA SY MIARAKA AMIN'NY FIANAKAVIANA

Isaky ny alahady fahefatra amin'ny taona 2018 ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia hifanakalo hevitra momba ny fandalinana ny soratra masina ataon'ny tena manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana. Ireo mpitarika na mpampianatra dia afaka misafidy ny hitarika fifanakalozan-kevitra mikasika ireto fitsipika manaraka ireto.

---

**Fandalinana manokana ny soratra masina**
Mba hitaomana ny mpikambana handalina tsy tapaka ny soratra masina dia asao ny mpikambana tsirairay mba hisafidy ny iray amin'ireto soratra masina manaraka ireto: Josoa 1:8; 2 Timoty 3:15–17; 1 Nefia 15:23–25; 2 Nefia 32:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:22–23; 33:16–18. Rehefa avy nanana fotoana ampy namakiana sy nisaintsainana izy ireo dia azon'izy ireo atao ny mizara amin'ny olona iray hafa ao amin'ny efitrano ny zavatra nampianarin'ny soratra masina nofidiany azy ireo mikasika ny fandalinana ny soratra masina.

Azonao asaina ihany koa ireo mpikambana mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ireo fitahiana azony rehefa mandalina ny soratra masina izy ireo. Mety ho tombontsoan'ireo mpikambana ihany koa ny mifampihaino ny fizaran'izy ireo ny zavatra hataony mba hanaovana fandalinana manokana ny soratra masina amin'ny fomba manan-danja (jereo ohatra ny ao amin'ny "Hevitra hanatsarana ny fandalinanao manokana ny soratra masina" ao amin'ny *Avia hanaraka Ahy—Ho an'ny isambatan'olona sy ny fianakaviana*). Azonao zaraina amin'ny mpikambana ihany koa ny zavatra nampianarin'ny Loholona Quentin L. Cook momba ny "tanjona sy fitahiana mifandray amin' [ireo fanovana amin'ny fandaharam-potoana isaky ny alahady] sy ireo fanovana hafa vao haingana" (jereo ny "Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo," *Liahona,* nôv. 2018). Ny mpikambana dia afaka mifanakalo hevitra momba ny fomba hanatsaran'ny ezaka ataontsika ny fandalinantsika ny soratra masina amin'ny fanatanterahana ireo tanjona.

**Tsy fiovaovan'ny fandalinana ny filazantsara**
Ny Loholona David A. Bednar dia nampitaha ny tsy fiovaovana eo amin'ny fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina sy ireo fahazarana hafa feno

fahamarinana amin'ny diam-borosy kely izay manome sary hosodoko mahafinaritra. Mba hanampiana ny mpikambana hahatakatra ny zavatra nampianarin'ny Loholona Bednar dia azonao aseho ny sary hosodoko iray izay ahitana ny diam-borosin'ny mpandoko. Azon'ireo mpikambana vakiana avy eo ilay fanoharana nataon'ny Lohona Bednar izay hita ao amin'ny "Hazoto sy hikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano" (*Liahona,* nôv. 2009, 19–20), ary avy eo dia hifanakalo hevitra momba ny mampitovy ireo diam-borosy ao amin'io sary hosodoko io amin'ny soratra masina. Inona no nanampy antsika handresy ireo sakana mba hahafahana manao fandalinana ny filazantsara tsy miovaova, na rehefa mianatra manokana isika na miaraka amin'ny fianakaviantsika? Inona no nampanantenain'ny Filoha Russell M. Nelson an'ireo izay "miasa amim-pahavitrihana hanamboatra ny [tokantranony] ho lasa ivontoerana fianarana ny filazantsara"? (jereo ny "Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely," *Liahona,* nôv. 2018). Omeo fotoana ireo mpikambana mba hisaintsainana sy hizarana ny zavatra izay hanentanan'ny Fanahy azy ireo mba hataony noho ny zavatra nianaran'izy ireo androany.

**Fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara any an-tokantrano sy any am-piangonana**

Mety ho fomba iray hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara any an-tokantrano sy any am-piangonana ny manasa ankizy iray hihira ny "Toroy handeha amin'ny mazava aho" (*Fihirana sy hiran'ny ankizy,* pejy 129). Mampianatra inona antsika momba ny fianarana ny filazantsara ilay fifamaliana eo amin'ilay ankizy sy ilay ray na reny ao amin'ny tonon'ilay fihirana? Mety misy te hizara ny heviny momba fomba hanaovana ny fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara ho zavatra mandeha ho azy sy mahazatra ao amin'ny fiainam-pianakaviana angamba ny mpikambana sasany. Mety hitondra hevi-baovao ireto soratra masina ireto: Deoteronomia 11:18–20; 1 Petera 3:15; Môsià 18:9; Môrônia 6:4–5, 9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:122. Ahoana no hahafahan'ireo fifanakalozan-kevitra ataontsika any an-tokantrano sy any am-piangonana mitondra antsika ho akaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?

## HEVITRA HANOHANANA NY FANDALINANA NY SORATRA MASINA ANY AN-TOKANTRAO MANDRITRA NY TAONA 2019

Mandritra ny taona 2019, ireo mpikambana rehetra ao amin'ny paroasy dia handalina ny Testamenta Vaovao, any an-tokantrano sy ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Alahady sy ny Kilonga. Ao amin'ny fivorian'ny kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana ireo mpitarika sy ireo mpampianatra dia tokony hampahatsiahy ny mpikambana ny amin'ny soratra masina izay voalahatra ho an'ny herinandro ho avy ao amin'ny Avia, hanaraka Ahy—ho an'ny isambatan'olona sy ny fianakaviana. Io fampahatsiahivana tsotra io dia azo atao an-tsoratra, na am-bava, na izy roa miaraka.

Ny mpitarika sy ny mpampianatra ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia afaka mamporisika ny hanaovana io fandalinana ny soratra masina io amin'ny fitadiavana fahafahana hitondrana hevi-baovao momba ny Testamenta Vaovao ao amin'ny fivorian'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana. Ohatra, ny mpitarika sy ny mpampianatra ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia mety:

- Hahita ny fomba hampiharana ireo tantara na fotopampianarana avy tao amin'ny fandalinany ny soratra masina amin'ny lesona ao amin'ny kôlejin'ny loholona na ny Fikambanana Ifanampiana. Azon'ireo mpitarika sy mpampianatra atao ny mizara io hevi-baovao io mandritra ny fivoriana alahady iray.
- Hizara amin'ny mpikambana ny fomba hampiharana ireo tantara na fotopampianarana avy amin'ny Testamenta Vaovao amin'ny andraikitr'izy ireo ao amin'ny kôlejin'ny Loholona na ny Fikambanana Ifanampiana.
- Hizara amin'ny mpikambana ireo zavatra tsara izay niainany tamin'ny fandalinany ny Testamenta Vaovao tany an-trano ary hamporisika ireo mpikambana mba hizara ireo zavatra niainana ireo ihany koa.







© ANNIE HENRIE NADER, TSY AZO ADIKA

*Ilay Samaritana tsara fanahy*, nataon'i Annie Henrie Nader

*"I Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika, tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany tsy hay takarina dia tsy vitan'ny hoe mamonjy antsika amin'ny fahafatesana sy manome antsika ny famelana ny fahotantsika amin'ny alalan'ny fibebahana fotsiny, fa vonona ihany koa Izy hamonjy antsika amin'ny alahelo sy ny fijaliana mihatra amin'ny fanahintsika maratra.*

*"Ny Mpamonjy no Samaritana tsara fanahy ho antsika, izay nirahina mba -hanafaka izay nampahorina- [Lioka 4:18]. Manatona antsika Izy raha toa kosa ka mandalo fotsiny antsika ny hafa. Sady feno fangorahana Izy noametraka ny balasamany manasitrana eo amin'ny ferintsika ary mamatotra izany. Entiny isika. Mikarakara antsika Izy. Mangataka antsika Izy hoe:- [Manatòna] Ahy . . . ary Izaho hanasitrana [Anareo]- [3 Nefia 18:32]."*

Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Maratra," 84–85.



"Ilay fandaharam-pianarana vaovao manome sehatra ny fiainana sy ny fianarana ny zavatra ara-panahy ao an-tokantrano, ary hamafisin'ny Fiangonana dia manana ny fahafahana hamoaka ny herin'ny fianakaviana, rehefa miezaka manao zavatra amim-pahamalinana sy amim-pitandremana ny fianakaviana tsirairay mba hanovana ny tokantranony ho toerana masina isian'ny finoana," hoy ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fivoriana faran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany faha-188 fanao isaky ny tapa-taona. "Mampanantena aho, fa rehefa miasa amim-pahavitrihana ianareo mba hanamboarana ny tokantranonareo ho lasa ivon-toerana fianarana ny filazantsara, dia ho lasa fahafinaretana ny andro Sabata*nareo* rehefa mandeha ny fotoana. Hazoto hianatra sy hiaina ireo fampianaran'ny Mpamonjy ny zanaka*reo* ary hihena ny fitaoman'ilay fahavalo eo amin'ny fiaina*nareo* sy any an-tokantrano*nareo*. Ho lehibe sy hampahery ireo fiovana ao amin'ny fianakavianareo."

MALAGASY
4 02148 53654 8

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY